Novokarin'ny Folo Taona Pentekosta

Manambara ny Pentekosta

Drafitra Toriteny 100 Mikasika ny Herin'ny Fanahy Masina

Mark R. Turney
MPIANTOKA NY BOKY

Denzil R. Miller
MPIANTOKA LEFITRA

Manambara ny Pentekosta

drafitra toriteny 100 mikasika ny herin'ny Fanahy Masina

Mark R. Turney
Mpiantoka ny boky

Denzil R. Miller
mpiantoka lefitra

Novokarin'ny Folo Taona Pentekosta

Manambara ny Pentekosta: Drafitra Toriteny 100 mikasika ny Herin'ny Fanahy Masina. © 2021, AIA Publications. Boky misy fameran-jo. Tsy misy ampahany amin'ity boky ity azo alain-tahaka, tehirizina amin'ny endrika, na fomba na fitaovana samihafa toy ny – elekitrônika, amin'ny ahodi-milina, tahadika, horonam-peo, na hafa – raha tsy nahazoana alalana an-tsoratra avy amin'ny tompon'ny fameran-jo. Azo atao kosa nefa ny mamerina ny sasany amin'ny teny na fehezanteny ao anaty gazety-boky na gazety.

Ny andinin-tSoratra Masina rehetra hita ato dia nalaina tao amin'ny BAIBOLY MALAGASY, nadika avy tamin'ny teny Hebreo sy Grika izay natontan'ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy Antananarivo. Copyright © 1965

Library of Congress Cataloging-in-Publication Data
Turney, Mark R., 1968–
Miller, Denzil R., 1946–
Manambara ny Pentekosta: Drafitra Toriteny 100 mikasika ny Herin'ny Fanahy Masina / Mark R. Turney / Denzil R. Miller

1. Baiboly. 2. Fampiharana Teolojia: Homiletika. 4. Pentekôtista. 5. Fanahy Masina 6. Iraka

Natonta tany Madagascar

© 2021 AIA Publications, Springfield, MO, USA

Novokarin'ny Folo Taona Pentekosta
Tranokalam-pifandraisana: www.DecadeofPentecost.org
www.ActsinAfrica.org

Fanoroam-pejy

Mpanondro ny mpanoratra 7

Teny mialoha 11

Fampidirana.....14

FIZARANA 1: NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

1. Asan’ny Apostoly 1:8 Fampanantenan’i Jesosy 18

2. Ny Batisa amin'ny Fanahy Masina…… 21

3. Tena ilaintsika ny Batisa amin'ny Fanahy Masina 23

4. Andiany momba ny Batisa amin’ny Fanahy Masina 25

5. Andiany momba ny Batisa amin’ny Fanahy Masina 29

6. Andiany momba ny Batisa amin’ny Fanahy Masina 31

7. Andiany momba ny Batisa amin’ny Fanahy Masina 33

8. Tonga ny mpananatra 36

9. Fanontaniana mipetraka matetika mikasika ny Fanahy Masina 39

10. Ny Andro Pentekosta.....42

11. Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo? ..45

12. Aza miala ao an-trano raha tsy miaraka Aminy 48

13. Velomy ny afon'ny fanomezan'Andriamanitra 50

14. Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?...53

15. Ny Fanahy Masina dia manafy hery 55

16. Toromarika manokana avy amin'i Jesosy mikasika ny fandraisana ny Fanahy Masina 58

17. Jesosy, ilay mpanao batisa amin’ny Fanahy Masina 60

18. Jesosy, Mpamonjy sy Mpanao batisa.....62

19. Hameno Anao amin'ny Fanahy Masina Jesosy ka afaka hahomby ianao.....64

20. Rano velona 67

21. Ny Zavatra manan-danja indrindra ao amin'ny Fiangonana androany……70

22. Malala-tanana ny Andriamanintsika 73

23. Ny herin'ny fampanantenana 76
24. Vavaka mampidina ny Fanahy 79
25. Tanteraka ny Fampanantenana 81
26. Fampanantenana ny Pentekosta 83
27. Ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy Masina 85
28. Ny tanjon'ny Pentekosta 88
29. Raiso ny Fanahy Masina 90
30. Raiso ny fahafenoan'ny Fanahy 93
31. Ny Fanahy amin'ny nofo rehetra 96
32. Loharano sy onin'ny rano velona 99
33. Tampoka avy any an-danitra..... 101
34. Andro famelombelomana avy amin'ny Tompo..... 104
35. Ireo famenoana roa tamin'ny Pentekosta 107
36. Inona no dikan'izany feno ny Fanahy Masina izany? 109
37. Afaka miaina ny tena batisa amin'ny Fanahy Masina ianao 111

FIZARANA 2: IRAKA SY ASA FANOMPOANA VOATAFY HERY

38. Fampandrosoana ny Fanjakan'Andriamanitra 114
39. Ho mpaminany ny olon'i Jehovah rehetra..... .117
40. Hosotra manapaka zioga..... 119
41. Mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana momba ny Fanahy Masina..... 121
42. Dunamis–Martus 123
43. Voatafy hery ho amin'ny andro farany 126
44. Ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina sy ny Iraka lehibe..... 128
45. Nifidy ny malemy Andriamanitra..... 130
46. Andriamanitry ny toe-javatra tsirairay..... 132
47. Ny Iraka lehibe sy ny batisa amin'ny Fanahy Masina..... 135
48. Asa lehibe noho izany 138
49. Ny Fanahy sy ny fambaboana Fanahy..... 141
50. Ny Fanahy Masina sy asa fanompoan'ny Fiangonana 143

51. Ny drafitr'i Jesosy amin'ny fananganana fiangonana Pentekôtista.....146
52. Ireo teny farany "Tsy dia malaza nataon'i Jesosy..... 148
53. Lesona avy amin'ny Asan'ny Apostoly 2..... 150
54. Lehilahy mitory eny tontolo eny..... 152
55. Ny tanjona misioneran'ny Pentekosta 155
56. Manetsika fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy 157
57. Tsy amin-kery, na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko...160
58. Pentekosta sy ny fitoriana filazantsara.....163
59. Ny herin'ny Pentekosta.....166
60. Ny hery miaraka amin'ny tanjona 168
61. Ny fanirin'ny Fanahy ho an'ny firenena 170
62. Tsy tokony hadinointsika velively 172
63. Izay ananako no omeko 175
64. Mijoro vavolombelona ao amin'ny Fanahy 178
65. Tsy maintsy mihazona toe-tsaina misionera isika 181
66. Inona no antony nahatongavan'ny Fanahy.....184
67. Ny zanakavavinareo haminany 187

FIZARANA 3: FIAINANA AO AMIN'NY FANAHY

68. Antony valo tokony hivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra 190
69. Ny Afo, ny rivotra ary ny voromailala 193
70. Mahafantatra tsara ny Mpitarika antsika.....196
71. Ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ..199
72. Ny mpanampy 202
73. Ao anatin'ny dingana miaraka amin'ny Fanahy 204
74. Fiainana ao amin'ny Fanahy 206
75. Miaina amin'ny tosika.....209
76. Satria feno ny Fanahy ianao izao 212
77. Fankatoavana ny feon'ny Fanahy 215
78. Ny vokatry ny Pentekôtisma marina.....217

79. Fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy batisa amin'ny Fanahy Masina…… 220

80. Ny dikan'ny fitenena amin'ny fiteny tsy fantatra sy batisa……223

FIZARANA 4: NY MAHA ZAVADEHIBE NY PENTEKOSTA

81. Fiangonana Asan'ny Apostoly 1: 8..... 228

82. Ny laharam-pahamehan'i Kristy ho an'ny fiangonana……..231

83. Aza ariana miaraka amin'ny rano nampandroina azy ny zaza…234

84. Andriamanitra mamaly amin'ny afo 237

85. Tontolo mihoatra ny voajanahary izy io..... 240

86. Ilaina: Olona voatafy ny herin'ny Fanahy..... 242

87. Firehetampo sy hery: Fanomezan'ny Fanahy ho an'ny fiangonana 245

88. Ny maha zava-dehibe ny Pentekosta 247

89. Inona no antony andraisana ny Fanahy Masina 250

90. Fampahatanjahana ny Iovantsika Pentekôtista 252

FIZARANA 5: LESONA FAMELABELARAN-KEVITRA

91. Ny Fanahy Masina sy ny Irak'Andriamanitra 256

92. Fiverenana amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina 259

93. Ny dikan'ny atao hoe Pentekôtista 262

94. Ny Pentekosta sy ny taranaka manaraka 265

95. Ny vehivavy sy ny fifohazam-panahy……..268

96. Sekoly Biblika Pentekôtista..... 271

97. Ahona no hitoriana momba ny Batisa amin'ny Fanahy Masina..274

98. Mivavaka ho an'ny mpino mba handraisan'izy ireo ny Fanahy Masina 277

99. Manangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina……..280

100.Fitarihana ny fiangonam-paritra ao anatin'ny fifohazam-panahy Pentenkôtista……283

Fizahana toriteny araka ny toko sy ny andininy 287

Mpanondro ny mpanoratra

BN Rev. Brett Nelson, Misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra, any Amerika, miasa any Afrika. *(Toriteny 77)*

CO Rev. Dr Charles O. Osueke, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra, Nigeria tamin'ny taona1988-2010. *(Toriteny 50)*

DC Doug Clay, Mpitahiry volan'ny Fiangonan'Andriamanitra, Amerika. *(Toriteny 36)*

DG Dean Galyen, Misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra, any Amerika, miasa atỳ Afrika. *(Toriteny 51)*

DJ Darius Johnston, Mpitandrina ny Fiangonana Christ Church Assembly of God any Ft. Worth Texas, Amerika. *(Toriteny 70)*

DM David Mensah, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Bénin. *(Toriteny 25)*

DN Don Nordin, Mpitandrina ny Fiangonana Christian Temple Assembly of God, any Houston, Texas; Filoha Lefitry ny Distrikan'ny Fiangonan'Andriamanitra any amin'ny faritra atsimon'i Texas, Amerika. *(Toriteny 78, 89)*

DRM Denzil R. Miller, Talen'ny Acts in Africa Initiative; misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Afrika. *(Toriteny 1, 2, 4-7, 16, 18, 21, 24, 29, 30, 32-35, 39, 41, 43-45, 47, 52-55, 60, 62-64, 67, 68, 73, 76, 88, 91, 93, 97-99)*

DT Don Tucker, Talen'ny Africa AG Care; misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Afrika. *(Toriteny 42)*

DWC D. Wendell Cover, Mpitandrina ny Fiangonana Word of Life International Church, any Springfield, Virginia, Amerika. *(Toriteny 79)*

DWM Dennis W. Marquardt, Filohan'ny Distrikan'ny Fiangonan'Andriamanitra any amin'ny faritra avaratry ny New England District, Amerika. *(Sermon 15)*

EC Edward Chitsonga, Sekretera Jeneralin'ny Fiangonan'Andriamanitra any Malawi; Mpitandrina ny Fiangonana Glorious Temple Assemblies of God, Lilongwe, Malawi. *(Toriteny 49)*

EJ Elwyn Johnston, Mpitandrina ny Fiangonana Bethel Assembly of God, Temple any Texas, Amerika. *(Toriteny 72)*

EL Enson Lwesya, Talen'ny All Nations Theological Seminary any Malawi; Talen'ny Komitin'ny World Missions Commission ao amin'ny AAGA. Mpikambana ao amin'ny Acts in Africa Initiative. *(Toriteny 22, 46)*

FK Fredrick Kyereko, Talen'ny Southern Ghana Bible College, Fiangonan'Andriamanitra. *(Toriteny 80)*

GRC G. Raymond Carlson, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra tany Amerika tamin'ny taona 1986-1993. *(Toriteny 59)*

GW George O. Wood, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika. *(Toriteny 71)*

JE John Easter, Filoha Lefitry, Pan-Africa Theological Seminary; Mpikambana ao amin'ny Acts in Africa Initiative; misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Afrika. *(Toriteny 61, 87, 96)*

JI John Ikoni, Sekretera Jeneralin'ny Fiangonan'Andriamanitra, Nigeria; President, Pan-Africa Theological Seminary, Lom, Togo. *(Toriteny 3, 26, 40, 90)*

JK Jimmy Kuoh, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Liberia. *(Toriteny 81)*

JL John Lindell, Mpitandrina ny Fiangonana James River Assembly of God, Springfield, MO, Amerika. *(Toriteny 10)*

JWL Jimmie W. Lemons, misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Cameroun, Afrika. *(Toriteny 17, 37)*

JP Jeff Peterson, Mpiandrina ny Fiangonana Central Assembly of God, Springfield, MO, Amerika. *(Toriteny 83, 85)*

KB Ken Benintendi, misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Asia Pasifika. *(Toriteny 8, 9)*

KK Ken Krucker, Talen'ny Africa Financial Empowerment; Mpikambana ao amin'ny Acts in Africa Initiative; misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any. *(Toriteny 14, 23)*

LB Leroy Bartel, Talen'ny Anjerimanontolon'ny Fiangonan'Andriamanitra College of Bible and Church Ministries, Southwestern. *(Toriteny75)*

LC Lazarus Chakwera, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Malawi; Mpitarika ny Fiombonan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Afrika na ny AAGA. *(Toriteny 56, 65)*

MH Melvin Hodges, Talem-paritry ny Fiangonan'Andriamanitra tany Amerika Latina tamin'ny taona 1954-1973. *(Toriteny 31, 58, 66)*

MS Mel Surface, Mpitarika ny Division of Adult Ministries any amin'ny Distrikan'ny Fiangonan'Andriamanitra any avaratr'i Texas. *(Toriteny 27)*

MT Mark Turney, Tale Mpanampy ao amin'ny Acts in Africa Initiative; misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Afrika *(Toriteny 11, 12, 13, 19, 20, 38, 48, 57, 82, 86, 92, 94, 100)*

NB Lindsay Blackburn, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any amin'ny Nosy Maurices. *(Toriteny 69)*

NO Neubueze O. Oti., Mpitandrina ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra any Nigeria. *(Toriteny 3, 26)*

SE Scott Ennis, misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Afrika. *(Toriteny 74)*

SM Sandy Miller, Acts in Africa Initiative; misioneran'ny Fiangonan'Andriamanitra any Amerika, miasa any Afrika. *(Toriteny 95)*

SOA Sebastian Obiang Abeso, Filohan'ny

WC William Caldwell, Mpanetsika Fifohazam-panahy Pentekôtista. *(Toriteny 28)*

Teny Mialoha

Mandritra ny folo taona farany ao anatin'ny taonjato faharoapolo, ny Fiangonan'Andriamanitra atỳ Afrika dia nandray anjara tamin'ny fanasongadinana ny "Folo Taona Fijnjana" izay iraisan'ny kontinanta manontolo. Nandritra io folo taona io, sy ny iray nanaraka azy, ny hetsika dia tena nahatsapa fitahiana be sy fitomboana. Nitombo ny isan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonantsika raha 2 tapitrisa dia tonga hatrany amin'ny 16 tapitrisa mahery. Nitombo koa ny isan'ny fiangonana ka raha 12 000 dia tonga fiangonana 15 000. Andriamanitra no tena isaorantsika lehibe noho ny Fahasoavany ombam-pitahiana amin'ny hetsika ataontsika. Kanefa, amin'ny maha hetsika mifamatotra amin'ny Fiangonan'Andriamanitra atỳ Afrika, tsy misafidy ny hijanona amin'ny lasa. Misafidy ny hijery amim-panantenana ny ankehitriny – sy ny ho avy isika.

Noho izany, tamin'ny 03 hatramin'ny 06 Martsa 2009, Ny Fiombonan'ny Fiangonan'Andriamanitra atỳ Afrika (AAGA) tsy misy ankanavaka dia nanapa-kevitra ny hanokana ny tenany sy ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny fiangonana nasionaly amin'ny fanasongadinana ny iraka amin'ny fomba mahery vaika kokoa. Antsointsika hoe "Folo Taona Pentekosta" izy io (2010 – 2020). Io Folo Taona Pentekosta io dia mampanantena folo taona tena mampientanentana sy mamokatra indrindra eo amin'ny tantaran'ny hetsika tatỳ Afrika izay efa manodidina ny zato taona izao.

Ho setrin'io fanapahan-kevitra io, ny Fiangonan'Andriamanitra rehetra manerana ny kontinanta dia manao hetsika mahery vaika amin'ny fitoriana ny filazantsara, fananganana fiangonana, ary fampitomboana ny asa misiona. Tanjona napetraky ny AAGA ny hahita mpino vaovao 10 tapitrisa vita batisa amin'ny Fanahy Masina sy mihetsika amin'ny maha vavolombelona, mpanangana fiangonana ary misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina mandritra ny folo taona. Ireto manaraka ireto koa dia tafiditra ao anatin'ireo tanjona hafa.

- Fanetsehana mpanao vavaka fifonana 100 000 hivavaka isan'andro ho an'ny firotsahan'ny Pentekôtista ao amin'ny fiangonantsika.
- Fananganana fiangonana vaovao aman'alina manerana an'i Afrika sy ny ranomasimbe Indiana.
- Fanetsehana misionera Afrikana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina an-jatony maro.
- Fanatrarana ireo vondron'olona maherin'ny 900 mbola tsy tratra atỳ Afrika.

Mba hahatanteraka ireo zavatra ireo, tsy maintsy misy ny tena firotsahana Pentekôtista marina ao anatin'ny fiangonana, dia ilay mifantoka amin'ny fanafiana ny herin'ny Fanahy ho fanatanterahana ny *mission Dei* sy ho famitàna ny Iraka lehiben'i Kristy. Noho izany, Tsy maintsy manambara amim-pasahiana ny hafatra Pentekôtista sy mitarika ny olontsika amim-pirehetam-po ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina isika. Ary tsy maintsy manao izany isika isaky ny misy fotoana azo araraotina. Raha efa izany vao vonona amin'ny fanatrarana ny firenena amin'ny filazantsara isika.

Fanampin'izany, mandritra ny Folo Taona Pentekosta, ny mpitarika ny AAGA dia mangataka ny pasitera tsirairay manerana an'i Afrika hitory ny hafatra misionera mifantoka amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina isaky ny Andro Pentekosta. (Isan-taona, ny Pentekosta dia ankalazaina ny Alahady fahafito aorian'ny Paska). Mangataka azy ireo koa isika mba hiantso ny olona ho eny amin'ny toerana aloha ao amin'ny fiangonana ary hivavaka miaraka amin'izy ireo hahatonga azy ho voatafy ny herin'ny Fanahy Masina ka hizara ny filazantsara amin'ny very. Ity boky ity dia azo ampiasaina ho loharanon-kevitra lehibe hanatrarana izany sy hanindriana ny momba ny Fanahy Masina ao anaty fivoriana.

Araka izany, izaho dia mampahery anao amin'ny foko rehetra hampiasa ity boky vaovao novokarin'ny Folo Taona Pentekosta, *Manambara ny Pentekosta: Drafitra Toriteny 100 mikasika ny Herin'ny Fanahy Masina* ity. Ity boky ity dia novokarina niaraka tamin'ny fanampian'ny pasitera, mpampianatra, evanjelista, misionera, ary mpitoriteny laika manerana an'i Afrika sy izao tontolo mba hahafahanao mitory sy mampianatra amim-pahombiazana ny hafatry ny herin'ny

Fanahy. Mino aho fa hampiasainao matetika ity boky ity, ary hitory matetika momba ny lohahevitra sy hivavaka miaraka amin’ny mpino handraisan’izy ireo ny Fanahy Masina.

—Lazarus Chakwera
Filoha
Fiombonan’ny Fiangonan’Andriamanitra atỳ Afrika

Fampidirana

Ny fitomboana nahatalanjon'ny Fiangonan'Andriamanitra eto Afrika nandritra ny roapolo taona farany izay avy amin'ny olona 2 tapitrisa nankany amin'ny 16 tapitrisa dia fijoroana vavolombelona mahery vaika fa Andriamanitra dia miasa manerana ity kontinanta ity. Kanefa, sady mifaly noho io fitomboana goavana io isika no mino fa izany dia vao fiandohan'ny zavatra ataon'Andriamanitra ao sy amin'ny alalan'ny fiangonana Afrikana.

Tsy isalasalana fa sitrapon'Andriamanitra ny hahatonga ny fiangonana atỳ Afrika ho fitaovana misionera mahery vaika. Kanefa, mba hahatanteraka izany, ny fiangonana Afrikana dia tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy Masina tahaka ny fiangonana voalohany (Asan'ny Apostoly 1:8). Ny fiangonana tahaka izany dia tsy voatafy hery hanatrarana ireo foko an-jatony tsy mbola tratra sy ireo olona an-tapitrisany maro tsy mbola voavonjy manerana ny kontinanta ihany, fa voatafy hery koa handeha any amin'ny firenena *rehetra* miaraka amin'ny filazantsaran'i Kristy izay manova fiainana.

Ity fehezana drafitra toriteny mikasika ny herin'ny Fanahy Masina ity dia natambatra mba hanampy ny lehilahy sy ny vehivavy izay manana firehetam-po hahita ny fiangonana atỳ Afrika ho tonga fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina. Raha te hanatanteraka ny irak'Andriamanitra ny fiangonana atỳ, dia didìna ny pasitera, ny mpitarika fiangonana ary ny mpianatra feno fanokanan-tena hafa rehetra hitory sy hampianatra tsy tapaka momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy hanome fahafahana ny mpihaino handray ny Fanahy Masina. Raha ho mahatoky amin'ny fanambarana ny hafatry ny Pentekosta isika, ho mahatoky koa Andriamanitra amin'ny fanatanterahana ny teny fikasany ny amin'ny "hery avy any amin'ny avo".

Ireto toriteny ireto dia avy amin'ny vondrona mpanao asa fanompoana sy misionera notsongaina avy atỳ Afrika sy any Amerika izay manana firehetam-po amin'ny maha zava-dehibe ny hahatsapan'ny fiangonana Afrikana ny herin'ny Pentekosta. Na dia ny herin'ny Fanahy Masina aza no lohahevitra misongadina isaky ny hafatra, ho hitanao fa

ny hafatra koa dia mifantoka amin'ny iraka. Marina fa mitondra fitahiana lehibe ao amin'ny fiainantsika manokana ny herin'ny Fanahy Masina, kanefa tsy tokony hadinointsika fa misy tanjona ny nanomezana io fanomezana io. Mikatsaka ny herin'ny Fanahy isika mba hampitao antsika amin'ny fanantanterahana ny Irak'Andriamanitra.

Ahoana no fampiasa ity Boky ity

Ny tsirairay avy amin'ireo drafitra toriteny zato ato amin'ity boky ity dia naravona ho tafiditra ao anaty pejy roa. Ao anatin'izany nefa dia niezaka izahay nampiditra votoatiny betsaka isaky ny drafitra hahatonga ny mpamaky hahazo tsara ny firafitra sy ny fizotry ny hafatra. Miaraka amin'izay koa, nezahanay nafohezina ny drafitra mba hanomezana fahafahana ny mpitoriteny sy ny mpampianatra hamelabelatra sy hampifanaraka ny hafatra amin'ny zavatra manokana ilain'ny mpihaino. Rehefa mianatra, mivavaka ary mitory ireto drafitra ireto ianao, mino izahay fa ny Fanahy Masina dia hanainga fanahy anao miaraka amin'ny hevitra vaovao entina mamolavola ny hafatrao manokana mikasika ny herin'ny Fanahy Masina sy ny Irak'Andriamanitra.

Raha te hitory amim-pahombiazana ny batisa amin'ny Fanahy Masina isika dia tsy maintsy mandany fotoana mianatra sy mivavaka, mamela ny Fanahy Masina hameno ny fontsika amin'ny hafatra. Matoky izahay fa ny Fanahy Masina no hanampy anao hitory ireto hafatra ireto amin'ny fomba tsara kokoa noho ny nitoriana azy tany aloha – ary miaraka amin'ny vokatra lehibe kokoa. Rehefa mianatra sy manomana toriteny mikasika ny herin'ny Fanahy Masina ianao, manentana anao izahay handany fotoana betsaka amin'ny vavaka fangatahana an'Andriamanitra hameno anao amin'ny herin'ny Fanahy Masina ho fampitaovana anao amin'ny fanambarana ny Teniny.

Ity boky ity dia voazara ho fizarana dimy lehibe. Ny votoatin'ny fizarana efatra voalohany dia mifototra amin'ny lohahevitra, ary ny fizarana fahadimy kosa dia ahitana ireo hafatra atolotra amin'ny famelabelaran-kevitra momba ny Asan'ny Apostoly 1: 8 izay natao hanentanana ny fiangonanao na ny vondrona fiangonana ho amin'ny iraka voatafy ny herin'ny Fanahy Masina.

Mpandray anjara

Eo amin'ny faran'ny drafitra tsirairay no hahitanao, ao anaty faraingo kely, ny fanafohezana ny anaran'izay nanoratra ny toriteny. Raha tianao, azonao atao ny mamantatra bebe kokoa ny momba ny mpanoratra ao amin'ny Mpanondro Mpanoratra, pejy 7. Farany, te hankasitraka ny tsirairay avy amin'ireo mpanoratra 36 aho noho ny fanampian'izy ireo tamin'ny fiantohana ny hitohizan'ny fanambarana ny hafatra Pentekôtista manerana an'i Afrika sy any ankoatrany mandra-piverin'i Jesosy indray.

Mark R. Turney
Tale Lefitra
Acts in Africa Initiative

Fizarana 1

ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Ny Asan'ny Apostoly 1:8 Fampanantenana nataon'i Jesosy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Nampanantena Jesosy fa hanafy hery ny Mpanaraka Azy tsirairay avy mba hahatonga azy ireo ho Vavolombelony.
Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny mpino vita batisa amin'ny Fanahy Masina sy voatafy hery amin'ny maha vavolombelon'i Kristy.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:4-8

Fampidirana

1. Sitrapon'Andriamanitra ny hanao batisa amin'ny Fanahy Masina sy hanafy hery ny mpino tsirairay avy eto amin'ity toerana ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny iraka.
2. Ny fampanantenan'i Jesosy ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 no Fampanantenany farany sady manan-danja indrindra ho an'ny fiangonana.
    a. Tamin'ny Andro Pentekosta no nanatanterahany voalohany io fampanantenana io.
    b. Ny Pentekosta no nanokatra ny hetsika misionera mahery vaikan'ny taonjato voalohany.
    d. Toa izao no nanoritsoritan'i Lioka azy io: (Vakio Asa 2:1-4).
3. Fa inona no dikan'izany rehetra izany?
    a. Midika izany fa Jesosy dia nanomboka nanatanteraka ny fampanantenany ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8.
    b. Hery mihoatra ny voajanahary no niditra tao amin'ireo mpianatra ireo.
    d. Niova ny tao anatin'izy ireo.
    e. Tonga vavolombelona mahery vaika izy ireo noho ny hosotry ny Fanahy Masina.
4. Mivavaka isika mba hanatanteraka ny Fampananteny ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 eto anivontsika Jesosy androany.
5. Fahamarinana mahery vaika efatra no ianarantsika avy amin'io fampanantenan'i Jesosy io:

I. MIANATRA ISIKA FA JESOSY DIA NAMPANANTENA HERY

("Fa hahazo hery ianareo...")

A. Jesosy dia nanome antsika asa manan-danja.
    1. Tsy inona izany fa ny ho Vavolombelony manomboka eo amin'ny misy antsika sy manerana izao tontolo izao.
    2. Amin'ny maha olombelona, asa tsy mety ho vita izany.

3. Alaivo sary an-tsaina ny zavatra mety tsapan'ireo mpianatra voalohany.

B. Kanefa, Jesosy dia nampanantena hery entina manatanteraka ny asa.
   1. Hery mihoatra ny voajanahary izany.
   2. Fampanantenana ho an'ny mpino tsirairay.

D. Fanontaniana: Iza no notondroin'i Jesosy hoe "ianareo" ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8?
   1. Voalohany, manondro ny Apostoliny.
      a. Izy ireo dia novonjena, nantsoina, ary nirahana.
      b. Tahaka azy ireo koa isika. novonjena, nantsoina, ary nirahana isika.
   2. Tafiditra ao amin'ny "Ianareo" koa ny mpino rehetra any amin'ny toerana rehetra (Asa 2:38-39).
   3. Mbola ao anatin'ny "ianareo" koa ny olona tsirairay manatrika eto androany.
   4. Ao anatin'izany ianao! (Asa 2:39).

II. MIANATRA MIKASIKA NY LOHARANON'IO HERY IO ISIKA.

("... amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo")

A. Ny Fanahy Masina no loharanon'io hery io.

B. Ny Fanahy Masina no manome fahaizana mihoatra ny voajanahary mba:
   1. Hahatongavana vavolombelon'i Kristy.
   2. Hitoriana sy hampianarana miaraha amin'ny hery.
   3. Hanaovana ny asan'i Jesosy.
   4. Hampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra.

III. MIANATRA MIKASIKA NY TANJON'IO HERY IO ISIKA.

("... ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany...")

A. Ny Fanahy no manome antsika hery hankatoavana ny baikon'i Kristy dia ny fitoriana ny filazantsara eo amin'ny misy antsika sy any amin'ny faran'ny tany.

B. Mampalahelo, be loatra ny Pentekôtista tsy mahatakatra io fahamarinana io.

D. Tsy maintsy mandray anjara amin'ny fanambarana ny filazantsara isika.

IV. MIANATRA MIKASIKA NY FOTOANA SY NY FOMBA HANDRAISANTSIKA IO HERY IO ISIKA.

("...amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo")

A. Io hery maha vavolombelona io dia tsy tonga ho azy amin'ny fotoanan'ny fiovam-po na ny batisa amin'ny rano.

1. Misy zavatra tsy maintsy atao handraisana io hery io.
2. Mba hahazoana ny hery, tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina amin'ny finoana isika (Gal 3:2, 14).

B. Jesosy dia nampianatra antsika ny fomba handraisana izany: (Vakio: Lk 11:9-13)
   1. Voalohany, tsy maintsy mangataka amin'ny finoana ianao (Lk 11:9, 13).
   2. Manaraka, tsy maintsy mandray amin'ny finoana ianao (Lk 11:10; Mk 11:24).
   3. Farany, tsy maintsy miteny amin'ny finoana ianao (Asa 2:4; Jn 7:38)

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa izao ankehitriny izao ary raiso ny fampanantenan'i Jesosy ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8.

[DRM]

2 Ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka atao batisa amin'ny Fanahy Masina ianao.

Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny mpino vita ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8; 2:1-4

Fampidirana

1. Tsy misy zavatra manan-danja indrindra eo amin'ny fiainana Kristiana mihoatra noho ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
2. Ato amin'ity hafatra ity isika dia hamaly fanontaniana telo mikasika ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

I. INONA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA?

A. Fahatsapana mahery vaika manova fiainana avy amin'Andriamanitra
izay anafiany sy amenoany ny mpino amin'ny Heriny sy ny Fanatrehany (Lk 24:49; Asa 1:8; Asa 2:1-4).

B. Fampanantenana ho an'ny mpino rehetra izany (Asa 2:4; Asa 2:14-17; Asa 2:38-39).

D. Baiko ho an'ny mpino rehetra izany (Asa 1:4-5; Ef 5:18).

II. INONA NO MAHA ZAVA-DEHIBE BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIAINAN'NY MPINO TSIRAIRAY?

A. Satria io no loharanon-kery ho an'ny fiainana sy ny fanompoana Kristiana (Asa 1:8; Asa 4:31-33).

B. Satria, rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ianao, dia hahazo hery hahatonga anao ho vavolombelona (Asa 1:8).

D. Satria, rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ianao, dia hahazo hery hanatanterahana ireto zavatra manaraka ireto:

1. Hery handresena ny fakam-panahy sy hiainana amin'ny fiainam-pahamasinana (Ro 1:4; 8:13).
2. Hery hivavahana amin'ny fomba mahomby kokoa (Lk 11:1-13; Ro 8:26-28).
3. Hery hitiavana amim-pirehetam-po kokoa (Ro 5:5).
4. Hery hahatakarana amin'ny fomba tsara kokoa ny Tenin'Andriamanitra (1Ko 2:14; Jn 14:26; 16:13).
5. Hery hitoriana teny amim-pahombiazana kokoa (Asa 4:8, 31; 1Ko 2:4).
6. Hery hanaovana ny asan'i Jesosy (Jn 14:12 sy ny Jn 14:16; 16:7).
7. Hery hahafantarana mazava kokoa ny feon'Andriamanitra (Ro 8:16).

8. Hery entina midera (Jn 4:24).

III. AHOANA NO HAHATONGA ANAO HO FENO NY FANAHY MASINA ANDROANY?

A. Zavatra telo no tsy maintsy ataonao *alohan'ny* hamenoana anao amin'ny Fanahy Masina.
   1. Tsy maintsy ateraka indray marina ianao (Asa 2:38; Jn 14:17).
   2. Tsy maintsy mangetaheta sy maniry fatratra an'Andriamanitra ianao (Mt 5:6; Jn 7:37).
   3. Tsy maintsy vonona hankato an'Andriamanitra sy ho tonga Vavolombelony ianao (Asa 5:32).

B. Amin'ny finoana no handraisanao ny Fanahy.
   1. Ny finoana no fangaro ilaina raha te handray zavatra avy amin'Andriamanitra (Gal 3:2, 5, 14).
   2. Tsy maintsy mino ianao fa homen'Andriamanitra ny Fanahy (Jn 7:38).

D. Ataovy ireto dingana telon'ny finoana ireto:
   1. Mangataka amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
   2. Mandray amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   3. Amin'ny finoana, miteny avy any anatiny indrindra amin'ny maha izy anao any (Asa 2:4; Jn 7:37).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina izao ankehitriny izao.

[DRM]

Tena ilaintsika ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Raha mila hery hanoherana sy hanovana ny manodidina antsika isika, dia tsy maintsy atao batisa amin'ny Fanahy Masina avokoa.

Tanjon'ny Toriteny: Ny hahatakaran'ny mpino fa mila tafiana ny herin'ny Fanahy Masina sy mikatsaka ary mandray ny batisa amin'ny Fanahy Masina izy ireo.

Andalana: Lioka 24:49; Asan'ny Apostoly 1:4-8; 8:14-17; 19:1-7

Fampidirana

1. Ny fandraisana ny batisa amin'ny Fanahy Masina no vahaolana amin'ny fangatsiatsiahana, ny fanaon'izao tontolo izao, ary finoana tsy latsa-paka ao amin'ny fiangonana sy eo amin'ny fiainantsika manokana androany.
2. Ny tontolo iainana ao anatin'ny fiderana amin'izao androntsika izao dia manambara fa tena mila ny herin'ny Fanahy Masina tokoa ny fiangonana.

I. FIANGONANA MARARY

A. Rehefa tonga tany Efesosy i Paoly dia nahita fiangonana marary.
   1. Fiangonana kely sady malemy.
   2. Fiangonana tsy afaka nitondra ny fiantraikan'i Kristy teo amin'ny tanàna misy azy.

B. Fiangonana voafehy sy sempotra tao anatin'ny manodidina azy.
   1. Fanompoana an'i Diana andriamani-bavy no nanjaka tao an-tanàna.
   2. Ny fanompoana an'i Diana dia ahitana filalaovana ody ratsy, famosaviana, fahagagana avy amin'ny herin'ny demonia, ary fitondrantena maloto.
   3. Ny fiangonana dia tsy nanana hery nanoherana ireo herin'ny demonia ireo.

D. Maro ny fiangonana amin'izao androntsika izao no ao anatin'ny toe-javatra tahaka izany.
   1. Sempotra ao anatin'ny manodidina azy.
   2. Ara-nofo, malemy, ary tsy manana hery hanoherana ny ratsy eo amin'ny fiaraha-monina misy azy.

II. TOROMARIKA HO FITSABOANA

A. Fantatr'i Paoly ny hitsaboana ny aretin'ny fiangonana—ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

B. Fitsaboana roa no nilain'ny Fiangonana tany Efesosy:

1. *Fahalalana:* Nila nahitsy ny teolojian'izy ireo.
2. *Fahatsapana:* Nila ny herin'ny Fanahy Masina izy ireo.
3. Novahan'i Paoly ireo olana roa ireo:
   a. Nahitsin'i Paoly ny fahalalan'izy ireo (Asa 19:1-4).
   b. Notarihany tamin'ny hafatsapana izy ireo (Asa 19:5-6).

D. Marina amin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao koa ireo.
   1. Tsy maintsy mahazo izay ampianarin'ny Baiboly momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina isika:
      a. Tsy mitovy amin'ny famonjena.
      b. Natao ho an'ny mpino rehetra.
      d. Manome hery hahatongavana ho vavolombelona sy ho solotenan'i Kristy.
      e. Ny porony dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.
   2. Tahaka ireo mpianatra roa ambin'ny folo tany Efesosy, isika tsirairay avy dia tsy maintsy miaina ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

III. TOMBONTSOA AVY AMIN'NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Betsaka ny tombontsoa avy amin'ny fandraisana ny Fanahy, anisan'izany:
   1. Fanatrehan'i Jesosy manokana sy azo tsapain-tanana eo amin'ny fiainantsika (Jn 14:15-17; 16:14-15).
   2. Fahafahantsika miaina amin'ny fiainam-pahamasinana (Ro 8:2, 13).
   3. Fanampiana antsika ao anatin'ny vavaka (Ro 8:26-27).
   4. Fampaherezana mandritra ny fotoan-tsarotra (Jn 14:16, 26; 15:26; 16:7; Asa 18:9-11).

B. Ny tombontsoa manan-danja indrindra dia ny fandraisantsika hery hahatonga antsika ho vavolombelon'i Kristy (Ac 1:8).

IV. MANDRAY NY FANAHY MASINA

A. Ny fandraisana ny Fanahy Masina dia fahatsapana ho an'ny isam-batan'olona (Asa 9:17-18).

B. Tsy maintsy mangetaheta mafy io fahatsapana io amin'ny fontsika rehetra isika (Mt 5:6; Jn 7:37).

D. Tsy maintsy mibebaka sy mangataka ny Fanahy Masina isika (Asa 2:38).

E. Tsy maintsy manana finoana isika (Jn 7:38; Mk 11:24).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Rehefa feno ny Fanahy Masina ny mpino vao manana hery ampy hanoherana ny fiantraikan'ny tontolo misy azy ny fiangonana.

2. Amin’izay isika vao manana hery hitondrana fiantraika sy hanovana
   ny tanàna sy ny vohitra misy antsika ho an’i Kristy isika.
3. Mandrosoa ary mba hofenoina ny Fanahy.

[JI sy NO]

Andiany momba ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Laharana. 1 amin'ny 4

Inona ny Batisa amin'ny Fanahy Masina?

Toriteny ao anaty Fehezanteny tokana: Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana ara-panahy mahery vaika natao ho an'izay rehetra mino an'i Kristy.

Tanjon'ny Toriteny: Ny mpino dia haniry sy handray ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Andalana: Lioka 3:16

Fampidirana

1. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Jaona Mpanao Batisa dia niresaka mikasika ny fahatsapana natokana ho an'ny mpanara-dia an'i Kristy, dia ilay antsoina hoe batisa amin'ny Fanahy Masina.
2. Ato amin'ity hafatra ity isika dia hamaly fanontaniana iray tena manan-danja, "Inona ny batisa amin'ny Fanahy Masina?"

I. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA FAMPANANTENANA MAHAFINARITRA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA.

A. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia nantsoin'i Jesosy hoe "***ny*** teny fikasan'ny Ray" (Lk 24:49; Asa 1:4).
B. Jesosy dia nanome fampanantenana momba ny fanomezana ny Fanahy Masina (jereo Lk 11:9-13).
D. Nandray ny fampanantenana ny amin'ny Fanahy Masina ny mpianatra tamin'ny Andro Pentekosta (Asa 2:4, 33).

II. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA FAHATSAPANA MAHERY VAIKA, HO AN'NY ANKEHITRINY ARY MANOVA FIAINANA.

A. Fahatsapana mahery vaika.
   1. Hery no namaritana azy io (Lk 24:49; Asa 1:8).
   2. Ny vokany dia asa fanompoana mahery vaika (Asa 4:33).

B. Fahatsapana ho an'ny ankehitriny.
   1. Ho an'ny Kristiana tsy ankanavaka amin'ny taranaka rehetra mifandimby izy io (Asa 2:39).
   2. Miverimberina ao amin'ny Asan'ny Apostoly izy io (2:4; 8:17-18; 9:18-10; 10:44-46; 19:6).

D. Fahatsapana manova fiainana.

1. Io no nanova ny mpianatra kanosa ho tonga vavolombelona mahery vaika.
2. Hanova anao koa izy io!

III. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA FANAFIHANA AVY ANY AN-DANITRA.

A. Tamin'ny Pentekosta dia nisy feo "re avy any an-danitra".
   1. Ity fahatsapana ity dia avy an-danitra (izany hoe avy amin'Andriamanitra).
   2. "Notafiana ny hery avy any amin'ny avo" izy ireo (izany hoe avy amin'Andriamanitra).

B. Ny Fanahy Masina dia tonga tahaka ny "fanafihana masina" avy any an-danitra.
   1. Manome ohatra ny Asan'ny Apostoly: 1:8; 4:31; 10:44
   2. Afaka manantena ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao tahaka ny fanafihana avy an-daniatra ianao.

IV. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA MAHAKASIKA NY MOMBA ANTSIKA MANONTOLO (Izany hoe, Famenoana Tanteraka ny fizarana rehetra amin'ny maha Izy ny olona iray)

A. Ny teny "feno ny Fanahy Masina" matetika dia ampiasaina hanoritsoritana fahatsapana.
   1. Ampiasaina inenina izy io ao amin'ny Asan'ny Apostoly.
   2. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2:4 no ampiasana azy voalohany.

B. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia tsy tokony horaisina ho fanafihana masina avy any ivelany fotsiny, fa fiovana tanteraka mitranga ao anaty koa.
   1. Ohatra enti-manazava: Tahaka ny spaonjy feno rano.

D. Raha te handray ny fahenoan'ny Fanahy Masina isika dia tsy maintsy manokatra ny fiainantsika tanteraka ho an'Andriamanitra.

V. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA BAIKO ARA-BAIBOLY.

A. Tena ilaina tokoa ao anatin'ny fiainana Kristiana ity fahatsapana ity ka izany no mahatonga ny Baiboly tsy manolotra azy tahaka ny safidy.

B. Na Jesosy na i Paoly dia samy nandidy antsika hofenoina (Asa 1:4-5; Ef 5:18).

D. Tena ho voatahy isika raha mankato!

VI. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA FAHATSAPANA HO AN'NY MPINO.

A. Mariho tsara ny hatetiky ny fampiasana ny "rehetra" rehefa miresaka
momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina ny Baiboly (Nom 11:29; Joela 2:28; Asa 2:4; Asa 4:31)

B. Ao amin'ny Lioka 11, novain'i Jesosy ny teny nampiasainy ka nosoloiny "izay rehetra!" ny "rehetra" (Lk 11:10; jereo Asa 2:39).

Famarananana sy antso eny amin'ny alitara

1. Vonona hamela ny Fanahy hanova ny fiainanao ve ianao?
2. Mandrosoa ary aoka ho feno ny Fanahy androany.

[DRM]

Andiany momba ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Laharana. 2 amin'ny 4

Inona no antony ilàn'ny Mpino Tsirairay ny Batisa amin'ny Fanahy Masina?

Toriteny ao anaty Fehezanteny tokana: Tena zava-dehibe ny hanaovana batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpino tsirairay.

Tanjon'ny Toriteny: Hampahery sy hahita ny mpino vita batisa amin'ny Fanahy Masina

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:4-5, Efesiana 5:18

Fampidirana

1. Ireo andalana noraisintsika ireo dia mirakitra baiko roa mikasika ny hamenoana ny mpino amin'ny Fanahy Masina, ny iray avy amin'i Jesosy ary ny iray avy amin'i Paoly.
2. Ireo baiko ireo dia maneho ny maha zava-dehibe ny hanaovana batisa amin'ny Fanahy Masina ny olona iray.
3. Horesahantsika ny antony tsy maintsy hamenoana antsika amin'ny Fanahy Masina androany.

I. TSY MAINTSY FENOINA NY FANAHY MASINA ISIKA TSIRAIRAY SATRIA NANTSOINA HIAINA FIAINANA MIHOATRA LAVITRA NOHO NY VITANTSIKA

A. Jereo ny fiainana nataon'Andriamanitra mba hiainantsika:
   1. Fiainana tahaka izay niainan'i Jesosy (1Jn 2:6).
   2. Fiainana madio (1Pe 1:15-16).
   3. Fiainam-pitiavana (Mt 5:43-44).

B. Malemy isika ka tsy ho vitantsika amin'ny herintsika ny hiainantsika fiainana tahaka izany.
   1. Isika dia mirona kokoa amin'ny fankahalana, ny fitsiriritana ary ny fitarainana.
   2. Isika dia mirona kokoa amin'ny fiainana manahaka izao tontolo izao noho ny manahaka an'i Jesosy Kristy.
   3. Mitomany tahaka an'i Paoly isika hoe, "Indrisy! olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy...? (Ro 7:24).
   4. Izao no valiny, "Aza kivy, manana fanampiana avy any ambony isika!" (araka ny Gal 5:16)

D. Fanontaniana tena manan-danja: Ahoana no hahazoantsika io fanampiana avy amin'Andriamanitra io?
   1. Ny hanombohantsika izany dia ny hetaheta sy fanirina bebe kokoa an'Andriamanitra (Mt 5:6).

2. Ao amin'ny Matio 5:6, mariho tsara ny anjarantsika sy ny anjaran'Andriamanitra:
    a. Anjarantsika, "noana sy mangetaheta ny . . ."
    b. Anjaran'Andriamanitra, "izy no hovokisana. . ."

II. TSY MAINTSY FENOINA NY FANAHY MASINA ISIKA TSIRAIRAY SATRIA MANANA ASA HO TANTERAHANA IZAY LEHIBE LAVITRA NOHO IZAY EO AN-TANANTSIKA ISIKA.

A. Jesosy dia namela asa goavana ho antsika.
    1. Iraka lehibe no fiantsoana azy io.
    2. Mt 28:19-20
    3. Mt 24:14
B. Kanefa, izay mba azontsika ampiasaina dia tsy mifanentana amin'io asa io.
    1. Ny fahaizana ananantsika dia tsy ampy.
    2. Ny volantsika koa tsy ampy.
D. Nampanantena nefa i Jesosy fa hanome hery antsika hanatanterahana io asa io:
    1. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1, nanome fampanantenana sy baiko ny Mpianany Izy:
        a. *Ny Fampanantenana* (1:8): "ho vavolombeloko any ... hatramin'ny faran'ny tany."
        b. *Ny baiko* (1:4-5): "namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray."
    2. Tsy afaka manantanteraka ny fampanantenana isika raha tsy mankato ny baiko aloha.

Famarananana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny fiainana natao iainanao dia mihoatra lavitra noho ny fahaizanao.
2. Ny asa ho tanterahanao dia mihoatra lavitra noho izay eo an-tananao.
3. Mila mandray ny herin'Andriamanitra ianao.
4. Manatonà ary aoka hofenoina ny Fanahy androany.

[DRM]

6 Andiany momba ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Laharana. 3 amin'ny 4

Ahoana no handraisana ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty Fehezanteny tokana: Avelao ny Fanahy Masina hameno sy hanova ny fiainanao androany.

Tanjon'ny Toriteny: Ny mpino dia ho feno sy/na hofenoina indray ny Fanahy Masina

Andalana: Lioka 11:9-13

Fampidirana

1. Eto amin'ity andalana ity Jesosy dia nanome toromarika ny Mpianany
   mikasika ny fomba handraisana ny Fanahy Masina.
2. Ato amin'ity hafatra androany ity isika dia hiresaka mikasika ny fomba handraisana ny Fanahy Masina.

I. NY TONTOLO METY HANDRAISANA NY FANAHY MASINA

A. Ny Fanahy dia raisina ao anatin'ny tontolon'ny vavaka.
   1. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Jesosy dia namaly ny fanontanian'ny mpianatra, "Tompoko, mampianara anay hivavaka" (v. 1).
   2. Tao anatin'ny vavaka no nanosorana an'i Jesosy tamin'ny Fanahy Masina (Lk 3:21-22).
   3. Nivavaka i Paoly tamin'ny fotoana nandraisany ny Fanahy Masina (Asa 9:11-12, 17).
   4. Ny vavaka no fanalahidy.

B. Ny Fanahy dia raisina ao anatin'ny tontolon'ny fankatoavana ny fitoriana ny filazantsara (Asa 5:32).

D. Ny Fanahy dia raisina ao anatin'ny tontolon'ny fanetren-tena (1Pe 5:6).

E. Ny Fanahy Masina dia raisina ao anatin'ny tontolon'ny finoana (Gal 3:2, 5, 14).
   1. Hoy Jesosy: " *Izay mino Ahy*, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina" (Jn 7:38).

II. MBA HANDRAISANA NY FANAHY MASINA, ATAOVY IRETO:

A. Manatonà ny ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana satria fantatrao fa ianao dia ao anatin'ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka (Heb 4:16; 1Jn 5:14-15).

B. Mangataha amin'ny finoana feno fahasahiana.
   1. Takio ny Teny Fikasany (Lk 11:9-13).

2. Manantenà fa Andriamanitra dia hameno anao (Mk 11:24).
3. Manantenà hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra (Asa 2:4).
4. Miomàna ho vavolombelon'i Kristy. (Asa 1:8).

D. Raiso amin'ny hetsika finoana ny Fanahy Masina.
   1. Ny Fanahy Masina dia tsy raisina amin'ny fomba malemilemy.
   2. OHATRA: Tahaka an'i Petera nivoaka avy ao anaty sambo ary nandeha tambony rano, tsy maintsy manao dingan'ny finoana isika, mino fa hameno antsika ny Andriamanitra (araka ny Mt 14:25-29).

E. Aoka ho tsapanao ny fanatrehan'ny Fanahy ao anatinao.
   1. Ampifantohy amin'Andriamanitra sy izay ataony ny fonao.
   2. Aoka hahatsapa ny Fanatrehany eo aminao sy ao aminao ianao.

F. Mitenenà amin'ny finoana (Asa 2:4).
   1. Avelao io hery sy fanatrehana io hiboiboika (Jn 7:37-38).
   2. Mitenenà araka izay teny omen'ny Fanahy anao.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa ary izao ankehitriny izao hofenoina ny Fanahy Masina

[DRM]

Andiany momba ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Laharana. 4 amin'ny 4

Ny andraikintsika manoloana ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty Fehezanteny tokana: Rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ianao dia misy andraikitra tsy maintsy tanterahanao.

Tanjon'ny Toriteny: Hanainga fanahy ny olona handray ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy hampahery ireo vita batisa amin'ny Fanahy Masina hanomboka hanao asa fanompoana ao amin'ny Fanahy.

Andalana: 2 Korintiana 3:7-10: (mariho ny andian-teny "ny fanompoana omban'ny Fanahy")

Fampidirana

1. Ao anatin'ny andalana noraisintsika, Paoly dia nampitaha karazana asa fanompoana roa:
   a. Tsy inona izany fa ny fanompoana eo ambany lalàna sy ny fanompoana omban'ny Fanahy.
   b. Ny iray mitondra fahafatesana, ny iray mitondra fahamarinana.
   d. Ny iray misy voninahitra, ny iray manana tombom-boninahitra.
2. Ny asa fanompoana ao amin'ny Testamenta Vaovao dia nosoritsoritana ho "fanompoana ao amin'ny Fanahy."
   a. Ny asa fanompoana ao amin'ny Fanahy dia asa fanompoana "voatafy ny herin'ny Fanahy sy mahatonga ny hafa handray ny Fanahy" (Gordon D. Fee).
   b. Ity hafatra ity dia hifantoka amin'ny andraikintsika amin'ny fitarihana ny hafa ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
3. Ny Baiboly dia mampianatra andraikitra dimy sahanin'ny mpino manoloana ny batisa amin'ny Fanahy Masina:

I. TSY MAINTSY MIAINA MANOKANA IO FAHATSAPANA IO ISIKA.

A. Ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia baiko nomena antsika (Asa 1:4-5; Efe 5:18).
   1. Jesosy dia feno ny Fanahy Masina (Lk 3:26; Asa 10:38).
   2. Ny mpianatra dia nofenoina ny Fanahy Masina (Asa 2:4; 4:31-33).

B. Efa niaina ny batisa amin'ny Fanahy Masina ve ianao?

II. TSY MAINTSY MANDEHA AO AMIN'IZANY ISAN'ANDRO ISIKA.

A. Ny Baiboly dia mandidy antsika hoe "mandehana araka ny Fanahy."
   1. Ro 8:1; Gal 5:16, 25.
   2. Gal 3:3.

B. Tsy maintsy "mamelona" ny fanomezam-pahasoavana ao anatintsika isika (2Ti 1:6).

D. Ry mpitarika kristiana, ny zavatra lehibe indrindra ilain'ny vahoaka tarihanao dia ny handehananao marina ao amin'ny Fanahy.

III. TSY MAINTSY MAHATOKY AMIN'NY FANAMBARANA SY FAMPIANARANA IZANY ISIKA.

A. Jesosy dia nampianatra sy nanambara ny hafatry ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Lk 11:9-13; Jn 14–16; Asa 1:4-8).

B. Petera dia nitory mikasika ny batisa amin'ny Fanahy Masina:
   1. Tamin'ny toriteny voalohany nataony tamin'ny Pentekosta (Asa 2:14-17; 38-39).
   2. Tao amin'ny toriteny faharoa nataony (Asa 3:19).

D. Paoly dia nitory sy nampianatra ny momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
   1. Tany Efesosy (Asa 19:1-7).
   2. Ao amin'ny epistiliny (ohatra, Efe 5:18)

E. Nitory mikasika ny batisa amin'ny Fanahy Masina ve ianao? Hanao izany ve ianao?

IV. TSY MAINTSY MAHAY MITARIKA NY HAFA AO AMIN'IO FAHATSAPANA IO ISIKA.

A. Io no andraikitra voalohany ho an'ny pasitera pentekôtista tsirairay.

B. Jesosy sy ny apostoly dia nandray tamim-pahamatorana ny fitarihana ny hafa ao amin'io fahatsapana io.
   1. Talohan'ny niverenan'i Jesosy tany an-danitra (Lk 24:45-49).
   2. Ny apostoly, fony izy ireo tany Samaria (Asa 8:15-17).
   3. Tamin'i Paoly tany Efesosy (Asa 19:1-7).

D. Tsy maintsy manahaka an'i Jesosy sy ny apostoly isika.

V. TSY MAINTSY MANOME FAHAFAHANA NY OLONA TARIHANTSIKA HIAINA IO FAHATSAPANA IO ISIKA.

A. Tsy maintsy mamorona ny tontolo tena mety ao anatin'ny fiangonana isika.

B. Tsy maintsy mitory matetika momba io lohahevitra io isika.

D. Tsy maintsy miara-mivavaka amin'ny mpino isika mba handraisan'izy ireo.

E. Tsy maintsy mampianatra ny mpino hivavaka ho an’ny hafa isika.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Aza hamaivanina ity fanomezana sarobidy.
2. Manatonà ary izao ankehitriny izao mba hofenoina sy hofenoina indray ny Fanahy.

[DRM]

8 Tonga ny Mpananatra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Jesosy dia nampanantena ny fanatrehana sy ny herin'ny Fanahy hanampy antsika hiaina ho Azy sy ho Vavolombelony.

Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny vahoaka ho feno ny Fanahy sy ho tonga vavolombelona.

Andalana: Jaona 14:12-20; 16:7; Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Ny fivavahana kristiana dia miorina amin'ny zava-niseho efatra lehibe.
   a. Ny Noely: Nidiran'Andriamanitra mivantana teo amin'ny fiainan'ny olombelona tamin'ny alalan'ny Zanany.
   b. Zomà Masina: Asa fanambarana, fampihavanana ary fanavotana nataon'i Kristy.
   d. Paska: Nandresen'Andriamanitra ny herin'ny fahotana sy ny fahafatesana tamin'ny alalan'i Kristy.
   e. Pentekosta: Nanafiana hery ny vahoaka tamin'ny hery tahaka izay nanafiana an'i Jesosy dia ny Fanahy Masina.
2. Ny Pentekosta dia miresaka mikasika ny "hirotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fiangonana".
   a. Tonga ny Mpananatra!

I. NDEHA HODINIHANTSIKA NY FAMPANANTENANA MOMBA NY FANAHY.

A. Imbetsaka i Jesosy no niresaka mikasika io fampanantenana io.
   1. Nampanantena i Jesosy fa izay rehetra mino Azy dia handray ny Fanahy tahaka ny ony miboiboika ao amin'ny fiainany (Jn 7:37-39).
   2. Nilaza tamin'ny mpiainany i Jesosy fa handao azy ireo tsy ho ela, kanefa haniraka ny Fanahy Masina hisolo ny toerany eo anivon'izy ireo (Jn 14:16-17 sy 16:7).
   3. Talohan'ny niakarany tany an-danitra, nandidy ny mpianatra Izy mba hiandry ny teny fikasana dia ny Fanahy ny mpianatra Izy (Asa 1:4-5).

B. Tamin'ny Pentekosta no voalohany nanatanterahan'i Jesosy io fampanantenana io (Asa 2:1-4).

D. Avy eo, teo ambany hosotry ny Fanahy, Petera dia nanambara tamin'ny vahoaka fa ny fampanantenana ny Fanahy Masina dia ho an'ny rehetra (Asa 2:38-39).
   1. Noho izany, ny fampanantenana ny "famelan-keloka" sy ny " fanomezana ny Fanahy Masina" dia tsy ho azy ireo ihany fa mahatratra antsika androany koa.

II. NDEHA HODINIHANTSIKA NY FANATREHAN'NY FANAHY.

A. Voalohany, nampanantena i Jesosy fa ny Mpananatra dia ho eo amintsika mandrakariva (Jaona 14:16,18).
   1. Tsy hamela antsika ho kamboty izy (and. 18).
   2. Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany, "Tsy mandao anareo aho. Manana drafitra lavitra ezaka aho. Handeha aho, amin'izay ho avy ny Fanahy Masina.
   3. Nolazainy koa fa tsy dingana fihemorana akory sanatria ny noresahany teto (Jn 16:7).
      a. Ao anatin'ny drafitra lehibe nomaniko ny fampielezana ny filazantsara hatrany amin'ny faran'ny tany.
      b. Tiany ho tsapan'izy ireo fa mahatsara azy ireo ny fialany.
      d. Raha nijanona teto an-tany izy dia
         1) Voafetra tamin'ny toerana iray ihany ny asa fanompoana.
         2) Tsy afaka mifanerasera amin'ny mpianany rehetra amin'ny fotoana rehetra sy any amin'ny toerana rehetra izy.

B. Faharoa, nampanantena i Jesosy fa ny Fanahy Masina dia tsy ho eo amin'izy ireo ihany fa ho ao amin'izy ireo (Jn 14:17).
   1. Mahafinaritra izany fampanantenana izany: Honina ao amintsika Andriamanitra ary hahatsapa ny fanatrehany mahery vaika isika.
   2. Io no hanamafy amintsika fa ao amintsika Kristy (Jn 14:20).

III. NDEHA HODINIHANTSIKA NY HERIN'NY FANAHY.

A. Nampianatra i Jesosy fa rehefa tonga amintsika ny Fanahy Masina dia hahazo hery isika ka ho vavolombelona (Asa 1:8).
   1. Tiany ho fantatry ny Mpianany fa ny fahatongavan'ny "Mpananatra" dia hampitao azy ireo ho amin'ny asa fanompoana midadasika sy feno hery kokoa (Jn 14:12).
   2. Hofenoiny hery be izy ireo ka ny asa fanompoany dia hisy fiantraikany lehibe kokoa noho izay Nataony.

B. Ny Fanahy dia Fanahy mijoro vavolombelona.
   1. Ny antony hamenoany antsika amin'ny Heriny dia mba hahatonga antsika hanana izay rehetra ilaina amin'ny maha vavolombelon'i Kristy voatafy hery antsika (Jn 15:26-27).

D. Androany,tahaka ny vao hitantsika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ny herin'ny Fanahy Masina dia hitarika antsika, hanome antsika fahafahana miaina fiainam-pahamasinanan ary hanafy hery antsika hizara amim-pahombiazana ny finoantsika amin'ny hafa.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

Mandrosoa ary izao ankehitriny izao ary raiso eo amin’ny fiainanao ny Fanahy Masina.

[KB]

Fanontaniana mipetraka matetika mikasika ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny Baiboly dia mamaly ireo fanontaniana mipetraka matetika mikasika ny Batisa amin'ny Fanahy Masina.

Tanjon'ny Toriteny: Hanampy ny mpino haniry hotafiana ny herin'ny Fanahy Masina amin'ny maha vavolombelon'i Kristy.

Fampidirana

1. Ndeha hojerentsika ny sasany amin'ireo fanontaniana mipetraka matetika mikasika ny batisa amin'ny Fanahy Masina:

I. MANDRAY NY FANAHY MASINA VE NY KRISTIANA REHEFA VOAVONJY?

A. Rehefa mandray an'i Kristy ianao dia afaka manana antoka fa miasa ny Fanahy Masina (Ro 8:9).

B. Ny tsirairay amintsika, izay nanatona an'i Kristy dia nahatsapa ny asa mahafinaritra ataon'ny Fanahy Masina ao amin'ny fahateraham-baovao (Jn 3:3-6).

II. INONA ARY IZANY NO MAHA SAMY HAFA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA AMIN'NY FAMONJENA?

A. Misy asa fanompoana fanampiny sy miavaka ataon'ny Fanahy Masina, izay antsoina hoe batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:4-5,8).
   1. Izy io dia fanomezana fanafiana hery avy min'Andriamanitra Ray ho an'ny mpino tsirairay.
   2. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia manampy antsika hiaina amin'ny fiainam-pahamasinana sy manome antsika fanokanan-tena sy fanoloran-tena lalina ho an'i Jesosy.

B. Ny tanjona voalohany amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina nefa dia ny hanome hery sy fahasahiana antsika ho vavolombelon'ny finoantsika amin'ny hafa (Asa 1:8).

D. Isika rehetra dia mila io "Fanomezana Fanafiana hery" avy amin'Andriamanitra io mba hahafahana miaina fiainana feno fandresena sy mizara ny finoantsika amim-pahombiazana.
   1. Tena manana ny lanjany io fahatsapana io ka izany no nahatonga an'i Jesosy nametra ny mpianany tsy hiala tany Jerosalema raha tsy mandray izany (Asa 1:4-5).

III. MISY OLONA FENO NY FANAHY MASINA VE NEFA TSY MITENY AMIN'NY TSY FITENY TSY FANTATRA?

A. Tsy maintsy mijanona akaikin'ny ohatra napetraky ny Baiboly isika amin'ny famaliana io fanontaniana io.
   1. Tamin'ny Pentekosta dia "Samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy" (Asa 2:4)
   2. Tao an-tranon'i Kornelio "nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina" ary koa "nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra" (Asa 10:46).
   3. Tany Efesosy "Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany" (Asa 19:6).

B. Ireo andalana ireo dia mampiseho fa ny "porofo voalohany" amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

IV. INONA NO TOMBONTSOA AMIN'NY FIVAVAHANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA AO AMIN'NY FIAINAM-BAVAKAO MANOKANA?

A. Io no manamarina fa tena nandray ny Fanahy Masina ianao.
B. Io no mampiorina anao amin'ny fiainam-panahinao manokana sy ny fiarahanao mandeha amin'Andriamanitra (1Ko 14:2,4; Joda 20).
D. Rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra isika, ny Fanahy dia manampy antsika hivavaka (Ro 8:26).
   1. Amin'ny fotoana, tsy tena mety loatra hizarana amin'Andriamanitra ny ao am-pontsika amin'ny fiteny maha olombelona antsika, ny vavaka amin'ny fiteny tsara fantatra dia mitondra antsika any ankoatry ny fetran'ny saina, ny Fanahy no mivavaka amin'ny alalantsika.

V. TENY FAMPAHEREZANA HO AN'IREO TSY MBOLA VITA BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA:

A. Raha tsy mbola mazava aminao izany rehetra izany, ianaro ny Tenin'Andriamanitra ary katsaho Andriamanitra mba hahazoanao fahatakarana.
   1. Aza adinoina, mitovy ny fitiavan'Andriamanitra antsika rehetra.
   2. Ny Fanahy Masina dia tonga ho mpananatra antsika, mpitari-dalana antsika amin'ny marina rehetra, ary hanafy hery antsika amin'ny maha vavolombelona.

3. Katsaho izay handraisana ny Fanahy, fa tsy izay hitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra fotsiny.

B. Ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia mbola fanombohana fotsiny.
   1. Aorian'izany, andraikitrao ny mihazona ny fahatsapana ho vaovao sy velona isan'andro.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Tokony hivavaka tahaka izao mandrakariva isika: "Avia Fanahy Masina, mila anao aho!"
2. Ndao hiaraka amiko hangataka ny Fanahy Masina ho ao amin'ny fiainanao.
3. Enga anie ianao hiaina ny fahatsapana Pentekosta eo amin'ny fiainanao manokana!

[KB]

Ny Andro Pentekosta

Toriteny ao anaty Fehezanteny tokana: Ny fahazoana tsara ny andro Pentekosta dia mitarika antsika hino sy hikatsaka ny ho feno ny Fanahy Masina.

Tanjon'ny Toriteny: Ny hahatonga ny olona ho feno ny Fanahy sy ho tonga vavolombelona mahomby.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-12

I. FANAZAVANA NY FAHATONGAVAN'NY FANAHY (Asa 2:1a).

A. Ny Pentekosta amin'ny grika dia midika fahadimampolo.
   1. Ny Jiosy dia miantso azy io hoe "Andro firavoravoan'ny herinandro" (Lev 23:15-21).
   2. Ny lalàna momba ny lanonana ao amin'ny Testamenta Taloha dia maneho an'i Kristy sy ny Asany (Gal 3:24; Kol 2:16,17).

B. Sary voalohany: Ny Paska (Lev 23:5, 1Ko 5:7).
   1. Ny Paska dia mampahatsiahy ny olona ny anafahan'Adriamanitra ny Isiraely tany Egypta.
   2. Ny zanak'ondrin'ny Paska dia sarin'ny asa nataon'i Kristy ho antsika tamin'ny fotoana nahafatesany noho ny fahotantsika teo amin'ny hazo fijaliana.

D. Sary faharoa: Ny fetin'ny voaloham-bokatra (Lev 23:9-10).
   1. Ankalazaina amin'ny andro voalohany amin'ny herinandro manaraka ny Paska.
   2. Atolotry ny olona ho an'Andriamanitra ny santatry ny vokatry ny taniny.
   3. Antsoina hoe "voaloham-bokatra" izy io satria maneho ny vokatra hojinjaina tsy ho ela.
   4. Io no sarin'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro taorian'ny Paska (1Ko 15:20-23).

E. Sary fahatelo: Andro firavoravoan'ny hendrinandro/Pentekosta (Lev 23:15-17, Asa 2:1). Fanamarihana: zavatra roa no mifamatotra amin'io fankalazana io:
   1. *Fankalazana ny hihavian'ny fijinjana vokatra:*
      a. Pentekosta dia momba ny fijinjana! (Asa 2:14, 16-17, 21).
      b. Ny tanjon'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia ny hahatonga antsika ho vavolombelona voatafy hery ho an'ny Tompo ka hitondra vokatra betsaka dia fanahy very (Asa 1:8).
   2. *Fankalazana ny fanekena vaovao ao amin'i Kristy.*
      a. Andriamanitra dia nanao fanekena tamin'i Abrahama ary nampanantena fa hitahy izao tontolo izao amin'ny

alalany (Ge 12:3).

b. Andriamanitra dia niomana ny hampiasa ny firenena Jiosy hitarihana ny olona ho amin'ny finoana ny Mesia (Eks 19:5-6).
d. Ny raby dia nampianatra fa 50 andro taorian'ny Paska no nidinan'Andriamanitra teo an-tendrombohitra Sinay sy nanomezany ny fanekena.
e. Kanefa, tsy nahomby tamin'ny fitanana ny fanekena Isiraely, noho izany, nampanantena Andriamanitra fa hanao fanekena vaovao (Jer 31:31-34).
f. Eo amin'ny Asan'ny Apostoly 2:1 isika dia mahita fa 50 andro taorian'ny Paska indray no nidinan'Andriamanitra nanamafy ny fanekena vaovao.

II. POROFON'NY FAHATONGAVAN'NY FANAHY (Asa 2:1b-4).

A. Ny Rivotra (v.2).
1. Jesosy dia mampitaha ny Fanahy Masina amin'ny Rivotra (Jn 3:8).
2. Tamin'ny Pentekosta, izy io dia tsy nosoritana ho tsio-drivotra fa rivotra mahery, tahaka ny fofonaina mafy avy amin'Andriamanitra.
3. Io feo io dia nahatonga ny vahoaka rehetra hivory (Asa 2:6a).

B. Ny Afo (and.3).
1. Tsy tena afo akory izy io, fa nitarehin'afo na toy ny afo.
2. Fanehoana hita maso ny fanatrehan'ny Fanahy Masina izy io.

D. Feno ny Fanahy Masina izy rehetra (and. 4a).
1. Ny teny Grika nadika hoe feno dia *pleroo,* izay ampiasaina hamaritana ny rivotra mameno ny salopin'ny sambo ka mahatonga azy hahetsiky ny rivotra.
2. Midika izany fa ny mpianatra dia tsy maintsy manaiky ny fifehezan'ny Fanahy, ary Izy no hanetsika azy amin'ny asa atao.
3. Ny Asan'ny Apostoly dia manambara amintsika fa ireo zavatra ireo dia niverina nitranga teo amin'ny fiainan'ny mpianatra (Asa 4:8, 31).

E. Niteny tamin'ny fiteny nampitenenin'ny Fanahy izy ireo (and. 4b).
1. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantany izy ireo.
2. Fahagagana nampanaovin'ny Fanahy azy ireo izany.

III. NY VOKATRY NY FAHATONGAVAN'NY FANAHY (Asa 2:5-12).

A. Ny vahoaka nanatrika izany dia nahita olona avy amin'ny firenena maro (and. 5, 9-11).
B. Fifanjevoana (and. 6-8,12).

1. Ny vahoaka dia nahare olona tsy nianatra manambara ny fahagagan'Andriamanitra amin'ny fiteny samihafa avy amin'izao tontolo izao.
2. Tsy maintsy nieritreritra izy ireo hoe: "Ahoana no nahatonga izany? Tsy maintsy fahagagana! Inona no dikan'izao?"

D. Ny teboka faratampony (Asa 2:41).
   1. Asan'Andriamanitra izany, nametraka ny sehatra nahafahana nanolotra ny filazantsara sy ny asa fitondrana ny filazantsara tany amin'ny firenena rehetra.

E. Izany rehetra izany dia mitondra antsika amin'ny famintinana efatra:
   1. Ny fotoan'Andriamanitra dia tonga lafatra ary ho tanteraka ny Sitrapon'Andriamanitra.
   2. Handray ny Heriny koa isika raha hankato ny Sitrapony.
      a. Ny 120 dia feno ny Fanahy satria ny nankato an'i Kristy (Asa 1:4,13-14; 2:1).
   3. Ny fanomezana ny Fanahy dia ho an'ny tsirairay (Asa 2:17, 39).
   4. Nataon'Andriamanitra izany mba hahafahantsika mizara an'i Kristy amin'ny hafa sy mitarika azy ireo ao amin'ny famonjena amin'ny fomba mahomby.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa ary fa hivavaka isika mba hamenoan'Andriamanitra antsika amin'ny Fanahy sy hanafiany hery antsika ho Vavolombelony.

[JL]

11 Efa Noraisinare ve ny Fanahy Masina Fony Vao Nino ianareo?

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Laharam-pahamehana ny Batisa amin'ny Fanahy Masina satria tanjon'Andriamanitra ny hanome ny mpino tsirairay hery hahatonga azy ho vavolombelona.

Tanjon'ny toriteny: Handresy lahatra ny mpino fa mila ny Batisa amin'ny Fanahy Masina izy ireo ary hanomana azy ireo amin'ny fandraisana izany.

Andalana: Asa 19:1-12

I. NY MAHA LAHARAM-PAHAMEHANA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Fanontanian'i Paoly: Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?
   1. Io fanontaniana io dia mampiseho fa misy ny efa tonga mpianatra kanefa tsy mbola nofenoina ny Fanahy Masina.
   2. Midika koa izany fa laharam-pahamehana ho an'ny kristiana izy ity.
   3. Tian'i Paoly ho azo antoka fa feno ny Fanahy Masina izy ireo, satria ny faniriny dia ny hahatonga ilay fiangonana vaovao tany Efesosy ho fiangonana Pentekôtista marina izy.

B. Hita tany Samaria koa io maha laharam-pahamehana ny batisa amin'ny Fanahy Masina io (Asa 8:14-17).

D. Laharam-pahamehana ny batisa amin'ny Fanahy Masina ka izany no mahatonga azy tsy fahatsapana indray mandeha tsy miverina fa fahatsapana mitohy.
   1. Taona vitsivitsy taty aoriana, Paoly dia nanoratra ho an'ny fiangonana tany Efesosy, ary nanentana azy ireo hofenoina ny Fanahy Masina sy hitoetra amin'izany fahafenoana izany (Efe 5:18).
   2. Ny "Aoka hofenoina ny Fanahy" amin'ny fiteny Grika, dia baiko hihazonana mandrakariva ny fahafenoana.

E. Nataon'ny fiangonana voalohany laharam-pahamehana izy io, ary tokony hataontsika tahaka izany koa.

II. NY TANJON'NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA: VAVOLOMBELONA VOATAFY HERY.

A. Noho ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina, Paoly dia naniry mba ho feno ny Fanahy Masina ireo lehilahy ireo.
   1. Jesosy no namaritra ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8).

2. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia tsy ho an'ny tombontsoa sy ny fitahiana ny tena manokana fa hery hanompoana ny irak'Andriamanitra.
3. Fantatr'i Paoly fa nila hery ireo mpianatra 12 ireo hahatonga azy ho vavolombelona.

B. Ny vokatry ny fahafenoan'ireo lehilahy 12 ireo tamin'ny Fanahy Masina
1. Feno ny Fanahy Masina izy ireo ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy naminany tamin'ny herin'ny Fanahy (Asa 19:6).
2. Vokany, nisy vavolombelona mahery vaika nandeha nanerana ny faritra (Asa 19:8-10).

D. Ny drafitr'i Paoly dia ny hampiely ny filazantsara nanerana an'i Asia.
1. Ny Asa 19:9-10 dia mampiseho fa tsy i Paoly irery no nitoriteny sy nampiasain'Andriamanitra.
2. Ny antony nahatonga an'i Paoly nanao laharam-pahamehana ny Batisa amin'ny Fanahy Masina tany Efesosy dia satria nikasa ny hanatratra an'i Asia manontolo tamin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelon'ireo mpino feno ny Fanahy Masina izy.
3. Nisy fiangonana samihafa tany Asia, araka ny voatonona ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ireo dia mety vokatry ny asa fanompoan'i Paoly tany Efesosy
4. Paoly dia nanaraka ny drafitra nomen'i Kristy ny fiangonana: Aoka hofenoina ny Fanahy ary ho vavolombelona (Asa 1:8).

E. Tsy mbola niova ny drafitr'Andriamanitra, mbola miantso olona hikatsaka ny herin'ny Fanahiny ka ho vavolombelona Izy.

III. NY FIOMANANA AMIN'NY FANDRAISANA NY FANAHY MASINA

A. Dingana voalohany: Fibebahana amin'ny fahotana.
1. Ireo lehilahy tany Efesosy ireo dia nanaiky ny hafatr'i Jaona Mpanao Batisa, fibebahana amin'ny fahotana.

B. Dingana faharoa: Finoana an'i Kristy ho Tompo sy Mpamonjy.
1. Rehefa fantatr'i Paoly fa ireo lehilahy tany Efesosy ireo dia tsy nahare afa-tsy ny hafatr'i Jaona, dia nazavainy tamin'izy ireo fa Jaona Mpanao Batisa dia nanomana ny olona ho an'i Jesosy.
2. Jaona Mpanao Batisa dia nitory zavatra roa:
   a. Mibebaha fa efa akaiky ny Fanjakan'ny lanitra (Mt 3:2).
   b. Hisy anankiray izay ho avy hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. (Jesosy, Jn 1:29)
3. Rehefa azon'izy ireo tsara izany dia nekeny i Kristy (Asa 19:5).

D. Dingana fahatelo: Minoa fa Kristy dia hameno anao amin'ny Fanahy.
    1. Ny hafatr'i Jaona dia nahitana teny fampanantenana fa Jesosy dia hanao batisa amin'ny Fanahy Masina (Lk 3:16).
E. Dingana fahefatra: Angataho an'Andriamanitra hameno anao amin'ny Fanahy.
    1. Nino ireo lehilahy ireo, ary rehefa nametra-tanana taminy i Paoly, nanomboka nivavaka izy ireo ary feno ny Fanahy (Asa 19:6).
    2. Ianao, koa, afaka mandray ny Fanahy, raha hangataka izany ao anatin'ny vavaka.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Tahaka ny mpianatra tany Efesosy, miomàna handray ny Fanahy Masina.
2. Sokafy ho an'Andriamanitra ny fonao ary minoa fa te hanao izany ho anao Andriamanitra.
3. Angataho Andriamanitra hanao izany ho anao.

[MT]

Aza miala ao an-trano raha tsy Miaraka Aminy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny baiko farany nomen'i Kristy ny Mpianany dia ny tsy maintsy andraisan'izy ireo ny Fanahy Masina mba hahatanterahany ny Iraka Lehibe.

Tanjon'ny toriteny: Hahita ny mpino mankato ny baiko farany nomen'i Kristy dia ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy ny fandraisana hery ho Vavolombelony.

Andalana: Asa 1:4-5, 8

Fampidirana

1. Amin'ny ankapobeny, ny teny farany ataon'ny olona dia tena manan-danja tokoa amin'io olona io.
2. Ny teny farany navelan'i Jesosy ho an'ny fiangonana, talohan'ny niakarany tany an-danitra dia baiko ho an'ny mpino tsirairay.
3. Ao amin'io baiko io dia nataon'i Jesosy mazava fa ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia tsy maintsy laharam-pahamehana ho an'ny kristiana tsirairay.

I. NY BAIKON'I KRISTY FARANY (Asa 1:4a,5).

A. Aza mandeha na aiza na aiza raha tsy miaraka amin'io fanomezana io: "aza miala eto Jerosalema fa andraso" (and. 4a).

B. Inona ilay fanomezana natao handrasantsika? "ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina" (and. 5).

D. Mihoatra ny indray mandeha no nandidin'i Jesosy ny hiandrasana io batisa io (Lk 24:49).

E. Inona no dikan'ny hoe batisa amin'ny Fanahy Masina?

1. Midika fanafiana sy famenoana amin'ny herin'ny Fanahin'Andriamanitra (Lk 24:49; Asa 1:8).

II. NY ANTON'NY BAIKON'I KRISTY FARANY (Asa 1:4,5,8).

A. Ny Ray dia nampanantena fanomezana

1. tamin'ny alalan'ny mpaminany (Joela 2:28-29).
2. tamin'ny alalan'i Jaona Mpanao batisat (Mk 1:7-8).

B. Ny fanomezana ny Fanahy Masina dia iray amin'ny tanjona voalohan'ny asa fanompoan'i Jesosy.

1. Izao no nolazain'i Jaona Mpanao Batisa, rehefa tonga Jesosy, Izy kosa "hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina" (Mk 1:7-8).
2. Imbetsaka Jesosy no niresaka mikasika azy io tamin'ny Mpianany (Asa 1:4) "izay efa renareo tamiko".

3. Jaona 7:37-39 dia iray amin'ny fanamafisan'i Jesosy ny resaka momba azy io.

D. Io fanomezana io dia fomba entin'Andriamanitra manafy hery ny kristiana ho Vavolombelony (Asa 1:8).
   1. Nodidin'i Jesosy ny Mpianany mba handeha any amin'izao tontolo ary hanao mpianatra ny firenena rehetra (Mt 28:18-20).
   2. Nodidin'i Jesosy ny Mpianany mba hikatsaka ny batisa amin'ny Fanahy Masina, satria mila ny Heriny izy ireo amin'ny fanatanterahana ny iraka.
   3. Tsy mbola niova ny iraka napetrak'Andriamanitra amin'ny fiangonana; noho izany, mbola mila ny herin'ny Fanahy Masina isika amin'ny fanatanterahana azy.

III. HANKATO NY BAIKON'I KRISTY FARANY VE IANAO?

A. Satria tonga ny Fanahy, nomena baiko isika mba ho vavolombelon'i Kristy (Jn 15:26-27).

B. Raha tia Azy isika dia hankato ny Baikony, ary homeny antsika ny Fanahy mba hitoetra ao amintsika sy hameno antsika amin'ny hery (Jn 14:15-17).

D. Andriamanitra dia manome ny Fanahiny ho an'izay mankato Azy (Asa 5:32).
   1. Ny apostoly dia nilaza fa fankatoavana an'i Kristy ny maha vavolombelona.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa ao anatin'ny fankatoavana ny baikon'i Kristy ary raiso ny hery tiany homena anao mba hanompoana Azy sy hahatonga anao ho vavolombelona mahomby.

[MT]

Velomy ny afon'ny Fanomezan' Andriamanitra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny tsirairay amintsika dia tsy maintsy miaina manokana sy tsy tapaka amin'ny fifohazam-panahy Pentekôtista raha tiantsika ny ho kristiana mahomby.
Tanjon'ny Toriteny: Ho azon'ny olona ny fomba hahafahany ho feno tsy tapaka ny Fanahy Masina na hofenoina indray androany.
Andalana: 2 Timoty 1:6-8, 11-12, 14

Fampidirana

1. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Paoly dia nilaza tamin'i Timoty ny fomba hahafahany miaina fifohazam-panahy Pentekôtista manokana sy ny antony tokony hikatsahany izany.
2. Nampatsiahy an'i Timoty i Paoly mba "hamelona" ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra tamin'ny nametrahany tanana taminy.
3. Ny tondroin'i Paoly eto dia ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy izay noraisin'i Timoty tamin'ny nanaovana azy batisa amin'ny Fanahy Masina.
4. Tsy maintsy havaozina mandrakariva io fanomezana io.
5. Misy zavatra tsy maintsy atao raha te hahatsapa fifohazam-panahy Pentekôtista manokana.
6. Kanefa, ny hojerentsika voalohany dia ny fomba namaritan'i Paoly io fifohazam-panahy io eto amin'ity andalana ity.

I. ARAKA IO ANDALANA IO, NY ATAO HOE MIAINA FIFOHAZAM-PANAHY PENTEKÔTISTA MANOKANA DIA MIDIKA ZAVATRA TELO:

A. Midika fahafenoana manokana amin'ny Fanahy izany (2Ti 1:6b).
   1. Ny "fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra" resahana eto amin'ity andalana ity dia ny Batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:4, 8:20, 11:17).
      a. Tsy fanomezam-pahasoavana asa fanompoana no resahana eto.
      b. Paoly ihany koa dia nanasokajy ny tenany ho efa nandray io fanomezana io ("Nomen'Andriamanitra…*isika*")
   2. Araka izany, feno ny Fanahy Masina i Timoty tamin'ny fotoana nametran'i Paoly tanana taminy sy nivavahany ho azy.
      a. Tsy isalasalana fa tany amin'ny fiangonana tany Lystra no nanombohan'izany (Asa 14:8-20, 16:1-3).

3. Araka ny Testamenta Vaovao, ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia aorian'ny famonjena (Asa 8:15-17; 9:17; 19:6).

B. Midika famelana an-tsitrapo ny Fanahy Masina hiasa eo amin'ny fiainana izany (2Ti 1:7).
   1. Ny fanatrehana sy ny asan'ny Fanahy Masina dia mitondra fiovana eo amin'ny fiainantsika.
   2. Ao anatin'ny tahotra dia manome hery Izy (Asa 1:8).
   3. Mitondra fitiavana Izy (Ro 5:5).
   4. Mitondra fahononan-tena Izy (Gal 5:16).

D. Midika fandraisan'anjara mavitrika amin'ny fijoroana vavolombelona ho an'i Kristy.
   1. "Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika" (2 Ti 1:8).
   2. Mampahatsiaro antsika ny tenin'i Kristy ao amin'ny Asa 1:8 izany.

II. ANTONY TELO ILAN'NY TENA MANOKANA NY FAHATSAPANA FIFOHAZAM-PANAHY.

A. Satria hisedra fanoherana isika rehefa mitory ny Filazantsara (2Ti 1:8, 11-12).

B. Satria mila ny fanampian'ny Fanahy Masina isika mba hahafahantsika mitoetra mahatoky amin'ny hafatry ny filazantsara sy ny foto-pampianarana marina (2Ti 1:14).

D. Satria mora very ny hafanam-pontsika amin'ny fanompoana an'i Kristy (2Ti 1:6a).
   1. Paoly dia nangataka an'i Timoty mba "hanaitra," na "hanavao," na "hamelona," ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao aminy.
   2. Ny afo dia tsy maintsy kopahana sy velombelomina raha tsy izany dia ho faty.
   3. Betsaka no efa nandao sy nahafoy an'i Paoly (2 Ti 1:15; 4:10a).
   4. Tian'i Paoly hitoetra mahatoky hatrany i Timoty.
   5. Isika koa, tsy maintsy mitandrina ka mitoetra amin'ny fanokanan-tenantsika ho an'i Kristy sy ny Iraka napetrany amin'ny alalan'ny fihazonana ny fanatrehan'ny Fanahy ao amin'ny fiainantsika.

III. MBA HAHAFAHANA MIAINA NY FAHATSAPANA FIFOHAZAM-PANAHY PENTEKÔTISTA, MISY ZAVATRA TSY MAINTSY ATAONTSIKA.

A. Tahaka an'i Timoty, tsy maintsy manomboka amin'ny finoana marina an'i Kristy isika (2Ti 1:5).

B. Tsy maintsy manaiky isika fa ny Fanahy Masina no mitondra fifohazam-panahy rehefa mikatsaka ny ho feno ny Fanatrehany isika.
D. Tsy maintsy manomboka amin'ny fahazoana antoka ny fahafenoan'ny Fanahy isika.
    1. Afaka ho feno ianao androany
E. Tsy maintsy mitohy mamelona ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra isika.
    1. Amin'ny alalan'ny finoana ny teny fikasana (Jn 7:37-39).
    2. Amin'ny alalan'ny fanaovana dingana amin'ny finoana sy ny fijoroana vavolombelona ho an'i Kristy (Asa 5:32).
    3. Amin'ny alalan'ny fikatsahana tsy tapaka an'Andriamanitra sy ny fangatahana mba ho feno (Lk 11:9-10, 13).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ndao isika handroso ary hivavaka mba hamenoan'Andriamanitra antsika amin'ny Fanahy Masina.
2. Raha mbola tsy feno ianao, ny teny fampanantenana dia ho anao. Mandrosoa ary avelao ny afo hirehitra ao amin'ny fiainanao.
3. Raha efa nandray ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao, mandrosoa ary velomy amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fahafenoan'ny Fanahy izany mba hahatonga anao ho afaka hitohy amin'ny fanompoana an'i Kristy sy ny maha vavolombelona ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

[MT]

14 Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina Fony Vao Nino Ianareo?

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Afaka mandray ny Fanahy Masina tahaka ireo mpianatra roa ambin'ny folo tany Efesosy ianao.
Tanjon'ny Toriteny: Mba ho feno sy hofenoina indray ny Fanahy Masina ny mpino.
Andalana: Asan'ny Apostoly 19:1-7

Fampidirana

1. Rehefa tonga tany Efesosy i Paoly dia nahita ny tanàna feno fanompoan-tsampy sy faharatsiam-pitondrantena. (Nanompo an'i Artemisy, andriamanitry ny fahavokarana izay feno nono izy ireo).
2. Ny drafitr'i Paoly dia ny hanatratra an'i Efesosy, sy Asia Minora manontolo amin'ny filazantsara (Jereo Asa 19:10).
3. Fametrahana fanontaniana no nametrahany izany:

I. NY FANONTANIAN'I PAOLY

A. Hoy i Paoly, "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?"
B. Inona no antony nametrahan'i Paoly izany fanontaniana izany? Inona no nahatonga azy nieritreritra fa tsy mbola nandray ny fanomezana nampanantenaina izy ireo? Inona tamin'ny nataon'izy ireo no nampametraka izany fanontaniana izany?
   1. Mety ny fitondrantena na ny fitenin'izy ireo.
   2. Mety ny fideran'izy ireo.
   3. Mety tsapan'i Paoly tao amin'ny fanahiny angamba.
   4. Na dia tena mpino marina aza no fahitan'i Paoly azy ireo, dia fantany fa misy zavatra hafa ilaina eo amin'ny fiainan'izy ireo.
   5. Tsy ampy fahatakarana sy fahatsapana momba ny Fanahy Masina.
C. Ny olona hafa ve mahita ny Fanahy eo amin'ny fiainanao?

II. NY VALINY AVY AMIN'NY MPIANATRA ROA AMBIN'NY FOLO

A. Namaly ny roa ambin'ny folo, "Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina!"
   1. Tsy fantatr'izy ireo fa ny herin'ny Fanahy dia natao hanampiana azy ireo.
   2. Na ny fanomezana dia nomena azy ireo.
   3. Na misy fitarihana natokana ho azy ireo.
   4. Tsy fantatr'izy ireo akory fa azony raisina izany!

B. Ahoana no hamalinao ny fanontanian'i Paoly?
   1. Hitovy amin'ny valiny nomen'ny Efesiana ve?
   2. Ny fihetsikao ve mahatonga ny olona hametra-panontaniana hoe: "Efa noraisinao ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianao?"
   3. Isika, izay miantso ny tenantsika hoe Pentekôtista ve tena mianoka tanteraka ao amin'ny asa fanompoan'ny Fanahy Masina?
D. Vonona handray ny Heriny ve ianao androany?

III. NY HETSIKA NATAON'I PAOLY

A. Nivavaka niaraka tamin'izy ireo izy mba handraisany ny Fanahy Masina (Asa 19:6).
B. Nandray ny Fanahy Masina tahaka ireo 120 tamin'ny Andron'ny Pentekosta izy ireo (Asa 2:1-4).
   1. Dimy amby roapolo taona taorian'ny Pentekosta izany.

IV. NY VALINY AVY AMINTSIKA ANDROANY

A. Afaka mandray izany fahatsapana izany koa isika androany!
   1. Amin'ny fomba mitovy (Asa 2:38-39).
   2. Miaraka amin'ny porofo mitovy (Asa 2:4; 19:6).
   3. Ho an'ny tanjona mitovy (Asa 1:8).
B. Fa inona no ilàntsika io fahatsapana io?
   1. Miaina ao anaty fiaraha-monina feno faharatsiana tahaka ny tany Efesosy koa isika.
   2. Tsy maintsy manana ny herin'ny Fanahy isika hahatonga antsika ho vavolombelona mahomby ho an'i Kristy.
   3. Fanampiny, mila ny herin'ny Fanahy isika mba hananantsika fifandraisana lalina amin'i Kristy—hahatonga an'i Kristy ho fantatra sy hisandratra eo amin'ny fiainantsika.
D. Tsy hisy hitranga ireo raha tsy vita batisa amin'ny Fanahy Masina aloha isika (Lk 24:49; Asa 1:4-8).
   1. Tanteraka tamin'ny mpianatra izany tamin'ny Andro Pentekosta.
   2. Tanteraka tamin'ny mpianatra roa ambin'ny folo tany Efesosy.
   3. Afaka ho tanteraka aminao izany androany.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Omany eo anatrehan'Andriamanitra ny fonao.
2. Mandrosoa amin'ny finoana sy ny fanantenana.
3. Angataho Andriamanitra hameno anao (Lk 11:13).

[KK]

Manafy hery ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ianao dia handray hery hahatonga anao ho vavolombelon'i Kristy.

Tanjon'ny Toriteny: Ny mpino dia hahazo sy handray ilay herin'ny Fanahy Masina mitondra fiovana.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Amin'izao fotoana izao, tahaka ny ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ny herin'ny Pentekosta dia manao izay rehetra hampielezana ny filazantsara mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra.
   a. Tsy kisendrasendra ny maha avy amin'ny Pentekôtista ny hetsika misionera lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao.
   b. Na dia izany aza, mbola betsaka ny tsy mahatakatra ny toetran'io fahatsapana io.
   d. Io tsy fahatakarana io dia manakana ny fijoroantsika vavolombelona amin'izao tontolo izao.
2. Ato amin'ity hafatra ity isika dia hiezaka hahazo ny toetra sy ny tanjon'ny hery Pentekôtista.
3. Ndeha ary hijery zavatra telo nampianarin'i Jesosy mikasika ny herin'ny Fanahy ao amin'ny Asa 1:8:

I. JESOSY DIA NAMPANANTENA NY FIAHIAN'NY FANAHY

A. Inona no karazana hery nampanantenain'i Jesosy eo amin'ny andininy 8?
   1. Tsy niresaka fahefana Izy (Grika: *exousia*, ampiasaina and. 7), fa fahafaha-manao (Grika: *dunamis*, and. 8).
   2. Jesosy dia nampanantena hery entina manatanteraka ny asa.

B. Fantatr'i Jesosy fa ireo mpino ireo dia tsy vonona handeha any amin'izao tontolo izao raha amin'ny tanjany na ny herin'ny tenany manokana.
   1. Efa nomeny ny Fahefany izy ireo (Lk 9:1); izao kosa dia hery afaka hanova azy ireo no ilainy.
   2. Io hery io dia hanafy azy ireo araka izay ilainy amin'ny fanatanterahana ny asa niantsoana azy ireo hataony.
   3. Mila io hery io koa isika androany.

D. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana tena misy ary miharihary.
   1. Io dia fahatsapana hafa sy tsy miaraka amin'ny famonjena.

2. Efa nandray ny Fanahy ireo olona ireo tamin'ny fotoana nahaterahany indray (Jn 20:22).
3. Efa nanana ny Fanahy Masina izy ireo; tsy ho ela dia ny Fanahy Masina indray no hanana azy ireo.
4. Mila izany kasiky ny Fanahy izany koa isika androany.

II. NAZAVAIN'I JESOSY TAMIN'NY MPIANATRA NY TOERAN'IZY IREO VAOVAO.

A. Jesosy dia nampanantena *fiovana*.
   1. Mariho tsara fa nolazain'i Jesosy fa *ho* Vavolombelony izy ireo.
      a. Ny maha Izy no asongadiny eto fa tsy izay atao.
      b. Tafiditra ao anatin'izany ny fanovana ny toetra.
   2. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny olona dia manao asa fanompoana miaraka amin'ny fiainana miova.
      a. Petera no ohatra voalohany (Ampitahao ny Mt 26:69-75 sy ny Asa 2:14).
      b. Ny olona no niova ... fa tsy ny fiteny.
   3. Ny asan'ny Fanahy Masina voalohany dia ny manova antsika.
      a. Izany no maha zava-dehibe ny Fanahy Masina ho an'ny mpino!

B. Nanana ny lanjany tamin'i Jesosy koa ny *fijoroana vavolombelona.*
   1. Ny batisan'ny mpinatra dia nitondra fijoroana vavolombelona mahery vaika.
   2. Ireto avy no ao anatin'io fijoroana vavolombelona io
      a. Fanambarana mahery vaika (Asa 2:14-40).
      b. Famantarana sy fahagagana mahery vaika (Asa 2:43).
      d. Fiaraha-monina mahery vaika (Asa 2:44-47).
   3. Ireo rehetra ireo dia fijoroana vavolombelona mahery vaika amin'ny very.

III. NAMBARAN'I JESOSY NY TOERAN'NY FANAHY.

A. Io hery io dia hanana *paika* (na drafitra) ho tanterahana.
   1. Samy hita ao anatin'io ny toerana sy ny fomba fiasa.
   2. Ny herin'ny Fanahy dia hahatonga ny tenany ho tsapa ao anatin'ny fijoroana vavolombelona amin'ny toerana efatra samihafa:
      a. Ao an-tokantranontsika.
      b. Ao amin'ny vohitra, tanàna, na faritra misy antsika ("Jerosalema").
      d. Amin'ny vohitra sy ny tanàna manodidina ("Jodia sy Samaria").

e. Manerana izao tontolo izao (“hatramin’ny faran’ny tany”).

3. Nangonin’Andriamanitra ny Vahoakany, nofenoiny ny Heriny, ary naeliny ao amin’ny tontolo izay tena mila azy ireo mafy tokoa.

B. Io hery io koa dia mifamatotra amin’ny *fotoana.*

1. Ny Iraka Lehibe dia tsy natao hiely “hatramin'ny faran'ny tany” (Asa 1:8) ihany fa “ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao” koa (Mt 28:20).
2 Ny batisa amin’ny Fanahy Masina dia tsy natao ho an’ny olo- masin’ny taonjato voalohany ihany, natao ho an’ny mpino rehetra, amin’ny fotoana rehetra, mandra-piverenan’i Jesosy! (Asa 1:11; 3:19-20).
3. Natao ho antsika koa izany androany!

D. Tamin’ny Pentekosta “Ary samy feno ny Fanahy Masina *izy rehetra*.”

1. Samy nasaina niandry ny fahatanterahan’ny teny fampanantenana *izy rehetra*.
2. Isika koa tsy maintsy “mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo” (Lk 24:49).

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Ny Fanahy no hanova anao ho vavolombelon’i Kristy.
2. Izy no hanova anao mba hahafahanao manova ny tontolonao.
3. Mandrosoa ary izao mba hofenoina ny Fanahy.

[DWM]

Toromarika manokana avy amin'i Jesosy amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty Fehezanteny tokana: Jesosy dia nilaza amintsika ny fomba handraisana ny Fanahy Masina.
Tanjon'ny Toriteny: Handray ny Fanahy Masina ny mpino.
Andalana: Lioka 11:9-13

Fampidirana

1. Eto, Jesosy dia nilaza tamin'ny Mpianany ny fomba handraisan'izy ireo ny Fanahy Masina.
2. Mariho fa ny fampianarany dia tsy navantany tamin'ny mpanota fa tamin'ny mpianatra.
   a. and. 1 "mpianatra"
   b. and. 13 "zanaka"

3. Jesosy dia nanome antsika toromarika telo mikasika ny fandraisana ny Fanahy Masina:

I. TSY MAINTSY MANGATAKA ISIKA.

A. Intelo isika no nomena toromarika hoe "mangataka" (and. 9, 10, 13)
B. Ny fangatahantsika dia tsy maintsy amin'ny finoana (Mk 11:24).
D. Mangataka isika, manome Izy, mandray amin'ny finoana isika (and. 9-10).

II. TSY MAINTSY MATOTRA ISIKA.

A. Ankoatry ny mangataka, tsy maintsy "mitady" sy "mandondòna" (and. 9).
   1. Izany dia miresaka mikasika ny fahamatorana avy amintsika.
B. Tsy maintsy noana sy mangetaheta an'Andriamanitra (Mt 5:6; Jn 3:37).
D. OHATRA: Lazao ny tantaran'ilay sakaiza naharitra nangataka (and. 5-8).

III. TSY TOKONY HATAHOTRA ISIKA.

A. Misy ny matahotra sao…
   1. …tsy horaisin'Andriamanitra.
   2. …hiaina fahatsapana sandoka na demoniaka.
   3. Jesosy no mampitony ireo tahotra ireo.
B. Aza matahotra
   1. Satria Andriamanitra Ray any an-danitra dia Ray be Fitiavana.

D. Aza matahotra fahatsapana sandoka na demoniaka, satria Andriamanitra…
   1. …tsy hanome anao menarana raha angatahanao hazandrano.
   2. …tsy hanome anao maingoka raha angatahanao atody.
   3. …tsy hanome anao fahatsapana sandoka.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa ary raiso ny Fanahy androany.
Mangataha dia homena.
Mitadiava, dia hahita ianao.
Dondony, dia hovohana.

[DRM]

Jesosy, ilay Mpanao Batisa Amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Mijere an'i Jesosy raha te ho vita batisa amin'ny Fanahy.
Tanjon'ny Toriteny: Hanatona an'i Jesosy ny mpino ary ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina.
Andalana: Lioka 3:16

I. JESOSY IHANY NO MPANAO BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Tokony hijery an'i Jesosy, tsy amin'ny maha Mpamonjy sy Mpanasitrana fotsiny isika, fa amin'ny Mpanao Batisa amin'ny Fanahy Masina koa.
B. Ny hany famantarana ny Mesia voaresaka ao amin'ny filazantsara efatra dia Izy manao batisa amin'ny Fanahy Masina (Mt 3:11; Mk 1:8; Lk 3:16; Jn 1:33).
D. Jereo amin'ny maha mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina Azy i Jesosy androany!

II. TSY MAINTSY MANOMANA NY TENANTSIKA AMIN'NY FANDRAISANA NY FANAHY MASINA AVY AMIN'I JESOSY ISIKA.

A. Tsy maintsy miomana *ara-panahy* isika (Asa 2:38).
   1. Tsy maintsy ateraka indray.
   2. Tsy maintsy miaiky sy miala amin'ny fahotana mahazatra.
B. Tsy maintsy miomana *ara-tsaina* isika.
   1. Tsy tokony havelantsika hanakorontana antsika ny fahalalana diso.
   2. Tsy maintsy mino izay ampianarin'ny Baiboly isika:
      a. Azonao raisina ny batisa amin'ny Fanahy Masina androany (Asa 2:14-17).
      b. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ho an'ny mpino rehetra (Asa 3:38-39).
      d. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra araka izay ampitenenin'ny Fanahy no porofo hita maso amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 2:4).
      e. Zavatra mahafinaritra maro no hanaraka izany (ohatra: hery hahatongavana ho vavolombelona fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra, fanomezam-pahasoavana, hery handresena ny demonia, sns).
      f. Tsy maintsy hazonina io fahatsapana io (Efe 5:18).

D. Tsy maintsy miomana *ara-pihetseham-po* isika.
   1. Tsy maintsy vonona handray ny fontsika.
   2. Tsy maintsy maniry ny ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina isika (Mt 5:6; 6:33; Jn 7:37-39).
   3. Tsy maintsy mino isika fa Jesosy dia hanao batisa antsika amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:4-5; Mk 11:24).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà an'i Jesosy ary avelao Izy hanao batisa anao.

[JWL]

Jesosy, Mpamonjy sy Mpanao batisa

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Androany ianao dia afaka mahafantatra an'i Jesosy amin'ny Mpamonjinao sy Mpanao Batisa amin'ny Fanahy Masina anao.

Tanjon'ny Toriteny: Hahatonga ny mpanota hanatona an'i Kristy ka ho voavonjy ary ny mpino hanatona an'i Kristy ka ho tonga vavolombelona voatafy hery.

Andalana: Jaona 1:29-34

Fampidirana

1. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Jaona Mpanao Batisa dia nanambara ny andraikitra fanavotana roa sahanin'i Jesosy: (Izy no…)
   a. "Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao" (and. 29).
   b. "Mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina" (and. 33).
2. Androany ianao tokony hahafantatra Azy amin'ny maha *Mpamonjy sy Mpanao batisa!*
   a. Tonga Mpamonjintsika Izy teo amin'ny hazo fijaliana…tamin'ny nanolorany ny Ainy ho sorona noho ny fahotan'ny olombelona rehetra.
   b. Tonga Mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina izy tamin'ny Pentekosta ... tamin'ny nandrotsahany ny Fanahiny tamin'ny Fiangonany ho fanafiana hery azy amin'ny amin'ny fitondrana ny hafatry ny hazo fijaliana any amin'ny olombelona rehetra.
3. Ity hafatra ity dia hijery ireo asan'i Jesosy ireo sy ny dikan'izany amintsika ankehitriny.

I. AOKA IANAO HIHAONA AMIN'I JESOSY, ILAY MPAMONJY IZAO TONTOLO IZAO.

A. Izy no Zanak'ondrin'Andriamanitra.
   1. Fanambaran'i Jaona: "Indro ny anak'ondrin'Andriamanitra…" (Jn 1:29).
   2. Amin'ny maha Zanak'ondrin'Andriamanitra, Jesosy no vahaolan'Andriamanitra ho an'ny fahotantsika (1Jn 2:2; Jn 3:16).
   3. Tiany ho voavonjy ny rehetra (2Pe 3:9).

B. Maty Izy mba hananantsika fiainana.
   1. Maty teo amin'ny toerantsika Izy (2Ko 5:21).
   2. Maty ho antsika rehetra Izy (1Jn 2:2).

D. Raiso ho Mpamonjinao Izy androany. (Ahoana?)

1. Amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny finoana (Mk 1:15; Asa 20:21).
2. *Mibebaha* amin'ny fahotanao (Asa 3:19; Asa 17:30).
3. Apetraho amin'i Kristy irery ihany ny *finoanao* mba hahazoanao famonjena (Asa 16:31).

II. AOKA IANAO HIHAONA AMIN'I JESOSY, ILAY MPANAO BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Izy no Mpanome ny Fanahy Masina.
   1. Fanambaran'i Jaona: and. 33 "Izy no Mpanao batisa amin'ny.…"
   2. Amin'ny maha Mpanao Batisa amin'ny Fanahy Masina, Izy no manafy hery ny Vahoakany amin'ny fitoriana ny filazantsara.
      a. Talohan'ny Pentekosta (Asa 1 :8).
      b. Tamin'ny Pentekosta (Asa 2 :4, 41, 47).
      d. Taorian'ny Pentekosta (Asa 4:31, 33).
   3. Tiany hahare avokoa ny olona rehetra (Lk 24:47).

B. Nomeny ny Fanahiny hahatonga antsika hanana hery.
   1. Izay rehetra voavonjy dia nomena ny andraikitry ny Vavolombelony (Lk 24:48).
   2. Noho izany, izay rehetra voavonjy dia mila ny Heriny (Lk 24:49).
   3. Noho izany, nandidy antsika rehetra Izy mba handray ny Fanahiny (Asa 1:4-5).

D. Raiso amin'ny Mpanao batisa izy androany. (Amin'ny fomba ahoana?)
   1. Mangataha amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
   2. Mandraisa amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   3. Mitenena amin'ny finoana (Asa 2:4; Jn 7:37-39).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà an'i Jesosy izao ankehitriny izao amin'ny maha Mpamonjinao sy Mpanao Batisa amin'ny Fanahy Masina anao Azy.

[DRM]

Hameno Anao amin'ny Fanahy Masina Jesosy ka afaka hahomby ianao

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny laharam-pahamehan'i Kristy ho an'ny mpino tsirairay dia ny hahatonga azy ireo ho feno ny Fanahy sy ho voatafy hery ka ho Vavolombelony.
Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny mpino ho feno hery ka ho vavolombelony.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Antony roa lehibe no nahatongavan'i Jesosy teto an-tany. Nambaran'i Jaona Mpanao Batisa mazava tsara ireo tanjona roa ireo (Jn 1:29-34):
   a. Hanolotra famonjena sy famelan-keloka.
   b. Hameno antsika amin'ny Fanahy Masina mba hahafahantsika mitory ny filazantsara.
2. Araka ny Asa 1:8, ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia hanome ny mpino hery hahatonga azy ireo ho vavolombelon'i Kristy.
3. Ny tsirairay avy amin'ny mpino nateraka indray dia tokony ho vavolombelon'i Kristy, ary noho izany, mila fenoina ny Fanahy, sy mitoetra ao amin'izany fahafenoana izany.
4. tamin'ny fiafaran'ny fiainany teto an-tany dia namerimberina nanasongadina ny maha laharam-pahamehana ny fandraisana ny Fanahy Masina sy ny maha Vavolombelony Izy.
5. Ndeha hojerentsika ireo zavatra telo mahery vaika manaporofo fa ny laharam-pahamehan'i Jesosy ho an'ny mpino tsirairay dia ny hahatonga azy ireo ho feno ny Fanahy Masina ary hanomboka ho Vavolombelony.

I. NY ALINA TALOHAN'NY NANOMBOHANA AZY, JESOSY DIA TAMIN'NY APOSTOLY MOMBA NY HAHATONGAVAN'NY FANAHY SY NY TSY MAINTSY HAHAVAVOLOMBELONY AZY IREO.

A. Tamin'ny alina izay namadihana Azy dia naverimberin'i Jesosy tamin'ny apostoly ny resaka mikasika ny fiavian'ny Fanahy Masina sy izay hataon'ny Fanahy Masina ao amin'izy ireo (Jn toko 13-17).
B. Nambarany fa Izy ireo dia hanao asa tahaka izay nataony ary hanao asa lehibe lavitra aza (izany hoe lehibe lavitra amin'izy ireo) satria Izy ho any amin'ny Ray (Jn 14:12).

1. Ny dikan'izany dia ho any Ray Izy fa ho avy kosa ny Fanahy hisolo ny Toerany (Jn 16:7-8).

D. Nampanantena Izy fa haniraka ny Fanahy Masina ho amin'izy ireo raha mankato ny Baikony izy ireo (Jn 14:15-20).
   1. Ny baiko momba ny fiandrasana ao Jerosalema dia tonga taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty.

   2. Nolazainy fa ny Fanahy izay miaraka amin'izy ireo amin'izao fotoana izao dia ho ao amin'izy ireo (and. 17).

E. Eo amin'ny faramparany amin'io andalana io, Jesosy dia niresaka indray momba ny hahatongavan'ny Fanahy. Tamin'io Izy dia nilaza tamin'ny mpianatra fa vokatr'izany, tsy maintsy tonga vavolombelona izy ireo (Jn 15:26).

II. NY ALIN'NY NITSANGANANY TAMIN'NY MATY, JESOSY DIA NANDIDY NY MPIANATRA HO FENO NY FANAHY MASINA SY HO VAVOLOBELONA (Jn 20:19-22).

A. Tamin'ny andro nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty dia niseho tamin'ny apostoly Izy, ary ny zavatr voalohany noresahany dia ny fanirahana azy ireo ho Vavolombelony (and. 21).

B. Nanisy fofonaina tamin'izy ireo Izy ary niteny hoe "Raiso ny Fanahy Masina" (and. 22).

D. Hitantsika fa taloha kelin'ny Nahafatesany, Jesosy dia niresaka tamin'ny mpianatra mikasika ny fahafenoan'ny Fanahy sy ny maha vavolombelona, ary raha vao nitsangana tamin'ny maty Izy dia izany ihany koa no nataony.

III. TALOHAN'NY NIAKARANY TANY AN-DANITRA, INDROA JESOSY NO NANDIDY NY MPANARA-DIA AZY TSY HIALA ANY JEROSALEMA RAHA TSY VITA BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA SY VOATAFY HERY HO VAVOLOMBELONA (Lk 24:46-49; Asa 1:4-5)**.**

A. Lioka no nandrakitra an-tsoratra ireo fotoana roa nanomezana ny baiko ho an'ny Mpianany ireo. Ireto no teny farany nataon'i Jesosy ary maneho ny laharam-pahamehany ho an'ny mpanara-dia Azy.
   1. Ny tanjon'i Jesosy ho an'ny mpino dia ny hahatonga azy ireo ho Vavolombelony.
   2. Izany no mahatonga ny fahafenoantsika amin'ny Fanahy Masina laharam-pahamehana Aminy, mba hahatonga antsika hanana ny hery hanatanterahana ny Irany.

B. Raha tiantsika ny Tompontsika, hihaino sy hankato ny Baikony isika ka hikatsaka ny batisa ao amin'ny Fanahy Masina.

D. Ireo mpianatra voalohany izay nahare an'i Jesosy namerina sy

nanasongadina ny ilàna ny fahafenoan'ny Fanahy dia nankato ny Baikony ary niandry tao Jerosalema (Asa 1:12, 14).

E. Folo andro taorian'izany, tamin'ny Andro Pentekosta, tanteraka ny fampanantenana ary narotsak'Andriamanitra tamin'izay rehetra nankato sy nikatsaka ny herin'ny Fanahy Masina.
F. Taorian'ny nahafeno ny Fanahy Masina ny mpianatra tamin'ny Pentekosta, dia nanambara i Petera fa ankehitriny, ny Fanomezana izany hoe ny Fanahy dia azon'izay rehetra hibebaka sy hametraka ny finoany amin'i Kristy raisina (Asa 2:38-39).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Hatramin'izany fotoana izany, Jesosy dia mijery olona hino sy hanaiky ny Fanomezany dia ny Fanahy Masina.
2. Raha hino sy vonona hanokana ny fiainanao ho vavolombelon'i Kristy ianao, dia hofeona ny Fanahy Masina ihany koa.
3. Mandrosoa amin'ny finoana amin'izao fotoana izao ary manomboha mangataka an'i Jesosy hameno anao amin'ny Fanahy Masina.

[MT]

Rano Velona

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Kristy dia manasa izay rehetra mangetaheta ny herin'Andriamanitra sy ny fanatrehany hanatona sy hofenoina amin'ny Fanahiny.

Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny olona vita batisa amin'ny Fanahy Masina.

Andalana: Jaona 7:37-39

Fampidirana

1. Betsaka ny olona no maniry fahatsapana ara-panahy marina, ilay hanome fahafaham-po ny fony sy hanome azy ireo hery, tanjona ary fiadanana.
2. Miezaka mijery any amin'ny toerana maro izy ireo mba hahafa-po ny faniriny.
3. Ao amin'ny Jaona 7, Jesosy dia manasa izay rehefa mitady zavatra hamenoana izay banga eo amin'ny fiainany mba hanatona Azy sy handray ny fanomezana tena manome fahafaham-po.
4. Ndeha hojerentsika io fanasana nataon'i Jesosy io (Jn 7:37-39):

I. MANOLOTRA FANOMEZANA JESOSY DIA NY RANO VELONA

A. Inona ilay fanomezana?
   1. Rano velona izay sarin'ny Fanahy Masina (and. 39).
   2. Eto Jesosy dia nanondro manokana ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta (and. 39).
   3. Manasa antsika hanatona sy hisotro (izany hoe handray ny fanatrehana sy ny herin'ny Fanahy Masina ao anatintsika).
   4. Andriamanitra no nampanantena io fanomezana io: "*handatsaka ny Fanahiko*" (Joela 3:1)
   5. Taloha kelin'ny niakarany tany an-danitra, Jesosy dia nanamafy fa ho tanteraka tsy ho ela io fampanantenana io (Asa 1:4-5).
   6. Ny rano velona dia fanomezana ny herin'Andriamanitra mba hahatonga izay rehetra mandray izany ho afaka hanompo ny drafitr'Andriamanitra dia ny fananganana ny Fanjakany (Asa 1:8).
   7. Tamin'ny Pentekosta, nirotsaka ny rano velona (Asa 2:1-4).

B. Ho an'iza ilay fanomezana?
   1. Ny fanomezana, ny Fanahy Masina dia ho an'ny olona rehetra na aiza na aiza.
   2. Hoy i Jesosy "Raha *misy olona* mangetaheta aoka izy hanatona Ahy" ary koa, "*Izay* mino Ahy".

3. Tamin’ny andro Pentekosta, izay rehetra vory teo dia feno. Taoriana kelin’izany dia nambaran’i Petera fa ny fanomezana dia” ho an'izay rehetra hantsoin'Andriamanitra” (Asa 2:39).
4. Ho anao koa ny fanomezana ny Fanahy Masina. Raiso izany androany.

II. NY VOKATRY NY FANDRAISANA NY FANOMEZANA NY FANAHY MASINA

A. Ny rano velona dia mahafa-po ny hetahetan’ny fanahy.
   1. Ny rano izay atolotr’i Jesosy dia *velona*. Ny fanomezana ny fanahin’Andriamanitra dia hameno antsika amin’ny fiainana sy ny herin’i Kristy.
   2. Ireo avy no vokatry ny fanatrehana sy ny asan’ny Fanahy ao anatintsika…
      a. …ny vokatry ny Fanahy (Gal 5:22-23).
      b. …hery handresena ny fahotana (Gal 5:16).
      d. …antoka amin’ny maha zanak’Andriamanitra (Ro 8:15-16).
      e. …antoka amin’ny fanavotana antsika amin’ny ho avy (Ef 1:13).

B. Ny rano velona dia mameno antsika amin’ny hery hitahiana ny hafa (Jn 7:38).
   1. Ny onin’ny rano velona dia hitosaka avy ao anaty.
   2. Ny tanjon’Andriamanitra amin’ny famenoana antsika dia ny hahatonga ny herin’ny Fanahy hitosaka avy ao anatintsika ka hitondra fiainana ho an’ny hafa.
   3. Izany no noresahan’i Jesosy ao amin’ny Asan’ny Apostoly 1:8.
   4. Ny fiainanao dia tian’i Kristy ho fantsona hitosahan’ny Fanahy Masina hitondra aina ho an’ireo izay maty ao anatin’ny fahotana.

D. Tanjon’Andriamanitra ny hahatonga ny rano velona ho fahatsapana mitohy (Jn 7:38).
   1. Ny fanatrehan’ny Fanahy dia natao ho ony miboiboika tsy miato.
   2. Izany no mahatonga ny Testamenta Vaovao tsy mitsahatra mampahery antsika handeha araka ny Fanahy sy hiaina ao amin’ny Fanahy. (Gal 5:25: “Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy”).
   3. Tsy misy zavatra manan-danja indrindra amin’ny fahombiazan’ny fanompoanao an’Andriamanitra noho ny fahafenoana mandrakariva amin’ny Fanahy.

III. TSY MAINTSY MANATONA NY LOHARANON'NY RANO VELONA ISIKA.

A. Jesosy no loharano: "aoka izy hanatona Ahy" (Jn 7:37).
   1. Izy no loaharano satria ny Fanahy Masina dia Fanahiny.

B. Satria Jesosy ny loharanon'ny Fanahy, tsy maintsy manatona azy isika raha te handray. Izy irery ihany no afaka manome io fanomezana io.

D. Hoy Jesosy, "Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro".
   1. Ahoana no hanaovantsika izany? Amin'ny alalan'ny finoana Azy.
   2. Hoy Jesosy "Izay mino Ahy"

E. Farany, tsy maintsy mino isika fa hameno antsika amin'ny Fanahy Masina Izy.
   1. Ampahibemaso no nanasan'i Jesosy ny olona hanatona Azy sy hisotro. Te hameno a4ntsika Izy.
   2. Hazony amin'ny Teniny i Jesosy. Minoa Azy ary antsoy Izy dia hofenoiny ianao.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Raha mangetaheta ianao, dia ho anao ny fanasana hanatona sy hisotro. Mandrosoa ary aoka hofenoina androany.

[MT]

Ny zavatra manan-danja indrindra ao amin'ny Fiangonana androany

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana tena iankinan'ny aina ho an'ny krisiana tsirairay.

Tanjon'ny toriteny: Ny hahatonga ny mpino ho vita batisa amin'ny Fanahy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:1-8

Fampidirana

1. Inona no zavatra manan-danja indrindra ao amin'ny fiangonana androany?
2. Ny manan-danja indrindra ao amin'ny fiangonana androany dia ny hahatonga ny mpikambana tsirairay ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina amin'ny fomba mahery vaika.

I. ANTONY DIMY INOAKO FA MAHA MANAN-DANJA INDRINDRA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA AO AMIN'NY FIANGONANA ANDROANY.

A. Io no hafatra farany napetrak'i Jesosy ho an'ny Fiangonana.
   1. Afaka niresaka zavatra hafa betsaka i Jesosy…
      a. Fitomboam-piangonana, fifandraisana, fahafolon-karena…
   2. Nisafidy ny hiresaka momba ny ilàna ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Izy (Asa 1 : 8).

B. Io koa no hafatra voalohany notorian'i Paoly tamin'ireo mpianatra Efesiana roa ambin'ny folo (Asa 19:1-7).
   1. Ny drafitr'i Paoly dia ny hanatratra an'i Efesosy sy Asia Minora amin'ny filazantsara (jereo Asa 19:10).
   2. Ny hafatra voalohany nentin'i Paoly dia, "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?"
   3. Raha handray anjara amin'ny fanatrarana an'i Efesosy sy Asia Minora izy ireo dia mila tafiana ny herin'ny Fanahy.

D. Na i Maria, renin'i Jesosy aza, nila natao batisa tamin'ny Fanahy Masina.
   1. Talohan'ny Pentekosta, niandry ny fandraisana ny Fanahy Masina niaraka tamin'ny hafa izy (Asa 1:13-14).
   2. Aza adinoina, izy dia voafidy manokana tamin'ny vehivavy mba hitondra an'i Kristy (Lk 1:28, 35).
   3. Raha izy aza mbola nila natao batisa tamin'ny Fanahy Masina, mihoatra lavitra noho izany isika.

E. Izy io dia iray amin'ny fampanantenana ao amin'ny Baiboly izay antsoina hoe *ny* teny fikasan'ny Ray.
   1. Vakio: Asan'ny Apostoly 1:4. Mariho ny teny hoe "ny."
   2. Mampiseho izany fa ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana manokana sy manan-danja avy amin'Andriamanitra.

F. Jesosy tenany koa dia nisafidy ny hanao asa fanompoana tao anatin'ny hery sy ny hosotry ny Fanahy Masina.
   1. Notafiana ny hery Izy tamin'ny nanaovana Azy batisa tamin'ny rano (Lk 3:21-22), ary, hoy ny andininy manaraka: "nanomboka ny raharahany" Izy.
   2. Nanomboka ny Asa Fanompoany tao amin'ny herin'ny Fanahy Izy (Lk 4:14,16-19).
   3. Nanao ny Asa Fanompoany tao anatin'ny herin'ny Fanahy Izy (Asa 10:38).
   4. Nataony izany mba hahatonga Azy ho ohatra ho an'ny asa fanompoantsika (Jn 14:26).

G. Ny tsirairay amin'ireo fahamarinana voatanisa ireo dia maneho ny maha zava-dehibe ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

II. FANONTANIANA: INONA NO MAHA ZAVA-DEHIBE NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIAINAN'NY KRISTIANA?

A. Io no loharanon-kerin'ny kristiana ho an'ny fiainana sy ny fanompoana (Asa 1:8).
   1. Izao no baiko farany nomen'i Jesosy: "fa mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo" (Lk 24:49; Asa 1:4-5).

B. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia hisy fiantraikany amin'ny lafiny tsirairay amin'ny fiainana maha kristiana anao.
   1. Ny maha vavolombelon'i Kristy anao (Asa 1:8; 4:31).
   2. Ny fahatakaranao ny Teny (Jn 14;26, 16:13).
   3. Ny fitiavanao an'Andriamanitra sy ny hafa (Ro 5:5).
   4. Ny fomba fideranao an'Andriamanitra (Jn 4:23).
   5. Ny fiainam-bavakao (Ro 8:26-27).
   6. Ny fandresenao ny fakam-panahy sy ny fahotana (Ro 8:4-8).

III. IZAO NO HAHATONGA ANAO HO FENO ANDROANY.

A. Angataho Andriamanitra hameno anao (Lk 10:9,13).
B. Raiso amin'ny finoana no fanomezana (Lk 11:10; Mk 11:24).
D. Aoka ho tsapanao ny fahatongavan'ny Fanatrehany eo aminao sy mameno anao (Asa 10:44).
E. Mitenenà amin'ny finoana, avelao ny Fanahy hiteny amin'ny alalanao (Asa 2:4).

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Ny batisa amin’ny Fanahy Masina no fahatsapana manan-danja indrindra azon’ny kristiana raisina.
2. Manatona izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy.

[DRM]

Malala-tanana ny Andriamanintsika

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Amin'ny falalahan-tanana no anomezan'Andriamanitra ny Fanahiny ho an'izay mangataka.

Tanjon'ny Toriteny: Hahatonga ny mpino ho feno ny Fanahy sy hanokan-tena amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.

Andalana: Asan'ny Apostoly 10:34-47

Fampidirana

1. Ny andalantsika eto dia mitantara ny fahalalahan-tanan'Andriamanitra tamin'ny nandrotsahany ny Fanahiny tamin'ny Jentilisa.
2. Vondron'olona roa no ivon'izy io: Petera, Jiosy, sy Kornelio, Jentilisa.
   a. Ny Fanahy no nanomana ireo lehilahy ireo ho amin'ny fihaonany.
   b. Izy no nanomana ny finoan'i Kornelio.
   d. Izy koa no namaha ny olan'ny fitsarana mialoha tao amin'i Petera.
3. Ity tantara ity dia maneho amin'ny fomba telo ny falalahan-tanana lehiben'ny Andriamanitsika:

I. ANDRIAMANITRA DIA TSY MBA MIZAHA-TAVAN'OLONA.

A. Nampianarin'Andriamanitra an'i Petera io lesona io.
   1. Nomeny fahitana i Petera (Asa 10:9-16).
   2. Izao no famintinan'i Petera: "izaho efa nampahafantarin'Andriamanitra fa tsy misy olona azoko atao hoe fady na tsy madio" (and. 28).

B. Tsy tokony hadinointsika velively fa tia ny olona rehetra Andriamanitra.
   1. Tsy misy vondron'olona tiany mihoatra noho ny hafa.
   2. Samy tiany ny Jiosy sy ny Jentilisa.
   3. Tiany koa, na dia ireo izay mandà Azy aza.
   4. Isaorana Andriamanitra, noho ny falalahan-tanany tamin'ny nampidirany ahy sy ianao.

D. Noho izany, tsy tokony hizaha tavan'olona koa isika izay misolo tena an'Andriamanitra.
   1. Tsy maintsy mitia ny olona rehetra isika.
   2. Tsy maintsy mizara ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra amim-pahalalahan-tanana isika.

II. ANDRIAMANITRA DIA MANDROTSAKA NY FANAHINY AMIN'NY OLOMBELONA REHETRA.

A. Ato amin'ity tantarantsika ity, Andriamanitra dia nandrotsaka ny Fanahiny tamin'izay nanatrika teo—ny Jiosy sy ny Jentilisa.
   1. Nolazain'i Petera tamin'izy ireo ny nanosoran'Andriamanitra an'i Jesosy tamin'ny Fanahy Masina (and. 38).
   2. Avy eo, "Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin'izay *rehetra* nandre ny teny ny Fanahy Masina" (and. 44). (Tafiditra ao anatin'io ny rahalahy Jiosy izay niaraka tamin'i Petera sy ireo Jentilisa betsaka vory tao an-tranon'i Kornelio).
   3. Talanjona ireo lehilahy Jiosy satria ny Fanahy dia narotsak'Andriamanitra "tamin'ny jentilisa koa" (and. 45).
   4. Fantatr'izy ireo fa feno ny Fanahy Masina ny Jentilisa satria "nandre azy ireo niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra izy".

B. Mariho tsara fa ny herin'ny Fanahy dia tena azo tsapain-tanana:
   1. Jesosy dia "nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly (and. 38).
   2. Petera, ilay feno tahotra taloha, dia sady nitory niaraka tamin-kery teto.
   3. Izany dia mifanaraka amin'ny fampanantenana nataon'i Jesosy ao amin'ny Asa 1:8.

D. Rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina isika dia mandray hery
   1. …hitoriana ny filazantsara amin'ny olona rehetra.
   2. …hanaovana fahagagana, fanasitranana, ary fanafahana.
   3. …hananganana fiangonana.

III. ANDRIAMANITRA DIA MANDIDY ANTSIKA HITORY AMIN'NY OLONA REHETRA.

A. Tao amin'ny toriteniny, nilaza i Petera hoe,
   1. "Izahay no vavolombelon'ny zavatra rehetra izay nataony" (and. 39).
   2. "Izy nandidy anay hitory amin'ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin'Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty" (and. 42).

B. Isika no vavolombelon'i Kristy amin'ny olombelona rehetra (Asa 1:8).
   1. Isika dia tsy maintsy mitory ny filazantsara amin'ny olona *rehetra*.
   2. isika dia tsy maintsy mitory ny filazantsara any amin'ny *toerana rehetra*.

D. Satria hotsaraina ny rehetra, ny rehetra izany no tsy maintsy mahare ny fahamarinana (and. 42).
   1. Tsy manana ny mandrakizay isika hamitana io asa io —Ho avy Jesosy!

2. Tsy maintsy mitory ny filazantsara isika izao ankehitriny izao.
3. Tsy maintsy mandeha amin'ny herin'ny Fanahy masina isika (Asa 1:8).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Mandrosoa ary aoka hofenoina mba hahazoanao hery hitondrana ny filazantsara any amin'ny very.
2. Ilay Andriamanintsika malala-tanana dia handrotsaka ny Fanahiny aminao androany.

[EL]

Ny Herin'ny Fampanantenana

Toriteny ao anaty Fehezanteny Tokana: Ny tsirairay amintsika dia tsy maintsy mandray ny fampanantenana ny Fanahy Masina araka ny faminanian'i Joela mpaminany.
Tanjon'ny Toriteny: THo feno ny Fanahy Masina ny mpino.
Andalana: Joela 3:1-2

Fampidirana

1. Inona no tianao: salama sa tsy ampy sakafo, mahantra sa miaina ao amin'ny fahafenoana, feno sa misy tsy ampy, vonona sa tsy ampy fitaovana,tsy mahomby sa tonga hery mahery vaika manohitra ny devoly?
2. Ny andalantsika dia miresaka ireo olana manan-danja ireo.
3. Joela dia naminany ny hilatsahan'ny Fanahy Masina amin'ny nofo rehetra.
4. Ndeha hojerentsika amin'ny fomba telo io fampanantenana io.

I. NY FAMPANANTENANA AO AMIN'NY TANTARA MASINA

A. Tao amin'ny Testamenta Taloha, ny Pentekosta dia fantatra tamin'ny hoe "andro firavoravoana manaraka ireo herinandro" (Eks 34:22).
   1. Dimampolo andro aorian'ny Fetin'ny Paska no ankalazana azy
   2. Ny Pentekosta dia midika "dimampolo".

B. Antsoina koa izy hoe Fetin'ny Voaloham-bokatra (Eks 23:16, 19).
   1. Fankalazana ny fanokanana ny santatry ny voaloham-bokatra no atao amin'io fotoana io.
   2. Tamin'ny Pentekosta no nanafian'Andriamanitra hery voalohany ny fiangonana ho amin'ny karazana fijinjana hafa — Fijinjana ny fanahy manerana izao tontolo izao ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra (Asa 1:4-5, 8; 2: 1-13).

D. Ny Pentekosta dia fahatanterahan'ny faminanian'i Joela (Joela 2: 28-29)
   1. Naverin'i Petera tamin'ny Pentekosta ny tenin'i Petera (Asa 2:17-18).
   2. Androany, ny fandraisantsika ny Fanahy Masina dia hahatonga
      a. …fanomezam-pahasoavana faminaniana hiasa.
      b. …fitosaky ny fahafenoan'ny Fanahy.
      d. …fahamasinana, fankatoavana ary fahamarinana.
      d. …fanajana lalina an'Andriamanitra.
      e. …fanokanan-tena lehibe ho an'Andriamanitra sy ny Asany.

f. …fitiavana marisika an'i Jesosy, ny Teniny, ary ny very,
g. …hery hahatongavana ho vavolombelona sy hiainana ny fiainana kristiana.

E. Vokatry ny firotsahan'ny Fanahy, niteny tamin'ny fiteny vaovao ny mpianatra Asa 2:4; 10:46; 19:6).
1. Afaka manantena ny hanao izany koa isika androany.
2. Izany no famantarana fa nohosorana amin'ny Fanahy Masina isika amin'ny maha vavolombelon'i Kristy voatafy hery antsika.

II. NY FAMPANANTENANA AO AMIN'NY TANTARA VAO HAINGANA

A. Nanomboka nandrotsaka ny Fanahiny indray Andriamanitra tamin'ny 1906 tany amin'ny toerana antsoina hoe Azusa Street Mission any Los Angeles, Californie, Amerika
1. Io fifohazam-panahy io dia notarihan'ny mpitoriteny Amerikana antsoina hoe J. Seymour.
2. Nitory momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina Izy.
3. Lehibe tokoa ny vokatr'izany "Fifohazam-panahy tany amin'ny lalan'i Azusa".

B. Ny fifohazam-panahy nanomboka tany Azusa dia niely nanerana izao tontolo izao.
1. Androany, mihoatra ny 600 tapitrisa ny olona mihazona io fampanantenana io manerana izao tontolo izao.

Fanamarihan'ny mpamokatra: Azonao atao ny mamaky ny boky mitondra ny lohateny hoe *From Azusa to Africa to the Nations* izay miresaka ny tantaran'i William J. Seymour sy ny firotsahanan'ny Fanahy Masina tany amin'ny lalan'i Azusa ary ny fiantraikan'izany. Io boky io dia azonao alaina maimaimpoana ao amin'ny tranokalam-pifandraisan'ny Folo Taona Penteksta : http://www.decadeofpentecost.org/e-books.htm

III. NY FAMPANANTENANA AO AMIN'NY TANTARAN'NY OLONA MANOKANA

A. Ny tsirairay avy amintsika dia tokony hampiditra io fampanantenana io ao anatin'ny tantaram-piainantsika manokana.

B. Raha manao izany isika, dia ho maro ny tombontsoa ho tonga eo amin'ny fiainantsika. Anisan'izany ny
1. Fandresena ny herin'ny demonia (Mt 12:28; Efe 6:12).
2. Fitombon'ny fahatsapana ny Fanahy (Isa 30:21).
3. Fijoroana vavolombelona mahery vaika kokoa ho an'i Kristy.
a. Ny tanjona faratampony amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia hery hiovana ho vavolombelona (Asa 1:8).
b. Tian'i Kristy ho Vavolombelony amin'ny lafiny tsirairay avy amin'ny fiainantsika isika.

d. Natao hiombona amin'i Kristy isika ka Izy no ho hitan'izay rehetra mifandray amintsika eo amintsika!

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny tsirairay avy amintsika dia mila ny herin'ny Fanahy mba hanova sy hanafy hery amin'ny vavolombelon'i Kristy antsika.
2. Ny tsirairay avy amintsika dia mila ny Pentekostantsika manokana.
3. Manatonà izao ankehitriny izao ary raiso eo amin'ny fiainanao ilay "Hery nampanantenaina".

[KK]

24 Vavaka Mampidina ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny Tokana: Mba hahatonga ny mpino ho vavolombelona mahery vaika sy tarihan'ny Fanahy, isika dia afaka mivavaka amin'ny fomba mampidina ny Fanahy ao amin'ny fiainantsika sy ao anatin'ny fotoam-bavaka ataontsika.

Tanjon'ny Toriteny: Hivavaka amin'Andriamanitra ny mino ary hahatsapa ny herin'ny Fanahiny manome azy ireo fahasahiana ho vavolombelon'i Kristy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 4:23-31

Fampidirana

1. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny vavaka dia mifamatotra manokana amin'ny fandraisana ny Fanahy. (Ohatra: Asa 1:14; 8:17; 9:11; 10:2, 9; 19:6)
2. Ny andalana noraisintsika eto no hany mirakitra ny votoatin'ny vavaka nataon'ny mpino ho fangatahana ny Fanahy Masina ao amin'ny Asan'ny Apostoly.
3. Io vavaka io dia nampidina tamin'ny fomba mahery vaika ny Fanahy tamin'ny olona sy nahatonga ny fiangonana voatafy hery sy nampiverina olona maro tamin'ny Tompo.
4. Ndeha hojerentsika akaiky io vavaka mahery vaika io:

I. IO DIA VAVAKA "NANDRAISAN'NY TSIRAIRAY ANJARA".

A. Olona iray no nitarika ny vavaka raha nanome ny fankasitrahany tamim-pahanginana kosa ny tsirairay.
B. Ny olona tsirairay dia nandray anjara mavitrika tao anatin'ny vavaka (and. 24).
D. Raha tiantsika ny hahita ny Fanahy mirotsaka amin-kery eto anivontsika dia tsy maintsy isika rehetra no mandray anjara ao anatin'ny vavaka.

II. IO DIA VAVAKA NIFANTOKA TAMIN'ANDRIAMANITRA

A. Tsy mba tahaka ny vavaka fanaontsika amin'izao fotoana izao izay mifantoka amin'ny zavatra ilaintsika manokana sy ny olantsika ny vavaka nataon'izy ireo fa nifantoka tamin'ny hery sy ny fiandrianan'Andriamanitra (and. 24b-25).
B. Ny vavaka mampidina ny herin'ny Fanahy dia vavaka mifantoka amin'Andriamanitra.

III. IO DIA VAVAKA NANOME VONINAHITRA AN'I KRISTY.

A. Ny fon'ny vavaka nataon'izy ireo dia ny sitrapo sy ny asan'i Kristy (and. 26-28).

B. Ny vavaka mampidina ny Fanahy dia mifantoka amin'ny sitrapo sy ny asan'i Kristy.

IV. IO DIA VAVAKA NIRONATAMIN'NY IRAKA.

A. Tsy nangataka fanafahana izy ireo fa fahasahiana hanatanterahana ny irak'Andriamanitra (and. 29).
B. Ny vavaka mampidina ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika sy ny fivoriam-bavaky ny fiangonantsika dia vavaka mifantoka amin'ny iraka.

V. IO DIA VAVAKA MIANTSO NY FANAHY.

A. Ny vavaka nataon'izy ireo dia niantso ny Fanahy haneho ny Heriny sy ny Fanatrehany amin'ny alalan'ny famantarana sy ny fahagagana.
    1. Ireo famantarana ireo dia manaporofo ny filazantsara ambaran'izy ireo (and. 30).
    2. Fanamarihana: Ny "tanan'Andriamanitra" dia manondro ny Fanahy Masina (jereo: Eze 31:1; Lk 11:20; Asa 13:11).
B. Tokony hangataka ny Fanahin'Andriamanitra isika mba hameno antsika sy haneho ny Heriny eto anivontsika.

VI. IO DIA VAVAKA FENO FINOANA.

A. Nanantena tanteraka izy ireo fa Andriamanitra dia hihaino sy hamaly ny vavaka nataony.
B. Ny vavaka mampidina ny Fanahin'Andriamanitra dia vavaka febo finoana.

VII. IO DIA VAVAKA NOVALIAN'ANDRIAMANITRA.

A. Ny vavaka nataon'izy ireo dia novalian'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanehoana ny Heriny sy ny fanatrehany ary ny famenoana azy ireo tamin'ny Fanahiny izay nanome azy ireo fahasahiana sy nahatonga azy ho vavolombelona voatafy hery (and. 31, 33).
B. Isika koa, dia afaka manantena an'Andriamanitra hamaly ny vavaka ataontsika, handefa ny Fanahiny, ary hanafy hery antsika ho Vavolombelony.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà, ndeha isika hivavaka mba hahatonga ny Fanahy hameno antsika tsirairay androany.

[DRM]

Tanteraka ny Fampanantenana

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka mandray ny fampanantenana ny Fanahy Masina sy tafiana ny hery ilaina amin'ny fanaovana ny asan'i Jesosy ianao.

Tanjon'ny Toriteny: hahatonga ny mpino ho feno ny Fanahy sy ho voatafy hery hanao ny asan'Andriamanitra.

Andalana: Mpitsara 3:10-11; Joela 3:1-2; Asan'ny Apostoly 1:5

Fampidirana

1. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny Fanahin'Andriamanitra dia nilatsaka tamin'ny olona manokana amin'ny fotoana manokana ho amin'ny tanjona manokana.
2. Ohatra efatra avy ao amin'ny bokin'ny Mpitsara:
   a. Otniela (Mpt 3:10)
   b. Gideona (Mpt 6:34)
   d. Jefta (Mpt 11:29)
   e. Samsona (Mpt 13:25; 14:6; 14:19; 15:14)
3. Nomena ny Fanahy mba hanome hery azy ireo amin'ny fanaovana ny asa nomen'Andriamanitra azy ireo hataony.

I. NY MPAMINANY DIA NAMPANANTENA ANDRO HANDATSAHAN'ANDRIAMANITRA NY FANAHY AMIN'NY NOFO REHETRA.

A. Ny fampanantenan'i Joela (Joela 3:1-2).
B. Ny fampanantenan'i Jaona Mpanao Batisa (Lk 3:15-16).
D. Ny fampanantenan'i Jesosy tenany (Asa 1:5).

II. TAMIN'NY ANDRO PENTEKSOTA NO TANTERAKA VOALOHANY IO FAMPANANTENANA IO (Asa 2:1-4).

A. Mariho tamin'ny fomba ahoana . . .
   1. Nilatsaka tamin'izy rehetra ny Fanahy (Asa 2:4).
   2. Samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy (Asa 2:4).
   3. Tonga vavolombelona mahery vaika ho an'i Jesosy izy ireo (Asa 2:14).
B. Lesona: Izay nampanantenain'ny Tompo dia tanterahany!

III. MIVERIMBERINA AO AMIN'NY BOKIN'NY ASAN'NY APOSTOLY NY FAHATANTERAHAN'IO FAMPANANTENANA IO.

A. Ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra izany (Asa 2:28-29).
B. Ho an'ny toerana rehetra izany (Asa 1:8).

1. Tanteraka tany Samaria indray ny fampanantenana (Asa 8:17- 18).
2. …avy eo indray tany Kaisaria (Asa 10:44-46).
3. …avy eo indray tany Efesosy (Asa 19:6).

D. Ny firotsahana tsirairay dia namokatra fijoroana vavolombelona misionera mahery vaika.

IV. TANTERAKA TANY AMIN'NY LALAN'I AZUSA IZANY FAMPANANTENANA IZANY.

A. Ny tantaran'ny firotsahan'ny Fanahy tany amin'ny lalan'i Azusa.
B. Io no fiandohan'ny hetsika Pentekôtista ankehitriny.
D. Io no nanomboka ny hetsika misionera nanerana izao tontolo izao.
E. Niely haingana nanerana an'i Afrika izany.

V. TANTERAKA MANERANA AN'I AFRIKA IO FAMPANANTENANA IO AMIN'IZAO FOTOANA IZAO.

A. An'arivony maro no nofenoina.
B. Io fampanantenana io koa dia tanteraka eto _____.
D. Vokany, tonga hery tsy hay tohaina ho an'ny fitoriana ny filazantsara ny fiangonana.

VI. NY FAMPANANTENANA DIA HO AN'NY ANDROANY.

A. Jesosy dia nandidy ny tsirairay avy amintsika hiandry ny fampanantenana (Asa 1:4).
B. Ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy manana io hery io hitoriana ny filazantsara mandra-piavin'i Jesosy.
D. Anjaranao indray androany.
   1. Raiso ny fampanantenana androany (Asa 2:38-39).
   2. Avy eo, torio amim-pasahiana ny filazantsara (Asa 1:8).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Mandrosoa izao ankehitriny izao mba hahita ny fahatanterahan'ny fampanantenana eo amin'ny fiainanao.
2. Mangataha dia handray ianao (Lk 11:9-10).
3. Raha mino ianao dia hahita ny voninahitr'Andriamanitra.

[DM]

Fampanantenana ny Pentekosta

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Raha hanao ny asan'Andriamanitra isika, dia tsy maintsy ataontsika araka ny fomban'Andriamanitra, izany hoe, ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Tanjon'ny toriteny: Ho voatafy hery hanao ny asan'Andriamanitra ny mpino.

Andalana: Joela 3:1-4; Asan'ny Apostoly 1:4-8; 2:1-4

Fampidirana

1. Andriamanitra dia nanome antsika asa ho tanterahana.
2. Nomeny antsika koa ny hery hanaovana io asa io, ny herin'ny Pentekosta.
3. Ity hafatra ity dia hijery ny fampanantenana ny Pentekosta.

I. NOMENA NY FAMPANANTENANA NY PENTEKOSTA.

A. Naminany i Joela fa indray andro any, ny Fanahy dia harotsaka amin'ny olona rehetra (Joela 3:1-4).
   1. Ny teny hoe, "handatsaka," dia mampatsiaro antsika ranonoram-be.
   2. Ny teny hoe, "nofo rehetra," dia maneho fa tafiditra ao anatin'ny fampanantenana avokoa ny antitra sy ny tanora, ny lehilahy sy ny vehivavy, ny manankarena sy ny mahantra.

B. Naverin'i Jesosy nolazaina ny fampanantenana ny Pentekosta (Lk 24:49).

D. Rehefa Andriamanitra no mampanantena, afaka matoky isika fa ho tanterahany izany (Nom 23:19).

II. TANTERAKA NY FAMPANANTENANA NY PENTEKOSTA.

A. Ny fampanantenana ny Pentekosta dia tanteraka tamin'ny Andro Pentekosta (Asa 2:1-4).
   1. Hoy i Petera, "Fa izao ilay" (Asa 2:16).

B. Miverimberina ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ny fahatanterahan'ny fampanantenana (Asa 4:8; 4:31; 8:17-18; 9:17-18; 10:44-46; 19:6).

D. Andriamanitra dia mbola te hanatanteraka hatrany hatrany ny Fampanantenany.

III. NY VOKATRY NY FANDRAISANA NY FAMPANANTENANA NY PENTEKOSTA.

A. Vita batisa tamin'ny Fanahy Masina izy rehetra.
   1. Ny "atao batisa" dia midika hoe atsoboka.

2. Tahaka ny manatsoboka lamba ao anaty loko mandra-pahazoany tanteraka ny loko.
3. Novain'izany fahatsapana izany tanteraka ny mpianatra.
4. Hanova antsika koa ny Fanahy.

B. Ireto fiovana ireto no hitranga:
1. Hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika (Asa 2:4).
2. Handray hery hiovana ho vavolombelona (Asa 1:8; 2:40-41, 47).
3. Hampiasa antsika amin'ny fomba mahagaga ny Fanahy (Asa 2:43).
4. Hanomboka hampivelatra ny toetran'i Kristy isika (Gal 5:22-23).
5. Hiseho eo amin'ny fiainantsika ny vokatry ny Fanahy (1Ko 12:8-10).
6. Hanana asa fanompoana mitombo, voatafy ny herin'ny Fanahy Masina isika (araka ny hita ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly).

IV. MIKOLOKOLO NY FAMPANANTENANA NY PENTEKOSTA

A. Tsy maintsy kolokoloina ny fiainana feno ny Fanahy.
1. Tsy maintsy mianatra mandeha tsikelikely miaraka amin'ny Fanahy isika (Gal 5:25).
2. Tsy maintsy mamboly fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra isika.

B. Tsy maintsy mandray fahafenoan'ny Fanahy Masina betsaka sy mitohy isika.
1. Jereo: Asan'ny Apostoly 2:4; 4:8; 31; 13:9.
2. Ny Efesiana 5:18 dia mampianatra fa tsy maintsy mitohy foana amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina isika. (Fanamarihana: ny teny "hofenoina" amin'ny teny grika dia matoanteny maneho hetsika mitohy)

D. Ny porofon'ny fiainana feno ny Fanahy dia ireto avy…
1. …fanoloran-tena feno.
2. …fitohizan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra (1Ko 14:18).
3. …fahagagana eo amin'ny hatsaran'ny fiainana.
4. …fahagagana amin'ny hatsaran'ny asa fanompoana.
5. …fiainana marihan'ny maha vavolombelona mahery vaika (Asa 1:8).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy mandray ny Fampanantenana ny Fanahy androany.
2. Manatonà, mangataha, ary mitenenà amin'ny finoana (Lk 11:8-13).

[JI and NO]

Teny fikasana ny amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tokony handray ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy Masina isika rehetra androany.

Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny mpino hahatakatra sy handray ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy, ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:4-5: 2:33

Fampidirana

1. Ny andalana noraisintsika eto dia miantso ny batisa amin'ny Fanahy
   Masina hoe "teny fikasana" ny amin'ny Fanahy.
2. Io fahatsapana mahery vaika ara-panahy io no mampiavaka ny hetsika Pentekôtista amin'izao ankehitriny, sy tompon'andraikitra tamin'ny fiforonany sy ny fitomboany mahatalanjona manerana izao tontolo izao.
3. Androany isika dia hianatra momba io fahatsapana ara-panahy mahery vaika io – ilay teny fikasana ny amin'ny Fanahy Masina.
4. Ary tsy izany fa hiainantsika koa io fahatsapana io.

I. NY MOMBA NY FANAHY MASINA

A. Ny Fanahy Masina dia tsy hery miavaka amin'ny hafa, hery mitarika na fahatsapana; Izy, dia, Andriamanitra, ilay persona fahatelo ao amin'ny Telo Izay Iray (Mt 28:19; Jn 14:16-17; 2 Ko 13:14).

B. Noho izany, ny batisa amin'ny Fanahy Masina, dia fihaonana manokana avy amin'Andriamanitra.
   1. Amin'ny alalan'ny Batisa amin'ny Fanahy, ny mpino dia atsoboka ao, sy rakofana amin'ilay persona dia ny Fanahy Masina (Lk 24:49).
   2. *Izy,* ny Fanahin'Andriamanitra, no manafy hery *anao,* zanak'Andriamanitra.

II. NY TENY FIKASANA NY AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Mariho fa ***ny*** Teny fikasana no niantsoan'i Jesosy ny batisa amin'ny Fanahy Masina—fa tsy teny fikasana —avy amin'ny Ray fotsiny (Asa 1:4).
   1. Izy io dia efa nampanantenaina tany amin'ny Testamenta Taloha (Joela 2:28-29).
   2. Izy io dia nampanantenain'i Jaona Mpanao Batisa (Lk 3:16).
   3. Izy io dia nambaran'i Jesosy (Asa 1:4-8).

B. Tena zava-dehibe tokoa ny batisa amin'ny Fanahy Masina satria...

1. …Jesosy dia nilaza fa mahatsara kokoa ny Mpianany raha ny Fanahy no ho avy hisolo ny toerany toa izay Izy no hijanona hiaraka amin'izy ireo (Jn 16:7).
2. …Io no baiko farany napetrak'i Jesosy tamin'ny Mpianany, ary nampiarahany tamin'ny Iraka Lehibe dia ny fitoriana ny filazantsara amin'izao tontolo izao (Lk 24:49; Asa 1:4-8).

III. NY TANJON'NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia *tsy*:
   1. Tsy natao ho an'ny famonjena.
   2. Tsy natao ho an'ny fampisehoana fahatsapana na hetsika ara-batana.
   3. Tsy natao hitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra fotsiny. (Fanamarihana: Rehefa feno ny Fanahy ianao dia tokony hanantena hiteny amin'ny tsy fantatra; kanefa tsy tokony horaisina ho farany na tanjon'ny fahatsapana ny fiteny tsy fantatra).

B. Ireo tombontsoa efatra avy amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina.
   1. Mahatonga an'i Kristy ho azo tsapain-tanana kokoa.
   2. Mahatonga ny Tenin'Andriamanitra ho sarobidy kokoa.
   3. Mahatonga ny vokatry ny Fanahy hisongadina kokoa.
   4. Manokatra varavarana ho an'ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana sy ny asa fanompoana (1Ko 12-14; Gal 3:5; Heb 2:3-4).

D. Ny TANJONA VOALOHANY amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia hery hahatongavana ho Vavolombelon'i Kristy (Lk 24:49; Asa 1:8).
   1. Izany hoe, hiresahana ny momba an'i Kristy amin'ny very, sy hanehoana Azy amin'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny Heriny sy ny maha Tompon'ny fiainantsika Azy.
   2. Jesosy dia nampifamatotra ny batisa amin'ny Fanahy Masina amin'ny Iraka Lehibe dia ny fitoriana ny filazantsara (Asa 1:8).

IV. NY FANOMEZANA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Tsy foana ny teny fikasana; ny zanak'Andriamanitra rehetra dia mbola afaka fenoina ny Fanahy (Asa 2:38-39).

B. Tsy *afaka* mandray ny teny fikasana fotsiny ny rehetra, fa *tokony* handray ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy Masina koa ny rehetra (Lk 24:49; Gal 3:14).
   1. Ny rehetra dia nantsoina ho vavolombelon'i Kristy (Lk 24:46-48).

2. Noho izany, tsy maintsy mandray ny herin'ny Fanahy ny rehetra (Lk 24:49; Asa 1:8).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà ary raiso ny teny fikasan'Andriamanitra androany.

[MS]

28 Ny Tanjon'ny Pentekosta

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy fenoina amin'ny Fanahy Masina miaraka amin'ny fahatakarana mazava ny *antony* mahatonga an'Andriamanitra maniry antsika ho feno isika.

Tanjon'ny toriteny: Handray ny Fanahy Masina ny mpino sady hahatakatra ny antony nanomezan'Andriamanitra azy ireo ny Fanahy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Maro ireo feno ny Fanahy Masina kanefa tsy mahazo tanteraka akory ny tanjon'izany fahatsapana izany.
2. Noho izany, tsy mampiasa azy ireo araka ny teny tiany hanaovana izany Andriamanitra.
3. Ato amin'ity hafatra ity isika dia hiresaka mikasika ny tanjon'ny Pentekosta.
4. Kanefa, hiresaka aloha isika hoe…

I. INONA NO TSY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Tsy fahombiazana natao hampirehareha izy io.
   1. Na amboara natao hampirantiana.
   2. Na kilalao natao holalaovina.
   3. Na harena natao hotehirizina.

B. Tsy dingana hahazoana toerana na andraikitra ao amin'ny fiangonana izy io.
   1. Mety ho zavatra manokatra varavarana ho an'ny fetezan-ko fidiana ho mpitoriteny na mpampianatra.
   2. Tsy antony diso tokony ho antony hikatsahana ny fahatsapana nefa izany.

D. Tsy fanafody, na fanafàna amin'ny aretina rehetra mikiky ny fanahintsika izy io.
   1. Tsy avy hatrany dia hiala ho azy ny olanao.
   2. Tsy ho lasa "olona ambony dia ambony ara-panahy" tampoka izany.

E. Tsy teboka faratampony amin'ny fahatsapana kristiana izy io.
   1. Na tanjona faratampony amin'ny ezaka kristiana.
   2. Ny marina dia fitaovana mitondra mankany amin'ny fiafarana goavana izy io.

F. Tsy tombontsoa maharitra natao hahatonga ny olona hiantso ny tenany hoe "Pentekôtista" izy io.
   1. Na fahazoan-dalana hanao hoe, "Manana ny Fanahy Masina aho izaho!"
   2. Tsy maintsy kolokoloina io fahatsapana io.

II. INONA NO BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

A. Fanafiana ny herin'Andriamanitra mba hahatongavana ny vavolombelon'i Kristy (Asa 1:8).
   1. Jesosy dia niantso azy io hoe "fanafiana ny hery avy any amin'ny avo" (Lk 24:49).
   2. Io no manome hery antsika ho mpandray anjara sahy sy mavitrika ao amin'ny asan'Andriamanitra.

B. Io no vavahady mankany amin'ny fanomezam-pahasoavana mahery avy amin'ny Fanahy Masina.
   1. Tsy maintsy mandray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina aloha isika. (Asa 2:38-39).
   2. Avy eo, Tsy maintsy maneho ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy (1Ko 12:8-10).

D. Io tetezana iampitan'ny olona avy amin'ny fiainana mahazatra ho any amin'ny fiainana mampitolagaga.
   1. Avy amin'ny mahazatra mankany amin'ny tsy mahazatra.
   2. Avy amin'ny voajanahary mankany amin'ny tsy voajanahary.

E. Io dia "andraikitra mahagaga" napetrak'i Kristy nitsangana tamin'ny maty eo an-tsoroky ny Mpanompony.
   1. Izany andraikitra izany dia miorina amin'ny asa fanompoan'i Kristy (Lk 4:18; Asa 10:38).
   2. Nampitainy tamin'ny Mpianany ny Asa Fanompoany (Jn 20:21-22).
      a. Nahazo hery izy ireo tamin'ny Pentekosta (Asa 2:1-4)
      b. Noho izany, lasa nandeha izy ireo ary nanao asa fanompoana tao amin'ilay hery mpanao fahagagana.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Afaka mandray io herin'ny Fanahy Masina io koa ianao androany.
2. Manatonà ary aoka hofenoina izao ankehitriny izao.

[WC]

*Narindra avy amin'ny boky *Pentecostal Baptism* Adapted nosoratan'i William Caldwell's book, navoakan'ny mpanoratra, 1963, pejy 37-39.

29 Raiso ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina ny tsirairay avy amintsika androany ary tonga vavolombelon'i Kristy.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino tsirairay manatrika eo dia handray ny Fanahy Masina ary ho tonga vavolombelon'i Kristy.

Andalana: Jaona 20:21-22

Fampidirana

1. Ny alin'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty no nitrangan'ity tantara ity (Jn 20:1).
2. Niseho tamin'ny Mpianany i Jesosy ary nanao zavatra roa tena manan-danja.
   a. Naniraka azy ireo Izy (and. 21).
   b. Nanisy fofonaina Izy ary nilaza tamin'izy ireo mba handray ny Fanahy Masina (and. 22).
3. Zavatra telo mikasika ny fandraisana ny Fanahy no azontsika ianarana avy amin'ireo andinin-tSoratra Masina roa ireo:

I. MIANATRA MIKASIKA NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FANDRAISANA NY FANAHY ISIKA.

A. Manamarina izany ny maha hafatra voalohany notorian'i Jesosy azy ho an'ny Fiangonany taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty.
B. Mariho koa fa ny Baikony farany talohan'ny niverenany any an-danitra dia mikasika ny fandraisana ny Fanahy Masina (Lk 24:49; Asa 1:4-8).
   1. Ny mpino tsirairay dia nomena baiko mba ho feno ny Fanahy Masina (Efe 5:18).
   2. Tena zava-dehibe ho an'ny mpino tsirairay ny fahafenoan'ny Fanahy satria ny mpino tsirairay dia nomena ny andraikitra maha vavolombelon'i Kristy.

II. MIANATRA MIKASIKA NY TANJON'NY FANDRAISANA NY FANAHY MASINA ISIKA.

A. Mariho ny zava-nitranga tamin'ny fotoana nanisin'i Jesosy fofonaina ny Mpianany:
   1. Ny zava-nitranga dia fanendrena ho amin'ny iraka.
   2. "Tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa."
   3. Mampahatsiaro antsika ny Asan'ny Apostoly1:8.
B. Raha hirahan'i Jesosy tahaka ny nanirahan'ny Ray an'i Jesosy isika, dia tsy maintsy feno ny Fanahy tahaka ny namenoana azy tamin'ny Fanahy koa (Lk 3:22-23; 4:17-18; Asa 10:38).

C. Tsy maintsy tafiana hery isika rehetra mba hahafahantsika mandray anjara amin'ny fanatrarana ny very na eo amin'ny toerana misy antsika na manerana izao tontolo izao.

III. MIANATRA ISIKA FA MORA NY MANDRAY NY FANAHY MASINA.

A. Ny fanasiana fofonaina nataon'i Jesosy tamin'ny mpianatra dia feno fanehoana an-tsary.
   1. Nanao mihoatra noho ny nanisy fofonaina tamin'izy ireo Izy, nitsoaka ny Fanahy ho "ao" amin'izy ireo Izy.
   2. (Fanamarihana: Ny teny Grika *en,* nadika hoe "eo," dia azo adika koa hoe "ao.")

B. Tahaka ny maha zavatra ara-dalàna ny miaina raha ho an'ny vatana, ny fahafenoan'ny Fanahy dia ara-dalàna ho an'ny olona ara-panahy.
   1. Amin'ny maha olona antsika: ara-dalàna ny miaina —manao izany ny olona rehetra!
   2. Ho an'ny olona ara-panahy ao amintsika: ny fahafenoana amin'ny Fanahy dia ara-dalàna — tokony hanao izany ny kristiana tsirairay.
      a. Amin'ny alalany no hahatonga ny fiainam-panahintsika ho voahazona hatrany.
      b. Ny fiainana feno ny Fanahy dia tsy tokony ho fahatsapana miavaka, tokony ho toerana ara-dalàna ho an'ny kristiana.
   3. Indray mandeha, nisy olona nilaza hoe, "Ny ankamaroantsika dia efa niaina ela loatra tamin'ny fiainana ambanin'ny ara-dalàna ka eritreretintsika ho tsy araka ny tokony ho izy ny zavatra ara-dalàna".

D. Ny feno ny Fanahy Masina dia mora kely "toy ny miaina".
   1. Tsy mora fotsiny ny miaina — *fa mora koa.*
   2. Tsy mitaky ezaka manokana amintsika ny miaina satria efa noforonina hanao izany ny vatantsika.
   3. Tena mora ihany koa ny feno ny Fanahy Masina ny fanahinao dia noforonina handray ny Fanahy Masina.
   4. Tsy mitaky ezaka mihoatra ny voajanahary avy amin'izay mikatsaka azy izany.
   5. Henoy ny fampanantenana nataon'i Jesosy:
      a. Lioka 11:13 "Ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy."
      b. and. 9: "Mangataha, dia homena ianareo".
      d. and. 10 "Izay rehetra mangataka no mahazo".
   6. Amin'ny alalan'ny hetsika finoana faran'izay tsotra no andraisantsika ny Fanahy.

E. Afaka hofenoina ny Fanahy ianao androany raha manao ireto dingana
telon'ny finoana ireto:
1. Mangataka amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
2. Mandray amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
3. Miteny amin'ny finoana (Asa 2:4).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka "hitroka" ny Fanahy Masina.

[DRM]

Raiso ny Fahafenoan'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka mandray ny fahafenoan'ny Fanahy amin'ny finoana ianao.

Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny mpino handray ny Fanahy miaraka amin'ny fahatakatra mazava ny antony sy ny tanjon'ny fahatsapana.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:4-8; 2:4

Fampidirana

1. Ny andalana roa ampiasaintsika dia mampiasa fehezanteny efatra hanoritana ny fahatongavan'ny Fanahy Masina izay manafy hery ny mpino ho amin'ny fanompoana:
   a. Asa 1:5 hatao "*batisa amin'ny"* Fanahy Masina izy ireo.
   b. Asa 1:8 *"hilatsaka"* amin'izy ireo ny Fanahy Masina.
   d. Asa 1:8 *"hahazo"* hery izy ireo.
   e. Asa 2:4 *"feno"* ny Fanahy Masina izy ireo.
2. Ity hafatra ity dia hamakafaka ireo fehezanteny efatra ireo.
3. Aorian'izy isika dia handray ny Fanahy ao amin'ny Fahafenoany.

I. "MILATSAKA" AMIN'NY MPINO NY FANAHY.

A. Misy ohatra efatra ao amin'ny Asan'ny Apostoly:
   1. Nampanantena i Jesosy fa hahazo hery ny mpianatra rehefa milatsaka amin'izy ireo ny Fanahy (Asa 1:8).
   2. Nilatsaka tamin'ny mpino tao Samaria ny Fanahy (Asa 8:16).
   3. Nilatsaka tamin'ny mpino tany Kaisaria ny Fanahy (Asa 10:46).
   4. Nilatsaka tamin'ny mpianatra tany Efesosy ny Fanahy (Asa 19:6).

B. Inona no ianarantsika avy amin'ireo ohatra ireo?
   1. Mampahatsiaro antsika ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha sy ny nanomezany tsindrimandry azy ireo haminany.
   2. Fikasan'Andriamanitra ny hahatonga ny Fiangonany ho fiaraha- monin'ny mpaminany voahosotry ny Fanahy (ampitahao ny Nom 11:24; Asa 2:17-18).

D. Ahoana no tsy maintsy hamaliantsika ireo fahamarinana ireo?
   1. Rehefa manatona ianao, dia manantenà ny Fanahy hilatsaka aminao.
   2. Hilatsaka aminao izy ka hanafy hery anao ho vavolombelona voahosotry ny Fanahin'i Jesosy.

II. "MAMENO" NY MPINO NY FANAHY.

A. Ny fehezanteny "feno ny Fanahy" dia ampiasaina indimy ao amin'ny Asan'ny Apostoly:
   1. Tamin'ny Andro Pentekosta (Asa 2:4).

2. Nofenoina ny Fanahy indray i Petera (Asa 4:8).
3. Nisy firotsahan'ny Fanahy indray tao Jerosalema (Asa 4:31, 33).
4. Feno ny Fanahy Masina i Paoly (Asa 9:17).
5. Nofenoina ny Fanahy indray i Paoly (Asa 13:9).

B. Inona no ampianarin'ireo andalana ireo antsika?
1. Isaky ny feno ny Fanahy ny mpino dia miteny ho an'Andriamanitra araka izay ampitenenin'ny Fanahy azy ireo.
2. Nofenoina hatrany hatrany ny Fanahy izy ireo.

D. Ahoana no tsy maintsy hamaliantsika ireo fahamarinana ireo?
1. Hameno anao ny Fanahy ka afaka hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ho Azy ianao.
2. Tokony hangataka an'Andriamanitra hameno antsika hatrany hatrany isika.

III. "MANAO BATISA" NY MPINO NY FANAHY.

A. Misy ohatra telo ao amin'ny Asan'ny Apostoly:
1. Naminany ny amin'izy io i Jaona Mpanao batisa (Lk 3:16).
2. Nolazain'i Jesosy mialoha tamin'ny Mpanaraka Azy koa ny momba azy io (Asa 1:5).
3. Nahatsiaro ireo tenin'i Jesosy ireo i Petera (Asa 11:16).

B. Inona no azontsika ianarana avy amin'ireo andalana ireo?
1. Amin'ny alalan'ny Batisa amin'ny Fanahy dia voatsoboka ao amin'ny fanatrehana sy ny herin'Andriamanitra isika.
2. Ambonin'izany, tafiditra ao anatin'ny irak'Andriamanitra isika dia ny fanatrarana ny firenena amin'ny filazantsara.

D. Ahoana no tsy maintsy hamaliantsika ireo fahamarinana ireo?
1. Aza adinoina, rehefa mandray ny Fanahy ianao dia tafiditra ao anatin'ny tafiky ny vavolombelona feno ny Fanahy.

IV. TSY MAINTSY "MANDRAY" NY FANAHY NY MPINO.

A. Voaresaka indimy ao amin'ny Asan'ny Apostoly ny fandraisana ny Fanahy:
1. Jesosy dia nanoritsoritra io fahatsapana io (Asa 1:8).
2. Ny mpino rehetra dia afaka mandray ny fanomezana dia ny Fanahy (2:38-39).
3. Nandray ny Fanahy i Paoly (Asa 9:15-17).
4. Nandray ny Fanahy ny mpino tany Kaisaria (Asa 10:47).
5. Nandray ny Fanahy ny mpianatra tany Efesosy (Asa 19:2).

B. Inona no azontsika ianarana avy amin'ireo andalana ireo?
1. Izay rehetra mangataka dia afaka manantena ny handray (Lk 10:10).

2. Ny fandraisana ny Fanahy dia hetsiky ny finoana (Mk 11:24).

D. Ahoana no tsy maintsy hamaliantsika ireo fahamarinana ireo?
   1. Afaka mandray ny Fanahy amin'ny finoana isika.
   2. Hiaraka hanao ireto dingana telon'ny finoana ireto isika.
      a. Hangataka amin'ny finoana isika (Lk 10:9, 13).
      b. Handray amin'ny finoana isika (Lk 10:10; Mk 11:24).
      d. Hiteny ao amin'ny finoana isika (Asa 2:4; Jn 7:37).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao ary raiso ny fahafenoan'ny Fanahy.

[DRM]

Ny Fanahy amin'ny Nofo rehetra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Satria Andriamanitra mandatsaka ny Fanahiny amin'ny nofo rehetra, homeny ny Fanahiny izay rehetra tonga eto androany.

Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny mpino hahatsapa fa ho azy ireo ny Fanahy ary handray izany izy ireo androany.

Andalana: Joela 3:1-2; Asan'ny Apostoly 2:17-18

Fampidirana

1. Joela 3 dia antsoina hoe "toko momba ny Pentekosta" ao Testamenta taloha.
2. Nampiasain'i Petera io toko io hanomezana fototra ara-tSoratra Masina ny zavatra niseho tamin'ny Andro Pentekosta.
3. Ndeha horesahantsika izay ampianarin'ireo andalana ireo mikasika ny firotsahan'ny Fanahy.

I. IREO TOETRA MAMPIAVAKA NY FIROTSAHANA

A. Izy io dia fifohazana amin'ny andro farany.
   1. Novain'I Petera hoe "andro farany" ny tenin'i Joela hoe "rehefa afaka izany" (Asa 2:17).
   2. Voalazan'ny mpaminany fa ao anatin'ny fahoriana mafy dia hisy fotoana manokana ho an'ny fahatanterahana.
   3. Manoritra izao vanim-potoana iainantsika izao izany.

B. Nasongadina ireo singa mihoatra ny voajanahary manamarika ny fifohazana.
   1. Fanamarihana: "handatsahako ny Fanahiko amin'ny *nofo* rehetra" hoy Andriamanitra (Asa 2:17).
   2. Tonga eo amin'ny fahalemen'ny olona ny herin'Andriamanitra.
   3. Noho izany, tonga fitaovan'ilay Andriamanitra Tsitoha sy ny Tanjony ny olombelona.

D. Ny tanora dia manana anjara lehibe ao anatin'io fifohazam-panahy io.
   1. Fanamarihana: "Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, Ary ny zatovonareo hahita fahitana…" (Asa 2:17).
   2. Ny tanora dia afaka fenoina ny Fanahy sy hanambara ny filazantsara.

E. Ny firotsahan'ny Fanahy Masina dia tsy mba misy fanavahana saranga.
   1. Harotsak'Andrimanaitra ny Fanahiny na dia "amin'ny mpanompo" aza.
   2. Ny fanahy dia tsy ho an'ny mpitoriteny ihany, fa ho an'ny

mpino tsirairay.
3. Isika rehetra dia nantsoina ho Vavolombelony (Lk 24:48).
4. Noho izany, mila ny herin'Andriamanitra isika rehetra (Lk 24:49; Asa 1:8).

F. Ny fanomezana ny Fanahy dia tsy misy fanavahana ny maha lahy na vavy.
1. Ny fanahy dia harotsaka amin'ny "zanakalahy sy ny zanakavavy…ary koa amin'ny lahy sy ny vavy" (Asa 2:17-18).
2. Nisy vehivavy tao amin'ny efitrano ambony (Asa 1:14).
3. Mitovy amin'ny antony nanafiana hery ny lehilahy ny nanafiana hery ny vehivavy – hitory ny filazantsara (Asa 1:8).

G. Hetsika mahafaoka izao tontolo izao izy io.
1. Ny Fanahy dia harotsaka amin'ny "olombelona *rehetra*" (Asa 2:17).
2. Tsy maintsy toriana amin'ny olona rehetra ny filazantsara.
3. Izay rehetra mandray ny filazantsara dia afaka tafiana hery hitory ny filazantsara amin'ny hafa.

II. FIOMANANA HO AMIN'NY FIROTSAHANA (Joela 2:12-17) (Zavatra efatra no azontsika atao ho fiomanana amin'ny firotsahan'ny Fanahy:)

A. Voalohany, Tsy maintsy amin'ny fahotantsika amin'ny fontsika rehetra isika (Vakio: Joela 2:12).
1. Indroa i Petera no nanindry ny ilàna ny fibebahana alohan'ny handraisana ny Fanahy (Asa 2:38; 3:19).

B. Faharoa, tsy maintsy manatona an'Andriamanitra amin'ny fanetren-tena sy ny fo torotoro isika (Vakio: Joela 2:13. Jereo koa Sl 51:17).
1. Ny fireharehana sy ny sitrapon'ny tena manokana dia misakana ny fahatongavan'ny Fanahy.

D. Fahatelo, Tsy maintsy ao anatin'ny fiombonana.
1. Nampaherezina ny olona mba hivory (Joela 2:15-16).
2. Izany no nitranga tamin'ny Pentekosta (Asa 2:1).
3. Tsy maintsy miombona manodidina ny irak'Andriamanitra isika (Asa 1:8).

E. Fahefatra, tsy maintsy mangataka ny Fanahin'Andriamanitra isika (Asa 1:14).
1. Ny mpaminany dia niantso ny olona hivavaka (Joela 2:17).
2. Talohan'ny Pentekosta dia tao anatin'ny vavaka ny olona (Asa 1:14).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà, raiso ny Fanahy androany.
2. Amin'ny fomba ahoana ?
   a. Mangataha (Lk 11:9-10,13)
   b. Raiso (Mk 11:24)
   d. Mitenenà (Asa 2:4, 17).

[MH]

Loharano sy onin’ny rano velona

Asa mahery vaika roa ataon’ny Fanahy
araka ny filazantsaran’i Jaona.

Toriteny ao anatin’ny fehezanteny: Ny Fanahy Masina dia te hiasa ao aminao sy amin’ny alalanao, hanome fiainana ho anao sy hizara fiainana ho an’ny hafa.

Tanjon’ny toriteny: Hahatonga ny mpanota hateraka indray ary ny mino hofenoina ny Fanahy Masina.

Andalana: Jaona 4:10-14; Jaona 7:37-39

Fampidirana

1. Ao anatin’ny andalana noraisintsika, Jesosy dia nampiasa sary roa hanoritana ny asan’ny Fanahy Masina ao amin’ny fiainan’ny olona:
   a. Ao amin’ny Jaona 4, Jesosy dia nanoritsoritra ny Fanahy tahaka ny “loharanon’ny rano velona” miasa ao anatin’ny olona ary mamokatra “fiainana mandrakizay”.
   b. Ao amin’ny Jaona 7, Jesosy dia nanoritsoritra ny Fanahy tahaka ny “onin'ny rano velona” mitosaka “avy ao anatin’ny” olona ary manome fiainana ho an’ny hafa.
2. Ireo sary ireo dia maneho asa mahery vaika roa ataon’ny Fanahy Masina eo amin’ny fiainan’ny mpino:
   a. Ny Fanahy dia miasa *ao* amin’ny olona ka mitondra fiainana.
      1) Izany hoe fahateraham-baovao.
      2) Niresaka mikasika izany i Jesosy ao amin’ny Jaona 3:1-7.
   b. Ny Fanahy dia miasa *amin’ny alalan’ny* fiainan’ny mpino ka mizara fiainana sy fitahiana ho an’ny hafa.
      1) Ny batisa amin’ny Fanahy Masina.
      2) Miresaka izany ny Jaona 1:33.
3. Ndeha hojerentsika akaiky kokoa ireo fahatsapana manan-danja roa natolotr’i Jaona ireo.

I. NY FAHATERAHAM-BAOVAO: LOHARANON’NY RANO VELONA (Jn 4:10-14)

A. Ny andalana dia manambara ny fomba fandraisana ny fanomezana.
   1. Fantaro fa avy amin’Andriamanitra izany (and. 10 “ny fanomezan'Andriamanitra”).
   2. Fantaro fa ho an’ny tsirairay izany (and. 13 “izay rehetra misotro”).
   3. Angataho amin’i Kristy io fanomezana io (and. 10 “ianao no ho nangataka taminy”).

4. Misotroa avy amin'ny fantsakana (and.14 "na iza na iza no misotro ny rano").

B. Ny andalana koa dia miresaka ny vokatry ny fandraisana ny fanomezana.
   1. Fandraisana ny "fiainana mandrakizay" (and. 14 "miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay").
   2. Noho izany, "tsy hangetaheta mandrakizay" izy (and. 13).

II. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA: ONIN'NY RANO VELONA (Jn 7:37-38)

A. Nolazain'i Jesosy ny fomba handraisana ny fanomezana.
   1. Tsy maintsy mangetaheta (and. 37 "raha misy olona mangetaheta").
   2. Tsy maintsy manatona an'i Jesosy ary misotro (and. 37 "aoka izy hanatona Ahy ka hisotro").
   3. Tsy maintsy mampiasa finoana (and. 38 "izay mino Ahy").

B. Avy eo, nolazain'i Jesosy ny vokatry ny fandraisana ny fanomezana.
   1. and. 38 "hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony".
   2. Hanjary loharanon'ny fiainana sy fitahiana ho an'ny hafa ny fiainan'ny mpino.
   3. Ny Fanahy dia hanafy hery antsika.
      a. Ho vavolombelon'i Kristy (Asa 1:8: 4:8, 31).
      b. Hampandroso ny Fanjakan'Andriamanitra sy hanafaka ny olona amin'ny famatoran'ny demonia (Mt 12:28).
      d. Hanao ny asan'i Kristy (Jn 14:12, 16).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manontany ianao, ahoana no hahafahako mandray ny fiainana mandrakizay?
   a. Mibebaha amin'ny fahotanao.
   b. Apetraho amin'i Kristy ny finoanao
2. Manontany ny hafa, ahoana no hahafahako mandray ny herin'ny Fanahy Masina?
   a. Angataho amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
   b. Raiso amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   d. Mitenenà amin'ny finoana (Asa 2:4).

[DRM]

33 Tampoka avy any an-danitra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka hatao batisa amin'ny Fanahy Masina tahaka ireo mpino tamin'ny Pentekosta ianao.
Tanjon'ny toriteny: Ho feno na/sy hofenoina indray ny Fanahy Masina ny mpihaino araka ny modely ara-Baibolin'ny Pentekosta
Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-4

Fampidirana

1. Ny fahatsapana tamin'ny Pentekosta dia natao ho modely ho antsika androany.
2. Afaka manantena ny Fanahy Masina ho tonga aminao sy hameno anao tahaka ny namenoany ny mpino tamin'ny Andro Pentekosta.
3. Tahaka ny tamin'ny Andro Pentekosta, afaka manantena zavatra fito ianao rehefa manatona hofenoina ny Fanahy Masina:

I. AFAKA MANANTENA NY FANAHY MASINA HO TONGA TAMPOKA AMINAO IANAO.

A. Mariho ny fomba nahatongavan'ny Fanahy tamin'ny Andro Pentekosta:
   1. and. 2 "nisy feo tonga *tampoka* avy tany an-danitra…"
   2. Tahaka izany koa no nitranga tao amin'ny tranon'i Kornelio (Asa 10:44).

B. Izao no zavatra azonao antenaina fa hitranga rehefa mivavaka ianao.
   1. Ho tsapanao tonga aminao ny ny fanatrehan'ny Fanahy.
   2. Amin'ny fotoana hinoanao, handray ny Fanahy ianao.

II. AFAKA MANANTENA NY FANAHY MASINA HO TONGA AMINAO AMIN'NY FOMBA MIHOATRA NY VOAJANAHARY IANAO.

A. Jereo izay nitranga tamin'ny Andro Pentekosta:
   1. and. 2 nisy feo tonga "avy any an-danitra" (izany hoe, avy amin'Andriamanitra).
   2. Nasehon'ny Fanahy tamin'ny fomba mihoatra ny voajanahary ny fanatrehan'Andriamanitra (toy ny rivotra tsy voajanahary; ny afo tsy voajanahary; ary ny lela tsy voajanahary).

B. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fotoana mihoatra ny voajanahary.
   1. Famangiana mahery vaika avy any an-danitra.

2. Fihaonan'ny olona tsirairay mivantana amin'ilay Andriamanitra velona.
3. Fotoana mahery vaika manova fiainan.

D. Manantenà hahatsapa ny Fanatrehany sy ny Heriny tsy hay tohaina.

III. AFAKA MANANTENA NY FANAHY MASINA HO TONGA AMINAO AMIN'NY FOMBA MAHERY VAIKA IANAO.

A. Mariho fa tamin'ny Pentekosta, ny Fanahy dia tsy tonga tahaka ny rivotra ihany, fa tonga toy ny "rivotra mahery *mifofofofo*" (Asa 2:2).

B. Rehefa tonga ny Fanahy, dia tonga amin-kery, ary ny vokany dia
1. …fanafiana hery mahery vaika (Asa 1:8).
2. …fiovana mahery vaika ao anaty (ohatra: Petera).

IV. AFAKA MANANTENA NY FANAHY MASINA HO TONGA AMINAO MANOKANA IANAO.

A. Jereo ny fomba nahatongavany tamin'ny Andro Pentekosta:
1. and. 3 "nisy. . . *afo* niseho . . . ary *nipetraka* tamin'izy rehetra isan-olona*."*
2. Ny tsirairay avy dia nanana fihaonana miavaka sy manokana tamin'Andriamanitra.

B. Tonga tamin'izy ireo tsirairay avy ny Fanahy Masina.
1. Fantany ny maha izy anao manokana, sy izay ilainao.
2. Ny Fanahy Masina dia mameno ny karazan'olona rehetra sy ny karazana toetra rehetra.

V. AFAKA MANANTENA NY FANAHY MASINA HO TONGA AMINAO TANTERAKA. (Fanamarihana: ny tiana lazaina amin'ny "Tanteraka" dia mameno ny tena manontolo).

A. Rehefa tonga aminao ny Fanahy Masina dia Hofenoiny ny aminao manontolo.
1. Hameno ny tenanao, ny sainao, ary ny fanahinao Izy.
2. Ho tonga amin'ny fomba telo Izy:
a. Tahaka ny fanafihana ("hilatsaka" aminareo).
b. Fanatsobohana tanteraka ao amin'ny (Izy "hanao batisa" anareo).
d. Tanteraka hatrany any anaty (Ho "feno" ianareo).
3. OHATRA: Tahaka ny rano mameno ny masotantelin'ny spaonjy.

B. Rehefa mandroso mba hofenoina ianao dia manantenà ho voatsoboka tanteraka ao amin'ny fanatrehana sy ny herin'Andriamanitra.

VI. AFAKA MANANTENA NY FANAHY HO TONGA AMINAO AMIN'NY FOMBA VOAPOROFO IANAO.

A. Tamin'ny Pentekosta "feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa..." (Asa 2:4).
B. Rehefa mameno anao Izy, dia tsy hisy fisalasalana.
   1. Homeny porofo tsy azo lavina ianao.
   2. Hiteny amin'ny fiteny izay ampitenenin'ny Fanahy anao ianao.
D. Tahaka izany koa no nitranga tany Kaisaria (Asa 10:45-46).
   1. Ny fiteny no namaha ny olana! (and. 46-47).
E. Rehefa manatona mba hofenoina ianao, manantenà hiteny amin'ny fiteny vaovao izay ampitenenin'ny Fanahy anao.

VII. AFAKA MANANTENA NY FANAHY HO TONGA AMINAO MIARAKA AMIN'NY TANJONA IANAO.

A. Nanomboka niteny "…araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy."
B. Tonga ny Fanahy mba hampiteny azy ireo…
   1. …voalohany, amin'ny fiteny tsy fantatra,
   2. …ary koa amin'ny vavolombelona voatafy ny herin'ny Fanahy (jereo. Asa 1:8)
D. Aza adinoina ny tanjon'ny Fanahy amin'ny famenoana anao dia ny hahatonga anao ho vavolombelon'i Kristy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Mandrosoa izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina ny Fanahy tahaka ny tamin'ny andro Pentekosta.

[DRM]

Andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Andriamanitra dia te hanome anao “andro famelombelomana avy amin’ny fanatrehan’ny Tompo” amin’ny alalan’ny famenoana anao amin’ny Fanahiny Masina.
Tanjon’ny toriteny: Ho vita batisa amin’ny Fanahy Masina ny mpino.
Andalana: Asan’ny Apostoly 3:19

Fampidirana

1. Ny andalana noraisintsika dia hita ao amin’ny toriteny faharoa nataon’i Petera ao amin’ny Asan’ny Apostoly. (Lazao ny tantara.)
2. Izy io dia fanoritsoritana ny Batisa amin’ny Fanahy Masina.
   a. Eto i Petera dia nanoritra ny batisa amin’ny Fanahy Masina amin’ny “andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo.”
   b. Ireo teny ireo dia mampahatsiaro antsika ny Asa 2:38-39.
3. Ity hafatra ity dia hifantoka amin’ny amin’ny fanoritsoritan’i Petera.
   a. Ny fijerena akaiky io fehezanteny io dia manambara fahamarinana telo manan-danja mikasika ny fahatsapana momba ny batisa amin’ny Fanahy:

I. NY BATISA AMIN’NY FANAHY MASINA DIA TSY FAHATSAPANA NATAON’NY OLONA.

A. Tsy avy amin’ny sitrapo na ny sain’ny olona izy io.
   1. Tsy famoronana nataon’ny Pentekôtisma amin’izao androntsika izao.
   2. Tena fahatsapana avy amin’Andriamanitra!
      a. “Andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo.”
      b. Ara-bakiteny, “avy amin’ny tavan’ny Tompo.”
   3. Asa 2:3: “Ary nisy feo tonga tampoka *avy tany an-danitra*.”
   4. “Teny fikasan'ny Ray” koa (Asa 1:4).

B. Fihaonana manova fiainana amin’ilay Andriamanitra Velona izy io.
   1. Mba hahafahana mandray ny Fanahy Masina araka ny tokony ho izy, tsy maintsy mahazo tsara isika hoe iza moa Izy.
      a. Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra!
      b. Noho izany, ny zavatra rehetra lazaina momba an’Andriamanitra dia azo lazaina mikasika ny Fanahy Masina (izany hoe, Andriamanitra sy ny Fanahy dia masina, mahay ny zavatra rehetra ary mandrakizay sns).

2. Araka izany, ny feno ny Fanahy Masina dia midika feno ny fanatrehana sy ny herin'Andriamanitra!
    a. Andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo!
    b. Ny fandraisana ny Fanahy dia hanova anao ho fantsona hikorianan'ny hery sy ny fitiavan'Andriamanitra ho any amin'ny hafa (Jn 7:37, Asan'ny Apostoly 1:8).

II. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA TSY FAHATSAPANA MAINA TSY MISY FIHETSEHAM-PO.

A. Andro famelombelomana io!
    1. Williams dia nandika azy hoe "andron'ny fifohazana."
    2. Tamin'ny dikan-teny hafa amin'ny Baiboly, io fehezanteny io dia nadika hoe: "Andro handraisan'ny fanahinao hery".
    3. Hoy i Paoly, "Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany" (1Ko 14:3-4).
B. Ny fahafenoan'ny Fanahy dia hitondra anao amin'ny fifandraisana akaiky kokoa amin'Andriamanitra (Ro 5:5; jereo koa Sl 42:1, 2).
    1. Ny ankamaroan'ireo tandindona ara-Baiboly maneho ny Fanahy Masina dia miresaka mikasika ny hamelombelomany sy hamohazany ny fanahintsika.
        a. Mahafa-po ny hetaheta ara-panahy tahaka ny rano madio Izy (Jn 4:13).
        b. Miditra ao amin'ny fiainantsika tahaka ny ranonorana Izy (Zak 10:1).
        d. Mitosaka avy ao anatintsika tahaka ny ony mpizara fiainana Izy (Jn 7:37; Eze 47:1-12).
        e. Mitosaka ao amin'ny fiainantsika tahaka ny rivotra malefaka Izy (Jn 3:8).
    2. Avelao Izy hitosaka ao amin'ny fiainanao androany!

III. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA TSY FAHATSAPANA INDRAY MANDEHA TSY MIVERINA.

A. Mariho tsara fa "izay andro" no teny ampiasaina eto, manondro zavatra maro, maneho fahatsapana maromaro.
B. Misy ireo manao fahadisoana ka mihevitra fa fahatsapana indray mandeha miaraka amin'ny Fanahy dia ampy.
    1. Na mahery vaika sy manova fiainana toy ny ahoana aza ny fahatsapanao niaraka tamin'ny Fanahy, tsy ampy ny fahatsapana indray mandeha.
D. Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia miverimberina ny famenoana:
    1. Petera: (Asa 2:4 sy 4:8 ary 4:31).

2. Efesiana: (Asa 9:6 sa Efe 5:18)
3. Raha adika ara-bakiteny ny ny Lioka 11:9-10 dia hoe “Mitohiza mangataka…mitohiza mitady…mitohiza mandondona”
4. Tsy maintsy mitohy mitady ny Tompo isika mba hiverimberenan’ny fahafenoana amin’ny Fanahy.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Manontany ianao, “Ahoana no hahafahako mandray ny Fanahy Masina androany?
2. Hoy ny andalana amintsika: “Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana…”
3. Ataovy ireto:
   a) Miverenà amin’ny Tompo
   b) Mibebaha amin’ny fahotanao
   d) Angataho Izy hameno anao
   e) Minoa ny teny fikasany
4. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina.

[DRM]

35 Ireo famenoana roa tamin'ny Pentekosta

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka mahatsapa ny fanatrehan'ny Fanahy ato anatin'ny fivoriantsika sy ny heriny ao amin'ny fiainantsika isika.

Tanjon'ny toriteny: Hampahery ny mpino hanokatra ny fony ho an'ny fanatrehan'ny Fanahy sy handray ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-4

Fampidirana

1. Tantarao ny momba ny nirotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta.
2. Tamin'ny Andro Pentekosta dia famenoana roa tamin'ny Fanahy Masina no nitranga.
   a. and. 2 Ny Fanahy dia "nanenika ilay trano niangonany".
   b. and. 4 "Ary samy feno" ny Fanahy Masina izy rehetra.
3. Te hanao izany ho antsika koa Andriamanitra androany.

I. ANDRIAMANITRA DIA TE HAMENO ITY TOERANA ITY (and. 2).

A. Ao amin'ny Baiboly, matetika ny Fanahy no mameno toerana.
   1. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny fanatrehan'Andriamanitra dia nameno ny Tempoly (2 Tan 5:13).
   2. Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, matetika ny Fanahy no mameno toerana sy maneho amin-kery ny fanatrehany.
      a. Tamin'ny Pentekosta (Asa 2:1-4).
      b. Fanindroany tao Jerosalema (Asa 4:31).
   3. Te hameno ity toerana ity Andriamanitra androany.

B. Tonga hameno ity toerana ity ny Fanahy noho ireto antony manaraka ireto:
   1. Hampahafantarana ny Fanatrehany.
   2. Hampiekena ny mpanota ny fahotany.
   3. Hampisehoana sy handresena ny herin'i Satana.
   4. Hiahiana ny zavatra ilain'ny Olony.
   5. Hanafiana hery ny Fiangonany hitory ny filazantsara.

D. Ahoana no hahatsapantsika izany fanatrehan'Andriamanitra izany?
   1. Tsy maintsy mivavaka isika.
   2. Tsy maintsy manokatra ny fontsika ho an'ny Fanahy.
   3. Tsy maintsy mandray Azy tsara rehefa tonga Izy.

E. Te hameno ity toerana ity Andriamanitra androany.

II. ANDRIAMANITRA DIA TE HAMENO NY OLONY (and. 4).

A. Ny tena mahaliana an'Andriamanitra indrindra dia ny olona fa tsy ny trano.
   1. Ny tena nofenoina tamin'ny Pentekosta dia ny olona.
   2. Ny sitrapon'Andriamanitra dia hameno ny mpino tsirairay avy eto amin'ny Fanahy Masina.
      a. and. 4 "feno ny Fanahy Masina *izy rehetra*".
      b. "Ny teny fikasana dia…*ho an'izay rehetra"* (Asa 2:38-39).

B. Hameno ny olon'Andriamanitra ny Fanahy noho ireto tanjona ireto:
   1. Hanafy hery azy ireo ho vavolombelona.
   2. Hampitao azy ireo ho amin'ny ady ara-panahy.
   3. Hanampy azy ireo hiaina amin'ny fiainam-pahamasinana.

D. Rehefa mameno ny olona Andriamanitra…
   1. …hihamatanjaka izy ireo.
   2. …hanam-pasahiana izy ireo.

III. ANDRIAMANITRA DIA TE HAMENO SY HAMENO ANAO INDRAY ANDROANY.

A. Manana drafitra ho an'ny fiainanao Izy.

B. Andriamanitra dia mampanantena anao hery hanatanterahanao io drafitra io (Asa 1:8).

D. Aoka ho feno ny Fanahy Masina ianao androany!
   1. Angataho amin'ny finoana (Lk 11:9,13).
   2. Raiso amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   3. Mitenenà amin'ny finoana (Asa 2:4; Jn 7:37-38).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy Masina.

[DRM]

36 Inona no dikan'izany feno ny Fanahy Masina izany?

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Mila manokatra ny fontsika sy ny saintsika handray ny Fanahy Masina isika androany.
Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny mpino hanokatra ny fony sy hofenoina ny Fanahy.
Andalana: Jaona 7:37-39

Fampidirana

1. Efa nanandrana namahana zaza tsy te hihinan-kanina ve ianao? Handà tsy hihinana ilay zaza!
2. Tahaka izany koa, ny Fanahy Masina dia tsy manery antsika "hofenoina".
3. Tahaka ny ankizy maniry hisakafo, tsy maintsy maniry ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainantsika isika.
4. Ity hafatra ity dia hamaly fanontaniana manan-danja telo mikasika ny Fanahy Masina:

I. INONA NO ZAVATRA ILAINTSIKA MBA HO FENO NY FANAHY MASINA?

A. Tokony hanana *fisainana misokatra* eo anatrehan'ny fahatsapana momba ny Fanahy Masina isika.
   1. Mila mino isika fahatsapana ara-Baiboly natao hiainana amin'izao fotoana izao izany!

B. Mila *mahazo ny tanjon'io* fahatsapana io isika.
   1. Ny tanjony dia ny fanafiana hery ho vavolombelona (Asa 1:8).
      a. Taorian'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, naniry ny handeha sy hitory ny filazantsara avy hatrany ny mpianatra.
      b. Kanefa fantatr'i Jesosy fa tsy mbola vonona izy ireo.
      d. Hoy Izy, "Alohan'ny hanatanterahanero ny antsonareo, mila fenoina ny Fanahy ianareo" (Lk 24:46-49; Asa 1:4-8)
   2. Petera dia nitory fa mila ny "fanomezana dia ny Fanahy Masina" ny mpino rehetra (Asa 2:38-39).
   3. Paoly dia nilaza tamin'ireo lehilahy roa ambin'ny folo tany Efesosy fa mila mandray ny Fanahy Masina izy ireo (Asa 19:1-7).

D. Mila *mino* isika fa Kristy dia te hameno antsika amin'ny Fanahiny.

II. INONA NO ANTONY ILANTSIKA NY FAHAFENOAN'NY FANAHY MASINA?

A. Mila fenoina isika noho ny *laharam-pahamehana ara-panahy*.
   1. Jesosy dia nampianatra fa ny Fanahy Masina no vavolombelona hanambara Azy (Jn 15:26).
   2. Ny laharam-pahamehan'ny mpino dia ny hidera an'i Jesosy sy hanambara Azy amin'ny very (Asa 4:8-12).

B. Mila fenoina isika noho ny *fahadiovana ara-panahy*.
   1. Rehefa miasa ao anatintsika ny Fanahy Masina dia tonga saina kokoa isika ny amin'ny fahotana, ny fahamarinana, ary ny fitsarana (Jn 16:8-11).
   2. Noho izany, hihamadio kokoa isika.

D. Mila fenoina isika noho ny *hery ara-panahy*.
   1. Isika rehetra dia mila hery, faherezana, ary fahasahiana avy amin'ny Fanahy (Asa 4:13, 18-20, 31).

III AHOANA NO HAHATONGA ANTSIKA HO FENO NY FANAHY ANDROANY?

A. Tsy maintsy manana *toe-tsaina vonona* isika.
   1. Tsy ampy ny mino fotsiny; tsy maintsy maniry koa isika.
   2. Fanirina dia avy amin'ny fahatsapantsika ny zavatra ilaintsika.
      a. Tahaka ilay vehivavy narary nandeha rà (Mk 5:28).
      b. Tahaka an'i Bartimeo jamba (Mk 10:46-48).
   3. Rehefa ekentsika fa tena malemy isika raha mandeha irery, dia haniry mafy ny ho feno ny Fanahy Masina isika.
   4. Andriamanitra dia mameno izay mangetaheta ny Fanahy (Mt 5:6).

B. Tsy maintsy *manolotra ny tenantsika* isika.
   1. Ny Jaona 7:37-39 dia mampianatra tsy maintsy mangetaheta sy manolo-tena. (Hetaheta: "misy olona mangetaheta?" Fanoloran-tena: "Izay mino Ahy…"
   2. Tsy maintsy manolotra ny amintsika manontolo ho an'Andriamanitra isika (Ro 6:13).
      a. Ao anatin'izany ny lelantsika.
      b. Manolotra ny fitaovana isika, ary ny Fanahy no manolotra ny fahafaha-manao (Asa 2:4).
      d. Ny fitenenan'ny mpianatra tamin'ny fiteny tsy fantatra dia vokatry ny fahafenoan'izy ireo tamin'ny Fanahy Masina, fa tsy tanjona.
      e. Ny tanjona dia ny hanome voninahitra an'i Jesosy sy ho tonga vavolombelony mahomby (Asa 1:8).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Maniria ny ho vavolombelon'i Kristy.
2. Sokafy ho an'ny asan'ny Fanahy ny fiainanao.
3. Manatonà izao ankehitriny izao ho feno ny Fanahy. [DC]

37 Afaka miaina ny tena batisa amin'ny Fanahy Masina ianao

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka miaina ny tena batisa amin'ny Fanahy Masina ianao androany.
Tanjon'ny toriteny: Hahita ny mpino ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina marina.
Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-4

Fampidirana

1. Amin'izao fotoana izao dia betsaka no sahiran-tsaina momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
2. Tsy vitsy ireo milaza fa feno kanefa tsy mbola feno akory.
3. Mila azontsika tsara ny momba io fahatsapana io
4. Ny andalana noraisintsika dia manome fahamarinana telo mikasika ny tena batisa amin'ny Fanahy Masina.

I. NY TENA BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA MIFAMATOTRA AKAIKY AMIN'NY VOKATR'ANDRIAMANITRA (Asa 2:1).

A. Ara-tantara, ny Pentekosta dia fetim-bokatra (Lev 23:11-16; Dt 16:9-10).
   1. Andriamanitra dia nisafidy ny handefa ny Fanahy Masina nandritra io fetim-bokatra io.
   2. Noho izany, ny Pentekosta tandindon'ny fanombohana ny fijinjana fanahy maneran-tany.

B. Ny herin'ny Pentekosta dia natao hampiroboroboana ny fitomboan'ny fiangonana manerana izao tontolo izao (Asa 1:8).

II. NY TENA BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA MARINA DIA NATAO HO AN'NY MPINO NATERAKA INDRAY— TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA VAOVAO (Asa 2:2-3).

A. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny rivotra sy ny afo dia maneho ny fanatrehan'Andriamanitra.
   1. Ny feon'ny rivotra dia nampatsiaro izay rehetra nanatrika teo fa Andriamanitra dia hanao zavatra.
   2. Ny afo dia midika fa faneken'Andriamanitra ny fiangonana ho tempoliny vaovao (2 Tan 7:1-3; 1 Ko 3:16; Efe 2:21-22).
   3. Ny afo tsirairay dia naneho fa ny mpino tsirairay dia tempolin'ny Fanahy Masina (1 Ko 6:19).

B. Amin'ny maha tempoly velona itoeran'ny Fanahy Masina, ny tena mpino marina dia afaka tafiana ny herin'ny Fanahy Masina. (Amin'ny maha tempoly velona…)

1. Ny mpino tsirairay dia tokony ho toeran'ny finoana, fiderana, fanatitra, fisaorana, fijoroana vavolombelona, ary fanatitra.
2. Ny tena mpino marina ao amin'i Kristy dia tokony ho vonona hatao batisa amin'ny Fanahy Masina sy ho tafiana ny heriny.
3. Tahaka ny hahaizan'ny mpanakanto maka taratasy fotsy tsy misy na inona na inona sy mamadika izany ho zavatra manan-danja, Andriamanitra dia afaka maka ny fiainana feno fahotana, manasa izany amin'ny ran'i Jesosy, mameno izany amin'ny Fanahy Masina, ary manao izany ho fitahiana ho an'izao tontolo izao.

III. NY TENA BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA DIA AZONAO RAISINA HO ANAO ANDROANY (Asa 2:4).

A. Tamin'ny Pentekosta dia feno ny Fanahy Masina *izy rehetra*.
   1. Ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny mpino androany dia ny hahatonga ny rehetra ho feno.
   2. Tafiditra ao anatin'izany ianao.

B. Ny Baiboly dia mampiasa karazana teny maro hanoritsoritana io fahatsapana io:
   1. Toy ny mameno, mandatsaka, mandrotsaka amin'ny, mandray ary manao batisa.
   2. Ireo teny ireo dia manoritsoritra ny fahatsapana fifandraisana miaraka amin'ny Fanahy Masina.

D. Rehefa feno ny Fanahy Masina ianao dia hiteny amin'ny fiteny ampitenenin'ny Fanahy Masina anao.
   1. Tamin'ny Pentekosta dia niteny araka ny teny nomen'ny Fanahy izy ireo (Asa 2:4).
   2. Io no hany famantarana ny batisa amin'ny Fanahy Masina miverimberina ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly (Asa 2:4; 10:45; 19:6).
   3. Tsy avy ao an-tsainao ny teny, fa avy amin'ny fanahinao (1 Ko 14:2).

E. Ho tonga vavolombelona mahery vaika ho an'i Kristy ianao (Asa 1:8).

F. Betsaka ny vokatra hafa hanaraka izany (toy ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra, ny hery handresena ny demonia, ny fanomezam-pahasoavana, sns).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà ary iaino androany ny fahatsapana marina momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

[JWL]

Fizarana 2

Iraka sy Asa fanompoana VOATAFY HERY

Fampandrosoana ny Fanjakan'Andriamanitra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Jesosy dia nampandroso ny Fanjakan'Andriamanitra tamin'ny herin'ny Fanahy Masina, ary isika koa tokony hanao izany rehefa feno ny Fanahy Masina.
Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny olona ho voatafy ny herin'ny Fanahy Masina ka hampandroso ny fanjakan'Andriamanitra.
Andalana: Matio 12:22-28, Asa 1:3-5, 8

Fampidirana

1. Misy ady mitranga eny amin'ny habakabaka dia ny an'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fanjakan'i Satana (Efe 6:12).
2. Mandroso amin-kery ny fanjakan'Andriamanitra na dia eo aza ny fiezahana hampitsahatra azy (Mt 11:12).
3. Nambaran'i Jesosy fa ny fanjakan'i Satana dia tsy hahasakana ny fandroson'ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiangonana (Mt 16:18).
4. Ato anatin'ity hafatra ity isika dia hamaly ny fanontaniana hoe: "Ahoana no fomba fandroson'ny fanjakan'Andriamanitra?"

I. JESOSY DIA NAMPANDROSO NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA TAO AMIN'NY HERIN'NY FANAHY MASINA (Mt 12:22-28).

A. Matetika i Jesosy no nanasitrana sy nanafaka ireo olona teo ambanin'ny hery demoniaka.
   1. Ny nandresen'i Jesosy ny herin'ny demonia dia midika fa ny fanjakan'Andriamanitra dia nandresy ny fanjakan'i Satana.

B. Ny andalana ao amin'ny Matio dia ohatra manan-danja maneho ny nampandrosoan'i Jesosy ny Fanjakan'Andriamanitra.
   1. Ao amin'io andalana io, Jesosy dia nanao fanambarana maneho fahamarinana manan-danja roa:

D. Voalohany, nanambara i Jesosy fa ny Fanahy Masina no loharanon'ny Heriny (and.28a).
   1. "Ny *Fanahin'Andriamanitra* no amoahako ny demonia."
   2. Tamin'ny alalan'ny fahatongavana ho nofo dia tonga olona i Jesosy.
   3. Tamin'ny naha olona an'i Jesosy, tonga Taminy ny Fanahy Masina ary nanafy hery Azy ho amin'ny asa fanompoana (Lk 3:21-22; 4:1, 14-21).

4. Ny zavatra tsirairay nataon'i Jesosy tao anatin'ny asa fanompoana dia nataony tamin'ny herin'ny Fanahy Masina (Asa 10:38).
5. Fahamarinana tena manan-danja izany satria Jesosy no ohatra faratampony amin'ny fomba tokony hanompoana an'Andriamanitra.

E. Faharoa, nanambara i Jesosy fa ny Fanjakan'Andriamanitra dia mandroso ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.
1. "Fa raha ny *Fanahin'Andriamanitra* kosa no amoahako ny demonia, dia *efa tonga aminareo sahady ny fanjakan'Andriamanitra*."
2. Raha amin'ny maha olombelona fotsiny dia tsy ho vita mihitsy ny handresena ny herin'i Satana.
3. Satana, nefa tsy afaka misakana ny fandroson'ny fanjakan'Andriamanitra ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

II. TAHAKA AN'I JESOSY, AFAKA MAMPANDROSO NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA AO ANATIN'NY HERIN'NY FANAHY MASINA (Asa 1:3-5, 8).

A. Jesosy dia nampanantena ny Mpianany—sy antsika—ny herin'ny Fanahy Masina hampiasaina amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra.
1. Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, Jesosy dia nitohy nampianatra ny Mpianany ny momba ny fanjakan'Andriamanitra (Asa 1:3).
2. Nasongadiny tamin'izany fa izy ireo dia hampandroso ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina (and. 4-5, 8).
   a. Tena manan-danja ny Fanahy Masina koa izany no nahatonga an'i Jesosy nanome toromarika azy ireo hiandry mandra-pandraisana Azy (and. 4).
   b. Nazavainy tamin'izany fa hahazo hery avy amin'ny Fanahy Masina izy ireo rehefa atao *batisa* ao amin'ny Fanahy (and. 5,8).
   d. Tamin'ny Andro Pentekosta, nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina ka dia feno ny Fanatrehany sy ny Heriny tahaka izay nampanantenain'i Jesosy izy ireo (Asa 2:1-4).
   e. Ny sisa ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia mampiseho ny nampandrosoan'ny fiangonana voalohany ny fanjakan'Andriamanitra tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

B. Ny fampanantenana ny Fanahy Masina ho antsika androany koa, tahaka ny tamin'ny mpianatra voalohany (Asa 2:38-39).
   1. Mbola ao anatin'ny ady amin'ny hery demoniaka isika.
   2. Betsaka no voafatotra sy ampahorian'ny herin'i Satana.
   3. Ny hany fanantenan'izao tontolo izao dia fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy ary afaka handroso hanonitra an'i Satana.

D. Tsy maintsy mino ny fampanantenan'i Kristy sy mangataka Azy hameno antsika amin'ny herin'ny Fanahy ho fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra isika androany.
   1. Rehefa feno ny Fanahy isika dia afaka manambara amin-kery ny filazantsara sy mahita ny fanjakan'Andriamanitra tonga amin-kery.
   2. Raha hikatsaka ny ho feno ny herin'ny Fanahy isika, hiasa amin'ny alalantsika Andriamanitra ka hanafaka ny voafatotra sy hampandroso ny Fanjakany tahaka ny nataon'i Jesosy (Jn 14:12, 16-17).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà amin'ny finoana ary atokàny ho an'ny fampandrosoana
   ny fanjakan'Andriamanitra ny tenanao.
2. Raha mangataka amin'Andriamanitra ianao, hameno antsika amin'ny herin'ny Fanahiny Izy ary hampitao antsika amin'ny fampandrosoana ny Fanjakany (Lk 11:9, 13).

[MT]

39 Ho mpaminany ny olon'i Jehovah rehetra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tian'Andriamanitra ho vavombelona voatafy ny Herin'ny Fanahy ianao.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino tsirairay ary hahatsapa ny vokatr'izany dia ny fiovana ho feo faminaniana manambara ny filazantsara amin'ny very ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina

Andalana: Nomery 11:26-29

Fampidirana

1. Amin'izao andro farany izao, Andriamanitra dia manangana tafika mpaminany voatafy ny herin'ny Fanahy mba hanambara ny hafatr'i Kristy amin'ny firenena.
2. Efa drafitr'Andriamanitra hatramin'izay ny hahatonga ny vahoakany ho fiaraha-monin'ny mpaminany voahosotry ny Fanahy (na koa vavolombelona voatafy ny herin'ny Fanahy).
3. Ndeha hojerentsika ny Baiboly ary hofantarintsika ny drafitr'Andriamanitra:

I. NANIRY IZANY I MOSESY.

A. Lazao ny tantaran'i Mosesy sy ny loholona fitopolo (No 11:16-30).

B. Naniry i Mosesy mba ho mpaminany voahosotry ny Fanahy avokoa ny olon'ny Tompo rehetra (No 11:28-29).

D. Inona no nanirin'i Mosesy izany?

1. Amin'izay izy ireo voatafy hery ka afaka manampy Azy amin'ny asa.
2. Androany, Jesosy dia mangataka ny fanampiantsika amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny firenena rehetra.
3. Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy fenoina ny Fanahy isika.

II. NANAMAFY IZANY I JOELA.

A. Ny zavatra nirin'i Mosesy dia nohamafisin'i Joela

1. Vakio ny Joela 3:1-2.
2. Nilaza ny mpaminany fa ho avy tokoa ny andro hanovan'Andriamanitra ny Olony rehetra ho Mpaminany.
3. Nambarany koa fa io fampanantenana io dia ho tanteraka alohan'ny hahatongavan'ny fotoana fijinjana ara-panahy (Joela 2:23-24).

B. Miaina ao anatin'io fotoana fijinjana ara-panahy isika.

III. NAMBARAN'I PETERA IZANY.

A. Tamin'ny Andro Pentekosta no tanteraka voalohany io faminanian'i Joela io.
   1. Lazao ny tantaran'ny Pentekosta (Asa 2:1-13).

B. Nambaran'i Petera fa tonga ny fotoana hahatonga ny olon'Andriamanitra rehetra ho mpaminany (Asa 2:14-17).
   1. Hoy i Petera "Fa izao ilay" (and. 16).
   2. Nilaza izy *fa izao* fahatsapana momba ny fahafenoana amin'ny Fanahy sy fitenenana amin'ny fitenin'ny Jentilisa izao dia fahatanterahan'*ilay* faminanian'i Joela.

D. Fahamarinana telo no azontsika ianarana avy amin'izany:
   1. Io filatsahana io dia hitranga amin'ny Andro Farany (Asa 2:17).
   2. Ny tanjony dia fanafiana hery ho an'ny iraka (Asa 1:8).
   3. Natao ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra izy io— izany hoe zanakalahy sy zanakavavy, tanora sy antitra, andevo sy olona afaka (Asa 2:17).

IV. AFAKA MIAINA IZANY ISIKA.

A. Fikasan'Andriamanitra ny hahatonga ny Fiangonany ho fiaraha-monin'ny vavolombelona voatafy ny herin'ny Fanahy.

B. Amin'ny alalan'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina sy ny fanokanan-tena ho an'ny Iraka lehiben'i Kristy, afaka tonga iray amin'ireo mpaminanin'Andriamanitra amin'ny andro farany ianao.

D. Ho anao ny teny fikasana androany (Asa 2:38-39).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà, atokàny ho an'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra ny tenanao.
2. Ho feno ny Fanahy Masina ianao ary ho voatafy hery amin'ny fanatanterahana ny iraka.

[DRM]

40 Hosotra manapaka zioga

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy hosorana amin'ny Fanahy isika mba hahafahantsika manapaka ny zioga manandevo ny olona.

Tanjon'ny toriteny: Ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpino ary hosoran'ny Fanahy hanafaka ny olona amin'ny fatorany.

Andalana: Isaia 10:27

I. NOHO NY HOSOTRA, NY MPITSARA DIA NANAPAKA ZIOGA.

A. Nanapaka zioga ara-pôlitika izy ireo tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

B. Ohatra dimy ao anatin'ny Mpitsara:

1. Otniela (Mpi 3:10)
2. Debora (Mpi 4:4)
3. Gideona (Mpi 6:14, 34)
4. Jefta (Mpi 11:29)
5. Samsona
   a. Nanindry azy ny Fanahy (Mpi 13:25).
   b. nilatsaka taminy ny Fanahy (Mpi 14:14).

II. NOHO NY HOSOTRA, JESOSY DIA NANAPAKA ZIOGA.

A. Nanambara i Jesosy fa amin'ny alalan'ny Fanahy no nanapahany ny fatorana ara-panahy, ara-batana, ary ara-pihetseham-po (Lk 4:17-18).

B. Nofintinin'i Petera ny asa fanompoana voahosotry ny Fanahy nataon'i Jesosy (Asa 10:38).

III. NOHO NY HOSOTRA, NY MPIANATRA DIA NANAPAKA ZIOGA.

A. Nampanantenain'i Jesosy ny Mpanaraka Azy koa io hosotra tao Aminy io (Lk 24:49; Asa 1:4-5; 1:8).

B. Tamin'ny Pentekosta no nanatanterahany izany fampanantenana izany (Asa 2:1-4).

D. Raha vao nandray ny Fanahy ny mpianatra dia lasa nandeha sy nanao asa fanompoana tao anatin'ny hery sy ny hosotry ny Fanahy Masina.

1. Ohatra: Ny asa fanompoana feno hosotra nataon'i Petera sy Jaona teo amin'ny vavahadin'Itsaraendrika (Asa 3:1-10).

IV. ANDROANY KOA, NOHO NY HOSOTRA, NANTSOINA HANAPAKA ZIOGA ISIKA.

A. Androany, voafatotry ny zavatra maro ny olona.

1. Voafatotry ny fahotana.
2. Voafatotry ny herin'ny maizina.

3. Voafatotry ny fivavahana Silamo.

B. Tsy maintsy hosorana amin'ny Fanahy isika raha te hampiasain'Andriamanitra amin'ny famahana ireny zioga ireny.

D. Ahoana no hahazoantsika io hosotra io?
   1. Tsy maintsy manolotra ny tenantsika ho an'ilay "Mpanosotra" (Jesosy) isika.
   2. Tsy maintsy ao anatin'ny fiombonana isika.
      a. Ny fiombonantsika dia fiombonan-tanjona…fampandrosoana…fahatapahan-kevitra.
      b. Sl. 133:1-3. (Mariho tsara ny vokatry ny fiombonana amin'ny hosotra izay miteraka fitahiana).
   3. Tsy maintsy mamela an'i Jesosy hanosotra antsika isika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà mandray ny hosotra amin'ny alalan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

[JI]

Mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana momba ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Isika rehetra dia afaka ho mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana momba ny Fanahy Masina mahomby.

Tanjon'ny Toriteny: Ny mpino dia ho feno ny Fanahy sy hanokana ny tenany ho amin'ny fahatongavana ho mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana momba ny Fanahy.

Andalana: 2 Korintiana 3:5-6

Fampidirana

1. Nantsoina ho mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana momba ny Fanahy isika.
2. Ny maha mpanao asa fanompoana manam-pahaizana manokana dia mitaky zavatra efatra:

I. MIDIKA IZANY FA NY MPANAO ASA FANOMPOANA (NA LAHY NA VAVY) DIA EFA NOFENOINA NY FANAHY ARY MIHAZONA NY FANDEHANANA ISAN'ANDRO AO AMIN'NY FANAHY.

A. Ny Batisa ao amin'ny Fanahy Masina no fepetra fototra takiana amin'ny mpanao asa fanompoana ara-panahy (Lk 24:49; Asa 1:1-8).

B. Ny mpanao asa fanompoana dia tsy maintsy mihazona ny fandehanana isan'andro ao amin'ny Fanahy (Gal 5:16, 25).

1. Ny tsy maintsy tanjona faratampony ho azy ireo dia fitoerana ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy.
2. Amin'ny alalan'ny vavaka, ny fahamora tohina eo anatrehan'ny Fanahy, ny fankatoavana, ary ny fahamasinam-piainana.

II. MIDIKA IZANY FA NY MPANAO ASA FANOMPOANA DIA AFAKA MANAMBARA AMIM-PAHOMBIAZANA NY TENY AO ANATIN'NY HERIN'NY FANAHY MASINA.

A. Ny andraikitra voalohany sahanin'ny mpanao asa fanompoana dia ny fitoriana an'i Kristy ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina (Mk 16:15-16; Asa 1:8).

B. Izany no ohatra nasehon'ny apostoly (Asa 4:8-12).

III. MIDIKA IZANY FA NY MPANAO ASA FANOMPOANA DIA AFAKA MITARIKA NY HAFA AO ANATIN'NY FAHAFENOAN'NY FANAHY.

A. Io no tanjona voalohany tamin'i Jesosy sy ny apostoly:
   1. Ny asa voalohany nataon'i Jesosy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty (Jn 20:21-22).
   2. Baiko farany nomen'i Jesosy (Asa 1:1-8).
   3. Zavatra voalohany nanahirana ny apostoly tany Samaria (Asa 8:17-18).
   4. Zavatra voalohany nanahirana an'i Paoly tany Efesosy (Asa 19:1-2).

B. Io koa no tsy maintsy iray amin'ny tanjona goavana tratrarintsika ao anatin'ny asa fanompoana.

IV. MIDIKA IZANY FA NY MPANAO ASA FANOMPOANA DIA AFAKA MANOMPO AO AMIN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA AVY AMIN'NY FANAHY MASINA SY MAMPIANATRA NY HAFA HANAO IZANY.

A. Jesosy dia nampanantena fa hanome hery antsika (Asa 1:8).
   1. Io hery io dia miseho voalohany indrindra amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy.

B. Ny fanomezam-pahasoavana dia…
   1. …hampitao antsika sy hampiorina ny fiangonana.
   2. …hanampy antsika hampiely amim-pahombiazana ny filazantsara.
   3. …hanome antsika ny fitaovana entina miady ara-panahy.

D. Tsy maintsy tonga mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana amin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo isika.

E. Tsy maintsy mahay mampianatra ny hafa ny fomba hampiasana ny fanomezam-pahasoavana isika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Fanontaniana manan-danja roa no entiko mamarana:

1. Ahoana no hahatonga antsika ho mpanao asa fanompoana manana fahaizana manokana momba ny Fanahy?
   a. Ny Fanahin'Andriamanitra no manome ny fahaizana ilaina.
   b. Aza adinoina, tsy hahaleo mihitsy raha "isika irery" (2 Ko 3:5).
   d. Fa "ny fahaleovantsika dia avy amin'Andriamanitra".
2. Inona no tsy maintsy ataontsika manoloana izany amin'izao fotoana izao?
   a. Manapaha-hevitra
   b. Manokàna tena
   d. Aoka hofenoina/na hofenoina indray ny Fanahy.

[DRM]

42 Dunamis–Martus

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy fenoina ny *dunamis* (hery) avy amin'Andriamanitra isika hahatonga antsika ho *martus* (vavolombelona) any amin'ny firenena.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia hahatakatra ny andraikitra maha vavolombelon'i Kristy azy ary handray ny herin'ny Fanahy mba hahatanterahany izany andraikitra izany.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Ny andalana noraisintsika dia mirakitra ireo teny farany nataon'i Jesosy talohan'ny niakarany tany an-danitra (Asa 1:8).
   a. Ireo teny ireo dia mamaritra mazava ny iraky ny Fiangonana.
   b. Manambara ny toromarika fitoriana filazantsara tokony harahan'ny fiangonana izy ireo: "Mahazo hery (avy eo) tonga Vavolombelony."
   d. Misy teny fanalahidy roa ao anatin'io andininy io, "hery" sy "vavolombelona".
   e. Ny teny Grika ho an'ireo teny roa ireo dia *dunamis* sy *martus.*
2. Ato anatin'ity hafatra ity isika dia hijery akaiky ireo teny Grika roa ireo, ary handray fampiharana avy amin'izay hitantsika.

I. DUNAMIS (HERY)

A. Mariho tsara fa ny resahantsika eto dia *dunamis*-n'Andriamanitra.
   1. Ny *dunamis* dia Andriamanitra irery ihany no afaka manome azy.
   2. Azy io, noho izany Izy ihany no afaka manome azy.

B. Ny teny *dunamis* dia ampiasaina in-120 ao amin'ny Testamenta Vaovao Grika.
   1. In-77 io teny io no nadika hoe "hery".
   2. Adika koa izy io hoe "asa lehibe," "tanjaka," "fahagagana," ary "hatsaram-panahy".

D. Raha adika amin'ny ankapobeny, ny teny *dunamis* dia midika tanjaka, hery na fahaiza-manao.
   1. Hery miorina ao anaty na "hery anaty" izy io.
   2. Hery mitoetra ao anaty miaraka amin'ny hatsaram-panahy rehetra entiny.
   3. Tafiditra ao anatin'io ny hery miteraka fahagagana, ny hery ara-pitondrantena, ny hery ara-bolan ary ny hery ara-tafika.

E. Io hery io dia tsy voafetran'izay tsapa na tsy tsapantsika, fa feran'izay atao na tsy ataontsika.
   1. Ireo rehetra ireo no ao anatin'ny *dunamis*-n'Andriamanitra.
   2. Izy io dia miseho amin'ny alalan'ny vavolombelona mahery vaika, arahana famantarana, fahagagana, hery ara-pitondrantena, ary hatsaram-panahy.
   3. Izany no hery iriny omena antsika!

F. Io *dunamis*-n'Andriamanitra io dia miasa any amin'ny firenena manerana izao tontolo izao, miasa eto amin'ny kontinanta Afrikana, miasa any anatin'ny sakana ara-poko sy amin'ny fiteny, miasa ao anatin'ny ankohonantsika, miasa ato anatin'ity efitrano ity, miasa ao amin'ny fiainanao androany.

II MARTUS (VAVOLOMBELONA)

A. Ny teny *martus* dia ampiasaina in-34 ao amin'ny Testamenta Vaovao Grika.
   1. In-29 io teny io no nadika hoe "vavolombelona".
   2. Adika koa izy io hoe "martiora" sy "ambony indrindra."
   3. Ny vavolombelona dia manome ny fijoroany vavolombelona amin'ny alalan'ny teny, ny hetsika, ary ny sorona.

B. Betsaka ny fomba hahafahana mahatakatra io teny io:
   1. Ohatra, vavolombelona ao anaty efitrano fitsarana.
   2. Na, olona nanatri-maso fotoana manokana (mpitazana).
   3. Na, olona manolotra ny ainy ho an'ny antony iray (martiora).
   4. Tafiditra ao anatin'ny *Martus* ny toriteny sy ny fijoroana vavolombelona am-bava; kanefa mihoatra lavitra noho izany.

D. Ndeha hojerena ireo *martus* roa ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly:
   1. Stefana dia vavolombelona tamin'ny fomba samihafa.
      a. Lehilahy feno finoana sy Fanahy Masina (6:5).
      b. Nanao famantarana lehibe teo amin'ny vahoaka izy (6:8).
      d. Niteny tamin-kery izy (6:10).
      e. Naneho fahatanjahan-tsaina izy tamin'ny nahafatesany (7:56-60).
   2. Paoly (Saoly avy any Tarsosy) dia naneho tamin'ny fomba hafa, kanefa mitovy ihany ny maha vavolombelona.
      a. Nankasitraka ny namonoana an'i Stefana izy (Asa 8:1).
      b. Ny fijoroana vavolombelon'i Stefana dia nandray anjara tamin'ny fiovam-pony.
      d. Nandritra ny asa fanompoany, Paoly dia vavolombelona tamin'ny alalan'ny toriteny mahery vaika, famantarana sy fahagagana, fitondrantena mendrika, sns.

e. Tahaka an'i Stefana, Saoly dia nanolotra ny ainy, tamin'ny alalan'ny fiainana "maty ho an'ny tena" sy "velona ho an'i Krsity".

E. Araka izany, ny fiangonana voalohany dia nampaherezin'ny *dunamis*-n'Andriamanitra ary nanokan-tena ho *martus*-n'i Kristy.
   1. Vokany, niely nanerana an'i Jerosalema, Jodia ary Samaria, eny hatrany amin'ny "faran'ny" tany ny filazantsara.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatona izao ankehitriny ary atokany ho an'i Kristy amin'ny maha *martus* ny tenanao.
2. Ary raiso ny *dunamis* mba hahafahanao manambara ny Hafany amin'ny olona rehetra mandra-piveriny eny amin'ny rahon'ny lanitra.

[DT]

43 Voatafy hery ho amin'ny andro farany

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy Masina isika mba hahafahantsika manatanteraka ny iraka amin'izao andro farany izao.

Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny mpino vita batisa ao amin'ny Fanahy Masina ka handray anjara amin'ny fijinjana ho an'Andriamanitra amin'izao andro farany izao.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:17

Fampidirana

1. Ny andro farany amin'ny fanomanana fotoana manokana dia fotoana fitomboan'ny asa atao sy ny fahamaikana.
   a. Ohatra, fiomanana amin'ny fampakarambady.
2. Ny andalana eto dia miresaka mikasika ny "Andro Farany", fotoana itomboan'ny asa atao sy fahamaikana ao amin'ny tontolo ara-panahy.
3. Hametraka sy hamaly fanontaniana telo mikasika ny Andro Farany izay mifototra amin'io andalana io isika:

I. INONA NO DIKAN'NY ANDIAN-TENY HOE "ANDRO FARANY?"

A. Ny Jiosy dia nahita ny Andro Farany ho fotoanan'ny fitahiana Mesianika.
   1. Fotoana hitsaran'Andriamanitra ny manompo Azy.
   2. Fotoana hanamarinany ny Olony.

B. Ao amin'ny Testament vaovao isika dia manana fanambarana feno kokoa momba ny Andro Farany.
   1. Petera dia nanoritra ny Andro Farany ho fotoana fandatsahana ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny olombelona rehetra (jereo ny andalana).
   2. Tafiditra ao anatin'io ny sokajin-taona rehetra ao amin'ny fiangonana.
      a. Nanomboka niaraka tamin'ny fahatongavan'i Jesosy voalohany tamin"ny herin'ny Fanahy sy ny nandatsahana ny Fanahy tamin'ny Andro Pentekôsta izany.
      b. Mbola miitatra hatramin'ny fiverenany fanindroany izany.
   3. Miaina ao anatin'ny Andro Farany isika.
      a. Isika dia "Olon'ny Andro Farany".
      b. Isika dia maina ao anatin'ny "vanim-potoana anelanelany." (anelanelan'ny fahatongavan'i Jesosy voalohany sy ny fiaviany fanindroany).

d. Araka izany, tsy maintsy miaina ao anatin'ny fahatsapana fanantenana sy fahamaikana isika (Asa 1:10-11).

II. INONA AVY IREO TOETRA MANAN-DANJA MAMPIAVAKA NY ANDRO FARANY?

(Betsaka tokoa. Efatra ihany no horesahantsika:)

A. Fotoana "famitàna" ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny firenena (Asa 3:19-21).
B. Fotoana handatsahana ny Fanahy manerana izao tontolo izao (izany hoe., "amin'ny olombelona rehetra").
D. Fotoana hitoriana ny filazantsara amin-kery any amin'ny firenena rehetra (Mt 24:14; Asa 1:8; 2:21).
E. Fotoanan'ny hetsika faminaniana lehibe sy fanehoana amin'ny fomba mahery vaika ny herin'Andriamanitra ho fanoherana ny fanjakan'i Satana (Asa 2:14-18; jereo Mt 12:28).

III. MIDIKA INONA AMINTSIKA VAHOAKA PENTEKÔTISTA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO IREO FAHAMARINANA IREO?

A. Isika tsirairay avy dia tsy maintsy mahatakatra fa nantsoina sy notafiana hery mba handray anjara ao amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny firenena.
B. Amin'ny maha "vahoakan'Andriamanitra amin'ny Andro farany", tsy maintsy mahatsapa ny maha maika ny asantsika isika (Jn 9:4).
D. Tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy manokana isika mba hahafahantsika manatanteraka ny asa fanompoantsika (Lk 24:49; Asa 1:4-5).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manontany ianao, "Ahoana no hahafahako mandray anjara amin'ny Iraka lehiben'Andriamanitra amin'izao andro farany izao?"
   a. Aoka ho azonao fa ianao dia iray amin'ny "vahoakan'Andriamanitra amin'ny Andro Farany".
   b. Aoka ho feno ny Fanahy androany.
2. Inona no tsy maintsy ataon'ny olona iray hahatonga azy ho feno ny Fanahy?
   a. Mangataka amin'ny finoana (Lk 11:9-13).
   b. Mandray amin'ny finoana (Mk 11:24).
   d. Miteny amin'ny finoana (Asa 2:4).

[DRM]

44 Ny fanafiana ny herin'ny Fanahy sy ny Iraka Lehibe

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Mila tafiana ny herin'ny Fanahy isika mba hahatanterahantsika ny Iraka Lehibe.
Tanjon'ny toriteny: Ao anatin'ny fahavononana handray anjara amin'ny fanatanterahana ny Iraka Lehibe, ny mpino dia ho feno ny Fanahy Masina.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:4-8

Fampidirana

1. Ao anatin'ny andalana noraisintsika, Jesosy dia nanoritsoritra ny batisa amin'ny Fanahy Mahina ho fahatsapana fanafiana hery nomena hanatanterahana ny Iraka Lehibe.
2. Mipetraka ny fanontaniana, "Ahoana marina no hanampian'ny fanafiana hery antsika amin'ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny iraka?"
3. Io fahatsapana io dia manampy amin'ny fomba enina tena manan-danja fara fahakeliny:

I. TONGA MIARAKA AMIN'NY FANAFIANA NY HERIN'NY FANAHY NY FAHARISIHANA HANAMBARA AN'I KRISTY AMIN'NY VERY.

A. Izany no nitranga tamin'ny mpianatra tamin'ny Pentekosta sy taorian'izany.
   1. Ohatra: Petera (Asa 2:14).
   2. Ny mpino taorian'ny Pentekosta (Asa 2:47).
   3. Fanazavan'i Petera: (Asa 11:12).

B. Izany no ilàantsika tsirairay ny fahafenoana amin'ny Fanahy.

II. TONGA MIARAKA AMIN'NY FANAFIANA NY HERIN'NY FANAHY NY HERY HANDRESENA NY FANAMBY SY NY HERY DEMONIAKA.

A. Ny fanambarana ny filazantsara dia tena hotoherin'ny Satana sy ny demoniany mafy tokoa (2Ko 4:4).
B. Amin'ny herin'ny Fanahy ihany no hahafahantsika mandresy ireo legiona avy any amin'ny helo ireo (Mt 12:28).

III. TONGA MIARAKA AMIN'NY FANAFIANA NY HERIN'NY FANAHY NY FAHAFAHANA MITORY TENY MIARAKA AMIN'NY HERY LEHIBE SY NY FAHOMBIAZANA.

A. Taorian'ny Pentekosta, ny mpianatra dia nitory tamin-kery lehibe sy tamim-pahombiazana:
   1. Ohatra: Petera taorian'ny Pentekosta: (Asa 2:41).

2. Ohatra: Taoriana kely tany Jerosalema: (Asa 4:31-33).

B. Andriamanitra dia hanafy hery antsika hanao tahaka izany.

IV. TONGA MIARAKA AMIN'NY FANAFIANA NY FANAHY NY FAHASAHIANA HITORY AN'I KRISTY, ENY NA DIA EO ANATREHAN'NY LOZA LEHIBE AZA.

A. Matetika ny fanambarana an'i Kristy mety ho lasa raharaha mampidi-doza:
   1. Ohatra: Petera tao Jerosalema (Asa 12:1-5).
   2. Ohatra: Paoly tany Galatia (Asa 14:19-20).

B. Ny Fanahy no hanome antsika fahasahiana eo anatrehan'ny loza tahaka izany.

V. TONGA MIARAKA AMIN'NY FANAFIANA NY FANAHY NY FIANDRANDRANA NY FITARIHAN'ANDRIAMANITRA.

A. Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia mametika ny Fanahy no mitarika ireo misionera:
   1. Ohatra: Ny Fanahy dia nitarika an'i Filipo (Asa 8:29-31).
   2. Ohatra: Ny Fanahy dia nitarika an'i Paoly (Asa 16:6-9).

B. Hitarika antsika koa ny Fanahy androany.

VI. TONGA MIARAKA AMIN'NY FANAFIANA NY FANAHY NY FATOKIANA LEHIBE FA NY HISY FANAHY VOAVONJY ARY HIORINA NY FIANGONANA.

A. Tonga miaraka amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina ny fatokiana fa Andriamanitra no hanome fahombiazana (Lk 5:10).

B. Io fatokiana io dia hanampy amin'ny fampaherezana antsika ao amin'ny asa.
   1. Ohatra: Paoly (Asa 18:10-11).

D. Noho ireo tombontsoa maro dia maro ireo, tsy mahagaga raha nandidy antsika hofenoina ny Fanahy i Jesosy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Mandroso izao ankehitriny izao mba hofenoina!
2. Amin'ny fomba ahoana?
   a. Mangataka amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
   b. Mandray amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   d. Miteny amin'ny finoana (Asa 2:4, 14; Jn 7:38).

[DRM]

Nifidy ny malemy Andriamanitra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Matetika Andriamanitra no mifidy ireo olona sy fiangonana malemy eo imason'izao tontolo izao ary manafy hery azy ireo hanao asa lehibe.

Tanjon'ny Toriteny: Ny mpino dia hahatakatra fa Andriamanitra dia afaka mampiasa azy ireo — Raha ho feno ny Fanahy sy hanokana ny tenany ho amin'ny Tanjony, ary ho feno ny Fanahy ary hotafiana hery ho an'ny asa izy ireo.

Andalana: 1 Korintiana 1:26-29

Fampidirana

1. Matetika isika no mieritreritra fa ny hany azon'Andriamanitra ampiasaina dia ireo olona manam-bola, manana fahefahana, na talenta manokana ihany.
2. Ny andalana noraisintsika nefa dia manambara fa mifanohitra amin'izany ny tena fahamarinana.
   a. Matetika Andriamanitra no mampiasa ireo olona na zavatra malemy sy tsy misy lanjany eo imason'izao tontolo izao ho fanatanterahana ny Tanjony.
   b. Midika izany fa raha manokana ny tenanao ho an'ny sitrapon'Andriamanitra ianao ary hofenoina ny Fanahy, dia afaka hampiasa anao amin'ny fomba mahery vaika Andriamanitra.
3. Ndeha hojerentsika akaiky kokoa ny mikasika izany.

I. MIRONA AMIN'NY FIFANTOHANA AMIN'NY FAHALEMENTSIKA ISIKA.

A. Marina izany ho antsika isam-batan'olona.
   1. Mahatsapa ho tsy mifanasahaza isika
   2. Noho izany, miala amin'ny asa fanompoana isika.

B. Marina koa izany ho antsika amin'ny maha fikambanana:
   1. Malemy sy tsinontsinona no fahitantsika ny fiangonantsika.
   2. Noho izany, tsy sahy mihetsika manao asa fanompoana ao amin'ny fiaraha-monina misy antsika isika.

D. Marina koa izany ho antsika Afrikana:
   1. Matetika dia malemy sy tsy mahefa na inona na inona no fahitantsika ny Afrikana.
   2. Noho izany, avelantsika ataon'ny hafa ny asa misiona.

II. TSY TOKONY HADINOINTSIKA FA ANDRIAMANITRA DIA MIFIDY NY MALEMY HANATANTERAKA NY SITRAPONY.

A. Nanambara fahamarinana mahatalanjona i Paoly: “ny malemy amin'izao tontolo izao no nofidian'Andriamanitra hampahamenatra ny mahery” (1Ko 1:27).
B. Ny Baiboly dia feno ohatra maro maneho io fitsipika fototra araka an’Andriamanitra io:
    1. Tamin’ireo ampira lehibe nanerana izao tontolo izao, dia Isiraely, izay firenena kely no nofidian’Andriamanitra ho Solotenany eto amin’izao tontolo izao (Dt 7:6-10).
    2. Davida no nofidian’Andriamanitra ho mpanjakan’Isiraely, ilay kely indrindra tamin’ny zanak’i Jese (1Sa 16:11-13).
    3. Lehilahy tsotra no nofidian’i Jesosy ho Mpianany.
D. Noho izany, raha mihevitra ny tenanao ho malemy sy tsinontsinona ianao, mifalia!
    1. Satria nifidy anao Andriamanitra…ary te hanosotra sy hampiasa anao.
    2. Ankoatr’izany, nofidian’Andriamanitra ity fiangonana ity…ary tiany hotafiana hery hanatratra ny fiaraha-monina misy antsika.
    3. Tsy izany ihany, nofidian’Andriamanitra i Afrika…ary harotsany amin’ny fiangonana eto Afrika ny Fanahy mba hahatonga azy ho fahazavana ho an’ny firenena.

III. TOKONY HIFALY ISIKA SATRIA ANDRIAMANITRA DIA NAMPANANTENA ANTSIKA NY HERINY.

A. Ao Amin’ny Asan’ny Apostoly 1:8 io fampanantenana io
B. Inona no antony nifidianan’ ny malemy?
    1. Satria ny malemy no azony ampiasaina.
    2. Amin’izay, Izy no mandray ny voninahitra (1Ko 12:9).
D. Ahoana no ampiasan’Andriamanitra ny malemy?
    1. Amin’ny alalan’ny fanomezana azy ireo ny Anarany (Jn 14:13; Asa 3:6).
    2. Amin’ny fanafiana azy ireo amin’ny Fanahiny (Asa 1:8).
    3. Amin’ny alalan’ny fanirahana azy ireo, sy fombana azy ireo amin’ny asa (Mt 28:18-20).
    4. Amin’ny fiahiana ny zavatra ilain’izy ireo (Fil 4:19).
    5. Amin’ny fanamarinana ny Teniny amin’ny famantarana izay manaraka azy ireo (Mk 16:17-18; Asa 4:33).

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Andriamanitra dia te hampiasa antsika amin’ny fomba tsy mbola noeritreretintsika.
2. Tsy maintsy manokana ny tenanao ho amin’ny Tanjony sy hofenoina ny Fanahiny ianao.
3. Mandrosoa izao ankehitriny izao. [DRM]

Andriamanitry ny toe-javatra tsirairay

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Andriamanitra dia hanafy hery antsika hanatanteraka ny Irany na dia ao anatin'ny fotoanan'ny fanoherana mafy aza.

Tanjon'ny Toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary ho voaomana amin'ny fanambarana ny filazantsara ao anatin'ny fanenjehana.

Andalana: Asan'ny Apostoly 4:23-31; 5:17-20, 29

Fampidirana

1. Amin'ny maha vahoakan'Andriamanitra misionera antsika dia takiana ny handehanantsika any amin'ny toerana samihafa hanambara ny filazantsara sy hanangana fiangonana.
2. Tahaka ny apostoly sy ny evanjelista ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, afaka manantena ny ho tojo fanoherana isika.
3. Avy amin'ireo Soratra Masina novakiana ireo, afaka mianatra zavatra telo mikasika ny fanampian'Andriamanitra antsika mandritra ny fotoanan'ny fanoherana isika:

I. TSY MAINTSY AZONTSIKA TSARA NY TENA MARINA MOMBA NY FANOHERANA.

A. Ny fahatakarana ny herin'ny Fanahy Masina dia homena antsika mba hitoriana ny filazantsara.

B. Rehefa mandeha isika dia afaka manampo hifanehatra amin'ny fanoherana ataon'i satana.
   1. Ao anatin'ny andalana noraisintsika, ny apostoly dia niaina fanoherana (Asa 4:18-21; 5:27-28, and.33).
   2. Jesosy, tenany koa, dia notoherin'i Satana.
   3. Isika, koa, dia afaka manampo fanoherana avy amin'i satana.

D. Mety ho avy amin'ny zotra samihafa no hiavian'izany fanoherana izany, kanefa mety ho avy amin'ny loharano tokana ihany koa.
   1. Mety avy amin'ny mpitarika fivavahana, avy amin'ny mpitarika pôlitikan avy amin'ny mpikambana ao amin'ny ankohonana, na avy amin'ny zotra hafa tanteraka.
   2. Ny hany loharanon'ny fanoherana, nefa dia Satana. (Efe 6:12).

E. Tsy maintsy mitory ny filazantsara isika na dia eo aza ny fanoherana.
   1. Tsy nahasakana an'i Jesosy tamin'ny fitoriana ny teny ny fanoherana.

2. Tsy nahasakana ny apostoly tamin'ny fitoriana ny teny ny fanoherana.
3. Tsy tokony hahasakana antsika amin'ny fitoriana ny teny ny fanoherana.
4. Ny fampaherezan'ny anjely: "Mandehana... mitsangàna ... mitoria" (Asa 5:20).

II. TSY MAINTSY MIVAVAKA ISIKA MANDRITRA NY FOTOANAN'NY FANOHERANA.

A. Manana safidy isika rehefa tonga ny fanoherana:
   1. Afaka miraviravy tanana sy mandositra isika.
   2. Na afaka mivavaka!

B. Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, nivavaka ny fiangonana nandritra ny fotoanan'ny fanenjehana sy fanoherana (Asa 4:23-30).

D. Inona no nangatahan'ny mpino rehefa nivavaka izy ireo (Asa 4:23-30)?
   1. Tsy nangataka fanafahana izy ireo.
   2. Nivavaka araka ny Soratra Masina izy ireo (Asa 4:25-26).
   3. Nivavaka izy ireo mba hatao ny sitrapon'Andriamanitra.
   4. Nivavaka izy ireo mba hanehoan'Andriamanitra ny Heriny.
   5. Nivavaka izy ireo mba homena fahasahiana hitoriana ny filazantsara.

E. Novalian'Andriamanitra tamin'ny fomba mahery vaika ny vavak'izy ireo (Asa 4:31).
   1. Nasehony ny Fanatrehany.
   2. Nofenoiny ny Fanahiny izy ireo.
   3. Nitory ny tenin'i Kristy tamim-pahasahiana izy ireo (Asa 4: 31-33; 5:29-32).
   4. Hanao tahaka izany amintsika koa Andriamanitra—raha hivavaka isika!

III. TSY MAINTSY MAHATSAPA NY HERIN'ANDRIAMANITRA ISIKA AO ANATIN'NY FANOHERANA. (Vakio: Asa 4:31)

A. Tsy maintsy azontsika fa Andriamanitra dia tsy mandositra mandritra ny fotoanan'ny fanoherana.
   1. Tsy nilaozany ny aspotoly, fa nofenoiny ny Fanahiny, ny Heriny, ary ny Fahasahiany hitory ny filazantsara na dia eo aza ny loza.
   2. Hanao tahaka izany amintsika koa Izy.
   3. Misy fotoana Andriamanitra manafaka antsika amin'ny toe-javatra sarotra, indraindray koa nefa Izy manome antsika ny fahasahiana hiaretana ny fanenjehana sy hanohizana ny fitoriana ny filazantsara (Heb 11:32-38).

B. Mahatsapa ny herin'Andriamanitra isika rehefa fenoina sy fenoina indray ny Fanahy Masina.
   1. Izany no nitranga tamin'ny apostoly (Asa 4:31; 5:29-32)
   2. Tsy maintsy fenoina ny Fanahy isika ary tsy maintsy mahazo antoka fa feno ny Fanahy ny mpikambana ao amintsika.

D. Afaka mandray io hery io amin'ny alalan'ny fahafenoina na fahafenoina indray ao amin'ny Fanahy ianao androany.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Mandrosoa izao ankehitriny izao ary aoka ho feno ny Fanahy.
2. Ahoana no hahatonga antsika ho feno androany?
   a. Mangataka amin'ny finoana (Lk 11:9).
   b. Mandray amin'ny finoana (Lk 11:10, 13; Mk 11:24).
   d. Miteny amin'ny finoana (Asa 2:4; Jn 7:38).

[EL]

Ny Iraka lehibe sy ny batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny: Tsy maintsy fenoina ny Fanahy ny tsirairay avy amintsika mba hahafahantsika mankato amim-pahombiazana ny irak'i Jesosy dia ny fitoriana ny filazantsara any amin'ny firenena rehetra sy amin'ny olona rehetra.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary hanokan-tena ho amin'ny fankatoavana ny Iraka lehibe.

Andalana: Matio 28:18-20; Marka 16:15-16; Lioka 24:46-49; Jaona 20: 21-22; Asan'ny Apostoly 1:4-8

Fampidirana

1. Nandritra ny efapolo andro teo anelanelan'ny nitsanganan'i tamin'ny maty sy ny niakarany tany an-danitra, in-dimy i Jesosy no niresaka mikasika ny Iraka Lehibe:
   a. Novakiantsika teo ireo ohatra ny amin'izany.
   b. Amin'ny tsirairay avy amin'ireo, nampifandraisiny amin'ny hery sy fanatrehan'ny Fanahy hatrany ny Iraka Lehibe.
2. Ndeha hojerentsika ny tsirairay amin'ireo, ary hisintona famintinana mafonja avy amin'izay hianarantsika isika:

I. NDEHA HOJERENTSIKA TSIRAIRAY NY IRAKA LEHIBE NOMEN'I JESOSY TAORIAN'NY NITSANGANANY TAMIN'NY MATY.

A. Araka ny filaharany:
   1. Ny alin'ny nitsanganany tamin'ny maty (Jn 20:21).
   2. Taorian'nh nitsanganany, tany Galilia (Mt 28:18-20).
   3. Tamin'ny fotoana iray hafa, tamin'ny nisehoany tamin'ireo mpianatra iraka ambin'ny folo raha niara-nisakafo izy ireo (Mk 16:15-16).
   4. Talohan'ny niakarany any an-danitra (Lk 24:46-48; Asa 1:8b).

B. Mariho ireto tsara ho fantatra momba ireo fehezanteny eo ambony ireto:
   1. Ny Iraka Lehibe no lohahevitra nanan-danja indrindra tamin'i Jesosy nandritra ny efapolo andro nanelanelana ny Fitsanganany sy ny niakarany any an-danitra.
      a. Io no zavatra tokana tsy azon'izy ireo hamaivanina!
   2. Tahaka izany koa, io no tsy maintsy lohahevitra manan-danja indrindra amintsika alohan'ny hiverenany izay tsy ho ela intsony (Asa 1:9; Mt 24:14).
      a. Io no zavatra tokana tsy azontsika hamaivanina.

II. ISAKY NY MANOME NY IRAKA LEHIBE I JESOSY DIA NAMPIFANDRAISINY AMIN'NY HERY SY FANATREHAN'NY FANAHY HATRANY IZANY.

A. Ndeha haverintsika jerena indray mandeha ny Iraka Lehibe:
   1. Jaona 20:21-22
      a. Hoy Jesosy, "tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy…"
      b. Nanisy fofonaina izy ary nanao hoe, "Raiso…"
   2. Matio 28:18-20
      a. Hoy Jesosy aloha, "koa mandehana ianareo ary…"
      b. Ayy eo Izy nampanantena, "indro, Izaho momba anareo mandrakariva…" (Io dia fampanantenana ny hihavian'ny Fanahy; ampitahao Jn 14:16-18.)
   3. Marka 16:15-16
      a. Nandidy aloha i Jesosy, "Mandehana any amin'izao tontolo izao…"
      b. Avy eo Izy nampanantena, "Ary izao famantarana izao no…" (Io dia manondro ny herin'ny Fanahy araka asehony ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly).
   4. Lioka 24:46-49
      a. Hoy Izy aloha, "ny fibebahana sy ny famelan-keloka…"
      b. Avy eo Izy nandidy, "Mitoera eto an-tanàna…"
   5. Asan'ny Apostoly 1:8
      a. Hoy Izy, "ary ho vavolombeloko…"
      b. Kanefa talohan'izany dia hoy Izy, "Fa hahazo hery…" (jereo koa and. 4-5).

B. Mariho indray fa ny tsirairay amin'ny Iraka Lehibe dia miaraka amin'ny fampanantenan'i Jesosy fa ny Heriny na ny fanatrehany dia hanaraka izay mankato.
   1. Mbola mahomby hatramin'ny androany io fampanantenana io.

III. AHOANA NO HAMALIANTSIKA IREO FAHAMARINANA MANANDANJA IREO?

A. Tsy maintsy manokana indray ny tenantsika ho amin'ny fankatoavana ny baikon'i Kristy dia ny fitondrana ny filazantsara any amin'ny firenena rehetra isika.

B. Tsy maintsy fenoina sy fenoina indray ny Fanahy isika mba hahatonga antsika ho voatafy hery ka hahomby amin'ny fankatoavana ny baikon'i Kristy.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Manatona izao ankehitriny izao.
2. Atokany ny tenanao hanampy amin’ny fanatanterahana ny irak’i Kristy.
3. Aoka ho feno ny Fanahy.

[DRM]

48 Asa lehibe noho izany

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny mpino rehetra dia tokony handray anjara ao anatin'ny irak'i Kristy amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy ny mpino ary ho tonga mpandray anjara mavitrika amin'ny fanatrarana ny firenena ho an'i Kristy.

Andalana: Jaona 14:12

Fampidirana

1. Tamin'ny faratampony tamin'ny asa fanompoany teto an-tany no nanaovan'i Jesosy io fehezanteny io, ora maromaro talohan'ny namadihana sy nanombohana azy tamin'ny hazo fijaliana.
2. Nanomana ny Mpianany ho an'izay hitranga tsy ho ela i Jesosy.
3. Ao anatin'ny fahazavan'ireo tsara ho fantatra ireo, ndeha hojerentsika ireo fanambarana mahery vaika sady manan-danja nataon'i Jesosy tamin'io fotoana io.
4. Avy amin'io fanambarana io isika dia hianatra fahamarinana vitsivitsy manan-danja ho an'ny fiainantsika ankehitriny:

I. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FANAMBARAN'I JESOSY

A. Betsaka ireo fomba nandikana ny teny Grika *amen* ary anin'izany ireo "tena marina, tena marina"; "marina dia marina"; na "Lazaiko aminao marina."
   1. Fanambarana manetriketrika manamafy sy mampisy fiantraikany ny teniny izany.

B. Manana ny lanjany ny zavatra rehetra nolazain'i Jesosy; kanefa, Nasongadiny manokana ny zavatra sasany mba hahatonga antsika hifantoka amin'izany.

II. NY FANAMBARANA DIA MANANA TOETRA MHAFAOKA NY TONTOLO

A. Tamin'ny alina namadihana Azy no nilazan'i Jesosy ireo teny ireo. "Lazaiko aminareo…"

B. Kanefa io fanambarana io dia natao ho an'ny mpanara-dia an'i Kristy rehetra *("Izay mino Ahy*. . .")

III. NY TANJON'NY FANAMBARANA

A. Ny tanjony dia ny handraisan'ny mpino tsirairay anjara amin'ny Asany. (*"Izay mino Ahy…ny asa ataoko no <u>hataony koa</u>.")*

B. Inona no asa nataon'i Jesosy?

1. Nitory ny vaovao mahafalin'ny fanjakan'Andriamanitra sy niantso ny olona hibebaka ary ho voavonjy Izy.
2. Nanasitrana ny marary Izy, ary nandroaka ny fanahin'ny demonia.

D. Ny tanjony nefa dia mihoatra noho ny fandraisana anjara fotsiny, ny hahatonga antsika hampitombo ny Asany: *"asa lehibe noho izany…"*

IV. FAMPANANTENANA HERY HO FANATANTERAHANA NY FANAMBARAN'I JESOSY

A. Nilaza i Jesosy fa hanohy ny Asany isika
"…satria Izaho mankany amin'ny Ray…"
1. Kanefa tsy amin'ny herin'ny tenantsika.

B. Ny fanalahidy amin'ny fahazoana tsara io fehezanteny io dia hita ao amin'izay nazavain'i Jesosy amin'ny Mpianany eo ambany eo.
1. Vakio ny Jaona 14:16-18
2. Jaona 16:7: *"Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aminareo ny Mpananatra".*
3. Fa rehefa tonga ny Fanahy dia Harotsany amin'ny mpino rehetra any amin'ny toerana rehetra ka dia feno ny herin'Andriamanitra izy ireo.
4. Mahasoa antsika izany satria fony teto an-tany, Jesosy dia tamin'ny toerana iray ihany niaraka tamin'ny Mpianany.

D. Notanterahan'i Jesosy ny fampanantenany.
1. Tamin'ny Andro Pentekosta, nandatsaka ny Fanahy Masina tamin'ny fiangonana Izy.
2. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia maneho antsika ny modely tao amin'ny fiangonana voalohany: *rehefa tonga mpanara-dia an'i Kristy ny olona dia atao batisa amin'ny Fanahy Masina ary ampiasain'Andriamanitra amin'ny fanohizana ny asan'i Kristy.*
3. Na dia amin'izao andrantsika izao aza, tian'i Jesosy ho feno ny Fanahy sy hanohy ny Asany ny tsirairay avy amin'ny Mpanara-dia Azy.

V. AHOANA NO HAMALIANTSIKA IREO FAHAMARINANA IREO?

A. Voalohany, tokony hamaly ao amin'ny finoana isika.
1. Hoy i Jesosy, "*Izay mino Ahy*..."
2. Finoana no fanalahidin'ny famaliana an'Andriamanitra araka ny tokony ho izy.

3. Tsy maintsy mino isika fa…
    a. …ny asan'i Kristy no tena asa manan-danja indrindra eto.
    b. …Hameno antsika amin'ny Fanahy Masina Andriamanitra ary hiasa amin-kery amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona sy ny famonjena fanahy.

B. Manaraka, tokony hanokana ny tenantsika tanteraka ho amin'ny irak'i Kristy.

D. Farany, Tokony hivavaka isika mba ho feno ny Fanahy Masina.
    1. Nampanantena i Jesosy fa hanao izay rehetra angatahantsika amin'ny Anarany (and. 13-14).
    2. Tokony hanomboka amin'ny fangatahana Azy hameno antsika amin'ny Fanahy Masina sy ny hery hanaovany ny Asany isika (Lk 11:9-13).
    3. Aorian'ny fandraisana ny Fanahy Masina, tsy maintsy mihazona ny Fanatrehany amin'ny alalan'ny fikatsahana Azy hatrany ao anatin'ny vavaka Izy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Ndeha isika handroso sy hangataka an'Andriamanitra hameno antsika amin'ny Fanahy ary hanohy ny asan'i Kristy amin'ny alalan'ny fitoriana ny filazantsara.

[MT]

Ny Fanahy Masina sy ny fambaboana Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny herin'ny Fanahy Masina dia takiana amin'ny toriteny mahomby izay mitarika ny mpanota amin'ny fibebahana sy ny famonjena.

Tanjon'ny toriteny: Handrisika ny mpitoriteny hikatsaka tsy tapaka ny fahafenoana sy ny herin'ny Fanahy Masina manomboka eto.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:14 - 41

Fampidirana

1. Fantantsika rehetra tsara fa maro ny mpitoriteny amin'izao androntsika izao.
   a. Kanefa, zavatra samihafa tanteraka ny mitory teny sy ny mitory teny amim-pahombiazana.
   b. Ny mitory teny amim-pahombiazana dia mitondra fijinjana fanahy ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.
   d. Raha tsy amin'ny herin'ny Fanahy Masina, voafetran'ny fahaiza-manaony manokana ny fahombiazan'ny mpitoriteny.
   e. Mba hisin'ny toriteny mahomby, ny mpitoriteny mahomby dia tsy maintsy mampandray anjara ny Fanahy Masina, izay Tompon'ny Fijinjana.
2. Tamin'ny Andro Pentekosta, natao batisa tamin'ny Fanahy Masina i Petera ary avy eo nitsangana nitoriteny teo ambany hosotry ny herin'ny Fanahy, nahery vaika ny hafatra nentiny ka 3000 indray nibebaka.
3. Misy telo ny fomba hampitaovan'ny Fanahy Masina antsika amin'ny famamboana fanahy:

I. AMBARANY NY TSIAMBARATELON'NY FON'NY OLONA.

A. Resy lahatra amin'ny fanambaran'ny hafatr'Andriamanitra izy ireo ka mibebaka sy manaiky nyTompo Jesosy Kristy (Asa 2:37; 1Ko 14:25).

B. Maro no manamarina izany, rehefa mahare ny fitoriana ny filazantsara izy ireo, tsapany fa toa izy mivantana no resahan'ny mpitoriteny, ary toa mahafantatra ny zavatra rehetra momba Azy ny mpitoriteny.

D. Mahafantatra ny zavatra rehetra ny Fanahy Masina, ary Izy no miresaka amin'ny mpanota amin'ny alalan'ny mpitoriteny voahosotry ny Fanahy (1Ko 2:10-13).

II. HO POROFON'NY FANATREHAN'ANDRIAMANITRA DIA MANEHO NY HERIN'ANDRIAMANITRA IZY.

A. Tamin'ny Andro Pentekosta, rehefa feno ny Fanahy ny 120, nisy fahagagana niseho, nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy mbola hainy izy ireo.
    1. Nifanontany ny vahoaka rehefa nahare izany, "Inona no hevitr'izao?"
    2. Nanokatra ny varavarana nahafahan'i Petera nanambara ny filazantsara tamin'izy ireo izany.
B. Nampanantena i Jesosy fa hisy famantarana hanaraka ireo izay mitory ny teny (Mk 16:17).
D. Nanao asa lehibe i Jesosy noho ny herin'ny Fanahy Masina (Asa 10:38).
    1. Na dia nisalasala tamin'ny teny aza ny vahoaka, rehefa mahita famantarana, dia ho voasarika hino.
    2. Raha feno ny Fanahy Masina ianao, Andriamanitra dia hanatanteraka famantarana maneho ny fahamarinan'ny fisiny amin'ny alalan'ny asa fanompoanao ary handresy lahatra ny tsy mpino hibebaka (Asa 1:8).

III. IZY NO MANOME FAHATAKARANA ARA-PANAHY NY OLONA MBA HAHATONGA AZY IREO HO AFAKA HAMALY NY FAMPANANTENAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA.

A. Vakio Efe 1:17-18.
B. Ny olona voajanahary dia jamba eo anatrehan'ny fahamarinana, fa ny Fanahy Masina no manokatra ny mason'ny jamba sy manambara ny Fahamarinan'Andriamanitra mba hahazoan'izy ireo izany (1Ko 2:12-16).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Ndeha isika handroso sy hikatsaka fahafenoana vaovao avy amin'ny Fanahy Masina mba hahatonga ny heriny hiasa ao anatin'ny toritenintsika sy hampitao antsika hanatratra ny very amin'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy.

[EC]

50 Ny Fanahy Masina sy ny asa fanompoan'ny fiangonana

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy azo sy eken'ny fiangonana ny Fanahy Masina mba hahatanterahany ny asa fanompoany.

Tanjon'ny toriteny: Hampahery ny olona hanome ny Fanahy Masina ny tena toerany ao anatin'ny fiangonana.

Andalana: Jaona 16:7-15; Asan'ny Apostoly 5:3-4; 13:2

Fampidirana

1. Ny Fanahy Masina dia "mpikamba ao amin'ny Telo Izay Iray", manatanteraka ny tanjon'Andriamanitra ao anatiny sy amin'ny alalan'ny fiangonana androany.
   a. Ny fanemorana ny Fanahy Masina any amin'ny toerana aoriana dia manimba ny antom-pisin'ny fiangonana
2. Ato amin'ity hafatra ity isika dia hifankazatra amin'ny Fanahy Masina,sy hanasongadina ny maha zava-dehibe Azy sy asany.

I. FAHAZOANA NY FANAHY MASINA

A. Ny Fanahy Masina dia Persona (izany hoe, manana fahitaran-tsaina, fihetseham-po ary sitrapo Izy).
   1. Ny baiboly dia maneho ny Fanahy Masina ho…
      a. …manana saina sy sitrapo (Ro 8:27, 1Ko 12:11).
      b. …mampianatra (Jn 14:26).
      d. …mijoro vavolombelona (Kol 4:6; Ro 8:15-16).
      e. …mifona (Ro 8:26).
      f. …miteny sy maniraka (Apok 2:7, Asa 16:6-7).
      g. …manaramarina (Jn 15:26).
   2. Mety malahelo Izy (Efe 4:30).
   3. Mety misy ny mandainga Aminy (Efe 4:30).

B. Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra.
   1. Manana ny toetran'Andriamanitra:
      a. Mandrakizay Izy (Heb 9:14).
      b. Manerana ny zavatra rehetra Izy (Sl 139:7 – 10).
      d. Mahay ny zavatra rehetra Izy (Lk 1:35).
      e. Mahalala ny zavatra rehetra Izy (1Ko 2:10, 11).
   2. Manao ny asan'Andriamanitra Izy:
      a. Famoronana (Ge 1:2; Job 33:4).
      b. Fananganana ny maty (Ro 8:11).
   3. Mitovy laharana amin'ny Ray sy ny Zanaka Izy (1Ko 12; 4-6; 2Ko 13:14; Mt 28:19; Apok 1:4).

II. NY MAHA ZAVA-DEHIBE SY NY ANDRAIKITRY NY FANAHY MASINA AO AMIN'NY ASAN'NY FIANGONANA

A. Izy no miandraikitra ny famonjena.
   1. Izy no mampiaiky ny fahotana (Jn 16:7-8).
   2. Izy no manambara ny fahamarinana momba ny an'i Kristy (Jn 14:16, 26).
   3. Izy no manome ny fahateraham-baovao (Jn 3:3-6).
   4. Izy no mitondra ny mpino ao anatin'ny tenan'i Kristy (1 Ko12:13).

B. Izy no miandraikitra ny fanamasinana.
   1. Mitoetra ao amin'ny mpino ny fanahy, noho izany, eo ambanin'ilay hery manamasina ao Aminy izy ireo (Ro 8: 9; 1 Ko 6:19).
   2. Izy no manamasina, manadio, mitarika ary manentana ny mpino hiaina amin'ny fiainam-pahamasinana.
   3. Izy no manafaka amin'ny fahotana (Ro 8:2-4; Gal 5:16-17; 2Tes 2:13).
   4. Izy no milaza amin'ny mpino fa zanak'Andriamanitra izy ireo (Ro 8:16).
   5. Izy no manampy ny mpino ao anatin'ny fiderana (Asa 10:46).
   6. Izy no manampy antsika amin'ny vavaka sy ny fifonana (Ro 8:26-27).
   7. Izy no mamokatra toetra manahaka an'i Kristy sy toetra manome voninahitra Azy (Gal 5:22-23; 1Pe 1:2).
   8. Izy dia mpampianatra avy amin'Andriamanitra (1 Ko 2: 9-16), mitarika ny mpino ho amin'ny marina rehetra (Jn 16:13; 14:26; 1).
   9. Izy no manambara an'i Jesosy amin'ny mpino su mitarika azy ireo amin'ny fifandraisana sy fiombonana akaiky amin'i Jesosy (Jn 14:16-18; 16:14).
   10. Izy no mampita tsy tapaka amintsika ny fitiavan'Andriamanitra (Ro 5: 5).
   11. Izy no manome fifaliana, fampaherezana ary fanampiana (Jn 14:16; 1Te 1:6).

D. Izy no miandraikitra ny fanompoana.
   1. Manafy hery ny mpino ho amin'ny fijoroana vavolombelona Izy (Asa 1:8).
   2. Izy no mizara ny fanomezam-pahasoavana.
      a. Hanehoana ny fahasoavana, ny hery ary ny fitiavan'ny Fanahy amin'ny Vahoakany (1 Ko 12:4-7; 12:25; Ro 15:15 18, 19; Efe 4:8).

b. Hampahombiazana ny fitoriana ny filazantsara amin'ny fanamarinana amin'ny fomba mihoatra ny voajanahary ny hafatra (Mk.16:15-20; Asa 14:8-18; 16:16-18; 19:4-20).
d. Hiahiana ny zavatra ilain'ny olona sy hampatanjahana ary hampiorenana ny fiangonana
sy ny mpino isam-batan'olona (1 Ko 12:7,14-30; 14:3,12,26; 1Ti 1:5).
e. Hitarihana amim-pahombiazana ny ady ara-panahy ifanandrinana amin'i Satana sy ny herin'ny ratsy (Isa 61:1; Asa 3:5-7; 26:18; Efe 6: 11-12).

3. Izy no mitarika ny iraky ny fiangonana (Asa 13:2,4).
4. Izy no manendry ny mpiasa ho amin'ny fijinjana (Asa 20:28).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Araka ireo fahamarinana ireo, ny fiangonana dia tsy maintsy manome ny Fanahy Masina ny tena toerany marina. Ndeha hekentsika amin'ny maha izy Azy Izy ary avelantsika hanatanteraka ny asany rehetra.

[CO]

51 Ny drafitr'i Jesosy amin'ny fananganana fiangonana Pentekôtista

Toriteny ao anatin'ny fehezanteny tokana: Tsy maintsy manaraka ny drafitr'i Kristy amin'ny fananganana ny Fiangonany isika.
Tanjon'ny toriteny: Hanampy ny mpino hahatakatra ny drafitr'i Kristy amin'ny fananganana ny Fiangonany, sy hitarika azy ireo ho feno ny Fanahy Masina mba hahafahan'izy ireo manaraka ny Drafiny.
Andalana: Lioka 24:45-49

Fampidirana

1. Ny drafitra dia soritrasa entina manangana zavatra.
2. Ao amin'ny andalana noraisintsikan Jesosy dia nanome ny drafiny amin'ny fananfanana fiangonana Pentekôtista.
3. Raha harahantsika ny Drafiny, dia hanangana ny Fiangonany amin'ny alalantsika Izy.
4. Singafototra telo no ao anatin'io drafitra io:

I. NY HAFATRA TORIAN'NY FIANGONANA (and. 46-47a)

A. Tsy maintsy mitory ny filazantsara isika, ka ireto manaraka ireto no ao anatin'izany:
   1. Kristy nijaly sy maty noho ny fahotantsika (and. 46a)
   2. Kristy nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo (and. 46b).
   3. Izay mibebaka amin'ny fahotany sy mametraka ny finoany ao amin'i Kristy dia ho voavonjy (and. 47a, Ro 10:9).

B. Izany no tsy maintsy ivon'ny toritenintsika, satria izany no…
   1. …herin'Andriamanitra ho famonjena (Ro 1:16; 1 Ko 1:18).
   2. …hany fanantenana ho an'ny mpanota (Jn 14:6, Asa 4:12).

II. NY IRAKA TSY MAINTSY TANTERAHAN'NY FIANGONANA (and. 47b-48).

A. Tsy maintsy mitory io hafatra io amin'ny anaran'i Kristy (and. 47).
   1. Tsy mitory amin'ny anarantsika na ny fahefantsika isika fa amin'ny fahefan'ny anaran'i Jesosy (Mt 28:18-20).

B. Tsy maintsy mitory io hafatra io amin'ny firenena rehetra (and. 47).
   1. Tsy manomboka eo amin'ny "Jerosalemantsika" isika ary mandeha hatrany amin'ny faran'ny tany (Asa 1:8).

D. Ny irak'Andriamanitra voalohany ho antsika tsirairay avy dia ny ho Vavolombelony (and. 48).

E. Hanaiky ny anjaranao ao anatin'ny irak'Andriamanitra ve ianao?

1. Hitory ny hafatry ny filazantsara amin'ny very ve ianao?
2. Handray anjara amin'ny fitondrana io hafatra io any amin'ny firenena rehetra ve ianao?

III. NY HERY AZON'NY FIANGONANA ANTENAINA FA HORAISINA (and.49).

A. Ny loharanon'ny hery dia ny Fanahy Masina.
   1. Tonga ao amin'ny mpino Izy ary mameno azy ireo amin'ny Heriny.
   2. Ny Ray dia nampanantena fa haniraka ny Fanahy Masina (Joela 3:1).
   3. Naniraka ny Fanahy i Jesosy tamin'ny Andro Pentekosta.
   4. Ny fampanantenana ny fanomezana, izany hoe ny Fanahy Masina dia ho an'ny mpino tsirairay (Asa 2:17, 38-39).
   5. Ny tsirairay avy amintsika dia mila fenoina ny Fanahy Masina tahaka ny ireo mpino ao amin'ny Asan'ny Apostoly.

B. Mila ny herin'ny Fanahy isika rehetra.
   1. Tsy navelan'i Jesosy niala tao Jerosalema ny mpianatra raha tsy voatafy ny hery avy any amin'ny avo (Lk 24:49).
   2. Tsy tokony hisy olona handeha tsy mitafy eny imasom-bahoaka! Tahaka izany koa, ny kristiana dia tsy tokony handeha any amin'izao tontolo izao raha tsy voatafy ny herin'ny Fanahy Masina.
   3. Raha tsy miaraka amin'ny herin'ny Fanahy isika tsy hahavita hitory ny hafatra araka ny tokony ho izy sy hanatanteraka ny iraka nomen'i Kristy antsika.

D. ny herin'ny Fanahy dia tsy hery ara-bola, na fahiratan-tsaina, na ara-piaraha-monina; fa hery ara-panahy.
   1. Ny Fanahy no manova ny fomba fisainana sy fiasantsika.
   2. izy no mampitao antsika hitory ny hafatry ny hazo fijaliana amim-pahombiazana sy amim-paherezana.
   3. Izy no manome fahafantarana fanahy samihafa, fahendrena, ary fanomezam-pahasoavana manan-danja hafa.
   4. Izy no manampy antsika hiaina fiainam-pahamasinana mba hahatonga ny asantsika sy ny tenintsika samy ho vavolombelon'i Kristy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà ary atokàny ny tenanao ho an'ny Irak'Andriamanitra dia ny fitoriana an'i Kristy amin'izao tontolo izao.
2. Aoka hofenoina ny Fanahy Masina ianao mba hanananao hery hanatanterahana izany.

[DG]

52 Ireo teny farany “Tsy dia malaza” nataon’i Jesosy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tokony hahatakatra sy hankato ireo teny farany “tsy dia malaza” nataon’i Jesosy isika.
Tanjon’ny toriteny: Hahatonga ny mpino hahatakatra ny maha zava-dehibe ny batisa amin’ny Fanahy Masina sy ny fandraisana izany fahatsapana izany androany.
Andalana: Asan’ny Apostoly 1:1-11

Fampidirana

1. Ity andalana ity dia mirakitra ireo teny farany nataon’i Jesosy talohan’ny niverenan’i Jesosy tany an-danitra (and. 4-8).
2. Nantsoiko hoe “tsy dia malaza” izy ireo satria ny ankamaroan’ny kristiana dia tsy mahafantatra azy ireo na misafidy ny tsy hankato azy ireo.
3. Androany isika dia hianatra ireo teny ireo, ary matoky fa hankato azy ireo koa.
4. Fahamarinana enina momba ireo teny farany nataon’i Jesosy no tokony ho azontsika: (izy ireo dia…)

I. TENY AVY AMIN’NY TSINDRIMANDRIN’NY FANAHY (and. 2: “rehefa nodidiany tamin'ny Fanahy Masina”)

A. Teo ambany fitarihan’ny Fanahy Masina no nanatanterahan’i Jesosy ny asa fanompoany manontolo (Lk 4:17-18; Asa 10:38).
B. Eto, taorian’ny Nitsanganany tamin’ny maty, mbola niteny tamin’ny Fanahy.
D. Isika koa, dia nantsoina hanao asa fanompoana ao amin’ny Fanahy (Asa 1:8).

II. TENIN’NY FANJAKANA (and. 3: “nilaza ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra”)

A. Tonga Jesosy hanambara ny fanjakan’Andriamanitra (Mk 1:15).
B. Ny fanjakan’Andriamanitra dia tonga amin-kery (Mk 9:1; 1 Ko 4:20).
D. Andraikintsika ny mampandroso ny Fanjakan’Andriamanitra eto an-tany (Mt 24:14).

III. TENY MISY FAHEFANA (and. 4: “namepetra azy”)

A. Jesosy dia nandidy antsika mba ho feno ny Fanahy Masina (and. 4; jereo koa Efe 5:18).
B. Ny fahatsapana ny batisa amin’ny Fanahy Masina dia tena zava-dehibe tokoa ka tsy azo avela ho azo isafidianana.

D. Tsy maintsy mankato ny Baikony isika rehetra androany (Jn 14:15; Mt 28:20).

IV. TENY MANAFY HERY (and. 8: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo”)

A. Kristy dia nandidy ny kristiana tsirairay ho Vavolombelony (Lk 24:44-46).
B. Ny tanjona voalohany amin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina dia ny fanafiana hery ho vavolombelona (Asa 1:8, 4:31).
D. Tonga io fanafiana hery io rehefa “milatsaka amintsika ny Fanahy Masina.”

V. TENY FANIRAHANA (and. 8: “ho vavolombeloko…hatramin'ny faran'ny tany.")

A. Kristy dia te hanafy hery antsika amin’ny Fanahiny mba hahafahantsika manatanteraka ny Iraka Lehibe (Lk 24:47-49).
B. Ny iraka lehibe dia baikon’i Kristy hitondrana ny filazantsara any amin’ny firenena rehetra (Mt 28:19-20; Mk 16:1-16).
D. tsy maintsy fenoina ny Fanahy ny tsirairay avy amintsika mba hahafahantsika mandray anjara amin’ny irak’i Kristy (Asa 1:4-5).

VI. TENY FANAOVAM-BELOMA (and. 9: “Ary rehefa nilaza izany Jesosy, dia nakarina Izy raha mbola nijery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan'ny masony intsony Izy”).

A. Ireo no teny farany nataon’i Jesosy.
B. Noho izany, teny manan-danja tokoa izy ireo.
D. Tsy maintsy mankato ny Teniny isika androany sy fenoina ny Fanahy Masina ary mitory ny filazantsara amin’ny very.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Manatonà izao ankehitriny mba hofenoina ny Fanahy Masina.
2. Ahoana no hahatonga anao hofenoina ny Fanahy Masina?
   a. Mangataka amin’ny finoana (Lk 11:9, 13).
   b. Mandray amin’ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   d. Miteny amin’ny finoana (Asa 2:4; Jn 7:37-38).

[DRM]

53 Lesona avy amin'ny Asan'ny Apostoly 2

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Avelao ny Fanahy Masina hameno anao sy hanova ny fiainanao tahaka ny namenoany sy nanovany ny fiainan'ny mpianatra ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho feno sy/na hofenoina indray amin'ny Fanahy Masina ary hovoatafy hery amin'ny maha vavolombelon'i Kristy azy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-46

Fampidirana

1. Vao novakiantsika teo ny momba ny Andro Pentekosta.
2. Ny Pentekosta no mametraka ny taridalana ho an'ny sisa rehetra ao anatin'ny taonan'ny Fanahy.
3. Inona avy no lesona azontsika ianarana avy amin'izay nitranga tamin'ny Andro Pentekosta?

I. TAHAKA NY MPIANATRA TALOHAN'NY PENTEKOSTA, TSY MAINTSY MANIRY NY HERIN'NY FANAHY MASINA HO AN'NY FIAINAN'NY FIANGONANA SY NY FIAINANTSIKA ISIKA.

A. Tsy maintsy maniry Azy haneho ny Tenany eto anivontsika isika (and.1-3).
B. Tsy maintsy maniry Azy hameno antsika amin'ny Heriny sy ny fanatrehany isika androany (and.4).
D. Raha manao ireo zavatra ireo isika dia afaka manantena ny tananantsika hahatsikaritra ny fisintsika tahaka ny tao Jerosalema (and. 5-13).

II. TAHAKA NY MPIANATRA TAMIN'NY PENTEKOSTA, TSY MAINTSY MAHATAKATRA NY DIKAN'NY FAHATONGAVAN'NY FANAHY AO AMIN'NY FIAINANTSIKA SY AO AMIN'NY FIAINANTSIKA ISIKA.

A. Midika izany fa isika dia manaraka ny ohatra napetraky ny Baiboly ho an'ny mpino rehetra (and.14-18).
B. Midika izany fa afaka manantena fanambarana vaovao mikasika an'i Jesosy ao amin'ny fiainantsika sy ny asa fanompoantsika isika (and. 22-24; 32-33, 36).
D. Midika izany fa isika dia handray anjara ao anatin'ny fiaraha-monin'ny mpaminanin'Andriamanitra amin'izao andro farany izao (and.17-18, 4 sy 14).

III. TAHAKA NY MPIANATRA TAMIN'NY PENTEKOSTA, AFAKA MANANTENA NY FIANGONANTSIKA HOVAIN'NY FAHATONGAVAN'NY HERIN'NY FANAHY ISIKA.

A. Ny mpanota dia hahatsapa ny fanatrehan'ny Fanahy eto anivontsika, ary ho resy lahatra sy hiaiky ny fahotany izy ireo (and. 37).
B. Ho feno olona miantso ny anaran'i Kristy ny alitarantsika (and. 41).
D. Hihamatanjaka sy hahery ny fiangonantsika.
    1. Hatanjaka amin'ny fiombonana (and. 42).
    2. Hatanjaka amin'ny hery ara-panahy (and. 43).
    3. Hatanjaka amin'ny fitiavana (and. 44-45).
    4. Ho feno fifaliana (and. 46).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Tsy maintsy manahaka ny mpino tamin'ny Andro Pentekosta.
2. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina ny Fanahy Masina!

[DRM]

Lehilahy mitory teny eny tontolo eny

Ny andraikitry ny lahika lehilahy voahosotry ny Fanahy Amin'ny fampandrosoana ny Fanjakan'Andriamanitra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Andriamanitra dia te hameno ny lahika lehilahy amin'ny Fanahy sy hampiasa azy ireo hitory ny filazantsara eny tontolo eny.

Tanjon'ny Toriteny: Hahatonga ny lehilahy kristiana lahika ho feno ny Fanahy sy hizara ny filazantsara amin'ny very.

Andalana: Asan'ny Apostoly 8:1-5

Fampidirana

1. Inona no tokony ho andraikitry ny lehilahy lahika feno ny Fanahy Masina ao anatin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao?
2. Araka ny nahazatra, tena voafetra izy io, kanefa inona kosa no ampianarin'ny Baiboly?
3. Avy amin'ny tantaran'ny fifohazam-panahy tany Samaria dia mianatra lesona teloi sika:

I. ANDRIAMANITRA DIA NAMETRAKA "ANTSO HITORY NY TENY" AMIN'IZAO TONTOLO IZAO EO AMIN'NY FIAINAN'NY LEHILAHY KRISTIANA LAHIKA

A. Ireo izay "nitory teny tontolo eny" ao amin'ny andalana noraisintsika dia tsy ny apostoly fa ny lehilahy lahika feno ny Fanahy Masina (and. 4).

B. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia miresaka mikasika ireo lehilahy lahika voahosotry ny Fanahy izay nitory ny filazantsara tamin-kery tamin'ny olona very.

1. *Stefana* dia fitaovana nampiasain'Andriamanitra nanomana ny fon'i Paoly tamin'ny fandraisana ny filazantsara (Asa 6-7).
2. *Filipo* no nitarika ny fifohazam-panahy tao Samaria (Asa 8:4-17).

D. Tsy maintsy tonga ao amin'ny fahatakarana marina ny antso ho amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny fomba fijery Pentekôtista aloha isika.

1. tena misy ny antso manokana ho matihanina amin'ny asa fanompoana.
2. Kanefa, ny kristiana rehetra dia koa dia nantsoina ho vavolombelon'i Kristy.
3. Araka izany, ny tsirairay avy izay vita batisa amin'ny Fanahy Masina no "nantsoina hitory" ny filazantsara (Asa 1:8).

II. ANDRIAMANITRA NO MIASA SY MITARIKA NY FIAINANTSIKA ANY AMIN'IZAY TOERANA TIANY HITORIANTSIKA NY FILAZANTSARA.

A. Ao anatin'ny andalana, nandeha nitory ny filazantsara *teny tontolo eny* izy ireo.
   1. Ho azy ireo "teny tontolo eny" dia "teny amin'ny tany Jodia sy Samaria izy rehetra" (Asa 8:1).
   2. Ho anao "eny tontolo eny" dia mety amin'ny ankiizlahy ao anatin'ny fiangonanao, eny amin'ny fonenanao na any ampiasa, amin'ny tanàna akaikin'ny misy anao, any amin'ny tanàna nahaterahanao, ny vohitra tsy mbola tratry ny filazantsara ao amin'ny tanàna misy anao, ny sekoly tsy lavitry ny fonenanao, na ny toerana hafa mila mahare mikasika an'i Kristy.
   3. Ho an'i Jesosy, tafiditra ao anatin'ny "eny tontolo eny" ireo "lavitra rehetra eto ambonin'ny tany" (Asa 1:8; Mk 16:15-16).

B. Ny Fanahy no hitarika anao any amin'izay tiany hitorianao ny filazantsara.
   1. Izy no nitarika ny mpianatra tao Jerosalema tamin'ny famelana ny fanenjehana hitranga (and. 1).
   2. Afaka mitarika anao amin'ny fomba samihafa Izy:
      a. Mety hiteny mivantana aminao Izy.
      b. Mety hametraka zavatra ilaina eo akaikinao Izy.
      d. Mety hampiasa toe-javatra Izy hahatsapanao zavatra ilaina (Mt 9:36-37).
      e. Indraindray ny asantsika mitondra antsika any amin'izay tian'i Kristy hitoriantsika teny.

III. MBA HAHATANTERAKA NY ANTSON'ANDRIAMANITRA AMIN'NY FIAINANTSIKA, TSY MAINTSY FENOINA NY FANAHY MASINA ISIKA.

A. Ny fahafenoan'ny Fanahy no nanome ireo lehilahy lahika ao amin'ny andalana noraisintsika ny hery nilainy tamin'ny fanatanterahana izay nataony.
   1. Na dia nandositra fanenjehana azy izy ireo dia "nandeha nitory teny tontolo eny" (and. 4).
   2. Nanao izany izy ireo satria feno fanokanan-tena ho an'i Kristy sy ny Iraka napetrany ary feno ny Fanahy Masina (Asa 2:4; 4:31).
   3. Marina izany na tamin'i Stefan ana tamin'ny Filipo (Asa 6:3-10).

B. Isika koa, tsy maintsy atao batisa amin'ny Fanahy sy tafiana hery amin'ny fomba mahery vaika mba hahatonga antsika ho vavolombelona (Asa 1:8).

D. Ahoana no hahatonga antsika tsirairay ho feno ny Fanahy Masina?
    1. Amin'ny alalan'ny fangatahana an'i Kristy hameno antsika (Lk 11:9-13).
    2. Amin'ny alalan'ny finoana ny teny fikasan'i Kristy (Mk 11:24).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà ary aoka hofenoina ny Fanahy androany.
2. Avy eo, mandehàna mitory ny filazantsara amin'ny very na aiza na aiza ahitanao azy ireny.

[DRM]

55 Ny tanjona misioneran'ny Pentekosta

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny fitantaran'ny Baiboly ny Pentekosta dia manambara fa ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fanafiana hery ho an'ny fijoroana vavolombelona misionera.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary ho tonga vavolombelona mahomby ho an'i Kristy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8; 2:1-12

Fampidirana

1. Ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fanafiana hery ho vavolombelona ao an-tokantrano sy manerana izao tontolo izao (Asa 1:8).
2. Io fahamarinana io dia noporofoin'ny zava-niseho tamin'ny Andro Pentekosta.
3. Tsara ho fantatra enina maneho fa ny tanjon'ny Pentekosta dia fanafiana hery ho amin'ny fijoroana vavolombelona manontolo:

I. NY FAMPANANTENANA NY PENTEKOSTA.

A. Ny fampanantenana ny Pentekosta dia hita ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1: 8.

B. Araka ny fampanantenan'i Jesosy, ny tanjona voalohan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ny hanafy hery ny kristiana ho vavolombelona ao an-tokantrano sy any amin'ny firenena rehetra.

II. NY FOTOANAN'NY PENTEKOSTA.

A. Nairotsaka ny Fanahy tamin'ny Andrp Pentekosta (Asa 2:1).

B. Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny Pentekosta dia fetin'ny fijinjana (Eks 23:16; 34:22).

D. Tsy vokatry ny kisendrasendra io fotoana: Ny Pentekosta dia nanamarika ny fiandohan'ny fijinjana lehiben'Andriamanitra maneran-tany.

III. NY NITRANGAN'NY PENTEKOSTA.

A. Mariho ny Asan'ny Apostoly Asan'ny Apostoly 2:5: "Ary nisy Jiosy, mpivavaka tsara, nitoetra tany Jerosalema, avy tany amin'ny firenena samy hafa rehetra ambanin'ny lanitra".

B. Nanomana fivoriana niraisam-pirenena Andriamanitra tamin'ny Andro Pentekosta satria tiany ho azontsika tsara fa ny tanjon'ny Pentekosta dia ny hanafy hery ny fiangonana hanatratra ny olona any amin'ny firenena rehetra.

D. Ny iraka dia manomboka avy hatrany miaraka amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina (ohatra, nitoriteny i Petera ary olona 3000 avy amin'ny firenena samihafa no voavonjy, Asa 2: 41).

IV. NY FAMANTARANA NY PENTEKOSTA.

A. Hoy ny Asan'ny Apostoly 2:4, "niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa" izy rehetra.
B. Nifidy ny fitenin'ny Jentilisa Andriamanitra satria tiany isika hahatakatra fa ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fijoroana vavolombelona misionera.

V. NY FANAZAVAN'I PETERA NY PENTEKOSTA.

(Mariho ny fomba nanasongadinan'i Petera zavatra telo:)

A. Ny nasongadin'i Petera voalohany dia: "ny andro farany" (Asa 2:17).
    1. Ny fiangonana dia fiaraha-monin'ny "andro farany".
    2. Ny andro farany dia fotoanan'ny fijinjana!
B. Ny nasongadin'i Petera faharoa dia "ny nofo rehetra"" (Asa 2:17b, 39).
    1. Ny Batisa amin'ny Fanahy Masina dia ho an'ny olona rehetra na aiza na aiza.
    2. Tian'Andriamanitra hotafiana hery ny rehetra ka ho vavolombena Misionerany.
D. Ny nasongadin'i Petera fahatelo dia: ny fanambarana entanin'ny Fanahy (Asa 2:17-18).
    1. Ny fiangonana dia tokony ho fiaraha-monin'ny vavolombelona voahosotry ny Fanahy ho an'i Jesosy Kristy (Asa 2:21).

VI. NY VOKATRY NY PENTEKOSTA.

A. Ny vokatra nivantana avy amin'ny fandraisan'ny mpianatra ny Fanahy tamin'ny Pentekosta dia fijoroana vavolombelona mahery vaika voahosotry ny Fanahy.
    1. Nitoriteny i Petera ary, 3 000 no indray voavonjy (Asa 2:41).
    2. Tsy nijanona teo izany fa nitohy hatrany (Asa 2:47).
B. Throughout the book of Acts, every time the Spirit was poured out it resulted in powerful witness.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Tian'Andriamanitra handray anjara amin'ny Irany ianao.
2. Kanefa, tsy maintsy fenoina ny Fanahy aloha.
3. Mandrosoa izao ankehitriny izao ary raiso ny Fanahy Masina.

[DRM]

56 Manetsika fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Isika rehetra dia tsy maintsy manetsika ny fiangonantsika hahatonga azy ho fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina mahomby amin'ny fananganana fiangonana.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpitarika fiangonana dia hanokana ny tenany amin'ny fitarihana ny fiangonana ao anatin'ny fananganana fiangonana amim-pahombiazana sy ao anatin'ny herin'ny Fanahy.

Andalana: Nomery 11:16-17; Lioka 24:46-49

Fampidirana

1. Sitrapon'Andriamanitra ny hahatonga ny fiangonana tsirairay hahomby amin'ny fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana fiangonana.
2. Ato amin'ity hafatra ity isika dia hiezaka hamaly ity fanontaniana ity: "Ahoana no hahafahan'ny pasitera sy ny mpitarika fiangonana manentana ny fiangonana ho amin'ny fitoriana filazantsara sy fananganana fiangonana ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina?"
3. Mpitarika roa lehibe izay nanetsika ny mpanaraka Azy hanao asa fanompoana tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina no hodinihantsika akaiky.
   a. Voalohany, Mosesy, ilay mpitarika lehibe teo amin'Isiraely.
   b. Faharoa, Jesosy, ilay mpitarika lehibe antsika fiangonana.
4. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia ho ohatra lehibe ho antsika.
   a. Hojerentsika ny fomba nanetsehan'y ny mpanaraka azy.
   b. Hampiharintsika amin'ny toe-javatra iainantsika izay ianarantsika avy amin'izy ireo.

I. MOSESY DIA NANETSIKA NY LOHOLON'ISIRAELY (No 11:1-30).

A. Nanana olana i Mosesy.
   1. Nimonomonona ny vahoaka (and. 1-9).
   2. Tao anatin'ny tahotra mafy, niantso an'Andriamanitra i Mosesy (and. 10-15).

B. Nomen'Andriamanitra vahaolana misy lafiny efatra i Mosesy.
   1. Voalohany, tsy maintsy azon'i Mosesy antoka aloha fa feno ny Fanahy izy (notsoahana avy amin'ny and. 25).
   2. Manaraka, tsy maintsy misafiy amim-pahamalinana izay lehilahy hanampy azy izy (and. 16)

3. Fahatelo, Andriamanitra dia hameno azy ireo tsirairay avy amin'ny Fanahiny sy hanafy hery azy ireo hanampy an'i Mosesy amin'ny asa (and. 17).
4. Farany, ao anatin'izany rehetra izany, mila matoky an'Andriamanitra izy ireo fa Izy no hiahy amin'ny fomba mihoatra ny voajanahary ny zavatra ilainy (and. 17-23).

D. Nankato an'Andriamanitra i Mosesy ka tanteraka ny asa.
1. Nidina Andriamanitra ary nangalany ny Fanahiny izay tao amin'i Mosesy ka napetrany tao amin'ny loholona fito-polo lahy (and. 25).
2. Naminany izy ireo ary voatafy hery hanampy an'i Mosesy.

E. Avy amin'io tantara io, misy lesona manan-danja azontsika ianarana:
1. Tahaka an'i Mosesy, tsy maintsy feno ny Fanahy ny tenantsika.
2. Tahaka an'i Mosesy, tsy maintsy mikatsaka an'Andriamanitra isika mba hahazoantsika ny Taridalany.
3. Tahaka an'i Mosesy, tsy maintsy misafidy amim-pahamalinana ireo olona mahatoky afaka hanampy antsika amin'ny asa isika.
4. Tahaka an'i Mosesy, tsy maintsy ataontsika azo antoka fa ny tsirairay avy amin'izy ireo dia voatafy ny herin'ny Fanahy Masina.
5. Tahaka an'i Mosesy, tsy maintsy mampianatra azy ireo ny momba ny Irak'Andriamanitra isika.
6. Tahaka an'i Mosesy, tsy maintsy manetsika azy ireo sy mampiasa azy ireo amin'ny fanatanterahana ny asa isika.

II. TAHAKA IZANY KOA NO NANETSEHAN'I JESOSY NY FIANGONANA.

A. Tamim-pahamalinana no nifidianan'i Jesosy ireo izay hanampy Azy.
1. Fantany fa mila ny hafa Izy hanampy Azt amin'ny fanatanterahana ny asa fanatrarana ny firenena rehetra amin'ny filazantsara (Lk 24:46-48).
2. Nandany ny alina tao anatin'ny vavaka izy talohan'ny nifidianany ireo izay hanampy Azy (Lk 6:12-13).

B. Jesosy dia nanetsika azy ireo ho amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra.
1. Izy tenany mihitsy aloha no feno ny Fanahy (Lk 4:17-18).
2. Nandany fotoana betsaka niaraka tamin'izy ireo Izy, nampianatra Azy ireo ny Lalany, ny Irany, ary ny Asany Izy.
3. Nataony izay hahafeno ny Fanahy Masina ny tsirairay avy tamin'izy ireo (Lk 24:49, jereo koa Asa 1:4-8).

4. Nodidiny sy nirahany ho amin'ny asa izy ireo (Lk 24:48; Mk 16:15-16).

D. AMIN'IZAO FOTOANA IZAO, TONGA AMINTSIKA KOA FILAZANTSARA IO.

A. Tahaka an'i Jesosy, tsy maintsy manetsika ny fiangonana hitondra ny filazantsara amin'ny hafa isika.
B. Tsy maintsy azontsika antoka fa ny fiangonantsika dia feno ny Fanahy ary voahetsika hanangana fiangonana any amin'ny toerana tsy mbola mahafantatra an'i Kristy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina na hofenoina indray ny Fanahy.
2. Manatonà ary atokàny ny tenanao hanangana fiangonana hafa voatafy ny herin'ny Fanahy.

[LC]

Tsy amin-kery, na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny irak'Andriamanitra dia ny hamonjy ny very sy hanangana ny Fiangonany dia tsy ho tanteraka raha tsy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy izay miasa amin'ny alalan'ny Olony.

Tanjon'ny toriteny: Hahita ny olona feno ny Fanahy sy voatafy hery ho n'ny Irak'Andriamanitra.

Andalana: Zakaria 4:1-14

Fampidirana

1. Ny Irak'Andriamanitra dia ny hamonjy ny olona avy amin'ny firenena tsirairay sy hanangana ny Fanjakany amin'ny alalan'izy ireo (Asa 1:8).
2. Teo ambany fitarihan'i Zerobabela, ny jiosy dia niverina avy any amin'ny fahababoana tany Babylona ary nanangana tempoly vaovao. Kanefa, kivy izy ireo ka nandao ny asa. Valo ambin'ny folo taona taty aoriana, mbola tsy vita ihany ny asa.
3. Ato anatin'ity andalana ity, Andriamanitra dia nanambara tamin'ny Zerobabela fa mila mitoky amin'ny Fanahin'Andriamanitra izy raha te hahavita ny asa fananganana indray ny tempoly (Zak. 4:6).
4. Eto isika dia hianatra fahamarinana efatra manan-danja mikasika ny fomba hiasan'ny herin'Andriamanitra amin'ny alalantsika mba hahatanteraka ny Asany:

I. NY FANANGANANA NY TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA DIA TSY VITA RAHA TSY AMIN'NY HERIN'NY FANAHY (and. 1-6).

A. Ny fanaovan-jiro eto amin'ity andalana ity dia maneho ny firenena Isiraely izay notendren'Andriamanitra ho fahazavan'ny firenena.
   1. Andriamanitra dia niantso an'i Abrahama sy ny taranany mba hotahiana, ary amin'ny alalan'izy ireo indray no hitahiana ny firenena (Ge 12:1-3).
   2. Tsy nankato an'Andriamanitra Isiraely, noho izany, tsy nazava ny fahazavan'izy ireo.
   3. Eto Andriamanitra dia mamerina mametraka ny fahazavana amin'ny alalan'izay sisa tavela.
   4. Kanefa, tsy nanana hery hanatanterahana ny asa izy ireo, ary nandritra ny 18 taona dia nijanona tsy vita teo ny tempoly.

B. Tonga tamin'i Zerobabela ny tenin'ny Tompo (and. 6).

1. Tsy tolokevitra no nomena eto.
2. Hafatra avy amin'Andriamanitra momba ny fomba Fiasany.

3. Tsy inona fa ny hoe, "Tsy amin-kery, na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko."

D. Ny tempolin'Andriamanitra dia tsy voaorina raha tsy amin'ny herin'ny Fanahy
   1. Zerobabela dia nanorina indray ny tempoly tany Jerosalema.
   2. Isika ankehitriny kosa no tempolin'ny Fanahy Masina (Efe 2:19-22).

E. Mbola marina amintsika izay nolazain'Andriamanitra tamin'i Zerobabela:
   1. Hoy i Jesosy "haoriko ny fiangonako" (Mt 16:18).
   2. Tsy ho tanteraka izany raha tsy miantehitra sy mikatsaka ny herin'ny Fanahy ny vahoakan'Andriamanitra.
   3. Izay no antony nahatonga an'i Jesosy nampanantena ny Fanahy Masina ho an'ny mpino rehetra (Lk 24:49; Asa 1:4-5, 8).

II. REHEFA FENO NY FANAHY MASINA IANAO, TSY MISY SAKANA LEHIBE LOATRA AMINAO (and. 7-9).

A. Hisy foana ny sakana rehefa manokana ny fiainantsika amin'ny fambaboana ny very sy ny fananganana ny Fiangonany isika.

B. Tahaka an'i Zerobabela sy ny vahoaka Isiraely, mora tokoa ny manaiky ny fahakiviana sy mandao ny asa.

D. Avelan'Andriamanitra hiatrika sakana isika mba...
   1. …hampianarana antsika hikatsaka ny herin'ny Fanahy (and. 6).
   2. …Hanampiana antsika hahatakatra fa izay heverintsika ho sakana dia matetika tranga fanararaotra ho an'Andriamanitra.

E. Rehefa feno ny Fanahy Masina isika dia tsy misy sakana lehibe loatra amintsika.

III. REHEFA FENO NY FANAHY MASINA IANAO, TSY MISY FANOMBOHANA KELY LOATRA (and. 10; Hagay 2:2-5, 9).

A. "Fa iza no nanamavo ny andron'ny zava-madinika?" (and. 10).

B. "Ny voninahitr'ity trano ity any am-parany dia ho lehibe noho ny tany aloha" (Hag 2:9).

D. Andriamanitra dia mampiasa ny fanombohana kely ho fanatanterahana ny Irany.

IV. REHEFA FENO NY FANAHY MASINA IANAO, ANDRIAMANITRA DIA AFAKA MAMPIASA ANAO NA IZA IANAO NA IZA (and. 11-14).

A. Nandritra ny 18 taona, Josoa sy Zerobabela dia tsy nahomby tamin'ny iraka nankinina tamin'izy ireo.
   1. Kanefa, tsy kivy tamin'izy ireo Andriamanitra.

2. Ny Teniny ho azy ireo dia mila miantehitra amin'ny Fanahy Masina.

B. Matetika Andriamanitra no mampiasa ny olona malemy sy mahatsapa fa tsy mahavita azy.
   1. Rehefa feno ny Fanahy ianao, Andriamanitra dia hampiasa anao ar tsy miankina amin'ny lasanao izany.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny drafitr'Andriamanitra dia ny hamonjy ny very sy hanorina ny Fiangonany.
2. Izy dia mitady olona mino fa "tsy amin-kery, na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiny".
3. Androany, afaka fenoina ny Fanahin'Andriamanitra ianao mba hahatanterahanao ny irak'Andriamanitra.
4. Manatonà, mangataha ary minoa, ary Andriamanitra hameno anao amin'ny Fanahiny.

[MT]

58 Pentekosta sy fitoriana filazantsara manerana izao tontolo izao

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Raha tiantsika ny hanatratra izao tontolo izao ho an'i Kristy, tsy maintsy tafiana ny Fanahy ny tsirairay avy amintsika.

Tanjon'ny toriteny: hahatonga ny mpino ho feno ny Fanahy sy hanokana ny tenany amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanatrarana ny very eo amin'ny misy azy sy manerana izao tontolo izao.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8; 2:1-4

Fampidirana

1. Tamin'ny Pentekosta, Andriamanitra dia naniraka ny Fanahiny hanafy hery ny fiangonana amin'ny fitondrana ny Drafi-panavotany manerana izao tontolo izao (Asa 1:8; 2:1-4).
2. Satria efa hifarana izao vanim-potoana iainantsika izao, nalefa ny onjan'ny hery Pentekôtista.
3. Ny tanjony dia ny hanafy hery ny fiangonana hanatanteraka ny Iraka lehibe alohan'ny hiverenan'i Jesosy indray (Mt. 24:14).
4. Androany, eto am-panombohana, ny tsirairay amintsika dia tsy maintsy atao batisa amin'ny Fanahy Masina mba hahafahantsika mandray anjara amin'ny irak'Andriamanitra.
5. Ndeha isika hijery hevitra telo tena manan-danja avy amin'ireo tsara ho fantatra ireo:

I. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FAHATSAPANA PENTEKÔTISTA

A. Tena zavatra marina ny Batisa amin'ny Fanahy Masina.
   1. Mihoatra noho ny foto-pampianarana izy.
   2. Herin'Andriamanitra ateraky ny fanirina hanatanteraka ny tanjon'Andriamanitra izy.

B. Any Amerika Latina, ny roa ampahatelon'ny kristiana evanjelika dia avy any amin'ny tontolo Pentekôtista.
   1. Ny herin'ny Fanahy Masina no nahamaro isa sy nampitombo ireo fiangonana ireo.
   2. rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpino vaovao dia mailaka amin'ny fanambarana ny filazantsara.

II. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY ASA FANOMPOANA PENTEKOTISTA

A. Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina no hahafahantsika mifanandrina amin'ny fahavalo sy mandresy azy.

1. Matetika ny vavolombelon'i Kristy no tsy maintsy misedra ny herin'i Satana.
2. Ny misionera Pentekôtista sy ny mpanangana fiangonana dia manao dingan'ny finoana ho fihaikana ny herin'ny maizina.
3. OHATRA: tahaka an'i Elia teo an-tendrombohitra Karmela (1 Mpan 18:24).
4. Rehefa mandresy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina Andriamanitra, dia misokatra amin'ny fandraisana ny filazantsara ny fon'ny olona.

B. Ny firotsahana Pentekôtista dia mamokatra fiangonana teratany.
1. Manerana izao tontolo izao, ny ankamaroan'ny fiangonana teratany mihetsika sy mandroso diaPentekôtista.
2. Noho ny hafatsapana ny batisa amin'ny Fanahy Masina, ny mpino dia mahita taridalana ara-panahy sy hery ilaina amin'ny fandrosoana.

III. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FIHAZONANA NY FIFANTOHANTSIKA AMIN'NY PENTEKOSTA

A. Isika Pentekôtista dia tsy maintsy mihazona ny tanjontsika sy mizotra amin'ny lalana efa nitondra fandrsena sy fitahiana tamin'ny lasa.
1. Tsy maintsy manohitra ny fakam-panahy handao amin'ny fiainana amin'ny finoana sy hiantehitra amin'ny ezaky ny olombelona isika.
2. Tsy maintsy mihazona ny fitokisantsika ao amin'ny Fanahy Masina sy ny Fahaizany manafy hery antsika hanao ny asa isika.

B. Isika Pentekôtista dia tandindomin'ny loza samihafa, toy ny
1. Lozan'ny *fiviliana ara-poto-pampianarana.*
   a. Mitsoaka eo anivon'ny fiangonana Pentekôtista ny rivotry ny foto-pampianarana vaovao.
   b. Kanefa, tsy maintsy mihazona ny Soratra Masina ho loharanon'ny fahamarinana sy fomba amam-panao isika.
2. Ny lozan'ny *fialana amin'ny hetsiky ny Fanahy* noho ny fitiavana ny rafitra nataon'ny olombelona.
   a. Mety tena manampy tokoa ny rafitra.
   b. Kanefa, tsy maintsy mitandrina isika mba tsy hanasongadina loatra ny rafitra hiala amin'ny fanarahana ny hetsiky ny Fanahy Masina.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy Masina sy hotafiana hery handraisana anjara amin’ny irak’i Kristy dia ny fanatrarana ny very manerana izao tontolo izao.

[MH]

59 Ny herin'ny Pentekosta

Fehezanteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny herin'ny Pentekosta dia hanova anao ho evanjelista mirehitra ho an'i Kristy.
Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho feno ny Fanahy Masina sy ho tonga "evanjelista mirehitra" ho an'i Kristy.
Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-4

Fampidirana

1. Ny herin'ny pentekôsta dia nanova ny mpianatra, olona tsotra tsy dia nisy nahafantatra ho mpaminany voahosotry ny Fanahy, nanova ny mpanarato tsotra ho evanjelista mirehitra.
2. Ny herin'ny Pentekosta dia afaka manova anao avy amin'izay misy anao androany ho tonga vavolombelona mahery ho an'i Kristy.
3. Tsy maintsy miaina ny herin'ny Pentekosta ny tsirairay avy amintsika androany.
4. Mariho tsara ireto fahamarinana telo manan-danja momba ny Pentekosta ireto:

I. NY HERIN'NY PENTEKOSTA DIA HO AN'NY BESINIMARO.

A. Ny Fanahy dia narotsaka teo anatrehan'ny besinimaro.
   1. Izany hoe, narotsaka tamin'ny mpianatra 120 tsy ankanavaka.
   2. Mariho fa "samy feno ny Fanahy Masina *izy rehetra*" (and. 4).

B. Ny zava-nitranga tamin'ny Pentekosta dia nahatonga olona maro nihaino sy nino ny filazantsara.
   1. Vahoaka marobe no vory.
   2. Nitory ny filazantsara i Petera ka 3000 no voavonjy.

D. Ny tanjon'ny Pentekosta dia ny hahamaro ny olona mandray sy mino ny filazantsara, na eo amin'ny misy antsika na manerana izao tontolo izao (Asa 1:8).

II. NY HERIN'NY PENTEKOSTA DIA HO AN'NY TSIRAIRAY.

A. Ny mpianatra tsirairay dia niaina ny fahatsapana Pentekôsta niaraka tamin'ny Fanahy Masina.
   1. Raha feno ny rehetra, feno koa izany ny *tsirairay*.
   2. Mariho tsara fa ny lela mitarehin'afo dia nipetraka tamin'izy ireo "isan-olona" (and.5).

B. Tamin'ny Pentekosta dia nisy modely napetraka.
   1. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana ara-dalàna ho an'ny mpino rehetra.
   2. Fanafiana hery ho vavolombelona izy io (Asa 1:8).

3. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ho anao androany.

III. NY HERIN'NY PENTEKOSTA DIA FANATREHANA.

A. Jesosy dia nampanantena ny Mpianany fa hitohy hanatrika azy ireo:
   1. Tamin'ny fotoana nanomezana ny Iraka Lehibe, Izy dia nampanantena hoe, "indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao" (Mt 28:18-20; mariho ny and. 20).
   2. tao amin'ny efitrano ambony, talohan'ny nanombohana Azy tamin'ny hazo fijaliana, nampanantena Izy hoe "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho." (Jn 14:16-18; mariho ny 18).
   3. Ireo teny fampanantenana ireo dia tanteraka tamin'ny Pentekosta.
   4. Ny Fanahy Masina no manao izay hahatsapana ny fanatrehan'i Kristy.

B. Rehefa mamela ny Fanahy Masina hihetsika ny fiangonana, dia hitranga ny fijoroana vavolombelona mahery vaika.
   1. Jesosy dia nampanantena hery entina mijoro vavolombelona (Asa 1:8).
   2. Voatafy ny hery avy any amin'ny avo ireo mpianatra 120 ary voaova ho evanjelista tena mirehitra (Lk 24:49).

D. Ny fijoroana vavolombelona mahery vaika ao amin'ny fiangonana dia nanomboka tamin'ny Pentekôsta ary mitohy hatramin'ny androany.
   1. Avelao hitohy ao anatinao izany.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Andriamanitra dia te hanome anao ny herin'ny Pentekôsta, ny hery hahatongavana ho Vavolombelony.
2. Manatonà ary aoka hofenoina ny Fanahy Masina androany.
   a. Ndeha isika hanasa ny Fanahy Masina hameno antsika *rehetra*.
   b. Ndeha isika hanasa ny Fanahy Masina hameno ny *tsirairay* avy amintsika.
   d. Asao ny Fanahy Masina hameno anao manokana.

[GRC]

60 Hery miaraka amin'ny Tanjona

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Andriamanitra dia te hanome anao ny Fanahy mba hanafy hery anao ho Vavolombelony.
Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny mpino hahatakatra ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina ka ho vavolombelon'i Kristy voatafy hery.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:1-8

Introduction

1. Ao anatin'ireo teny farany nataony, Jesosy dia namela tanjona sy hery ho an'ny Fiangonany.
   a. *Ny tanjona:* "ho vavolombeloko…hatramin'ny faran'ny tany (and. 8b; jereo ny Lk 24:48-49).
2. Ity andalana ity dia mamaly fanontaniana telo mikasika ny tanjon'io hery io".

I. HO AN'IZA IO HERY IO?

A. Ny hery dia ho "Anareo" ("*Fa hahazo hery ianareo*")
B. Ny "Ianareo" ao anatin'io fehezanteny io dia azo ampiharina amin'ny lafiny telo:
   1. *Ny ianareo manokana:* Ireo mpianatra voalohany (Asa 1:8).
   2. *Ny ianareo mahafaoka ny rehatra:* Ny mpino rehetra ao anatin'ny fiangonana mifandimby (Asa 2:38-39).
   3. *Ny ianareo na ianao:* Ianao izay eto androany!
D. Ny hery dia tsy nomena *ho* anao fotsiny fa amin'ny alalanao koa, hitondranao ny filazantsara ny amin'ny firenena!

II. RAHOVIANA NO HANDRAISANA NY HERY?

(Raisina izy "amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo")

A. Noraisin'ny mpianatra voalohany io hery io tamin'ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'izy ireo tamin'ny Pentekosta (Asa 2:1-4).
B. Ny hery dia raisina aorian'ny famonjena.
   1. Ny mpianatra dia efa voavonjy tamin'ny fotona nandraisan'izy ireo ny hery.
   2. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana miavaka tanteraka amin'ny famonjena.
   3. Ny tanjony dia fanafiana hery ho an'ny iraka.
D. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny Fanahy dia nitohy nirotsaka tamin'ny mpino ary tsy niova ny vokatra nentiny –vavolombelona mahery vaika.
   1. Ny firotsahana faharoa tao Jerosalema (Asa 4:31-33).
   2. Saoly tany Tarsony (Asa 9:17-20).

3. Ny mpino tany Efesosy (Asa 19:6-7; 10).

E. Hilatsaka aminao ny Fanahy androany.

III. INONA NO ANTONY NANOMEZANA NY HERY?

(Mariho tsara ny fehezanteny “ary ho vavolombeloko”)

A. Ny hery dia nomena ny mpianatra mba hahatonga azy ireo ho vavolombelona!
   1. Tamin’ny Pentekosta, ny vokatr’izany dia fijoroana vavolombelona mahery vaika voahosotry ny Fanahy.
   2. 3000 no voavonjy (Asa 2:39-41).

B. Vavolombelona voatafy hery no lohahevitra mitondra ny bokin’ny Asan’ny Apostoly.
   1. Jereo: Asa 1:21; 2:32; 5:32; 10:38-41.

D. Isika rehetra dia nantsoina ho vavolombelon’i Kristy, noho izany, tsy maintsy mandray ny herin’ny Fanahy isika rehetra.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Afaka mandray ilay hery miaraka amin’ny tanjona amin’ny alalan’ny batisa amin’ny Fanahy Masina ianao androany.
2. Ahoana no hahafahana mandray io hery io?
   a. Mangataka amin’ny finoana (Lk 11:9, 10, 13).
   b. Mandray amin’ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   d. Miteny amin’ny finoana (Asa 2:4).

[DRM]

61 Ny fanirin'ny Fanahy ho an'ny firenena

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny Fanahy Masina dia te hanafy hery ny mpino tsirairay handray anjara amin'ny fanatrarana ny firenena amin'ny filazantsara.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino rehetra dia ho feno ny Fanahy ary ho tonga mpandray anjara mavitrika amin'ny fanatrarana ny firenena firenena ho an'i Kristy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Ny Fanahy Masina dia Fanahin'ny Iraka.
2. Ny andalana noraisintsika dia manambara fahamarinana efatra mikasika ny fanirin'ny Fanahy ho an'ny firenana:

I. NY FANAHY MASINA DIA MANIRY NY FIRENENA.

A. Ny fampanantenana ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1: 8 dia maneho fa fanirin'ny Fanahy Masina ny handrenesan'ny firenena rehetra ny filazantsara.
   1. Ara-pisainana: Ny antony mahatonga ny Fanahy Masina manome hery hanatrarana ny firenena dia satria maniry ny hanatrarana ny firenana Izy.

B. Tonga miaraka amin'ny Fanahy ny fahaterem-panahy hanambara an'i Kristy amin'ny very.
   1. Ny Fanahy no mampita ny herin'i Kristy amin'ny Mpianany.
   2. Izy koa no mampita ny Firehetam-pony ho an'ny very eo amin'ny misy anao sy any amin'ny faran'ny tany.

II. NY FANAHY MASINA NO NAMPIASA NY MPIANATR'I KRISTY TAMIN'NY FANATRARANA NY FARAN'NY TANY.

A. Izy no nampiasa ny mpianatra voalohany tamin'ny fanatrarana ny tontolo nisy azy ireo.
   1. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly no mirakitra ny tantaran'izy ireo.
   2. "Namadika izao tontolo izao" izy ireo (Asa 17:6).

B. Androany ny Fanahy dia nifidy ny hampiasa antsika hanatratra ny faran'ny tany.
   1. Nifidy antsika Izy (Jn 15:6).
   2. Nofenoiny sy natafiany ny heriny isika (Asa 1:8).
   4. Izy no manome antsika fitiavana ho an'ny olona (Ro 5:5).
   3. Maniraka antsika Izy (Jn 20:21-22).

III. NY FANAHY MASINA DNO MANOME HERY NY MPIANATR'I KRISTY HO AMIN'NY FITORIANA NY FILAZANTSARA MANERANA IZAO TONTOLO IZAO.

A. Ny herin'ny Fanahy dia tena ilaina tokoa raha tiantsika ny hanatratra ny firenena (Lk 24:46-49; Asa 1:4-5).
B. Ny Fanahy Masina no Lehiben'ny mpanara-maso ny fijinjana.

IV. NY FANAHY MASINA NO MANAFY HERY ANTSIKA HO AMIN'IZANY TANJONA IZANY KOA ANDROANY.

A. Tsy maintsy mandray ny herin'ny Fanahy isika androany (Asa 2:39).
B. Io hery io androany dia omena ho an'ilay tanjona efa nanomezana azy tany am-piandohana.
    1. Tsy inona izany fa hery hahatongavana ho vavolombelon'i Kristy eo amin'ny misy antsika sy manerana izao tontolo izao (Asa 1:8).
C. Tahaka ny nataony tamin'ny mpianatra tamin'ny voalohany, hilatsaka amintsika ny Fanahy androany

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Vonona handray ve ianao?
2. Manatonà izao ankehitriny izao handray ny Fanahy Masina sy homanina ho amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanatrarana ny firenena amin'ny filazantsara.

[JE]

62 Tsy tokony hadinointsika velively

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy tokony hadinointsika velively fa amin'ny maha Pentekotista, isika no vahoaka misioneran'Andriamanitra voatafy ny herin'ny Fanahy amin'izao andro farany izao.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary hanokana ny tenany amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Ny andalana noraisika dia antsoina hoe "andininy mamaritra nyPentekôtisma marina".
2. Mihoatra noho ny andalana hafa, ity dia mampahatsiaro antsika ny maha izy antsika sy ny antom-pisintsika.
3. Amin'ny maha Pentekôtista, tsy tokony hadinointsika ireto manaraka ireto:

I. TSY TOKONY HADINOINTSIKA NY MAHA IZY ANTSIKA: PENTEKÔTISTA ISIKA.

A. Isika dia tena tia sy mankasitraka ireo rahalahy sy anabavintsika evanjelika izay mahatoky amin'ny fitoriana an'i Kristy.
B. Kanefa, amin'ny Pentekôtista, isika dia evanjelika amin'ny endrika hafa.
   1. Mino isika fa ny herin'Andriamanitra dia ho an'ny fiangonana amin'izao andro ankehitriny izao.
   2. Mino isika fa Andriamanitra dia te hanome ny Heriny ho an'ny mpino tsirairay.
D. Noho izany, Andriamanitra dia mitahy ny hetsika Pentekôtista amin'izao androntsika izao.
E. Kanefa, misy tsy fahatakarana ny tena dikan'ny maha Pentekôtista marina, noho izany...

II. TSY MAINTSY MAHATAKATRA NY DIKAN'NY PENTEKOTISTA MARINA.

A. Pentekôtisma dia mihoatra noho ny hetsika "tahio aho".
B. Raha faritana marina, ny Pentekôtisma dia "hetsika misionera voatafy hery, natao ho an'ny olona rehetra amin'izao andro farany izao."
D. Ndeha "hovahavahana" sy hojerena ny fizarana tsirairay amin'ny famaritantsika:
   1. "Ny Pentekôtisma marina dia <u>hetsika</u>."
      a. Tsy anaram-piangonana izy io.

b. Hetsika izy io (izany hoe tahaka ny hetsika ao anatin'ny fiaraha-monina na mitombo)

2. "Ny Pentekôtisma marina dia *hetsika misionera*."
   a. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Jesosy dia namaritra ny Pentekôtisma ho hetsika misionera (Asa 1:8).
   b. Izay mandray anjara ao anatin'ny irak'Andriamanitra no tena Pentekôtista.
3. "Ny Pentekôtisma marina dia *hetsika misionera voatafy hery*."
   a. Ny Pentekôtista marina dia voatafy ny herin'ny Fanahy.
   b. Io fanafiana hery io dia avy amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8; 2:4).
   d. Homen'i Jesosy ny herin'ny Fanahy Maina ianao raha hangataka izany Aminy (Lk 9-10, 13).
4. "Ny Pentekôtisma marian dia hetsika misionera voatafy hery amin'izao andro farany izao."
   a. Amin'ny andro farany no handatsahan'Andriamanitra ny Fanahiny (Asa 2:17-18).
   b. Ao amin'ny Soratra Masina, ny "andro farany" dia mitovy hevitra amin'ny Vanim-potoanan'ny Fanahy.
   d. Satria ho avy tsy ho ela i Jesosy, tsy maintsy mifantoka amin'ny raharahan'ny Tompo isika (OHATRA: Asa 1:9-11).
5. "Ny Pentekôtisma marina dia hetsika misionera voatafy hery, *natao ho an'ny olona rehetra* amin'izao andro farany izao.
   a. "*Natao ho an'ny olona rehetra*," izany hoe hetsika ho an'ny vahoaka tsotra.
   b. Ny Pentekôtisma marina dia "Mampanjaka vahoaka".
   d. Amin'izao fotoana izao, ny vahoakan'Andriamanitra rehetra dia afaka ho mpaminany voahosotry ny Fanahy, na koa mpitory ny filazantsara voahosotry ny Fanahy (No 11:29; Asa 2:17-18; Asa 1:8).

III. AMIN'NY MAHA PENTEKOTISTA MARINA, TSY MAINTSY MAMPIHATRA NY ZAVATRA INOANTSIKA ISIKA.

A. Tsy maintsy miaina sy manao asa fanompoana tahaka ny olona miaina amin'ireo andro farany amin'ny tantara.
B. Tsy maintsy mandray anjara mavitrika amin'ny fanatanterahana ny Iraka Lehiben'i Kristy isika.
D. Tsy maintsy mikatsaka sy miaina ny fahatsapana fanafiana hery avy amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina isika.
E. Tsy maintsy mamela ny vahoakan'Andriamanitra rehetra hanao asa fanompoana isika.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao, aoka ho feno ny Fanahy sy hanokan-tena ho amin’ny irak’Andriamanitra amin’izao andro farany izao.

[DRM]

63 Izay ananako no omeko anao

Toriteny ao anatin'ny fehezanteny tokana: Nomen'Andriamanitra antsika ny Fitahiany sy ny Fanahiny mba hahafahantsika mitahy ny hafa.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny olona ary hahatakatra fa nomen'Andriamanitra azy ireo ny Fanahiny mba hahatonga azy ireo ho fitahiana ho an'ny hafa.

Andalana: Asan'ny Apostoly 3:1-10

Fampidirana

1. ny andalana noraisintsika dia mitantara ny nanasitranana ilay lehilahy nalemy teo amin'ny vavahady antsoina hoe Itsaraendrika.
2. Mariho tsara ny tenin'i Petera, "Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna" (Asa 3:6).
3. Inona no nomen'i Petera azy? Ahoana no hahafahantsika manana izany, sy manao tahaka izay nataony koa?

I. INONA NO NANANAN'I PETERA?

A. Petera dia nanana ny herin'ny Fanahy.
   1. Ny teniny hoe "izay ananako," dia nanondro ilay noraisiny tamin'ny Andro Pentekosta.
   2. Tamin'ny Pentekosta, Petera dia nandray ny herin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8; 2:4).
   3. Ny fahatsapany tamin'ny Pentekosta dia nahatonga fizarana ny hery ara-panahy nitondra fijinjana fanahy lehibe (Asa 2:41).

B. Petera dia nanana ny fahefan'ny anaran'i Jesosy.
   1. Henoy ny tenin'I Petera: "Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna" (Asa 3:6).
   2. Tsy afaka mampiasa ny anaran'i Jesosy isika raha tsy manaiky ny sitrapony sy mandray anjara mavitrika amin'ny fanatanterahana ny Irany.

D. Petera dia nanana finoana an'Andriamanitra.
   1. Teo amin'ny vavahadin'Itsaraendrika, Petera dia nihetsika tamin'ny finoana feno fahasahiana (Asa 3:6).
   2. Raha tsy nihetsika tamin'ny finoana, sy niteny tamin'ny finoana izy dia tsy vita ny asa.
   3. Vokatry ny fahafenoan'ny Fanahy, ny fanekena ny sitrapon'i Kristy, ary ny fihetsehana tamin'ny finoana, fahagagana mahafinaritra no niseho.

4. Raha hanao tahaka ny nataon'i Petera isika, dia afaka manantena vokatra tahaka izany koa amin'ny asa fanompoantsika ankehitriny.

II. INONA NO NATAON'I PETERA TAMIN'IZAY NANANANY?

A. Nomeny izany!
   1. Petera dia nahatakatra fa izay noraisiny tamin'Andriamanitra dia tsy natao hampiasany ho an'ny fanirina feno fitiavan-tenany.
      a. Io no olana any amin'ny ankamaroan'ny fiangonana sy ny fiainan'ny ankamaroan'ny kristiana amin'izao fotoana izao.
      b. Niresaka mikasika izany olana izany i Jakoba (Jak 4:2-3).
   2. Ny tanjona valohan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ny hahafahantsika manome izany (Asa 1:8; 4:31, 33).

B. Ahoana no nahafahan'i Petera nanome izay nananany?
   1. Nitoetra feno ny Fanahy izy (jereo Asa 4:8).
   2. Nankato ny irak'i Kristy dia ny fitoriana ny filazantsara amin'ny very izy (Mk 16:15).
   3. Nihaino sy nankato ny feon'ny Fanahy izy.
   4. Nihetsika tamin'ny fahasahiana sy finoana izy.

III. INONA NO TSY MAINTSY ATAONTSIKA MANOLOANA IZANY?

A. Tsy maintsy azontsika antoka fa nandray zavatra avy amin'Andriamanitra isika.
   1. Aoka ho azonao antoka fa efa nateraka indray marina ianao (Jn 3:7).
   2. Aoka ho azonao antoka fa efa vita batisa amin'ny Fanahy Masina marina ianao (Efe 5:18).
   3. Aoka ho azonao antoka fa takatrao tsara ny fomba fampiasana ny anaran'i Jesosy.

B. Tsy maintsy mankato ny irak'i Kristy isika.
   1. Tsy maintsy mampiely ny filazantsara eo amin'izay misy antsika sy any am-pita isika.
   2. Rehefa mankato isika dia ny Fanahy no hanosotra sy hanafy hery antsika (Jn 20:21-22).

D. Tsy maintsy manome izay noraisintsika isika.
   1. Tsy maintsy vonona hitory ny filazantsara ao anatin'ny herin'ny Fanahy isika (Ro 1:15).
   2. Tsy maintsy vonona ho ampiasain'ny Fanahy amin'ny fanehoana ny fanomezam-pahasoavana samihafa isika (1Ko 12:31; 14:1).

3. Tsy maintsy vonona hihetsika amin’ny finoana feno fahasahiana amin’ny anaran’i Jesosy isika.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Manatonà mba hofenoina na hofenoina indray amin’ny Fanahy.
2. Avy eo, mandehana ary zarao izay noraisinao.

[DRM]

64 Mijoro vavolombelona ao amin'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ianao dia tian'Andriamanitra ho vavolombelony voatafy ny herin'ny Fanahy.
Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina voaporofo amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ary ho vavolombelona tarihan'ny Fanahy.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8; 2:1-4,14

Fampidirana

1. Isika Pentekôtista dia efa zatra loatra io andalan-tSoratra Masina io (Asa 2:1-4), indrindra ny andininy 4.
2. Matetika idika no manasongadina ny nitenenan'ny 120 tamin'ny fiteny tsy fantatra ho vokatry ny fahafenoan'ny Fanahy.
   a. Tsara izany, kanefa, tsy ampy izany fahatakarana ny zavatra niseho tamin'ny Andro Pentekôsta.
   b. Tsy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra fotsiny ny mpianatra fa nijoro vavolombelon'i Kristy tamin'ny herin'ny Fanahy koa.
3. Ity hafatra ity dia hiresaka mikasika ny lafin-javatra manan-danja kanefa tsirambina dia ny momba ny vavolombelona voatafy ny herin'ny Fanahy.

I. NY FANDINIHANA AKAIKY NY ASAN'NY APOSTOLY TOKO 2 DIA MAMPISEHO FA NISY KARAZANY ROA NY FAMPITENENAN'NY FANAHY NITRANGA TAMIN'NY ANDRO PENTEKOSTA.

A. Voalohany, ny mpino dia *niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra* araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.
   1. Ny fitenenan'izy ireo tamin'ny fiteny tsy fantatra dia midika fa feno ny Fanahy izy ireo, ary…
      a. Notafiana hery mba hiteny ho an'i Kristy.
      b. Notafiana hery mba hiteny amin'ny firenena (Mariho tsara fa niteny tamin'ny fitenin'ny Jentilisa izy ireo; and. 5-11. Nifanaraka tsara tamin'ny fampanantenan'i Jesosy ao amin'ny Asa 1:8 izany).
   2. Rehefa feno ny Fanahy ianao dia…
      a. Hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra araka izay ampitenenan'ny Fanahy anao.
      b. Tokony hahatsiaro fa ny tanjon'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina – dia ny hahatonga anao vavolombelon'i Kristy voatafy ny herin'ny Fanahy eo amin'izao misy anao sy "hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8).

B. Manaraka izany, Nitsangana i Petera ary *niteny tamin'ny Fanahy fanindroany* (and. 14).
   1. kanefa, tsy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy teto.
      a. Niteny tamin'ny fitenin'ny olona rehetra izy.
      b. Kanefa, niteny araka izay nampitenenan'ny Fanahy tahaka ny tamin'ny nitenenany tamin'ny fiteny tsy fantatra ihany izy.
   2. Fanamarihana: Ny teny nadika hoe *"nanandra-peo izy ka nanao taminy hoe*" eo amin'ny and. 14 dia mitovy amin'ilay teny nandika hoe *"ka dia niteny"* and. 4.
      a. Teto i Petera dia niteny "araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy" indray.
      b. Tonga vavolombelon'i Kristy voatafy ny herin'ny Fanahy izy mba hahatanteraka ny teny fikasana ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8.
   3. Andriamanitra dia te hanao tahaka izany eo amin'ny fiainanao koa.
      a. Te hameno anao amin'ny Fanahy Izy.
      b. Tiany hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianao.
      d. Kanefa ambonin'izany rehetra izany, tiany ho tonga vavolombelona voatafy ny Heriny ianao.

II. RAHA RESAHANA MATETIKA NY FITENENA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA, ARAKA NY NAMPITENENAN'NY FANAHY, TSY DIA HENONTSIKA LOATRA ILAY FAHAROA.

A. Izany dia nitondra vokatra tena mampalahelo tokoa.
   1. Ny fiangonantsika dia feno Kristiana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, kanefa tsy miresaka ny momba an'i Jesosy.
   2. Tsy nosainan'ny mpino tao amin'ny fiangonana voalohany ny mety hisin'izany.

B. Tsy maintsy omentsika lanja indray ny tena hevitry ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy ny tanjony.
   1. INy tanjony dia fanafiana hery ho vavolombelona (Asa 1:8).
   2. Ny fandinihana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia mampiseho fa ireto manaraka iretp no vokatry ny fahafenoan'ny Fanahy:
      a. Hafanam-po mahafinaritra ho amin'ny fitoriana an'i Kristy amin'ny very.
      b. Fahasahiana mijoro vavolombelon'i Kristy na dia eo anatrehan'ny loza aza.
      d. Taridalana avy amin'Andriamanitra.
      e. Hafatra avy amin'ny tsindrimandry sy ny fitarihan'ny Fanahy.

III. INONA ARY IZANY NO TSY MAINTSY ATAONTSIKA MANOLOANA IREO FAHAMARINANA IREO?

A. Tsy maintsy fenoina sy fenoina indray ny Fanahy Masina isika.
   1. Izany no sitrapon'Andriamanitra ho an'ny mpino tsirairay (Efe 5:18).

B. Tokony hanantena hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika rehefa feno.
   1. Izany no famantarana aeptraky ny Baiboly.
   2. Izany dia mitondra fisehoan'ny Fanahy amin'ny fomba mahatalanjona.

D. Tsy maintsy manantena ho tonga vavolombelon'i Kristy voatafy ny Fanahy isika.
   1. Izany dia antso ho an'ny mpino tsirairay (Lk 24:48).
   2. Izany no tanjona sy vokatry ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izany mba hofenoina ny Fanahy sy ho tonga vavolombelon'i Kristy voatafy ny herin'ny Fanahy.

[DRM]

65 Tsy maintsy mihazona toe-tsaina misionera isika

Toriteny ao anaty fenezanteny tokana: Tsy maintsy mitoetra amin'ny fifantohana amin'ny irak'Andriamanitra sy ny tanjona nananganan'Andriamanitra antsika isika.

Tanjon'ny toriteny: Hahita ny olona voatafy ny herin'ny Fanahy sy mifantoka amin'ny laharam-pahamehan'Andriamanitra dia ny fambaboana ny very.

Andalana: Asan'ny Apostoly 6:1-5a; 8:1-5, 26-29, 39-40; 21:8-9

Fampidirana

1. Betsaka ny zavatra ilain'i Afrika izay tsy tokony hataontsika tsirambina, kanefa tsy maintsy mifantoka amin'izay lohalaharana amin'Andriamanitra.
2. Tahaka ny fiangonana tamin'ny Testamenta Vaovao, tsy maintsy mifantoka amin'ny irak'Andriamanitra.
3. Ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Filipo dia mampianatra antsika lesona manan-danja hanampy antsika hihazona toe-tsaina misionera:

I. TAHAKA FILIPO, TSY MAINTSY MIFANTOKA AMIN'NY IRAKA ISIKA, NA DIA NANTSOINA HANOMPO AMIN'NY TOERANA FARAN'IZAY TSOTRA AZA (Asa 6:1-5).

A. Tsotra ny nanombohan'i Filipo.
   1. Nanaiky asa faran'izay tsotra izy tamin'ny voalohany, "mpanompo."
   2. Ary nahatoky tamin'ny fanompoana an'Andriamanitra teo amin'izay toerana nisy azy izy.
   3. Ny apostoly dia nila olona tahaka an'i Filipo hanompo mba hahafan'izy ireo mifantoka hatrany amin'ny fitoriana ny filazantsara (Asa 6:3-4).

B. Ho an'ny sasany, fanambaniana ny fangatahana azy hanompo tahaka ny nataon'i Filipo.
   1. Kanefa, tsy tokony hamaivanintsika ny andron'ny fanombohana kely.
   2. Filipo dia lehilahy feno ny Fanahy Masina sy ny finoana; mora taminy tokoa ny nitaky fa natao hanatanteraka zavatra lehibe sy tsara lavitra.
   3. Na dia izany aza, nifantoka hatrany tamin'ny iraka izy fa tsy tamin'ny fampandrosoana ny tetik'asany manokana.
   4. Izy dia lehilahy feno ny Fanahy sy fahendrena (Asa 6:3).

II. TAHAKA FILIPO, TSY MAINTSY MIFANTOKA AMIN'NY IRAKA ISIKA, NA DIA MAMINDRA ANTSIKA AMIN'NY TOERANA VAOVAO AZA NY ZAVA-MISY (Asa 8:1-5).

A. Rehefa nanohitra mafy ny fiangonana ny fanenjehana, ireo izay niely dia "nitory an'i Kristy teny tontolo eny "(Asa 8:4).
   1. Filipo dia iray tamin'ireo nandositra namonjy ny ainy, kanefa, nifantoka tamin'ny iraka hatrany izy (Asa 8:5).
   2. Afrika dia kontinanta ao anatin'ny fandosirana.
   3. Azontsika Afrikana tsara ny dikan'izany enjehina izany.

B. Kanefa, raha mihanona toe-tsaina misionera isika, dia hitory an'i Jesosy eny amin'izay rehetra alehantsika.
   1. Mora ny mifantoka amin'ny ratsy izay andosiranao, kanefa ny fiangonana tao amin'ny Asan'ny Apostoly dia nifantoka tamin'ny irak'Andriamanitra.
   2. Raha hihazona toe-tsaina misionera isika, ny fikambanana Afrikana manerana izao tontolo izao dia hitondra fitahiana ho an'ny firenena.
   3. Tsy maintsy minia mamboly toe-tsaina misionera ao anatin'ny vahoakantsika isika.

III. TAHAKA FILIPO, TSY MAINTSY MIFANTOKA AMIN'NY IRAKA ISIKA, INDRINDRA REHEFA MITARIKA ANTSIKA AMIN'NY FOMBA MIHOATRA NY VOAJANAHARY NY FANAHY MASINA (Asa 8:26-29, 39-40).

A. Filipo dia notarihana tamin'ny fomba mihoatra ny voajanahary niala tamin'ny fifohazam-pahay tao Samaria mba hitory teny amin'ny lehilahy iray tany amin'ny lalana tany an'efitra (Asa 8:26-29).

B. Amin'ny maha olombelona, toa fahadalana izany.

D. Raha te ho vahoaka misioneran'Andriamanitra isikan tsy maintsy vonona handeha any amin'izay rehetra hitarihan'ny Fanahy, na dia marary aza ny fifindrana.
   1. Nanaraka ny Fanahy i Filipo na dia tsy fantany aza ny drafitra manontolo.
   2. Tsy maintsy vonona hotarihana tahaka izany koa isika.

IV. TAHAKA AN'I FILIPO, NY LOVA TSY MAINTSY AVELANTSIKA HO AN'NY TARANAKA MANARAKA DIA FIFANTOHANA AMIN'NY IRAKA (Asa 21:8-9).

A. Voalaza mazava fa i Filipo dia nanana zanakavavy efatra feno ny Fanahy Masina sy nandray anjara tamin'ny asa fanompoana faminaniana (Asa 21:9).

B. Raha tiantsika handroso ny Irak'Andriamanitra, tsy maintsy azontsika antoka fa ny taranaka manaraka ihany koa dia mifantoka amin'ny iraka.
D. Iray amin'ny fanalahidin'ny famoronana lova misionera ho an'ny taranaka manaraka ny fahitana ny Fanahy mirotsaka amin'ny fiangonana, ao anatin'izany ny tanora sy ny ankizy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Androany, ndeha isika hanapa-kevitra hifantoka amin'ny irak'Andriamanitra.
2. Aoka isika handroso sy hikatsaka firotsahan'ny Fanahy vaovao ho amin'izany tanjona izany.

[LC]

66 Inona no antony nahatongavan'ny Fanahy?

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny Fanahy dia tonga hameno antsika amin'ny heriny sy hampitao antsika amin'ny fanatanterahana ny Iraka Lehibe.
Tanjon'ny Toriteny: Hahita ny olona feno ny Fanahy sy voatafy hery ho vavolombelona.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:1-8

Fampidirana

1. Ao anatin'ny andalana noraisintsika, ny mpianatra dia niatrika fanamby lehibe, notendrena ho vavolombelon'i Kristy hatrany amin'ny faran'ny tany izy ireo, kanefa tsy sahaza azy ireo izany asa izany.
2. Ao anatin'ny toe-javatra tahaka ny azy ireo koa isika.
3. Ndeha hodinihantsika ny sasany amin'ny antony nahatongavan'ny Fanahy Masina sy ny fomba hahombiazantsika tahaka ireo mpianatra voalohany.

I. NY FANAHY DIA TONGA HAMPITAO ANTSIKA HISAINA NY FISAINAN'ANDRIAMANITRA (1 Ko 2:10-12).

A. Tsy mitovy ny fisainan'Andriamanitra sy ny olona (1 Ko 2:14, Isa 55:9).
B. Ny ady hevitra nifanaovan'i Jesosy tamin'ny Mpianany dia manamarina izany (Asa 1:6-8).
   1. Samy hafa tanteraka tamin'izay nahaliana ny mpianatra ny an'i Jesosy.
   2. Nieritreritra ny hanjaka tany Jerosalema izy ireo; kanefa ny drafitr'i Kristy dia ny hahatonga azy ireo ho vavolombelona amin'izao tontolo rehetra izao.
D. Izano no tsy maintsy nahatongavan'ny Fanahy Masina.
   1. Ny fisainana voajanahary doa mifantoka amin'ny tena, Andriamanitra dia mihevitra ny hafa.
   2. Misy zavatra tsy maintsy mitranga mba hampiova ny fisainantsika.
   3. Ny fahatongavan'ny Fanahy no mahatanteraka izany (Jn 16:13-14).
   4. OHATRA: Satria feno ny Fanahy Masina i Petera, afaka nandray ny fisainan'Andriamanitra izy, lasa nankany an-tranon'i Kornelio, noho izany tonga tamin'ny jentilisa ny famonjena (Asa 10).
E. Averiko indray, tena mila mafy ny fisainan'Andriamanitra isika.

1. Ny ankamaroan'ny fiangonantsika amin'izao fotoana izao dia mifantoka amin'ny tenany, fisainan'ny olombelona.
2. Ny Pentekosta dia tonga hafatry ny fitahiana ho an'ny tena manokana fa tsy hery hiovana ho vavolombelona.
3. Ny hafatry ny famonjena dia tsy mifantoka intsony amin'i Kristy fa amin'ny fiovana ara-piaraha-monina sy ara- toe-karena.
4. Ny fandaharan'Andriamanitra sy fandaharan'ny olona. Manana ny vahaolany manokana amin'ny olan'izao tontolo izao Izy.
5. Tsy maintsy mihaino Azy miara-miasa Aminy isika.

II. NY FANAHY DIA TONGA HAMPITAO ANTSIKA AMIN'NY FIZARANA NY FIHETSEHAM-PON'ANDRIAMANITRA (Ro 5:5-8).

A. Ny olombelona dia tia ny tenany sy ny namana izay mandray anjara amin'ny fahasambarany sy ny faniriny manokana.
   1. Andriamanitra dia fitiavana, ary tian y olombelona amin'ny fitiavana tsy misy fitiavan-tena.
   2. Tiany isika na dia fony mbola mpanota (Ro 5:6-8).

B. Ny Fanahin'Andriamanitra ihany no afaka mametraka izany karazana fitiavana izany ao amintsika (Ro 5:5).
   1. Ny olombelona tsotra dia tsy hitia ny very sy hanao sorona sy hanolo-tena hamonjy azy ireo.
   2. Ny Fanahy Masina dia manampy antsika handrava ny sakana ara-tsaina, ara-pihetseham-po sy ireo famerana samihafa ary mampalalaka ny fontsika ka mahatonga antsika ho fantsona ho an'ny Fitiavany.

III. NY FANAHY DIA TONGA HAMPITAO ANTSIKA HIVAVAKA NY VAVAK'ANDRIAMANITRA (Ro 8:26-27).

A. Voafetra ihany ny fahaizantsika mivavaka (Ro 8:26).

B. Ny Fanahy no manampy antsika hivavaka, manome ny toromarika hanatonana an'Andriamanitra (Ro 8:26-27, Efe 2:18).
   1. Io dia iray amin'ny maha zava-dehibe ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra.
   2. Nolazain'i Paoly fa rehefa mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra isika dia ny fanahintsika no mivavaka (1 Ko 14:14).

D. Mba hahatonga ny filazantsara ho voatory, sy izao tontolo izao ho voavonjy, mila ny Fanahy isika hanampy antsika.
   1. Paoly dia nangataka ny fiangonana tany Efesosy hivavaka ho azy ao amin'ny Fanahy mba hahombiazany amin'ny fanambarana ny filazantsara (Efe 6:18-20).

IV. NY FANAHY DIA TONGA HAMPITAO ANTSIKA HANAO NY ASAN'ANDRIAMANITRA (Asa 1:8).

A. Andriamanitra dia miasa mandrakariva amin'ny alalan'ny Fanahiny (Zak 4 :6).
   1. Midika izany fa tsy tokony hiantehitra amin'ny zavatra hafa ankoatry ny herin'ny Fanahy isika ao anatin'ny asan'Andriamanitra.

B. Lalovan'Andriamanitra fotsiny ny fahendrena sy ny herin'izao tontolo izao ary miasa amin'ny alalan'ny mpanompo voahosotry ny Fanahiny Izy.
   1. Lehibe loatra ny asa ary maro koa ny sakana, noho izany tsy vita amin'ny fahendrena na ny hery maha olombelona.
   2 Andriamanitra dia nanova ireo olona vitsy malemy sy mahatsapa ho tsy sahaza ho hery lehibe tamin'ny fotoana namenoany ny mpianatra tamin'ny Fanahiny.

D. Andriamanitra izay nitarika mandrakariva ny Vahoakany ho amin'ny fandresena teo anatrehan'ny sakana goavana diam bola hanao izany indray.
   1. Izy dia mitady olona azony fenoina amin'ny Fanahiny sy tafiana hery hanao ny Asany.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao ary katsaho izay hahatonga anao ho feno ny Fanahy sy ho vavolombelona mahery vaika ho an'i Jesosy Kristy.

[MH]

67 Ny zanakavavinareo haminany

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny vehivavy dia afaka fenoina ny Fanahy sy ampiasain'Andriamanitra amin'ny maha Vavolombelony voatafy hery.

Tanjon'ny toriteny: Hahatonga ny vehivavy ho feno ny Fanahy, sy hahatonga azy ireo hahafantatra fa Andriamanitra dia afaka mampiasa azy ireo amin-kery ho fampandrosoana ny Fanjakany.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:17-18; 21:8-9

Fampidirana

1. Andriamanitra dia manome ny Fanahy Masina ho an'ny vehivavy tahaka ny ho an'ny lehilahy.
   a. "Ny zanakavavinareo haminany" (Asa 2:17).
   b. Filipo dia nanana zanakavavy efatra izay naminany (Asa 21:9).
   d. Nanatrika ny vehivavy tamin'ny Andro Pentekosta ary feno ny Fanahy izy ireo (Asa 1:14; 2:4).
2. Mitovy ihany ny antony nanomezan'Andriamanitra ny Fanahiny ho an'ny vehivavy sy ho an'ny lehilahy: hanafy hery azy ireo ho Vavolombelony (Asa 1:8).
3. Ity hafatra ity dia hiresaka mikasika ny fomba handraisan'ny vehivavy ny Fanahy sy hampiasan'Andriamanitra azy ireo amin'ny fampandrosoana ny Fanjakan'Andriamanitra.

I. ZAVATRA DIMY TOKONY HO FANTATRY NY VEHIVAVY MIKASIKA NY FANDRAISANA NY FANAHY MASINA:

A. Voalohany, ny vehivavy tsirairay dia mila ny Fanahy Masina (Efe 5:18).
B. Faharoa, ny Ray any an-danitra dia vonona hanome ny Fanahy ho an'ny vehivavy izay hangataka Aminy (Lk 11:13).
D. Fahatelo, ny vehivavy dia tsy maintsy noana sy mangetaheta ny Fanahy (Mt 5:6; Jn 7:37-38).
E. Fahefatra, tsy sarotra ny mandray ny Fanahy. (Ny marina dia izao, mora toy ny mifoka rivotra [Jn 20:21-22]).
F. Fahadimy, Andriamanitra dia mampiasa ny vehivavy feno ny Fanahy Masina sy mankato ny baikon'i Kristy dia ny fitoriana ny filazantsara (Lk 24:45-48).

II. NY ZAVATRA TOKANA ILAIN'NY VEHIVAVY MBA HANDRAISANY NY FANAHY—*FINOANA*

A. Hoy i Jesosy, "*Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina.*" (Jn 7:38).

B. Ao amin'ny Galatiana 3 Paoly dia nampianatra fa…
   1. …"nandraisanareo ny Fanahy,…*finoana"* (and. 2).
   2. …"Izay manome anareo ny Fanahy... amin'ny fitoriana *ny finoana"* (and. 5).
   3. …"mba horaisintsika *amin'ny finoana* ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy" (and. 14).

III. DINGANA TELON'NY FINOANA AZON'NY VEHIVAVY ATAO MBA HANDRAISANA NY FANAHY MASINA ANDROANY:

A. Mangataka amin'ny finoana.
   1. Jesosy dia nampanantena hoe, "Mangataha, dia homena ianareo" (Lk 11:9).
   2. Ankoatr'izay, hoy Izy, "tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?" (Lk 11:13).

B. Mandray amin'ny finoana.
   1. Jesosy dia nampanantena hoe, "Fa izay rehetra mangataka no mahazo" (Lk 11:10).
   2. Ankoatr'izay, nampanantena koa Izy fa "Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany" (Mk 11:24).

D. Miteny amin'ny finoana.
   1. Tamin'ny Andro Pentekosta, "Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, *ka dia niteny."* (Asa 2:4).
   2. Hoy Jesosy, "Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina." (Jn 7:38).

IV. NY ZAVATRA TOKANA TSY MAINTSY ATAON'NY VEHIVAVY RAHA VAO MANDRAY NY FANAHY MASINA :

A. Ny vehivavy tsirairay dia tsy maintsy vavolombelon'i Kristy (Asa 1:8).
B. Ny Fanahy izay manosotra ny vehivavy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ihany no manosotra azy ireo hiresaka amin'ny hafa ny momba an'i Jesosy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà ary aoka hofenoina ny Fanahy Masina androany.

[DRM]

Fizarana 3

Fiainana Ao amin'ny Fanahy

68 Antony valo tokony hivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Betsaka ny antony marina tokony hivavahan'ny mpino amin'ny fiteny tsy fantatra isan'andro.
Tanjon'ny Toriteny: Ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpino ary hampiasa ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ao anatin'ny vavaka ataony manokana sy ny fiderana ampahibemaso.
Andalana: 1 Korintiana 14:18

Fampidirana

1. Betsaka ny zavatra mampiavana ny Pentekôtista (toy ny hafanam-po amin'ny fiderana, ny toriteny). Iray amin'ireo zavatra mampiavaka ireo ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.
2. Misy mametraka fanontaniana, "Inona no mahatonga ny Pentekôtista manasongadina ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra? Mahasoa tokoa ve izy io?"
3. Ireto ny antony valo tokony hivavahanao amin'ny fiteny tsy fantatra isan'andro:

I. SATRIA NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA NO FAMANTARANA ARA-BAIBOLY MANEHO NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Io no famantarana miverimberina ao amin'ny Asan'ny Apostoly (Asa 2:4; 10:46; 19:6).
B. Ho fantatrao avy hatrany fa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ianao.
   1. Aoka tsy ho voafitaka ka tsy hahalala ny tena marina!
   2. **OHATRA**: Nisy olona nanontany, "Tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve aho rehefa feno ny Fanahy." Namaly ilay mpitoriteny, "Diso ny fanontaniana napetrakao. Izao no tena fanontaniana, 'Hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve aho?' Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia tombontsoa mahafinaritra ho an'ny mpino tsirairay feno ny Fanahy".

II. SATRIA NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MAMPIORINA NY ARA-PANAHINAO (1Ko 14:4).

A. Tahaka ny vatantsika, mila fanazaran-tena koa ny fanahintsika.
B. Endrika iray amin'ny fanazaran-tena ara-panahy ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra.

III. SATRIA NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA FOMBA MAHERY VAIKA NOMEN'ANDRIAMANITRA HANAOVANA VAVAKA FIFONANA (Ro 8:26-27).

A. Io andalana io dia milaza zavatra efatra amintsika mikasika ny fiainam-bavakantsika:
   1. Tsy mahay mivavaka araka ny tokony ho izy isika.
   2. Ny Fanahy no manampy antsika hivavaka.
   3. Ny Fanahy no hivavaka ho antsika amin'ny "amin'ny fitarainana tsy azo tononina".
   4. Izy no hivavaka ho antsika "araka an'Andriamanitra."

B. Tahaka izao no fandehany:
   1. Manomboka mivavaka ianao, avelanao ny Fanahy Masina handray an-tanana izany.
   2. Indraindray misy zavatra ilaina izay tsy fantatrao ny fisiny.
   3. Indraindray misy zavatra ilaina izay fantatrao tsara ny fisiny, kanefa tsy hainao ny fomba hivavahana ho an'izany.
   4. Manolora-tena feno ho an'ny Fanahy ary avelao Izy hivavaka amin'ny alalanao!

IV. SATRIA NY FIVAVAHANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MAMORONA FAHATONGAVAN-TSAINA NY AMIN'NY FANATREHAN'ANDRIAMANITRA.

A. Ny Baiboly dia manome antsika fampanantenana mahafinaritra momba ny fanatrehan'Andriamanitra:
   1. Ohatra amin'izany ny Mt 28:20; Asa 17:27-28; ary ny Heb 13:5.
   2. Na dia izany aza, indraindray toa lavitra Andriamanitra.

B. Ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra no fanafody tena mahomby amin'io olana io.

V. SATRIA NY FIVAVAHANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MAMPIORINA NY FINOANAO (Joda 20).

A. Ny Baiboly dia miresaka mikasika ny fomba hahafahantsika mampiorina ny finoantsika:
   1. Amin'ny alalan'ny famakiana sy fampiharana ny Tenin'Andriamanitra.
   2. Amin'ny alalan'ny fampiasana ny finoana ananantsika.

B. Ny fomba iray izay toa atao tandrevaka dia ny fivavahana amin'ny fiteny tsy fantatra (Joda 20).

VI. SATRIA NY FIVAVAHANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MANDRAKOTRA ANAO AMIN'NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA (Joda 20-21; Ro 5:5).

A. Hoy ny hirantsika, “Jeso ô mpitia anay, maminay ny teninao.”
   1. Ary marina izany—na tsapantsika na tsia!
   2. Kanefa, mbola mahafinaritra lavitra noho izany ny miaina ny fitiavan’Andriamanitra.
B. Ny fivavahana ao amin’ny Fanahy dia manampy antsika hihazona ny tenantsika ao amin’ny fitiavan’Andriamanitra.

VII. SATRIA, ANKOATRY NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA MANDIKA FITENY TSY FANTATRA, IRAY AMIN’NY FOMBA IRAY HAMPITAN’ANDRIAMANITRA TENY FAMINANIANA HO AN’NY FIANGONANA (1Ko 14:5).

A. Indraindray Andriamanitra maniry ny hiteny mivantana amin’ny fiangonana amin’ny alalan’ny fanomezam-pahasoavana miteny amin’ny fiteny tsy fantatra sy mandika teny.
B. Ao anatin’ny fotoana tahaka izany no mampiorina sy mampijoro ny fiangonana.

VIII. SATRIA NY FITENENANA AMIN’NY FITENY TSY FANTATRA DIA FANTSONA TONGA LAFATRA HO AN’NY FIDRANA SY FIANKOHOFANA FENO FIFALIANA (Jn 4:24).

A. Nisy fotoana ve ianao tena feno fifaliana ka tsy hitanao izay teny hanehoana izany fifaliana izany?
B. Ny vavaka sy fiderana amin’ny fiteny tsy fantatra no fitaovana tonga lafatra hanehoana izany fankasitrahana sy fifaliana izany.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Tsy tokony hahagaga antsika ny tenin’i Paoly hoe, “Misaotra an'Andriamanitra aho fa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra mihoatra noho ianareo rehetra aho” (1Ko 14:18).
2. Manatonà izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy Masina.

[DRM]

69 Ny Afo, ny Rivotra, ary ny Voromailala

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tahaka ny afo, ny rivotra, ary ny voromailala, ny Fanahy Masina dia manadio antsika amin'ny fahotantsika, mitarika antsika amin'ny fahamarinana, mitondra antsika ao anaty fiombonana, mitondra antsika ao anatin'ny fijinjana, ary miantso antsika hiara-handeha akaiky amin'Andriamanitra.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary hahatakatra ny asan'ny Fanahy ao amin'ny fiainan'izy ireo.

Andalana: Lioka 11:11-13

Fampidirana

1. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Jesosy dia nilaza fa tsy tokony hatahotra hamela ny Fanahy Masina hiasa ao amin'ny fiainantsika.
2. Marina izany satria…
   a. …Andriamanitra dia tsy hanome antsika zavatra hanimba antsika (toy ny vato, ny menarana, na ny maingoka).
   b. …Ny hany omen'Andriamanitra antsika dia izay zavatra mahasoa antsika (toy ny mofo, ny hazandrano, na ny atody).
   d. …ny Fanahy Masina dia manome antsika an'i Jesosy, ilay mofon'aina, ilay manome fiainana ho an'izao tontolo izao.
3. Ao anatin'izany, ny Fanahy dia hanatona antsika amin'ny fomba telo: tahaka ny afo, ny rivotra, ary ny voromailala.

I. NY FANAHY MASINA DIA TONGA TAHAKA NY AFO MANDEVONA.

A. Ao amin'ny Soratra Masina, indraindray ny Fanahy Masina aseho tahaka ny afo na lelafo.
   1. Hitantsika ao amin'ny fanambaran'i Jaona mikasika an'i Jesosy izany (Lk 3:16).
   2. Hitantsika tamin'ny lela mitarehin'afo tamin'ny Pentekosta ihany koa (Asa 2:3).

B. Tahaka ny afo, rehefa tonga ny Fanahy Masina dia manova antsika, ary tsy toy ny teo aloha intsony isika.
   1. Ny Fanahy no mandresy lahatra antsika amin'ny fahotantsika (Jn 16:8-11).
      a. Tahaka ny tamin'ny Andro Pentekosta (Asa 2:37).
   2. Ny Fanahy no mitarika antsika amin'ny lalan'ny fahamarinan'Andriamanitra.

a. Izy no fanahin'ny fahamarinana (Jn 14:7; 15:26; 16:13).
b. Izy no manambara amintsika fa Jesosy no lalana, sy fahamarinana ary fiainana (Jn 14:6).

3. Ny Fanahy no mitondra fifohazana ho antsika sy ny fiangonana.

II. NY FANAHY DIA MIHETSIKA TAHAKA NY RIVOTRA TAMPOKA

A. Tamin'ny Pentekosta, ny Fanahy dia tonga tahaka ny rivotra mahery mifofofofo (Asa 2:2).

B. Tahaka ny rivotra mahery, ny Fanahy dia mandrava ny sakana rehetra apetraky ny olona hanakanana antsika tsy ho tena iray ao amin'i Kristy.
1. Ny firenena tsirairay dia manana ny fitsarany mialoha, ny fomba fanao, ary ny fisainana nentim-paharazana izay miteraka fizarazarana.
2. Ohatra, ny jiosy dia mino fa azy ireo irery Andriamanitra, kanefa ny Fanahy naneho tamin'i Petera sy ny Jiosy kristiana tao Jerosalema fa Andriamanitra dia Andriamanitry ny vahoaka sy ny firenena rehetrathe (Asa 10:1-46).
3. Ny Fanahy Masina ihany no afaka mampiray ny olone rehetra sy manaisotra ny sakana ara-poko izay mampisaraka azy ireo.

D. Tahaka ny rivotra, ny Fanahy dia hitarika antsika ao anatin'ny fijinjana.
1. Ny Fanahy no naniraka an'i Barnabasy sy Saoly (Asa 13:1-4).
2. Ny Fanahy no hanafy hery antsika hampiely ny fahalalana an'i Jesosy manerana izao tontolo izao mba hahatonga ny olona rehetra ho voavonjy (Asa 1:8).

III. NY FANAHY MASINA DIA MIDINA TAHAKA NY VOROMAILALA MALEMY FANAHY.

A. Ny Fanahy dia nidina teo ambonin'i Jesosy tahaka ny voromailala (Lk 3:22-23).

B. Ny voromailala dia zavaboary malemy fanahy.
1. Tamin'i Noa, ny voromailala dia famantarana fa efa nihena ny rano tambonin'ny tany, ary tsy ho ela dia hiseho ny lanitra vaovao, tany voasasa tamin'ny fahotana sy hery setra (Ge 8:8-12).
2. Ny Fanahy izay nidina teo ambonin'i Jesosy tahaka ny voromailala dia famantarana fa Jesosy dia nitondra fanantenana vaovao ho an'izao tontolo izao (Lk 3:22; Ro 5:4-5).

D. Indraindray ny Fanahy tonga amintsika tahaka ny feo mibitsika malefaka, mitari-dalana antsika du misarika antsika hanakaiky an'Andriamanitra.
   1. Tahaka ny nataony tamin'i Elia (1 Mpan 9:19).
   2. Tahaka ny nataon'i Jesosy tamin'i Petera (Jn 21:15-17).

Famaranana sy antso eny amin'ny Alitara

1. Ny Fanahy Masina dia ho tonga aminao tahaka ny afo mandevona, ny rivotra mahery mifofofofo, ary ny voromailala malemy fanahy.
2. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina ny Fanahy.

[NB]

Mahafantatra tsara ny Mpitarika antsika

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny Fanahy Masina dia mihoatra noho ny hery ara-panahy natao hanaraka ambokony na fitaovana natao hampiasain'ny kristiana, fa Andriamanitra te honina sy hanafy hery ny kristiana amin'ny fanompoana.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia hahafantatra ny hery sy ny fanatrehan'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina.

Andalana: Jaona 14:16; 15:26; 16:7-8

Fampidirana

1. Iray amin'ny tanjontsika voalohany amin'ny maha mpino antsika ny fanarahana ny fitarihan'ny Fanahy Masina.
2. Kanefa, alohan'ny hahafahantsika manaraka an-tsakany sy an-davany ny fitarihan'ny Fanahy, tsy maintsy mahafantatra Azy manokana aloha isika.
3. Ity hafatra ity dia hanampy antsika hahafantatra ny mpitarika antsika, ny Fanahy Masina.

I. IZA NY FANAHY MASINA?

A. Samy hafa ny hevitry ny olona mikasika ny Fanahy Masina.
   1. Hery miafina, toy ny rivotra na ny vesa-jaka.
   2. Hery matanjaka mila fehezina na ampiasaina, toy ny herinaratra, na koa ody mahery.

B. Araka ny Baiboly, ny Fanahy Masina dia Persona (na tsanganan'aina).
   1. Noho izany, Izy dia tsy zavatra "azoko hazonina" mba hampiasaiko ho an'ny tombontsoako manokana.
   2. Izy dia tsanganaina izay monina ao amiko mba hampitao ahy amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra.
   3. Amin'ny maha Persona, ny Fanahy dia te hiaina fifandraisana amintsika.

D. Ny zavatra ilain'ny fiangonana amin'izao androntsika izao dia tsy fandaharam-potoana na fitaovana tsara kokoa, fa fifandrsaiana lalina kokoa amin'ny Fanahy Masina.
   1. Izy ihany no afaka manome aina ny fiangonana.
   2. Ohatra: ny fandaharana vaovao ao anaty fiangonana maty dia tahaka ny fitaovana mpitarika ny fo amin'ny marary efa maty.

II. AHOANA NY TOERAN'NY FANAHY MASINA AO ANATIN'NY TELO IZAY IRAY?

A. Andriamanitra Ray no Mpahary.
   1. Noho Izy, mahatsapa isika fa tsy irery.
   2. Satria Izy no namorona antsika, Azy isika.

B. Andriamanitra Zanaka no Mpamonjy.
   1. Noho Izy, mahatsapa fahamendrehana isika.
   2. Satria maty ho antsika Izy, manan-danja isika.

D. Andriamanitra Fanahy Masina no fanatrehan'Andriamanitra mivantana amin'izao androntsika izao.
   1. Noho Izy, mahatsapa manana antoka isika.
   2. Satria miaraka amintsika Izy, tsy irery isika.

III. INONA NO NOLAZAIN'I JESOSY MIKASIKA NY FANAHY MASINA?

(Fanamarihana: Nilaza zavatra betsaka Izy; kanefa, ny hampifantohantsika ny saintsika dia izay nolazainy ao amin'ny andalana noraisintsika. Ao amin'ireo andalana ireo, Jesosy dia nampiasa fomba roa iantsoana ny Fanahy)

A. Jesosy dia niantso ny Fanahy Masina hoe "Mpananatra" (Jn 14:16).
   1. Ny teny nadika hoe "Mpananatra" (G*k. Parakletos*) dia midika hoe "ilay nantsoina ho eo akaiky mba hanampy".
   2. Ny Fanahy Masina dia tsy miasa tsy miaraka amintsika na manery antsika, fa miaraka amintsika sy amin'ny alalantsika.
   3. Zavatra roa no ataon'ny Fanahy Masina rehefa miara-miasa amintsika:
      a. Handresy lahatra antsika sy maneho antsika ny fahotana eo amin'ny fiainantsika (Jn 16:7-8).
      b. Hanofana antsika ho tonga izay rehetra tian'Andriamanitra hahatongavantsika.
   4. Fampiharana: Ny Fanahy ihany koa dia miteny amin'ny alalan'ny mpino feno ny Fanahy mba handresena lahatra ny very—tahaka ny nataony tamin'ny alalan'i Petera tamin'ny Andro Pentekosta (Asa 2:14; 37-41)
   5. Ny tena maha zava-dehibe ny fitarihan'ny Fanahy dia tsy izay mitranga ao anatin'ny fiangonana fa izay miseho any amin'izao tontolo izao.

B. Jesosy dia niantso ny Fanahy Masina hoe "Mpitari-dalana."
   1. Amin'ny maha Fanahin'ny Fahamarinana, Izy dia hitarika antsika amin'ny marina rehetra (Jn 16:13).
   2. Mafy loatra ny fiainana raha tetezina tsy misy Mpitari-dalana.
   3. Atolory Azy ny tenanao ary Izy hitari-dalana anao.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Aza manamafy ny fifandraisanao amin’ny Tompo amin’ny alalan’ny fahafenoan’ny Fanahy ianao androany.
2. Afaka ho tonga vavolombelona mahomby ho Azy ianao.
3. Manatonà izao ankehitriny izao hofenoina na hofenoina indray ny Fanahy.

[DJ]

Ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Diso matetika ny fahazoana ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary noho izany dia betsaka no tsy mahazo ny fitahiana tokony hoentin'izany eo amin'ny fiainany.

Tanjon'ny Toriteny: Hanampy ny mpino hanaiky fa Andriamanitra dia te hameno azy ireo amin'ny Fanahy Masina sy hanome azy ireo ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra.

Andalana: 1 Korintiana 12:8-11

Fampidirana

1. Ho an'ny kristian'ny Testamenta Vaovao, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia fomba fanao mahazatra.
2. Ato amin'ity hafatra ity isika dia handinika ny valiny omen'ny Baiboly amin'ireo fanontaniana telo mikasika ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra:

I. INONA NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA?

A. Voalohany, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia *tsy:*
   1. Tsy rediredy, ngonongonona na fitenin'ny zaza (Asa 2:5,6,8,11).
      a. Fiteny tsy fantatra = fitenin'ny olona na ny anjely (1 Ko 13:2).
   2. Tsy lahateny ateraky ny fientanam-po na ny tsy fahatsiarovan-tena.
      a. Ianao dia mifehy tanteraka ny sainao (1 Ko 14:27-33).
   3. Tsy fanomezana nifarana niaraka tamin'ny vanim-potoana apostolika.
      a. Ny 1 Ko 13:8 matetika dia tsy voadika araka ny tokony ho izy.
      b. Io dia manondro ny fiovana hitranga amin'ny ho avy, izany hoe rehefa miverina i Kristy
   4. Tsy fanomezam-pahasoavana nahamenatra an'i Paoly.
      a. Ao amin'ny 1 Kor 12-14, Paoly dia tsy niezaka nanazava ny zavatra nahamenatra azy. Nanitsy ny fanararaotana tao amin'ny fiangonana izy.
      b. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy nahamenatra azy noho ny fanasan'ny Tompo izay nahitsiny ao amin'ny toko 11 ny fanararaotana izany.
      d. Tsy tokony ho menatra isika. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia fanomezana avy

amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra tsy manome afa-tsy fanomezana tsara.

B. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra *dia:*
   1. Lahateny avy amin'ny Fanahy (Asa 2:4).
   2. Fanambarana ny asa lehibe ataon'Andriamanitra (Asa 2:11).
   3. Firesahana amin'Andriamanitra (1 Ko 14:2).
   4. Vavaka entanin'ny Fanahy (1 Ko 14:15-16, Ro 8:26-27).
   5. Fiderana sy fisaorana tarihan'ny Fanahy (1 Ko 14:14).

II. IZY IO DIA FAHATSAPANA HO AN'NY MPINO TSIRAIRAY?

A. Eo amin'ny lafiny vavaka manokana, Lioka sy Paoly dia nampiseho fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia natao ho an'ny mpino rehetra.
   1. Tamin'ny Pentekosta, izay rehetra vita batisa yamin'ny Fanahy Masina dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra (Asa 2:4).
   2. Tao an-tranon'i Kornelio, izay rehetra feno ny Fanahy Masina dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra (Asa 10:44-46).
   3. Nisaotra an'Andriamanitra i Paoly satria niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ary naniry izy mba hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra koa ny tsirairay (1 Ko 14:5,18).
   4. Nampianatra i Paoly fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia nomena mba hahatonga ny mpino afaka hampiorina ny tenany ao anatin'ny vavaka (1 Ko 14:4).
      a. Ny Fanahy no mpanolo-tsaina tsara indrindra ho an'ny kristiana.
      b. Ny Tompo no nanome antsika io fanomezam-pahasoavana io mba hampatanjaka antsika sy hanao asa fanompoana ao amin'ny fanahintsika.

B. Kanefa, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, fanomezam-pahasoavana natao hampiasaina ampahibemaso dia tsy natao ho an'ny mpino rehetra.
   1. Rehefa nanontany i Paoly hoe, "Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra va izy rehetra?" (1 Ko 12:29) dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ampahibemaso miaraka amin'ny fandikan-teny, izay mikendry ny hampiorenana ny fiangonana no noresahany.

III. INONA NO TARIDALANA TOKONY HARAHANTSIKA AMIN'NY FAMPIASANA NY FITENY TSY FANTATRA AMPAHIBEMASO?

A. Ao anatin'ny fivoriana ataon'ny fiangonana dia tokony hampaherezina ity fisehoan'ny Fanahy ity.

1. Hoy i Paoly, “maniria fatratra ny zava-panahy ary aza mandrara tsy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra” (1 Ko 14:1, 39).
2. Noho izany, tokony hampahery ny fampiasana io fanomezam-pahasoavana io miaraka amin’ny tari-dalana ara-tSoratra Masina isika (1 Ko 14:33, 40).

B. Rehefa ampiasaina ampahibemaso, ny fanomezam-pahasoavana fiteny tsy fantatra dia tokony hiaraka amin’ny fanomezam-pahasoavana mandika fiteny tsy fantatra mba hahatonga ny fiangonana hihamatanjaka (1 Ko 14:4-6, 13, 28).
D. Ny fanomezam-pahasoavana fiteny tsy fantatra miaraka amin’ny fandikan-teny dia voafetra ho roan a telo ihany isaky ny fanompoana fiderana (1 Ko 14:26-27).
E. Ny fanalahidin’ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra (fiteny tsy fantatra, fandikan-teny, faminaniana) dia vavaka miaraka amin’ny finoana.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Isika rehetra dia tokony haniry izay rehetra tian’Andriamanitra homena antsika.
2. Manatonà an’Andriamanitra izao ankehitriny izao ary avelao ny Fanahiny hameno anao sy hivavaka amin’ny alalanao.

[GW]

72 Ny Mpanampy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Rehefa feno ny Fanahy Masina isika, dia Izy no hanampy antsika hiaina fiainana kristiana mahomby.
Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary ho tonga kristiana mahomby kokoa.
Andalana: Jaona 14:16

Fampidirana

1. Nahazo "anarana ratsy" eo amin'ny fiaraha-monina ny Fanahy Masina amin'izao fotoana izao—ary tompon'andraikitra amin'ny ampahany amin'izany isika.
   a. Satria ny Heriny no katsahantsika mihoatra noho Izy tenany.
   b. Satria isika maniry betsaka lavitra avy amin'Andriamanitra noho ny fanirintsika an'Andriamanitra.
   d. Satria isika maniry ny Fanomezany mihoatra noho ny fanirina ny Vokany.
   e. Satria isika maniry ny haneho ny asan'ny Fanahy mihoatra noho ny fanirina hanolotra ny fiainantsika ho Azy.
2. Rehefa manao ireo zavatra ireo isika dia tonga araka ny tenin'i Paoly hoe: "tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana" (1 Ko 13:1).
3. Ao anatin'ny andalana noraisintsika, Jesosy dia nanoritra ny Fanahy Masina ho "Mpanampy hafa."
   a. Ao anatin'ny "Lahateny tao amin'ny efitra ambony", Jesosy dia namerimberina ny resaka momba ny Fanahy Masina (jereo Jn 14:15-21; 25-27; 15:26-27; 16:7-15).
   b. Nambarany fa antony efatra no ilantsika ny Fanahy Masina ho Mpanampy antsika:

I. NY FANAHY MASINA NO MPAMPIAIKY

A. Araka ny Jaona 16:8-11, mampiaiky amin'ny fomba telo Izy:
   1. Mampiaiky ny fahotana Izy. (Hoy Izy "Tsia, tsia").
   2. Mampiaiky ny fahamarinana Izy. (Hoy Izy, "Eny, eny").
   3. Mampiaiky ny fitsarana Izy (Hoy Izy, "Ianao no misafidy").

B. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, afaka mandresy ny fahotana isika (Ro 8:1-4; Gal 5:16).
   1. Mampiaiky antsika ny Fanahy Masina mba hananantsika fiainana tsara kokoa (Jn 10:10).
   2. Ny fampiaikeny dia mitarika antsika ho any amin'ny fiainana mandrakizay.

II. NY FANAHY MASINA DIA FANAHIN'NY FAHAMARINANA (Jn 14:17; 15:26; 16:13).

A. Ny fiaraha-monina misy antsika dia mampianatra fa tsy mampaninona ny fahotana.
   1. Tahaka ny fahamarinana no hanolorany ny lainga.
   2. Kanefa, ny Fanahy Masina dia tonga amintsika miaraka amin'ny tena fahamarinana.

B. Inona no mitranga rehefa miaina miaraka amin'ny Fanahin'ny Fahamarinana isika?
   1. Manome fahafahana mihoatra ny voajanahary Izy (Jn 8:32).
   2. Tonga vavolombelona mahery vaikan'ny fahamarinan'ny filazantsara isika (Asa 1:8).

III. NY FANAHY MASINA NO MPITARI-DALANA ANTSIKA (Jn 16:13).

A. Izy no hitari-dalana antsika amin'ny fiainana mamokatra kokoa (Jn 15:5, 8).
B. Izy no hilaza amintsika ziay tokony halehantsika sy izay hijoroantsika vavolombelona (Asa 10:19-20).
D. Hanome antsika fitarihana feno fasahiana sy hitondra antsika amin'ny toerana tsy mbola nalehantsika hatramin'izay.
E. Tsy maintsy mankato sy manaraka Azy isika (Asa 5:32).

IV. NY FANAHY MASINA NO MAMPIANATRA ANTSIKA.

A. Rehefa tonga ny Fanahy Masina, Izy no mampianatra antsika (Jn 14:26).
B. Kanefa, alohan'ny hahafahany mampianatra antsika…
   1. …tsy maintsy vonona hianatra Aminy isika.
   2. …tsy maintsy manetry tena isika ary manaiky fa mila fanampiana.
D. Amin'ny mpampianatra antsika, ny Fanahy Masina dia…
   1. …manome lesona tsy voavidim-bola.
   2. …mampianatra antsika zavatra tsy mbola nianarantsika tany aloha.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny fifandraisana amin'ny Fanahy dia manomboka amin'ny fifandraisana amin'i Jesosy Kristy (Jn 3:3-7).
2. Raha vao nateraka indray isika dia tsy maintsy fenoina ny Fanahy (Efe 5:18).
3. Manatonà izao ankehitriny izao ary raiso i Kristy.
4. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina ny Fanahy.

[EJ]

73 Ao anaty dingana miaraka amin'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Raha vao vita batisa amin'ny Fanahy Masina isika dia tokony hiaina fiainana "ao anaty dingana miaraka amin'ny Fanahy".
Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia feno ny Fanahy ary hanokana ny tenany hiaina ao anaty dingana miaraka amin'ny Fanahy.
Andalana: Galatiana 5:25

Fampidirana

1. Fotoana fohy aorian'ny fahaterahana indray, ny mpino tsirairay dia tokony ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina.
2. Efa mahazatra izany ao amin'ny Soratra Masina.
3. Kanefa, tsy ny fahafenoan'ny Fanahy no farany, io no fiandohan'ny fiainana ao anaty dingana miaraka amin'ny Fanahy.
4. Misy fitsipika fototra mahery vaika mikasika ny fiainana ao amin'ny dingana miaraka amin'ny Fanahy izay tokony ho takatra sy hampiharin'ny mpino tsirairay.

I. NY FIAINANA AO ANATY DINGANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY DIA FIAINAM-BAVAKA.

A. Ny fiainana feno ny Fanahy dia manomboka amin'ny vavaka.
   1. Tsy maintsy mangataka ny Fanahy isika (Lk 11:9-13).
   2. Talohan'ny Pentekosta dia nivavaka ny olona (Asa1:1 4 sy 2:4).

B. Ny fiainana feno ny fanahy dia velomin'ny vavaka.

II. NY FIAINANA AO ANATY DINGANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY DOA FIAINAM-PAHAMASINANA.

A. Ny fiainana tsy misy fahamasinana dia mampalahelo ny Fanahy Masina (Efe 4:30-31).
B. Ny Fanahy no hanafy hery antsika hiaina amin'ny fiainam-pahamasinana (Ro 8:1-2; Ga 5:16).

.

III. NY FIAINANA AO ANATY DINGANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY DIA FIAINANA AO AMIN'NY FINOANA.

A. Fiainam-pinoana hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany.
   1. Manomboka amin'ny finoana (Jn 7:38; Gal 3:14).
   2. Velomin'ny finoana izy io.

B. Miorina ny finoantsika rehefa mivavaka ao amin'ny Fanahy isika (Joda 20).

IV. NY FIAINANA AO ANATY DINGANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY DIA FIAINANA ARA-PANAHY MITOMBO SY MITOHY AMIN'NY FIFANDRAISANA LALINA.

A. Raha vao feno ny Fanahy isika dia tsy maintsy mihamatotra amin'ny zavatra momba ny Fanahy.
   1. Ao amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy (1Ko 12:1, 31).
   2. Ao amin'ny vokatry ny Fanahy (Gal 5:22-23).

B. Ny fiainana ao amin'ny Fanahy koa dia ahitana fifandraisana lalina sy mitohy.
   1. Amin'ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina.
   2. Amin'ny mpino hafa ao amin'i Kristy.
   3. Amin'ireo mila an'i Kristy.

D. Tahaka ny amin'ny fifandraisana mahazatra, ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra dia tsy maintsy velomina sy kolokoloina.

V. NY FIAINANA AO ANATY DINGANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY DIA FIAINANA VAVOLOMBELONA FENO FASAHIANA.

A. Hery hijoroana vavolombelona no tanjona vaolohan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8; 4:31).

B. Raha handray fanapahan-kevitra isika, ary hanomboka ho vavolombelona, ho avy ny Fanahy ary hampatanjaka ny fijoroana vavombelontsika.

VI. NY FIAINANA AO ANATY DINGANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY DIA MANOMBOKA AMIN'NY FAHATSAPANA ARA-PANAHY MAHERY VAIKA—ARY IZANY DIA TOHANAN'NY FAHATSAPANA ARA-PANAHY MIFANDIMBY.

A. Ny fiainana ara-panahy dia manomboka amin'ny fahatsapana roa tena manan-danja:
   1. Ny fahaterahana indray (Jn 3:3-7).
   2. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 2:1-4).

B. Io dia tohanan'ny fahatsapana mifandimby, ao anatin'izany
   1. Ny fahafenoana indray (Asa 4:31; Efe 5:18).
   2. Ny fanosorana (Asa 4:8; 10:38).
   3. Ny fitarihan'Andriamanitra (Asa 16:6-10).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà ary aoka hateraky ny Fanahy.
2. Manatonà ary aoka hofenoina ny Fanahy Masina.
3. Manatonà ary atokany ny tenanao hiaina ao anaty dingana miaraka amin'ny Fanahy.

[DRM]

Fiainana ao amin'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy ampy ny manana ny herin'ny Fanahy, tsy maintsy manana ny fahamasinan'ny Fanahy koa isika ao amin'ny fiainantsika.

Tanjon'ny toriteny: Hahita ny olona feno ny Fanahy Masina sy hanomboka handeha miaraka amin'ny Fanahy Masina isan'andro tahaka ny zanak'Andriamanitra masina.

Andalana: Romans 8:1-39

Fampidirana

1. Ny Pentekôtisma marina dia manasongadina ny hery sy ny fahadiovana.
2. Ny Fanahy Masina dia sady "masina" na "Fanahy".
   a. Ny *Masina* dia anarana mampahatsiaro antsika ny Asa fanamasinana ataony eo amin'ny fiainan'ny mpino
   b. Ny *Fanahy* dia mampahatsiaro antsika fa isika dia natao hanahaka ny endrik'i Kristy. Ny Fanahy dia mampahatsiaro antsika fa isika dia natao hanohy ny Asany.
3. Ny olan'ny kristiana dia eo amin'ny nofo sy ny fanahy.
   a. Niresaka momba io olana io i Paoly ao amin'ny Romana 7-8.
   b. Ny toko 7 dia mampiseho ny lafiny matanjaka amin'ny nofo.
   d. Ny toko 8 dia mampiseho ny fandrsen'ny kristiana amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy sy ny herin'ny Fanahy Masina.
4. Romana 8:1 dia manoritsoritra ny hetsika tamin'ny lasa izay nitranga tamin'ny fotoana voafaritra tsara.
   a. Io hetsika io dia ny asa nataon'i Kristy teo Kalvary (Gal 5:1).
   b. Io asa io no fototry ny fahafahantsika ao amin'i Kristy ankehitriny.
5. Ato anatin'ity hafatra ity isika dia hijery ny fiainana iainana ao amin'ny Fanahy.
6. Ny fiainana tahaka izany izany dia manana toetra roa tena mampiavaka azy.

I. NY FIAINANA AO AMIN'NY FANAHY DIA FIAINAM-PAHAMASINANA (Ro 8:5-13).

A. Tsy maintsy manombo ny nofontsika isika (Gal 5:16-21).
   1. Ny mpino dia tokony handeha araka ny Fanahy, fa tsy ny nofo.
      a. Ny mandeha ao amin'ny (araka ny) Fanahy dia manaiky ny Fanahy.
      b. Mijanona ao amin'ny fifandraisana Aminy sy ny mandray fanapahan-kevitra ao anatin'ny fahazavan'ny Toetrany.

2. Tsy afaka manome toerana ho an'ny fahotana sy Kristy amin'ny fotoana iray isika.
3. Andraikitry ny mpino ny manaiky ny Fanahy sy manohitra ny asan'ny fanahy.

B. Tsy maintsy mamboly ny Fanahy isika (Gal 5:22-25).
1. Navahan'i Paoly tanteraka ny asan'ny nofo sy ny vokatry ny Fanahy (Gal 5:22-23).
2. Ny asa dia vokatry ny ezaky ny olombelona; ny vokatra dia mitombo eo amin'ny sampana miray amin'ny voaloboka (Jn 15:5).
3. Mariho tsara fa milaza zavatra tokana ny teny hoe "vokatra". Ny hany vokatra avy amin'ny Fanahy dia fitoviana amin'i Kristy.

II. NY FIAINANA AO AMIN'NY FANAHY DIA FIAINANA FENO HERY (Ro 8:14-30).

A. Ny Fanahy dia manome antsika hery ho tonga zanak'Andriamanitra (and 14-16).
1. Mitohy manome antoka antsika Izy fa Azy isika.
   a. Mikarakara ny lasa, ny ankehitriny ary ny ho avy izy.
   b. Tsy isalasalana fa zanak'Andriamanitra isika.
2. Izy no tompon'andraikitra sy mpanampy izy mijoro vavolombelona sy manamafy amintsika fa zanak'Andriamanitra isika.
3. Mariho ny fijoroana vavolombelona roa ao anatin'ireo andinin-tSoratra Masina ireo:
   a. Manana ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra izay milaza ny nananganany antsika ao anatin'ny ankohonany isika.
   b. Ankehitriny, ny tsirairay avy amintsika dia manana ny fahatsapany manokana miaraka amin'ny Fanahy. ("Ny Fanahiny no mampahafantatra antsika"). Zanany tena miavaka isika!

B. Ny Fanahy no manome antsika hery hivavaka (Ro 8:26-27).
1. Izy no hanampy antsika rehefa tsy afaka manampy ny tenantsika isika
2. Izy no hanampy amin'ny fitondrana ny enta-mavesatra eo amin'ny fiainantsika.
3. Hanampy antsika hivavaka Izy.

D. Ny Fanahy no manome antsika hery miaraka amin'ny tanjona (Ro 8:28-30).
1. Izy no manome antsika hery hanatanterahana ny antom-pisintsika (Ro 8:29-39)

2. Andriamanitra dia nanendry antsika tsirairay ho amin'ny fiafarana be voninahitra!

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Amin'ny alalan'ny Fanahy, afaka miaina fiainam-pahamasinana sy feno hery isika.
2. Manatonà izao ankehitriny izao ary atolory ho an'ny Fanahy Masina ny fiainanao.
3. Manatonà ary aoka hotafiany ny Heriny mba hanao ny Asany.

[SE]

75 Miaina amin'ny tosika

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy mahafantatra ny atao hoe "miaina amin'ny tosika," izany hoe mandeha araka ny Fanahy.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy Masina ny mpino ary hanokana ny tenany hiaina ao amin'ny Fanahy.

Andalana: Romana 8:1-17

Fampidirana

1. Ny asan'ny Fanahy Masina dia tsy maintsy laharam-pahamehana eo amin'ny fiainantsika tsirairay avy (Gal 5:25).
2. Ity hafatra ity dia hiresaka mikasika ny dikan'ny miaina sy mandeha ao amin'ny Fanahy.
3. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Paoly dia nihaika antsika hiaina ny fiainantsika "araka ny Fanahy." Voalohany, niresaka izy fa…

I. MISY FOMBA ROA HAHAFAHANTSIKA MIAINA NY FIAINANA KRISTIANA.

1. Afaka miaina ny fiainantsika "araka ny toetra mpanota isika" [Gk. *kata sarka*]
2. Na, afaka miaina ny fiainantsika "araka ny Fanahy" [Gk. *kata Pneuma,* and. 4-5]). Ndeha hojerentsika ny tsirairay amin'izy ireo:

A. Afaka miaina ny fiainantsika *kata sarka* isika, izany hoe, araka ny toetra mpanota ("araka ny toetran'ny fono," and 1-4, 7).
   1. Ny fiainana tahaka izany dia tsy mahafaly an'Andriamanitra.
   2. Miteraka fitiavan-tena, fankahana ary fanoherana an'Andriamanitra izany.
   3. Mitarika amin'ny fanandevozana sy fahafatesana izany.
   4. Misy fomba tsara kokoa:

B. Afaka miaina ny fiainantsika *kata Pneuma* isika, izany hoe araka ny Fanahy.
   1. Ny miaina *kata Pneuma* dia mamokatra fiainam-pahamarinana, fiadanana, ary fahafahana amin'ny fanamelohana.
   2. Na manao na manao fiainantsika taloha (mpandala lalàna na mpanompo sampy); afaka miaina amim-pahamarinana isika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy.

II. AHOANA NO HAHAFAHANTSIKA MIAINA ARAKA NY FANAHY.

A. Tsy maintsy manomboka amin'ny fahaterahana ao amin'ny Fanahy (Jn 3:3-8).

B. Manaraka, tsy maintsy marina ny fijerintsika ny Fanahy Masina.
   1. Tsy tokony heverintsika ho hery miafina sy malemy ao amin'ny fiainantsika.
   2. Tsy tokony hojerentsika tataka ny miasa tsindraindray (toy ny amin'ny fotoanan'ny fifohazam-panahy).
   3. Tsy maintsy mijery ny Fanahy amin'ny maha mpandray anjara mavitrika azu ao amin'ny fiainantsika amin'ny fotoana rehetra.

D. Ambonin'izany, tsy maintsy mianatra "miaina amin'ny tosika" isika.
   1. Ny "tosika" dia fahatsapana mahery vaika sy lalina ny fanatrehan'ny Fanahy Masina izay manetsika antsika isika hiteny, hanompo ary hihetsika araka ny tanjom-panavotan'Andriamanitra.
   2. Io no tsimabaratelon'ny fiainana kristiana feno fandresena.
   3. Io no tsiambaratelon'ny fijoroana vavolombelona kristiana mahery vaika.

E. Ny miaina miaraka amin'ny tosika dia miaina fiainana mora tohina sy mamaly ny Fanahy Masina amin'ny lafiny telo:
   1. Eo amin'ny *fiainana maha kristiana antsika manokana*: Izy no hanosika sy hanetsika antsika ho amin'ny fahombiazana lehibe kokoa, ny fahamatorana, ary ny fandresena ny fahotana.
   2. Amin'ny fotoana *hivorian'ny fiangonana mba hidera*: Izy no hanosika antsika hanao fanompoana amin'ny hafa.
   3. rehefa eny *ankalamanjana*: Manosika antsika hanatratra ny very amin'ny filazantsara.

F. Manontany ianao, "Ahoana no hahafahako miaina ny fiainako *kata Pneuma?"* (Tolokevitra fito azo ampiharina:)
   1. Fantaro ny fanatrehan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao.
   2. Aoka ho tsapanao fa ny Fanahy dia miasa ao aminao sy amin'ny alalan'ny toe-javatra eo amin'ny fiainanao.
   3. Esory ny fanirinao te ho hitan'ny hafa.
   4. Isan'andro, manomboha amin'ny vavaka, fangatahana ny Fanahy Masina ho tonga, hitarika ary hampiasa.
   5. Aoka ho mora taohina hatrany amin'ny tosika avy amin'ny Fanahy.
   6. Katsaho ny hahatonga anao ho fitahiana ho an'ny hafa.
   7. Diniho ny fomba namalinao ny Fanahy Masina tamin'ny lasa, ary ahitsio ny fiainanao sy ny fomba famalinao hahatonga anao hahomby kokoa amin'ny famaliana azy amin'ny ho avy.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Ianao ve vonona hiaina ny fiainanao ao anaty dingana miaraka amin’ny Fanahy?
2. Manatonà izao ankehitriny izao ary atolory ny tenanao hikatsaka fiainana tarihan’ny Fanahy.
3. Atombohy amin’ny fahafenoana sy fahafenoana indray amin’ny Fanahy Masina izany androany.

[LB]

76 Satria feno ny Fanahy Ianao izao

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Raha vao feno ny Fanahy Masina ny olona iray, dia tsy maintsy mihazona ny dia feno ny Fanay, ny fijoroana vavolombelona ho an'i Kristy, ary ny fitomboana amin'ny fahasoavana.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho feno ny Fanahy sy hianatra ny fomba iainana ny fiainana feno ny Fanahy.

Andalana: Galatiana 3:2-3; 5:25

Fampidirana

1. Tena iankinan'ny aina ny fahavitan'ny mpino batisa amin'ny Fanahy Masina.
2. kanefa izao no olana: Matetika, na dia feno ny Fanahy aza ny kristiana dia tsy hainy ny fomba iainana fiainana fehezin'ny Fanahy.
3. Ny andalana noraisintsika dia miresaka ny maha zava-dehibe ny iainantsika kristiana eo ambany fifehezan'ny Fanahy Masina.
4. Ity hafatra ity dia hiresaka momba ireo zavatra efatra tsy maintsy atao raha vao feno ny Fanahy:

Satria feno ny Fanahy ianao izao dia…

I. TOKONY HITOETRA FENO NY FANAHY HATRANY.

A. Tsy maintsy mikatsaka fahafenoana vaovao amin'ny Fanahy.
   1. Ny fahafenoana amin'ny Fanahy dia tsy fahatsapana indray mandeha tsy miverina. (Ampitahao Asa 2:4; 4:8, 31.) (Ampitahao Asa 9:6, Efe 5:18.)
   2. Tsy maintsy fenoina amin'ny Fanahy isika isan'andro!

B. Mivavaha ka aza mitsahatra (1Tes 5:17).
   1. Ny vavaka no singa fanalahidy amin'ny fihazonana fiainana feno ny Fanahy.
   2. Ny vavaka ataontsika dia tokony ahitana vavaka ao amin'ny Fanahy (Efe 6:18).

D. Aoka ianao hiaina amin'ny fahamasinana.
   1. Ny fiainana tsy misy fahamasinana dia hampalahelo ny Fanahin'Andriamanitra (Efe 4:3).
   2. Avelao ny Fanahy hanamasina ny fiainanao (Ro 15:16).

E. Aoka ianao hiaina fiainam-pankatoavana (Jak 4:17-18).
   1. Tsy maintsy manaiky ny sitrapon'Andriamanitra isika isan'andro.
   2. Tsy maintsy manokana ny tenantsika ho an'ny irak'Andriamanitra isika isan'andro.

Satria feno ny Fanahy ianao izao dia…

II. TOKONY HO TONGA VAVOLOMBELONA MAHERY VAIKA HO AN'I KRSITY.

A. Hery ho an'ny vavolombelona no tena antony namenoana antsika amin'ny Fanahy (Asa 1:8).

B. Tokony ho mahatoky amin'ny firesahana amin'ny hafa ny momba an'i Kristy sy izay azony atao ho an'ny fiainan'izy ireo isika (Lk 24:46-48; Asa 5:32).

Satria feno ny Fanahy ianao izao dia…

III. TOKONY HAMPIASAIN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY ASA FANOMPOAN'NY FANOMEZAM-PAHASOAVANA IANAO.

A. Satria ao amin'ny Fanahy ny fanomezam-pahasoavana, rehefa feno ny Fanahy isika dia vonona ho ampiasaina ao amin'ny asa fanompoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy.

B. Ny lisitry ny fanomezam-pahasoavana dia hita ao amin'ny 1 Korintiana 12:8-10.

D. Te hampiasa anao ny Fanahy:

1. Hiteny aminao (fanomezam-pahasoavana fanambarana).
2. Hiteny amin'ny alalanao (fanomezam-pahasoavana faminaniana).
3. Hiasa amin'ny alalanao (fanomezam-pahasoavana hery).

E. Ny tsirairay avy amintsika dia tokony haniry mafy ny fanomezam-pahasoavana (1 Ko 14:1).

Satria feno ny Fanahy ianao izao dia…

IV. TOKONY HAMELA NY FANAHY HAMOKATRA VOKATRA ARA-PANAHY EO AMIN'NY FIAINANAO.

A. Miforona ao amin'ny fiainantsika ny vokatry ny Fanahy rehefa…

1. …mandeha araka ny fanahy isika (Gal 5:22-35, mariho and. 25).
2. …mitoetra ao amin'i Kristy (Jn 15:4-6).

B. Ny vokatry ny Fanahy sivy dia manoritsoritra ny toetran'i Kristy.

1. Tian'i Kristy hiaina tahaka ny niainany isika (1Jn 2:6).
2. Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanany ihany no hahafahana manao izany.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina na hofenoina indray amin'ny Fanahy.
2. Ao anatin'izany…
   a. Atokàny ny tenanao ho an'ny fijoroana vavolombelona ho an'i Kristy voatafy ny herin'ny Fanahy.

b. Angataho ny Fanahy hanomboka haneho ny fanomezam-pahasoavana eo amin'ny fiainanao.
d. Avelao ny Fanahy hiasa ao amin'ny fiainanao sy hamokatra ny vokatry ny fanahy.

[DRM]

Fankatoavana ny feon'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy fenoina ny Fanahy isika rehetra ary mianatra manaiky ny feon'ny Fanahy.
Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho feno ny Fanahy ny Fanahy sy hanokana ny tenany amin'ny fankatoavana ny Feony.
Andalana: Asan'ny Apostoly 8:26-29

Fampidirana:

1. Tsy maintsy feno ny Fanahy Masina isika, kanefa tsy ampy izany.
2. Tsy maintsy mianatra mankato ny fenon'ny Fanahy koa isika.
3. Ny andalana noraisintsika dia iray amin'ireo ohatra ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ahitana ny mpino mankato ny feon'ny Fanahy.
4. Ndeha isika hijery ny telo amin'ireo ohatra ireo:

I. NANKATO NY FEON'NY FANAHY I FILIPO (Asa 8:26-27).

A. Indroa i Filipo no nahare sy nankato ny baikon'ny Fanahy:
   1. Tamin'ny nitenanan'ny Fanahy hoe, "Mandehana" any amin'ny lalana mankany Gaza (and. 26).
   2. Tamin'ny nitenenan'ny Fanahy hoe, "mankanesa amin'io kalesy io" (and. 29).
   3. Nahare ny feon'ny Fanahy i Filipo satria feno ny Fanany sy nanana fo nankato (Asa 6:1-6).

B. satria nankato ny Feon'ny Fanahy i Filipo, nahomby izy.
   1. Nifanena tamin'i Kristy ilay Etiopiana (Asa 8:36-39).
   2. Fenoin'Andriamanitra ny Fanahiny isika mba hahafahantsika mahare ny Feony, mankato, mandeha, ary mahomby amin'ny fijoroana vavolombelona ho an'i Kristy.

II. NANKATO NY FEON'NY FANAHY I ANANIASY (Asa 9:10-18).

A. Ny Fanahy dia niteny tamin'i Ananiasy mba handeha sy hivavaka ho an'i Saoly.
   1. Nankato i Ananiasy na dia natahotra aza.
   2. Vakio ny andininy 11 sy 15.

B. Noho ny fankatoavany, asa lehibe no tanteraka.
   1. Feno ny Fanahy i Paoly ary notendrena ho apostolin'ny Jentilisa.
   2. Noho izany, maro no nanatona an'i Kristy.

D. Isika koa, tsy maintsy mankato ny feon'ny Fanahy, na dia mafy aza izany.

III. NANKATO NY FEON'NY FANAHY I PETERA (Asa 10:1-48).

A. Ny Fanahy no nitarika an'i Petera hoe "mandehana".
B. Nankato i Petera na dia nitondra fifanoherana teo amin'ny kolontsainy sy ny ny fomba amam-panao tao amin'ny fivavahany aza izany.
D. Ny fankatoavan'i Petera dia nanokatra ny varavaran'ny filazantsara tany amin'ny Jentilisa.

IV. ISIKA, KOA, TSY MAINTSY MANKATO NY FEON'NY FANAHY.

A. Tahaka ireo lehilahy telo ireo, tsy maintsy fenoina ny Fanahy ny tsirairay avy amintsika.
B. Tahaka ireo lehilahy telo ireo, tsy maintsy mankato ny feon'ny Fanahy isika.
    1. Ny fahafenoan'ny Fanahy dia midika fankatoavana ny Fanahy.
    2. Raha mihaino ny feon'ny Fanahy isika, dia Izy no hitarika antsika ao anatin'ny irak'Andriamanitra.
D. Avy amin'ireo lehilahy telo ireo, mianatra lesona mahery vaika isika:
    1. Tsy maintsy feno ny Fanahy isika rehetra (Asa 1:4-5, Efe 5:18).
    2. Tsy maintsy misokatra hatrany amin'ny feon'ny Fanahy isika.
    3. Tsy maintsy mankato ny feon'ny Fanahy isika na dia mafy aza izany.
    4. Rehefa mitarika antsika ho amin'ny olona iray ny Fanahy, afaka matoky isika fa efa nanomana ny olona hitarihany antsika Izy.
    5. Raha hankato ny feon'ny Fanahy isika, dia vokatra mahery vaika no hanaraka antsika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy.
2. Ary atokany ny tenanao ho amin'ny fiainoana sy fankatoavana ny feon'ny Fanahy.

[BN]

78 Ny vokatry ny tena Pentekôtisma marina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Na dia misy aza ny manome anarana ratsy ny Pentekôtisma, misy ny tena Pentekôtisma marina izay manova ny olona sy ny fiangonana.

Tanjon'ny toriteny: Hampahery ny olona tsy handà ny Pentekosta noho ny fanararaotana ataon'ny hafa ha hikatsaka ny ho feno ny herin'ny Fanahy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-4; 14-18

Fampidirana

1. Nalaza ratsy ny Pentekôtisma tany amin'ny toerana sasany ...
   a. …noho ny fanaovana zavatra mihoatra ny mety.
   b. …noho ny tsy fahombiazana amin'ny fanehoana ny herin'ny Pentekosta.
   d. …noho ny fanarahan-dalàna tafahoatra.
   e. …Noho ireo mpikambana na mpitarika manao zavatra miaraka amin'ny fikasana hamitaka.
2. Na dia eo aza izany, misy ny tena Pentekôtisma marina izay manana ny fahaiza-manao entina hanandratra ny fiangonana amin'ny haavo tsy tratrany teo aloha.
3. Ndeha hojerentsika ireo zava-marina efatra momba ny Pentekôtisma marina:

I. NY PENTEKÔTISMA MARINA DIA MAMPIAKATRA NY FIAINAM-BAVAKY NY MPINO.

A. Ny nahafantarana ny Pentekôtista teo amin'ny tantara dia ny vavaka.

B. Jesosy, ilay ohatra lehibe indrindra, dia nanome antsika taridalana harahana:
   1. Fanaony ny mivavaka maraina alina (Mk 1:35).
   2. Fantatra koa fa nivavaka nandritra ny alina Izy (Lk 6:12).
   3. Nivavaka Izy talohan'ny nandraisany fanapahan-kevitra goavana (Lk 6:12-13).
   4. Ny Fanahy no nampitao an'i Jesosy hivavaka niaraka tamin'ny hery lehibe ary hampitao antsika hivavaka tahaka Azy koa.

D. Ny fahafenoan'ny Fanahy dia hanova ny fiainam-bavakao.
   1. Vakio ny Romana 8:26-27 sy ny Joda 1:20.
   2. Araka ireo adinin-tSoratra Masina ireo, rehefa feno ny Fanahy Masina isika, dia handray fiteny fampiasa rehefa mivavaka izay mampandray anjara ny lavitra sy manome fahafahana antsika hivavala amin'ny haavo mihoatra noho ny azon'ny voambolantsika tononina.

3. Ny vavaka tahaka izany dia mampiorina finoana.

II. NY PENTEKÔTISMA MARINA DIA MAHATONGA NY MPINO HANDEHA AO AMIN'NY HERIN'ANDRIAMANITRA IZAY MIHOATRA NY VOAJANAHARY.

A. Ny fiangonana Pentekotista dia tokony ho fiangonan'ny hery.
   1. Raha tena Pentekôtista marina isika dia hanaraka ny asa fanompoantsika ny fahagagana (Mk 16:14-19).
B. Rehefa vita batisa amin'ny Fanahy Masina ny olona dia hiteny amin'ny fomba mihoatra ny voajanahary amin'ny fiteny hafa izy (Asa 2:4).
   1. Mariho tsara fa *ny teny nolazain'izy ireo* dia araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy.
   2. Ny zava-marina hafa maneho ny herin'ny Fanahy dia ny fijoroana vavolombelona, ny fitiavana ny hafa, ny fitiavana ny Teny, ny herin'ny fiainana kristiana, ny fahagagana, ny famantarana, ary ny fahagagana.
D. Tsy mitovy amin'ny hery hafa ny herin'ny Pentekosra satria tsy voafetra ---satria herin'Andriamanitra.

III. NY PENTEKÔTISMA MARINA DIA MAMOKATRA OLONA MANANA FANAPAHAN-KEVITRA HAHARITRA.

A. Ireo mpino voalohany dia feno ny herin'ny Fanahy ary nanompo an'i Kristy tamim-pahatokiana teo anatrehan'ny fanoherana mafy aza.
B. Diniho ny faharetan'ireo apostoly roa ambin'ny folo.
   1. Araka ny tantaran'ny fiangonana, maty maritiora ho an'ny filazantsara avokoa izy ireo afa-tsy Jaona.
   2. Ny lehilahy, tahaka an'i Paoly dia nisedra fanoherana goavana tsy tapaka, kanefa noho ny herin'ny Fanahy, naharitra izy (Kol 1:29).

IV. NY PENTEKÔTISMA MARINA DIA HAHARITRA HATRAMIN'NY TARANAKA PENTEKÔTISTA.

A. Ny fiangonana dia nahalala ny fomba hampaharetana ny Pentekôtista ho an'ny taranaka manaraka.
   1. Nataon'ny apostoly azo antoka fa ny mpino vaovao tao samaria dia nandray ny fanomezan'ny Fanahy (Asa 8:17-18).
   2. Ny fanontaniana voalohany napetrak'i Paoly tamin'ireo mpino 12 tany Efesosy dia izao: "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?" (Asa 19:1-2).
B. Tsy maintsy misy fahaterahan'ny Pentekôtista indray isaky ny taranaka.

D. Andraikintsika ny mampita ny Pentekôtisma marina amin'ny zanantsika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Andriamanitra dia nanomana lalana hahatonga antsika ho Pentekôtista marina sy haneho ny herin'ny Pentekosta (Asa 1:8).
2. Ndeha isika hanatona ary hofenoina ny Fanahy.
3. Raha efa izany, handeha isika ary hanambara ny filazantsara ao anatin'ny herin'ny Fanahy.

[DN]

79 Fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anatin'ny fehezanteny tokana: Raha hangataka ianao, ny Ray any an-danitra dia hanome anao ny fanomezan'ny Fanahy izay voaporofo amin'ny fitenenana amin'ny fiteny izay ampitenenin'ny Fanahy.

Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy ny mpino ary hahatakatra ny tanjona sy ny toetran'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:1-4; 17-18

Fampidirana

1. Talohan'ny niverenan'i Jesosy tany an-danitra, nandidy ny Mpianany hiandry ny Fanahy Masina Izy (Asa 1:4-5).
2. nandray ny Fanahy izy ireo ary niteny tamin'ny fireny nampitenenin'ny Fanahy azy ireo (Asa 2:4).
3. Petera no nitsangana nanazava io fahatsapana io (Asa 2:17-18).
4. Nolazainy fa io fahatsapana io dia ho an'ny mpino rehetra (Asa 2:38-39).
5. Io hafatra io dia miresaka olana efatra mikasika ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra:

I. INONA NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA?

A. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy…
   1. …famantarana ny toerana misy anao ara-panahy.
   2. …hitsin-dalana ho any amin'ny fahamatorana ara-panahy.
   3. …zavatra mitondra antsika ao anaty nofy atoandro na tsy fahatsiarovan-tena.

B. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia fiteny avy amin'ny Fanahy Masina ary tsy fantatr'ilay olona miteny.

II. MBOLA MIASA VE NY FITENY TSY FANTATRA ANDROANY?

A. Manerana izao tontolo izao, an-tapitrisany ny mpino feno ny Fanahy miaraka amin'ny porofo ara-Baiboly dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

B. Kanefa, ny sasany dia mampianatra fa efa nitsahatra ny fiteny tsy fantatra.
   1. Ny 1 Ko 13:8-10 no ampiasain'izy ireo ampianarana izany, ka lazainy fa "ny tanteraka" dia efa tontosa tamin'ny andron'ny Soratra Masina.
   2. Kanefa, "ny tanteraka" dia manondro ny fiverenan'i Jesosy fanindroany.

3. Mandra-piverin'i Jesosy indray, ny olona dia mila ny fanomezana samihafa avy amin'ny Fanahy Masina, ao anatin'izany ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

III. AHOANA NO FIASAN'NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO?

A. Ny Baiboly dia manoritsoritra fisehon'ny fiteny tsy fantatra telo:
   1. Fiteny tsy fantatra amin'ny maha porofo (Asa 2:4; 10:46; 19:6).
   2. Fiteny tsy fantatra ao anatin'ny vavaka fifonana (Ro 8:26-27).
      a. Ny Fanahy dia mivavaka amin'ny alalantsika "amin'ny fitarainana tsy azo tononina" (and. 26).
      b. Mivavaka araka ny sitrapon'Andriamanitra Izy.
   3. Fiteny tsy fantatra amin'ny maha fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy (1 Ko 12:10).
      a. Izy io dia ampiasaina miaraka amin'ny fanomezam-pahasoavana mandika teny mba hahfahana mampita ny fahatr'Andriamanitra amin'ny fiangonana.
      b. Ao amin'ny 1 Ko 14: 1 – 32 no ianarantsika ny fampiasana io fanomezam-pahasoavana io araka ny tokony ho izy.

IV. IREO FANONTANIANA APETRAKY NY OLONA MIKASIKA NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO:

A. Nomena ny fiangonana ve ny fiteny tsy fantatra mba hahafahany mitory ny filazantsara amin'ny fiteny vahiny?
   1. Tsia, ny fiteny tsy fantatra dia famantarana fa ny olona iray dia notafiana ny Fanahy mba ho vavolombelon'i Kristy (Asa 1:8).

B. Ny fiteny tsy fantatra ve fitenin'ny olona foana?
   1. Tsia, indraindray amin'ny fitenin'ny olona ary misy fotoana amin'ny fitenin'ny anjely (1 Ko 13:1).

D. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve i Jesosy?
   1. Tsy fantantsika, tsy miresaka momba izany ny Baiboly.
   2. Fantantsika kosa fa Jesosy dia nivavaka tao amin'ny Fanahy (Lk 10:21-22; Jn 11:33).

E. Tokony hampatahotra ve ny fiteny tsy fantatra?
   1. Jesosy dia nampianatra fa tsy tokony hisy hampatahotra (Lk 11:13).
   2. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fanomezana mahafinaritra avy amin'Andriamanitra izay tokony hankamamiana fa tsy hatahorana.

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Aoka tsy ho afa-po ianao raha tsy fenoin’Andriamanitra amin’ny Fanahiny.
2. Ny Ray dia hanome ny Fanahy Masina ho an’izay mangataka fanomezana Aminy (Lk 11:9-10; 13).
3. Manatonà izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy Masina.

[DWC]

80 Ny dikan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Isaky ny feno ny Fanahy sy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika dia tokony hahatsiako ny dikan'izany.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia hofenoina na hofenoina indray amin'ny Fanahy Masina izay voaporofo amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ary hahatakatra tsara ny dikan'izany fahatsapana izany.

Andalana: Asan'ny Apostoly 2:12-18, 31-33

Fampidirana

1. Amin'ny Pentekôtista, isika dia mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.
   a. Kanefa, efa mba nanontany tena ny amin'ny dikan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ve ianao?
   b. Ny Jiosy dia nametraka izany fanontaniana izany tamin'ny fotoana nandrenesany ny mpianatra 120 niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra tamin'ny Andro Pentekosta (and.12).
2. Novalian'i Petera ao amin'ny andalana noraisintsika io fanontaniana io.
3. Araka ny fanazavany, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia misika zavatra efatra fara fahakeliny:

I. NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MIDIKA FA MARINA NY BAIBOLY (and. 16-17, 33).

A. Marina ny Baiboly satria Andriamanitra dia mihazona ny Fampanantenany (and. 16).
B. Marina ny Baiboly satria Andriamanitra no niteny tamin'ny alalan'ny mpaminany (and. 17b).
D. Marina ny Baiboly satria azo ampiharina (v. 33).
E. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia porofo fa ny Baiboly dia manan-kery androany.

II. NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MIDIKA FA FOHY NY FOTOANA (and. 17a).

A Fohy ny fotoana satria ny firotsahan'ny Fanahy no nanamarika ny fiandohan'ny andro farany.
   1. Efa lanintsika ny 730,000 andro amin'ny andro farany (teo ho eo, nanomboka tamin'ny Pentekôsta ka hatramin'ny androany).
   2. Midika izany fa efa akaiky ny fiavian'ny Tompo.

B. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampahatsiahy antsika fa tsy manana fotoana ho lanilaniana fotsiny isika.
    1. Tsy maintsy mitory ny filazantsara amin'izao tontolo izao isika alohan'ny hiverenan'i Jesosy indray (Asa 1:8; Mt 24:14).

III. NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MIDIKA FA AFAKA AMPIASAINA AO ANATIN'NY FIANGONANA NY TSIRAIRAY AVY AMINTSIKA (and. 17b-18).

A. Afaka ampiasaina avokoa isika rehetra satria Andriamanitra no manafy hery sy mampiasa ny tsirairay hahatanteraka ny Tanjony.
    1. Izy no manafy hery sy mampiasa na ny lehilahy na ny vehivavy (and. 17-18).
    2. Izy no manafy hery sy mampiasa ny tanora sy ny antitra (and. 17d).
B. Izay rehetra miteny tsy fantatra dia azon'Andriamanitra ampiasaina ao amin'ny fiangonana.
    1. Satria izay rehetra miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia vita batisa amin'ny Fanahy Masina sy voatafy hery hanao ny asan'Andriamanitra.
    2. Noho izany, ny rehetra no tokony hikatsaka ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

IV. NY FITENENANA AMIN'NY FITENY TSY FANTATRA DIA MIDIKA FA VELONA JESOSY (and. 31-33).

A. Isira dia mahafantatra fa velona Jesosy…
    1. …Satria foana ny Fasany (and. 31-32).
    2. …Satria Izy eo an- tanana ankavanan'Andriamanitra (and. 33a).
B. Ambonin'izany, fantantsika fa velona i Jesosy satria nandrotsaka ny Fanahy Masina Izy tamin'ny Pentekosta (and. 33b).
    1. Ary mbola manao izany Izy androany.
    2. Ary mbola tsy miova ny fomba fanaovany izany, porofoiny amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny fijoroana vavolombelona voatafy hery.
D. Ianao, koa, afaka fenoina ny Fanahy androany.
    1. Hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra.
    2. Ho tonga vavolombelon'i Kristy ianao.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Amin'ny fotoana mahafeno na mahafeno anao indray amin'ny Fanahy ka itenenanao amin'ny fiteny tsy fantatra, tadidio fa…

a. …marina ny Baiboly ary afaka matoky ny fampanantenany ao ianao.
b. …fohy ny fotoana, noho izany,isika dia tokony hosahirana amin'ny fanambarana an'i Kristy amin'ny very na eo amin'izay misy antsika na amin'ny firenena.
d. …isika tsirairay avy dia notafiana ny hery sy nandray ny fanomezana avy amin'ny Fanahy, noho izany, ilaina ao amin'ny asan'Andriamanitra.
d. …velona i Jesosy, ary hanampy sy hiaro antsika raha manompo Azy isika.

2. Manatonà izao ankehitriny izao mba hofenoina ny Fanahy.

[FK]

Fizarana 4

Ny maha zava-dehibe ny Pentekosta

Fiangonana Asan’ny Apostoly 1:8

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tokony ho fiangonana Asan’ny Apostoly 1:8 isika, izany hoe fiangonana feno ny Fanahy Masina sy mifantoka amin’ny fanatrarana ny olona rehetra amin’ny filazantsara.

Tanjon’ny toriteny: Hahita ny olone feno ny Fanahy sy hanokana ny tenany amin’ny irak’Andriamanitra dia ny fanatrarana ny olona rehetra sy ny firenena.

Andalana: Asan’ny Apostoly 1:8; 11:19-21; 13:1-3

Fampidirana

1. Ao amin’ny Asan’ny Apostoly 1:8, Jesosy dia nanome toromarika mazava ny Mpianany.
2. Tian’Andriamanitra ho fiangonana Asan’ny Apostoly ny Fiangonany, izany hoe voatafy ny herin’ny Fanahy sy mavitrika amin’ny fijoroana vavolombelona amin’ny foko rehetra sy ny vondron’olona isan-karazany.
3. Ny teny manan-danja ao amin’ny Asan’ny Apostoly 1: dia ny “ary” (ka): “ary ho vavolombeloko any Jerosalema *sy* eran'i Jodia sy Samaria *ary* hatramin'ny faran'ny tany..."
   a. Tsy niteny Jesosy hoe “avy eo” fa “ary.”
   b. Midika izany fa isika dia natao hanatratra ny vondron’olona rehetra indray miaraka.
4. Ato anatin’ity hafatra ity isika dia haneho ny fiangonana tany Jerosalema sy Antiokia ho fakantahaka ho an’ny Fiangonana Asan’ny Apostoly 1:8.

I. NY OHATRA AMIN’NY ASAN’NY APOSTOLY 1:8 TAO AMIN’NY FIANGONANA TANY JEROSALEMA

A. Ny fiangonana tao Jerosalema dia *nitaredretra* tamin’ny fahatongavana ho fiangonana Asan’ny Apostoly 1: 8.
   1. Ny Asan’ny Apostoly 2-7 dia mampiseho fa feny ny Fanahy ny fiangonana tany Jerosalema.
      a. Kanefa, nitaredretra izy ireo tamin’ny fanatrarana ny jentilisa.
      b. Nifantoka tanteraka tamin’ny Jiosy izy ireo.
   2. Araka izany, navelan’Andriamanitra nitranga ny fanenjehana mba hanampiana azy ireo hanatratra ny Samaritana (Asa 8:1-5).

B. Ny fanavakavahana ny Jentilisa no nanakana ny fiangonana tany Jerosalema tamin’ny fahatongavana haingana ho Fiangonana Asan’ny Apostoly 1:8.

1. Tamin'ny voalohany, ireo niala tao Jerosalema noho ny fanenjehana dia nitory tamin'ny Jiosy fa tsy tamin'ny Jentilisa (Asa 11:19).

D. Nitaky fidiran'Andriamanitra an-tsehatra ny fanetsehana ny fiangonana hanap asa fanompoana ho an'ny Jentilisa. (Tantaran'i Kornelio, Asan'ny Apostoly 10:1-46).
   1. Ny toetran'i Petera teo anatrehan'ny biby tsy madio dia maneho ny toetran'ny Jiosy rehetra tamin'ny Jentilisa (Asa 10:9-15).
   2. Tamin'ny voalohany dia tsy nahafaly ny fiangonana tany Jerosalema ny nahare fa i Petera dia nihoatra ny sakana mba hanaovana asa fanompoana tamin'ny Jentilisa (Asan'ny Apostoly 11:1-3).

E. Farany, taona vitsivitsy taorian'ny Pentekosta, nisy vondrna lehilahy nanapaka ny tsingerina ary nanomboka nitory ny filazantsara an-tsitrapo tamin'ny Jentilisa tany Antiokia (Asa 11:20).

II. NY OHATRA AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY 1:8 TAO AMIN'NY FIANGONANA TANY ANTIOKIA

A. Mifanohitra tamin'ny fiangonana tany Jerosalema, ny fiangonana tao Antiokia dia mailaka tamin'ny fahatongavana ho fiangonana Asan'ny Apostoly 1: 8 marina.
   1. Betsaka ny Jentilisa voavonjy tany Antokia rehefa nanomboka nitory tamin'izy ireo ny mpino (Asa 11:20-21).
   2. Barnabasy sy Saoly dia nandany herintaona nampianarana sy nampatanjahana ny fiangonana (Asa 11:22-26).
   3. Tsy ela taorian'ny nahaterahany, ny fiangonana tao Antiokia dia tonga fiangonana voalohany nandefa misionera an-tsitrapo tany amin'ny Jentilisa (13:1-3).
   4. Noho izany, nanomboka niely haingana tany amin'ny firenena ny filazantsara.
   5. Ny sisa amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia mifantoka amin'ny iraka tany amin'ny Jentilisa.

B. Ahoana no nahatonga ny fiangonana tany Antiokia ho tena fiangonana Asan'ny Apostoly 1:8 marina?
   1. Ny asa fanompoana no fototra nandraisan'izy ireo ny olona fa tsy foko niaviany (Asa 13:1).
   2. Feno ny Fanahy io fiangonana io.
      a. Nisy mpaminany sy mpampianatra tao (Asa 13:1).
      b. Ny Fanahy dia niteny tamin'ny alalan'ny faminaniana nandritra ny fotoana nikatsahan'izy ireo an'Andriamanitra tamin'ny fifadian-kanina sy ny vavaka (Asa 13:2).

3. Nihaino an'Andriamanitra io fiangonana io ary nandray andraikitra nankato ny baikon'Andriamanitra dia ny fitondrana ny filazantsara tany amin'ny firenena (Asa 13:3).
    a. Rehefa mamaky isika dia mahita fa ny fiangonana dia nametra-tanana tamin'izy ireo sy nandefa azy ireo. Midika izany fa ny fiangonana no niandraikitra ny fanohanana azy ireo tamin'ny vavaka sy ara-bola.

III. NY OHATRA AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY 1:8 AO AMIN'NY FIANGONANA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO.

A. Amin'izao fotoana izao, Andriamanitra dia niantso antsika ho Fiangonana Asan'ny Apostoly 1: 8 marina.
B. Tahaka ny fiangonana tany Antiokia, tsy maintsy manao ireto zavatra manaraka ireto isika:
    1. Tsy maintsy mikatsaka an'Andriamanitra amin'ny vavaka sy fenoina ny Fanahy isika.
    2. Tsy maintsy mihaino sy manaiky ny baikon'Andriamanitra dia ny fanokanana ny tenantsika ho an'ny Irany isika.
    3. Tsy azontsika atao ny manatanteraka ny ampahany fotsiny amin'ny baiko ka manatratra ny Jerosalena sy Jodiantsika fotsiny; tsy maintsy mankato an'i Kristy isika ary mitondra ny filazantsara any amin'ny foko sy ny firenena rehetra amin'ny herin'ny Fanahy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ndeha isika hanatona izao ankehitriny izao ary hanokana ny tenantsika ho an'ny Irak'Andriamanitra.
2. Aoka isika hofenoina ny Fanahy mba hahatanterahantsika ny asa.

[JK]

82 Ny laharam-pahamehan'i Kristy ho an'ny fiangonana

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny teny farany nataon'i Jesosy dia maneho fa ny Laharam-pahamehany dia ny hahatonga antsika ho feno ny Fanahy sy hitondra ny filazantsara any amin'izao tontolo rehetra izao.
Tanjon'ny toriteny: Ho feno ny Fanahy ny olona ka ho vavolombelona.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Talohan'ny niakarany any an-danitra, Jesosy dia nanazava ny Laharam-pahamehany (Asan'ny Apostoly 1:8).
2. Ny laharam-pahamehany dia tsy ny hanorina fanjakana ara-pôlitika fa hamonjy fanahy amin'ny alalan'ny toriteny voatafy ny Fanahy (and.6-8).
3. Ireo teny manan-danjan'i Jesosy ireo dia miresaka amintsika mikasika olona roa, fampanantenana, tanjona ary fandaharan'asa:

I. OLONA ROA NO TSY MAINTSY IFANTOHANA

A. Ny Asan'ny Apostoly 1: 8 dia mampifantoka ny saintsika sy ny fiainantsika amin'ny fifandraisantsika amin'ny olona roa: Kristy sy ny Fanahy Masina.
   1. Nolazain'i Jesosy fa isika dia ho V*avolombelony* amin'ny alalan'ny herin'ny *Fanahy Masina* izay m*onina* ao amintsika.
   2. Kristy no manome antsika ny iraka hataontsika ary ny Fanahy Masina kosa no manome antsika ny hery hanatanterahana ny iraka.

B. Amin'ny alalan'ny fifandraisantsika amin'i Kristy sy ny Fanahy dia manompo an'Andriamanitra Ray isika.
   1. Natolotry ny Ray ho faty ho an'ny fiangonana i Kristy, noho izany, tsy maintsy mankato Azy isika (Efe 1:22, Jn 14:15, 21).
   2. Ny Ray sy Kristy miaraka no naniraka ny Fanahy Masina ho fanatrehana velona sy hery ao anatin'ny fiangonana (Jn 14:23,26; Asa 2:33).
   3. Noho izay, ny fiangonana dia tsy maintsy mifantoka amin'ny fankatoavana an'i Kristy sy ny fiainana ao amin'ny Fanahy.
      a. Ao amintsika i Kristy ary isika koa ao Aminy amin'ny alalan'ny Fanahy (Jn 14:16-18,19).
      b. Amin'ny alalan'ny fifandraisana akaiky dia akaiky amin'ny Fanahy no hitoerantsika amin'ny fifandraisana amin'i Kristy.

II. FAMPANANTENANA FA HANDRAY TANTERAKA

A. Nampanantena i Kristy fa ny Mpianany dia handray ny Fanahy Masina ary ho feno hery hanompoana an'Andriamanitra.
   1. Io dia fampanantenan'ny Ray (Asa 1:4-5).
   2. Io fampanantenana io dia tena manan-danja tokoa.
   3. Jesosy dia niresaka matetika mikasika azy io (Jn 7:38-39; 14:16-17; 20:21-22).

B. Notanterahan'Andriamanitra io tampanantenana io tamin'ny Andro Pentekôsta (Asa 2:4).

D. Nilaza i Jesosy fa ny fampanantenana ny Fanahy dia ho an'ny kristiana rehetra amin'ny fotoana rehetra (Jn 7:38).
   1. Tamin'ny Andro Pentekosta dia nolazain'i petera fa ny fampanantenana dia ho an'ny tsirairay (Asa 2:38-39).
   2. Raha hangataka ianao, dia hofenoina ny herin'Andriamanitra tahaka ny tamin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

III. TANJONA HOTRATRARINA

A. Ny irak'i Kristy, hamonjy izao tontolo izao dia tanjona mandrakizain'Andriamanitra.
   1. Tsy misy tanjona lehibe tokony hivelomana ankoatr'izany.
   2. Noho izany, ndeha isika hanokan-tena tanteraka ho an'ny irak'i Kristy.

B. Na dia mitondra fitahiana maro eo amin'ny fiainan'ny mpino aza ny batisa amin'ny Fanahy Masina, ny tanjony voalohany dia ny hanafy hery antsika hanompo ny irak'i Kristy dia ny fitoriana ny filazantsara.
   1. Satria tsy miova ny irak'i Kristy, tsy miova kosa izany ny tanjony amin'ny nanomezany antsika ny Fanahy (Mt 24:14).
   2. Tahaka ny nilàn'ny mpianatra tao amin'ny Asan'ny Apostoly ny Fanahy tamin'ny fanatanterahana ny asa fitoriana ny filazantsara, mila ny herin'ny Fanahy koa isika.
   3. Izany no nahatonga an'i Jesosy namepetra azy ireo tsy hiala tany Jerosalema raha tsy mandray ny herin'ny Fanahy (Asa 1:4).
   4. Lehibe loatra ny asa ka tsy vita amin'ny herin'ny tena.

IV. FANDAHARANANA ASA HARAHANA

A. Nilaza tamin'ny Mpianany i Jesosy fa ny Jerosalema no tsy maintsy hanombohan'izy ireo ny toriteniny.
   1. Kanefa, tsy tokony hitsahatra eo izy ireo.

2. Tsy maintsy manitatra ny asa fanompoany any Jodia sy Samaria, ary hatramin'ny faran'ny tany izy ireo.

B. Io fandaharana asa io dia mifantoka amin'ny any ivelany, fanatrarana ireo tsy mbola nahare ny filazantsara.

D. Tsy miova ny fandaharana asan'i Kristy.
   1. Andraikintsika ny mitoriteny ao Jerosalemantsika sy Jodia (izany hoe: eo amin'ny toerana misy antsika).
   2. Ankoatr'izany, tsy maintsy manitatra ny fitoriana ny filazantsara any ivelany isika ("Samaria sy hatramin'ny faran'ny tany"), izany hoe any amin'ny toerana, ny kolontsaina, ary ny firenena tsy mbola nandray ny filazantsara.

Famaranana sy Antso eny amin'ny alitara

1. Hanaiky laharam-pahamehan'i Kristy ho an'ny Fiangonana sy ny fiainanao ve ianao?
2. Manatonà ary aoka ho feno ny herin'ny Fanahy sy ho tonga mpandray anjara amin'ny Irany.

[MT]

83 Aza ariana miaraka amin'ny rano nampandroina azy ny zaza

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny fihoa-pampana hita ao amin'ny Pentekôtisma dia tsy tokony hahatonga antsika handà ny tena asan'ny Fanahy marina ao amin'ny fiainantsika.
Tanjon'ny toriteny: Androany, ny mpino dia hanokatra ny fiainany ho amin'ny tena asan'ny Fanahy marina sy ho feno ny Fanahy.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:4-8; 2:1-4

Fampidirana

1. Amin'izao fotoana izao, betsaka no diso fanantenana amin'izay hitany ao amin'ny Pentekôtisma.
   a. Mahita fihoa-pampana amin'ny endrika samihafa izy ireo.
   b. Tsikariny koa ny fanasongadinana diso ataon'ny hafa.
   d. Noho izany, alaim-panahy izy ireo hiodina amin'ny asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainany.
2. Ny Amerikana dia manana oha-pitenena azo ampiasaina amin'io toe-javatra io:
   a. Hoy izy ireo, "Aza Ariana miaraka amin'ny rano nampandroina azy ny zaza."
   b. Azo adika tahaka izao, "Aza ariana miaraka amin'izay ratsy sy simba ny zavatra tsara sy sarobidy."
   d. Na dia maharikoriko antsika aza ny zavatra mitranga amin'ny anaran'ny Pentekôtisma, tsy tokony hariantsika ny tena izy sy ny marina – ny asan'ny Fanahy ao amin'ny fiainantsika.
3. Ny andalana noraisintsika dia mitantara ny nirotsahan'ny Fanahy voalohany tamin'ny fiangonana tamin'ny Andro Pentekosta.
   a. Io no mametraka ny ohatra harahan'ny fiangonana amin'ny taona mifandimby mandra-piverin'i Jesosy indray.
   b. Io no maneho fahatsapana Pentekôtista marina.
   d. Hanampy antsika io tantara io raha tiantsika ny hahatakatra ny tena Pentekôtisma marina, kanefa ndeha horesahantsika aloha ny…

I. TSY PENTEÔTISMA MARINA

A. Tsy endrika fiderana izy.
   1. Na dia manao fiderana feno fahavitrihana aza isika Pentekôtista matetika, ny tena Pentekôtisma marina dia mihoatra lavitra noho izany.
   2. Fihaonana mahery vaika amin'ilay Adriamanitra velona izy.

B. Tsy fikatsahana fahatsapana vaovao fotsiny izy.
   1. Na dia mikatsaka sy mankamamy fahatsapana vaovao miaraka amin'Andriamanitra aza isika Pentekôtista, ny tena Penteôtisma marina dia mihoatra noho ny fikatsahana ny vaovao indrindra amin'ny "fahatsapana ara-panahy".
   2. Ny fahatsapantsika dia tsy maintsy miorina mafy amin'ny ohatra ao amin'ny Testamenta Vaovao.

D. Mihoatra noho ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra izy.
   1. Na dia tena mino tanteraka ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aza isika Pentekôtista, ny tena Pentekôtisma marina dia mihoatra lavitra noho izany.
   2. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia porofon'ny tena zava-misy marina ao anaty (Asa 2:4).

II. TENA PENTEKÔTISMA MARINA

A. Fifandraisana isan'andro amin'ny Fanahy Masina izy io.
   1. Ny Fanahy Masina dia tsy hery na hery mitarika, Persona ao amin'Andriamanitra—Andriamanitra Izy!
   2. Afaka manana fisakaizana Aminy isan'andro isika (2 Ko 13:14).

B. Fanekena ny Soratra Masina manontolo izy io.
   1. Ny Pentekôtista dia olon'ny Boky, izany hoe ny Baiboly.
   2. Ny zavatra rehetra inoantsika sy ataontsika dia tsy maintsy miorina amin'ny Soratra Masina.

D. Hery mihoatra ny voajanahary ho entina miaina izy io.
   1. Ny Fanahy Masina no manafy hery antsika hiaina ny fiainan'i Kristy.
   2. Fiainana marihan'ny fangorahana, fahamasinana ary hery izy io.

III. NY TENA TANJON'NY PENTEKOSTA.

A. Araka ny tenin'i Jesosy, ny tena tanjon'ny Pentekosta dia fanafiana hery ho vavolombelona (Asa 1:8).

B. Io fanafiana hery io dia avy amin'ilay fahatsapana mahery vaika sy manova fiainana antsoina hoe batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:4-5).

D. Ny vaovao lehibe dia afaka tafiana ny herin'ny Fanahy koa ianao androany (Lk 11:9-13).

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

1. Noho izany, aoka tsy hariantsika miaraka amin’ny rano nampandroina azy ny zaza.
2. Manatona izao ankehitriny izao ary iaino ny fahatsapana marina momba ny Fanahy Masina ao amin’ny fiainanao.

[JP]

84 Andriamanitra mamaly amin'ny afo

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny hany valiny ho an'izao tontolo latsaka an-katerena izao dia ny afon'ny Fanahy Masina izay hanafy hery ny kristiana sy handresy lahatra ny olona hanaraka an'i Kristy.

Tanjon'ny toriteny: Hahita ny olona feno ny Fanahy Masina sy tonga vavolombelona voatafy hery.

Andalana: 1 Mpanjaka 18:18-40

Fampidirana

1. Tamin'ny andron'i Elia, ny vahoakan'Andriamanitra dia tena latsaka an-katerena tokoa.
   a. *Fahaterena ara-piainana:* Nahafoy an'Andriamanitra izy ireo, ary, vokatr'izany, nitsahatra ny ranonorana ka nisy mosary.
   b. *Fahaterena ara-panahy:* Nahafoy an'Andriamanitra izy ireo ary nanompo sampy.
   d. Ankehitriny, ny fiaraha-monina misy antsika –sy ny ankamaroan'ny mpino ao amin'ny fiangonana -- dia miaina fahaterena ara-panahy, tahaka ny tamin'ny andron'Isiraely.
2. Ao anatin'ny tantara ao amin'ny Baiboly, ny valiny avy amin'i Elia dia tonga tamin'ny afo.
   a. Tahaka izany koa androany, ny valiny amin'ny olantsika dia ho tonga amin'ny alalan'ny afon'ny Fanahy Masina.
   b. Noho izany, hianatra lesona tena manan-danja efatra avy amin'ny tantaran'i Elia isika:

I. TONGA NY FAHATERENA ARA-PANAHY REHEFA MAHAFOY AN'ANDRIAMANITRA NY OLONA.

A. Nahafoy ilay hany Andriamanitra tokana ny Isiraely ary nanompo an'i Bala sy Aseraha.
   1. Tafiditra tao anatin'ny fideran'izy ireo ny fanompoan-tsampy sy ny fahalotoam-pitondrantena.

B. Ny anarana no niova, fa ireo andriamanitra ireo dia mbola tompoina amin'izao androntsika izao.
   1. Ao amin'ny fiaraha-monintsika ankehitriny, ny fanompoan-tsampy sy ny fahalalahana amin'ny firaisana ara-nofo dia mbola mahazo vahana tantareka.
   2. Mila ny herin'Andriamanitra ny fiangonana handresena lahatra izao tontolo izao hiala amin'izany toerana misy azy izany ary hanompo ilay hany Andriamanitra marina.
   3. Ny afon'ny Fanahy ihany no afaka mitondra valiny ho an'izany.

II. TSY AFAKA MANOMPO ANDRIAMANITRA ROA AMIN'NY FOTOANA IRAY ISIKA.

A Nisalasala teo anelanelan'ny heviitra roa Isiraely (v. 21).
   1. Nisalasala teo anelanelan'i Bala sy Jehovah izy ireo.
   2. Izany hoe, teo anelanelan'ny marina sy ny diso, ny mazava sy ny haizina, ary ny finoanoam-poana sy ny fahamarinana.

B. Tsy afaka manompo tompo roa isika.
   1. Rehefa misalasala isika dia mahatonga fahatafintohinana ho an'ny hafa.
   2. Andriamanitra dia nampanantena ny Fanahiny ho an'izany, tahaka an'i Elia, mijoro tsara.

III. NAMALY TAMIN'NY AFO ANDRIAMANITRA (and. 24).

A. Ao amin'ny Soratra Masina, ny afo dia fanehoana an-tsary ny fanatrehan'Andriamanitra:
   1. Andriamanitra dia naneho ny tenany tamin'i Mosesy tamin'ny afo (Eks. 3:2).
   2. Andriamanitra dia nitarika ny Isiraely tamin'ny andry afo (Eks 13:21; No 14:14).
   3. Ny afon'Andriamanitra no nandevona ny fanatitra nataon'ny Isiraely (Lev 9:23-24).
   4. Nolazain'i Jaona fa Jesosy dia hanao batisa ny mpino amin'ny Fanahy Masina sy ny afo (Lk 3:15).
   5. Lela mitarehin'afo no nipetraka tamin'ny mpino tamin'ny Pentekosta (Asa 2:3).
   6. Eo amin'ny andalana noraisintsika, nilatsaka ny afon'Andriamanitra ary nandevona ny fanatitra nataon'i Elia (1 Mpa 18:38).

B. Rehefa milatsaka ny afo, miova ny olombelona ary ny Fanahy Masina dia mitondra fanambarana, fahadiovana, fahafahana amin'ny fahotana sy ny fanandevozana, ary hery entina manatanteraka ny irak'Andriamanitra.

D. Mba hahafahantsika mahatanteraka ny irak'Andriamanitra, ilaintsika mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra io afo io.
   1. Ilaintsika io mba hahafaka antsika amin'ny fatorana, ny fahotana ary ny fahalemena, amin'ny fanompoan-tsampy, ary amin'ny fahafinaretan'izao tontolo izao.
   2. Rehefa tonga ao amin'ny fiainanao io afo avy amin'Andriamanitra io, tsy hitovy amin'ny teo aloha intsony ny fiainanao.
   3. Mila ny afon'Andriamanitra isika!

IV. TSY MAINTSY MANOMANA NY TENANTSIKA HO AMIN'NY AFO ISIKA.

A. Namboarin'i Elia ny alitaran'i Jehovah Elijah (1 Mpa 18:30).
   1. Isika no tempolin'Andriamanitra, onenan'ny Fanahin'Andriamanitra (1 Ko 3:16-17, 6:19).
   2. Tsy maintsy manamboatra ny alitaran'ny fontsika amin'ny alalan'ny fibebahana amin'ny fahotantsika sy manolotra ny fiainantsika ho an'Andriamanitra isika (Asa 2:38).

B. Nivavaka tamin'Andriamanitra i Elia avy eo (1 Mpa 18:36).
   1. Ny vavaka dia tena manana toerana goavana amin'ny fanomanana antsika handray ny afon'Andriamanitra.
   2. Maniraka ny Fanahiny Andriamanitra ho valiny vavaka atao amim-pahamatorana

D. Taorian'ny vavaka nataon'i Elia, nilatsaka ny afo avy an-danitra.
   1. Tahaka izany, Andriamanitra koa dia handatsaka ny Fanahy avy any an-danitra.
   2. Hanadio anao sy hameno anao amin'ny Heriny Izy.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manatonà, apetraho eo amin'ny alitaran'Andriamanitra ny tenanao.
2. Atokàny ny tenanao ho amin'ny Irany sy ny Sitrpony ary miomàna hiaina ny afon'ny Fanahiny.
3. Aoka isika hino fa Andriamanitra fia hameno antsika amin'ny Fanahiny androany.

[SOA]

Tontolo mihoatra ny voajanahary izy io

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Andriamanitra dia te hiasa amin'ny fomba mihoatra ny voajanahary ao amin'ny fiainanao.
Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia hatao batisa ao amin'ny Fanahy Masina sy hahatsapa ny herin'Andriamanitra izay mihoatra ny voajanahary.
Andalana: 1 Korintiana 2:1-5

Fampidirana

1. Ao amin'ny andalana noraisintsika, Paoly dia nanoritra ny asa fanompoany no nomarihan'ny mihoatra ny voajanahary.
2. Fomba samihafa no nanehoany izany any amin'ny toerana hafa (2 Ko 12:12; Ro 15:18-19).
3. Tahaka niasan'ny hery mihoatra noho ny voajanahary tao amin'ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Paoly, tokony hiasa ao amin'ny fiainantsika sy ny asa fanompoantsika koa ny Fanahy Masina amin'izao fotoana izao.
4. Ndeha hojerentsika ny mahatonga ny herin'ny Fanahy ho ivon'ny dingana tsirairay eo amin'ny fiainantsika ao amin'i Kristy.

I. NISEHO NY HERIN'NY FANAHY TAMIN'NY FOTOANA NAHAVOAVONJY ANTSIKA.

A. Jereo ny ampahany amin'ireo zavatra nataon'ny Fanahy tao amin'ny fiainanao tamin'ny fotoana nahavoavonjy anao.
   1. Tamin'ny fomba mahery vaika no nahaterahanao tao amin'ny Fanahy (Jn 3:3-7),
   2. Tamin'ny fomba mahery vaika no nananganany anao avy talin'ny fahafatesana ara-panahy ho amin'ny fiainana (Efe 2:1, 4-5).
   3. Tamin'ny fomba mahery vaika no nanafahany anao tamin'ny fahefan'i Satana (Kol 1:13).
   4. Tamin'ny alalan'ny Heriny no nanaovany anao ho olom-baovao ao amin'i Kristy (Tit 3:5; 1 Ko 6:11b; 2 Ko 5:17).
   5. Tamin'ny fomba mahery vaika no nanisiany tombo-kase anao sy nampidirany anao ao amin'i Kristy (Efe 1:13; 1 Ko 12:13).

B. Azontsika fintinina fa ny fahaterahanao indray dia mihoatra ny voajanahary hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. *Kanefa mbola misy hafa….*

II. NISEHO NY HERIN'NY FANAHY TAMIN'NY FANAMASINANA ANTSIKA.

A. Rehefa namonjy anao i Kristy, ny Fanahy dia nanamasina anao (1 Ko 6:11).
   1. Izany hoe, nataony masina ianao.
   2. Natokany ianao mba ho ampiasain'Andriamanitra irery ihany.

B. Henoy izay nataon'ny Fanahy ianao:
   1. Tamin'ny Heriny no nanokanany anao hiaina fiainam-pahamasinana (Asa 26:18; 2 Tes 2:13).
   2. Ny Heriny no nahatonga anao mitovy kokoa amin'i Jesosy (1Jn 2:6; 2 Ko 3:18).
   3. Ary ankehitriny, mbola io hery io koa no mampahatsiaro anao fa zanak'Andriamanitra ianao (Ro 8:16).

D. Eritrereto izao, ny herin'ny Fanahy dia miasa ao aminao amin'izao fotoana ankehitriny izao!
   Kanefa mbola misy hafa….

III. NISEHO NY HERIN'NY FANAHY MASINA TAMIN'NY FOTOANA NANADRAISANAO NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Izy no hanafy hery anao hiaina fiainam-pandresena (Gal 5:16; Ro 8:13).

B. Izy no hanafy hery anao ho tonga vavolombelona mahomby ho an'i Kristy feno (Asa 1:8).

D. Izy no hanafy hery anao ho amin'ny asa fanompoana miaraka amin'ny fanomezam-pahasiavana (1 Ko 12:8-10).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Amin'izao fotoana izao, apetraho amin'ny tenanao ireto fanontaniana manan-danja telo ireto:
   a. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia Andriamanitry ny mihoatra ny voajanahary?
   b. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia mbola miasa tahaka ny nataony hatramin'izay ihany amin'izao fotoana izao?
   d. Mino azy tanteraka ve ianao ka afaka hihazona Azy amin'ny Teniny sy hofenoina ny Fanahy androany?
2. Manatonà ary izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina ny Fanahy.
   a. Mangataha amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
   b. Raiso amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
   d. Mitenenà amin'ny finoana (Asa 2:4).

[JP]

86 Ilaina: Olona voatafy ny herin'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Mosesy dia maneho ny ilan'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra ny fahafenoana amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Tanjon'ny toriteny: Handrisika ny mpikambana ao amin'ny fiangonana sy ny mpitarika hikatsaka ny Fanahy sy Heriny mba hahatontosany ny irak'Andriamanitra.

Andalana: Nomery 11:1-6; 10-17; 24-29

Fampidirana

1. Ny zavatra lehibe indrindra ilain'ny fiangonana dia olona voatafy ny herin'ny Fanahy.
2. Avy amin'ny fiainan'i Mosesy, hianatra lesona manan-danja mikasika ny ilàn'ny vahoakan'Andriamanitra ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina isika:

I. NY IRAK'ANDRIAMANITRA DIA TSY AZO TANTERAHANA MIHITSY AMIN'NY HERIN'NY OLOMBELONA IRERY (No 10:33; 11:1-15).

A. Ho avy ny toe-javatra tena mafy (No 11:1-9).
   1. Andriamanitra dia mampiasa zavatra maro ho fizahana toetra sy fananganana ny finoantsika Azy.
   2. Ny fironana ao amintsika matetika dia ara-nofo, tsy ara-panahy ary tsy mahay mankasitraka.
      a. Malaky manadino izay nataon'Andriamanitra tamin'ny lasa isika.
      b. Matetika isika no voataonan'ny tsy fahampian'ny finoan'ny hafa ka kivy (No 11:4).

B. Nanomboka kivy i Mosesy ary naniry ny hiala (and. 10-15).
   1. Alaivo sary an-tsaina ny fahatsapan'i Mosesy rehefa nahare ny vahoaka nitomany mba hanomezany azy ireo izay notadiaviny.
   2. Diniho akaiky ny tenin'i Mosesy.
   3. Tsy maintsy ara-panahy isika mba hahafahantsika miatrika olona ara-nofo.

D. Kanefa, mariho tsara ny fomba niatrehan'i Mosesy ny fahakiviany.
   1. Nentiny teo anatrehan'Andriamanitra tao anatin'ny vavaka ny olana (No 11:11a).
   2. Ny olona feno ny Fanahy dia mamaha ny olany amin'ny fomba ara-panahy.

3. Ny valiny nasetrin'Andriamanitra an'i Mosesy dia sady valiny avy Aminy teo anatrehan'ny zavatra nilain'ny Vahoakany no fanalahidin'ny fahombiazan'ny fiangonana.

II. NY VALINY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA DIA FIARAHA-MONINA VOATAFY NY HERIN'NY FANAHY FA TSY OLO-TOKANA VOAHOSOTRY NY FANAHY (No 11:16-17).

A. Raha tokony hampahery an'i Mosey hijoro sy haharitra Andriamanitra dia nisafidy ny hametraka ny Fanahiny tamin'ny olona 70 hafa mba hanampy azy.

B. Misy lesona maro ianarantsika avy amin'izany:
   1. Tsy misy mpitarika natao hanao irery ny zavatra rehetra.
   2. Tsy mpitarika betsaka no vahaolana, fa mpitarika betsaka voatafy ny herin'ny Fanahy.
   3. Tsy maintsy manohitra ny fakam-panahin'ny fametrahana olona tsy feno ny Fanahy eo amin'ny fitarihana isika.
   4. Raha tsy ampy ny olona feno ny Fanahy, dia tokony hifantoka amin'ny fitarihana ny olona amin'ny fandraisana ny Fanahy isika.

D. Kanefa, mariho tsara fa i Mosesy no naniry mba tsy ho Izy irery no mpitarika manana ny Fanahy, fa ny olon'Andriamanitra *rehetra* no hotafiana ny herin'ny Fanahy.
   1. Taorian'izay, nambaran'Andriamanitra ny Drafiny sy ny fampanantenany (Joela 3:1-2).
   2. Mosesy kosa teto efa nahatakatra fa izany no ilain'ny olona rehetra.

E. Mosesy tenany koa dia notafiana ny herin'ny Fanahy Masina ary izany no nampiavaka tanteraka ny fiainany (No 11:17a).
   1. Tsy nahomby i Mosesy rehefa niasa tamin'ny herin'ny tenany (Eks 2:11-15).
   2. Eto i Mosesy dia notarihan'ny herin'ny Fanahin'Andriamanitra izay mihoatra ny voajanahary.

F. Tsy mba nirehareha i Mosesy ka nihevitra tamim-pahadisoana fa izy irery ihany no azon'Andriamanitra ampiasaina (No 11:26-29, mariho and. 29).
   1. Tsapany fa mila ny herin'ny Fanahy ny olona mba hanatanterahany ny irak'Andriamanitra ho an'ny fiainany.
   2. Tsy afaka manao zavatra tsara isika (miaina, miasa, mivavaka, mitarika, sns.) raha tsy amin'ny herin'ny Fanahy.

G. Hatramin'ny Pentekosta, ny zavatra nirin'i Mosesy, sy nambaran'i Joela tamin'ny faminaniana dia azo tanterahana (Asa 1:4-5, 8; 2:17-18).
   1. Ho an'ny tsirairay ny fanomezana ny Fanahy (Asa 2:38-39).

2. Ny herin'ny Fanahy no fanalahidy hahatanterahan'ny fiangonana ny iraka fitoriana ny filazantsara amin'izao tontolo izao.

III. NY ZAVATRA LEHIBE ILAIN'NY FIANGONANA ANKEHITRINY DIA OLONA VOATAFY NY HERIN'NY FANAHY.

A. Raha mikatsaka izay hahatonga ny olona ho feno ny Fanahy isika, dia handroso amin-kery ny fiangonana ka hahavita ny asa fanatrarana ny firenena amin'ny filazantsara.
B. Andriamanitra dia mitady olona tahaka an'i Mosesy, olone atosika ny firehetam-po hahita ny vahoakan'Andriamanitra feno ny Fanahy sy ampiasain'Andriamanitra amin'ny asa fanompoana fanambarana ny filazantsara.
    1. Raha tiana ho voavonjy i Afrika, tsy maintsy manokana ny tenantsika amin'ny fampianarana, fitoriana ary fivavahana ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina isika.
    2. Tsy maintsy manapa-kevitra hiasa mandra-pahafenon'ny mpikambana tsirairay amin'ny Fanahy isika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Fantatr'Andriamanitra fa mila ny Fanahy Masina ianao, ary nampanantena Izy hameno anao.
2. Manatonà amim-pinoana izao ankehitriny izao ary aoka ho feno.

[MT]

87 Firehetampo sy hery: fanomezan'ny Fanahy ho an'ny fiangonana

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny Fanahy Masina dia hanome antsika firehetampo sy hery hanatrarana ny firenena.
Tanjon'ny toriteny: Hahita ny olona feno ny herin'ny Fanahy sy firehetampo hahita ny firenena voavonjy.
Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

Fampidirana

1. Jesosy dia naniraka ny Fiangonany hitory ny filazantsara amin'ny firenena sy ny olona rehetra alohan'ny hiverenany avy any an-danitra (Mt. 24;14).
2. Tahaka an'i Jesosy, ny firehetampon'ny Fanahy Masina dia ny hahita ny isaky ny foko, ny tsirairay, ny vahoaka, ary ny firenena hahafantatra sy hanompo an'Andriamanitra.
3. Hahatonga ny filazantsara hahatratra ny olona rehetra, Jesosy dia nandatsaka ny Fanahy Masina tamin'ny MPianany ho fanahiana hery azy ireo amin'ny fitoriana ny filazantsara manerana izao tontolo izao.
4. Fahamarinana efatra manan-danja no tsy maintsy azontsika mikasika ny fomba hanomezan'ny Fanahy Masina antsika firehetampo sy hery ho an'ny irak'Andriamanitra.

I. NY FANAHY MASINA DIA MANANA FIREHETAMPO HO AN'NY OLONA REHETRA.

A. Jesosy dia nampanantena fahombiazana antsika; hahatratra ny "faran'ny tany amin'ny filazantsara isika" (and.8b).
B. Ho fiantohana ny fahombiazanan nampanantena antsika ny Heriny Izy (and.8a).
D. Tafiditra ao anatin'io hery ion y hery sy firehetampo ho an'ny very (Ohatra: Asa 4:8,13,20,31).

II. NY FANAHY MASINA DIA MAMPIASA NY MPIANATRA HO FANATRARANA NY FIRENENA.

A. Ny mpianatra feno ny Fanahy no *fitaovana voalohany* ampiasain'ny Fanahy amin'ny fanatrarana ny firenena.
B. Ny *tanjona voalohan'ny* mpianatra dia ny handray anjara miaraka amin'ny Fanahy amin'ny fanavotana ny firenena.
D. Ny *andraikitra voalohan'ny* mpianatra dia ny manambara ny hafatr'i Kristy ao anatin'ny herin'ny Fanahy.

III. NY FANAHY MASINA NO MANANA NY HERY HANATRARANA NY FIRENENA REHETRA.

A. Ny Fanahy Masina no mpitsinjara ny lamin'asa ao anatin'ny Drafitr'Andriamanitra amin'ny fitoriana ny filazantsara manerana izao tontolo izao.
B. Raha tian'ny fiangonana ny hahomby amin'ny fanatanterahana io drafitra io, ny olon'Andriamanitra dia tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy.
    1. Ny hery hanatanterahana ny asa dia tena ilaina tokoa amin'ny fahombiazan'ny ezaka rehetra atao.
    2. Ny Fanahy Masina no ivon'ny drafitr'Andriamanitra amin'ny fanavotana ny firenena.
    3. Ny tanjon'ity fanahiana hery ity dia ny hampitao ny fiangonana hanatratra amim-pahombiasana ny very amin'ny alalan'ny fitoriana filazantsara voahosotra.

IV. NY FANAHY MASINA NO MANOME FIREHETAMPO SY HERY HO ANTSIKA ANKEHITRINY.

A. Ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy dia ho an'ny olon'Andriamanitra rehetra amin'ny toerana rehetra mandra-pahatongan'ny faran'ny zavatra rehetra.
    1. Mbola mitombina izany androany (Asa 2:38-39).
    2. Natao hangatahantsika izany (Lk 11:1, 13).
B. Ny fanomezana, izany hoe ny Fanahy dia tsy miova amin'izao androntsika izo fa tahaka ny tao amin'ny Testamenta Vaovao ihany.
    1. Ny herin'ny Fanahy ho an'ny fiangonana dia tsy miova.
    2. Ny firehetam-pon'ny Fanahy ho an'ny firenena dia tsy miova.
D. Ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy fenoina ny herin'ny Fanahy sy ny firehetampo hanatratra ny firenena alohan'ny hiverenan'i Jesosy indray.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny fahafenoan'ny Fanahy dia mahatonga antsika hahatsapa firehetampo sy herin'ny Fanahy Masina!
2. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hiaina ny fahfenoan'ny Fanahy.

[JE]

88 Ny maha zava-dehibe ny Pentekosta

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tahaka an'i Jesosy sy ny fiangonana voalohany, tsy maintsy manindry ny maha zva-dehibe ny batisa amin'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainantsika sy ny fiangonantsika isika.

Tanjon'ny toriteny: Hampahery ny mpino sy ny fiangonana hanindry ny Pentekosta ao amin'ny fiainana sy ny asa fanompoan'izy ireo ary hiantso ny mpino handray ny batisa amin'ny Fanahy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:1-8

Fampidirana

1. Taona vitsivitsy izao nahitana fa misy fihenana ny fahatsapana Pentekôtista sy ny fampiharana izany ao amin'ny fiangonantsika.
2. tsy maintsy mametra-panontaniana amim-pahitsiana amin'ny tenantsika isika, "Very ve ny firehetampon'ny fikambanantsika ho an'ny Pentekôsta?"
3. Ity hafatra ity dia hiresaka mikasika io lohahevitra tena manan-danja io.
4. Hametra-panontaniana isika, "Ahoana no hahatonga ny firehetam-pontsika hahatratra ny an'i Jesosy sy ny apostoly?"
5. Ndeha hojerentsika ny fahitan'i Jesosy sy ny apostoly ny fahatsapana Pentekôtista:

I. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY PENTEKOSTA DIA NASEHO TAO AMIN'NY ASA FANOMPOAN'I JESOSY (Diniho ireto zavatra fito mahatalanjona ireto).

A. Tsy nanomboka ny Asa fanompoany i Jesosy raha tsy nohosoran'ny Fanahy Masina aloha (Lk 3:21-23).
   1. Ny batisany tamin'ny Fanahy Masina dia namokatra asa fanompoana voahosotry ny Fanahy (Lk 4:1, 14).

B. Ny hosotry ny Fanahy Masina no lohahevitra fototra tamin'ny lahateny fanokanana an'i Jesosy (Lk 4:17-18).

D. Jesosy dia nampianatra ny Mpianany ny tokony hataon'izy ireo mba handraisany ny fahafenoan'ny Fanahy (Lk 11:9-13).

E. Ny toriteny farany nataon'i Jesosy talohan'ny nanombohana Azy tamin'ny hazo fijaliana dia feno fampianarana mikasika ny hihavian'ny Fanahy Masina (Jn 14:12-17, 26; 15:26; 16:13-15).

F. Ny zavatra voalohany nataon'i Jesosy taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia ny nanisy fofonaina sy niteny hoe "raiso ny Fanahy Masina" (Jn 20:22).

G. Ny baiko farany nomen'i Jesosy talohan'ny niverenany tany an-danitra dia ny hiandrasana ny fahatongavan'ny Fanahy (Lk 24:49, Asa 1:4-5).
H. Ny fampanantenana farany nataon'i Jesosy ho an'ny Fiangonany dia fampanantenana ny herin'ny Fanahy (Asa 1:8).

II. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY PENTEKOSTA DIA NISEHO TAO AMIN'NY ASA FANOMPOAN'I PETERA (Diniho tsara ireto zavatra manan-danja telo ireto).
A. Ny toriteny voalohany nataon'i Petera dia feno fampianarana momba ny asan'ny Fanahy (jereo Asa 2:17-18; 33; 38-39).
B. Ny toriteny faharoa nataon'i Petera ihany koa dia mbola ahitana taratra ny resaka Pentekosta (Asa 3:19).
D. Ny toritenin'i Petera tany Kaisaria dia miresaka mimba ny herin'ny Fanahy (Asa: 10:38) ary filatsahan'ny Fanahy no setrin'izany.

III. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY PENTEKOSTA DIA NISEHO TAMIN'NY HETSIKA NATAON'NY APOSTOLY TAO SAMARIA (jereo, Asa 8:4-17).
A. Ny fangaro tsy ampy tao anatin'ny fifohazam-panahy tany amin'ny Samaritana.
   1. Betsaka no voavonjy, sitrana, ary afaka tamin'ny fatoran'ny demonia.
   2. Kanefa tsy nisy tamin'izy ireo feno ny Fanahy (and. 4-13).
B. Nanaitra mafy ny apostoly izany toe-javatra izany, noho izany naniraka an'i Petera sy Jaona ireo hamaha ny olana (and. 14-17).

IV. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY PENTEKOSTA DIA NISEHO TAMIN'NY ASA FANOMPOAN'I PAOLY (Diniho ireto faharamarinana telo ireto).
A. Ny zavatra voalohany nanahiran-tsaina an'i Paoly rehefa tonga tany Efesosy dia ny hahita ireo mpianatra roa ambin'ny folo feno ny Fanahy (Asa 19:1-10).
B. Mbola nanahiran-tsaina an'i Paoly koa ny hahatonga ny fiangonana Efesiana hitoetra ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy hatrany (Efe 5:18).
D. Ny zava-dehibe tamin'i Paoly tao amin'ny hafatra farany nosoratany ho an'i Timoty dia famporisihana azy hitoetra amin'ny fanafenoan'ny Fanahy (2Tim 1:6).

V. AHOANA NO TOKONY HAMALIANTSIKA IREO FAHAMARINANA REHETRA IREO?

(Tokony hametraka fanontaniana famakafakana teloi sika).

A. Inona no nahatonga an'i Jesosy sy ny apostoly nanana firehetampo lalina ho an'ny Pentekosta?
   1. Io no fomba voalohany hahafahan'ny mpino miaina amim-pahombiazana ny fiainana kristiana.
      a. Ny fiainana kristiana, manomboka amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany dia fiainana ao amin'ny herin'ny Fanahy (Gal 3:3).
   2. Io no fomba voalohany hahafahan'ny fiangonana manantanteraka ny Iraka Lehibe (Asa 1:4-8).

B. Ahoana no hahatonga ny firehetampontsika ho an'ny Pentekosta hahatratra ny an'i Jesosy sy ny apostoly?

D. Inona no hataontsika manoloana izany?

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ndeha sika hanokana ny tenantsika amin'ny fampianarana sy fitoriana ny hafatry ny Pentekosta.
2. Ndeha isika hanatona ary handray ny herin'ny Pentekosta izao ankehitriny izao.

[DRM]

89 Inona no antony andraisana ny Fanahy Masina ?

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Betsaka ny tombontsoa tonga eo amin'ny fiainan'ny kristiana raha vao feno ny Fanahy Masina izy.
Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina.
Andalana: Efesiana 5:15-20

Fampidirana

1. Ao anatin'io andalana io, Paoly dia nandrisika mafy ny mpino hoe "aoka hofenoina ny Fanahy."
2. Misy antony fito ara-Baiboly fara fahakeliny tokony hamenoana antsika na hamenoana antsika indray amin'ny Fanahy androany:

I. BAIKO NOMENA ANTSIKA NY HANDRAY NY FANAHY.

A. Ao amin'ny andalana noraisintsika, ny mpino dia nomena baiko mba hofenoina ny Fanahy (Efe 5:18).
B. Jesosy koa dia nanome baiko ny mpino mba hofenoina ny Fanahy (Lk 24:49; Asa 1:4-5).

II. NY FANAHY MASINA DIA NOTENDRENA HO MPAMPIANATRA ANTSIKA.

A. Ny mpampianatra mahomby dia manabe ny hafa amin'ny alalan'ny fifandraisana natsangan'izy ireo.
B. Rehefa mandray ny Fanahy Masina isika dia…
   1. Izy no mampatanjaka ny fahatongavan-tsainantsika ny amin'ny sitrapon'Andriamanitra.
   2. Izy no mampatanjaka ny fahamora-tohintsika amin'ny feon'Andriamanitra.
   3. Izy no manampy antsika hisokatra amin'ny Tenin'Andriamanitra.

III. NY FANAHY MASINA DIA NOTENDRENA HO MPANORO LALANA ANTSIKA.

A. Ny mpanoro lalana dia izay mahalala ny lalana.
   1. Ny Fanahy Masina dia tahaka ny mpanoro lalana (Jn 16:13-15).
B. Indraindray ny Fanahy Masina mitarika antsika amin'ny alalan'ny fanambarana.
   1. Fantany ny sitrapon'ny Ray ary ambarany amintsika.
   2. Izy no mitarika antsika ho amin'ny asa fanompoana (Asa 13:1-4).

IV. NY FANAHY MASINA DIA MANAFY HERY ANTSIKA HO AMIN'NY FANOMPOANA.

A. Jesosy dia nila ny herin'ny Fanahy tamin'ny fanatanterahany ny Asa fanompoany (Lk 4:17-18; Asa 10:38).
B. Paoly dia nila ny herin'ny Fanahy Masina tamin'ny fanatanterahany ny asa fanompoany (2 Ko 3:2-6).
D. Raha nila ny fanafiana ny herin'ny Fanahy i Jesosy sy Paoly, dia mila koa isika (Jn 15:5; Asa 1:8).

V. NY FANAHY MASINA DIA HIVAVAKA AMIN'NY ALALANTSIKA REHEFA TSY FANTANTSIKA IZAY VAVAKA TOKONY HATAO.

A. Ny Fanahy no hampivoatra ny fiainam-vakantsika (Ro 8:26-27).
B. Izy no hanosotra antsika hivavaka amin'ny fiteny nahabe natsika sy amin'ny fiteny izay homeny antsika (1 Ko 14:15).

VI. NY FANAHY MASINA DIA MPAMPAHERY (Jn 15:26).

A. Ny teny Grika nadika hoe "Mpampahery" dia *parakleto.*
   1. Midika hoe "Ilay nantsoina ho eo akaiky mba hanampy".
B. Amin'ny maha Parakelo Azy,
   1. Ny Fanahy no mpifona ho antsika eo anatrehan'Andriamanitra.
   2. Ny Fanahy dia manatrika tsy miato ao amin'ny fiainantsika.
   3. Ny Fanahy no hanampy antsika amin'ny toe-javatra mitranga tsirairay.
D. Mba hahafahantsika mandray fanampiana faran'izay betsaka avy amin'ny Ray any an-danitra, tsy maintsy fenoina ny Fanahy Masina ny tsirairay avy amintsika.

VII. NY FANAHY MASINA NO HAMPIAIKY ANTSIKA NY FAHOTANA.

A. Iray amin'ny asan'ny Fanahy ny mampiaiky ny mpanota ny fahotany sy mitarika azy ireo hanatona an'i Kristy (Jn 6:44; 16:5-8).
B. Ny fanahy ihany koa dia miasa ao am-pon'ny mpino mba hampiaiky azy ireo rehefa mania miala amin'ny lalana izy ireo.
D. Noho izany, tena zava-dehibe ho antsika ny feno ny Fanahy sy mandeha araka ny Fanahy isan'andro eo amin'ny fiainantsika (Gal 5:16, 24-25).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina amin'ny Fanahy.

[DN]

90 Fampahatanjahana ny lovantsika Pentekôtista

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Isika Pentekôtista dia tsy tokony hanary ny lovantsika toy ny fanahiana ny olona amin'ny herin'Andriamanitra.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpino dia ho feno ny Fanahy sy hanokana ny tenany hitoetra ho Pentekôtista marina amin'ny fahatsapana sy ny fampiharana.

Salamo: Salamo 85:6

Fampidirana

1. Isika Pentekôtista dia nomena lova goavana.
2. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 sy 2:4 no ahitantsika io lovantsika io.
3. Tsy maintsy hazonintsik mafy io lova Pentekôtista io.
4. Tsy maintsy mivavaka tahaka ny mpanao Salamo isika: "Tsy hovelominao indray va izahay?" (Sl 85:6).
5. Ndeha hojerentsika ny momba io lova lehibe io:

I. MANANA LOVA LEHIBE ISIKA PENTEKÔTISTA.

A. Ny lovantsika Pentekôtista dia nanomboka tamin'ny Andro Pentekôsta.
   1. Niandry ny mpianatra ary tonga ny hery (Asa 2:1-4).
   2. Batisa amin'ny Fanahy Masina, voaporofo amin'ny alalan'ny fitenena amin'ny fiteny tsy fantatra ary mamokatra vavolombelona voatafy hery, no anjara lova mahafinaritra ho antsika Pentekôtista (Sal 16:6).

B. Nampitain'ny apostoly io lova avy amin'ny Pentekosta io.
   1. Nampitain'izy ireo tao Samaria (Asa 8:17-18).
   2. Nampitain'izy ireo tany Kaisaria (Asa 10:44-46).
   3. Nampitain'izy ireo tany Efesosy (Asa 19:1-16).

D. Io herin'ny Pentekosta io dia very nandritra ny tantaran'ny fiangonana.
   1. Very fanasongadinan'ny fiangonana ny asan'ny Fanahy.
   2. Na dia nisy ihany aza ny fifohazana nitranga tsindraindray, tsy nisy kosa ny fahatsapana tahaka izay niainan'ny fiangonana voalohany.

E. Tamin'izao andro farany izao, naverina indray ny herin'ny Pentekosta.
   1. Nanomboka tamin'ny fifohazam-panaty tany amin'ny lalan'i Azusa tany Los Angeles, California, USA, tamin'ny 1906 sy ny tamin'ny toerana hafa izany.

2. Taty aoriana, niely tatỳ Afrika izany.
3. Efa miely manerana ny kontinanta izany amin'izao fotoana izao.

F. Tsy tokony hadinointsika velively fa ny hery avy amin'ny Pentekosta sy Azusa diam bola azo raisina androany.

II. TSY TOKONY HAFOINTSIKA NY LOVANTSIKA.

A. Taona vitsivitsy izao no nahitana fa nihanalemy ny lovantsika Pentekôtista.
   1. Mampalahelo, nanomboka niodina tamin'ny lovantsika isika.
   2. Niezaka hitovy amin'ny hafa isika.

B. Io fahalemen'ny lovantsika Pentekôtista io dia nampalemy ny fiangonantsika.
   1. Aza hadinoina, mety miala koa io hery io.
      a. Ohatra, jereo ny tantaran'i Samsona (Mpi 16:20).
   2. Tonga feo tsy misy na inona na inona ve isika?

D. Tsy maintsy atsahatra ny filalaovantsika ny lovantsika Pentekôtista.
   1. Tsy maintsy atsahatra ny fandaminana ny resaka momba ny Fanahy Masina hifanaraka amin'ny rafi-pisainantsika.
   2. Tsy maintsy atsakatra ny fampidirana fampianara-diso avy any ivelany ho ao anatin'ny fiangonantsika.
   3. Tsy maintsy velomintsika indray ny fiangonantsika (Apok 3:2; Sl 119:28).

III. IREO ZAVATRA TSY MAINTSY ATAONTSIKA HO FAMPAHATANJAHANA NY LOVANTSIKA PENTEKOTISTA.

A. Tsy maintsy manaja fatratra ny Tenin'Andriamanitra indray isika.
B. Tsy maintsy miaina amin'ny fiainam-pahamasinana.
D. Tsy maintsy manaja ireo tena mpitarika Pentekôtista marina sy ny vahoakan'Andriamanitra.
E. Tsy maintsy mamelona indray ny tena toriteny Pentekôtista.
F. Tsy maintsy mamelona ny hafanam-po ho an'ny fitoriana ny filazantsara isika.
G. Tsy maintsy "Ataontsika Pentekôtista" ny Sekoly Biblikantsika
H. Tsy maintsy miaro ny finoana Pentekôtista isika (Joda 3).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Ny lovantsika Pentekôtista dia fanasongadinana ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina.
2. Raha very io lovantsika io dia ho very ny fanahintsika.

3. Io afon’ny Pentekosta io dia tsy maintsy hazonintsika mirehitra hatrany ao amin’ny fiainantsika, ny ankohonantsika ary ny fiangonantsika.
4. Manatonà izao ankehitriny izao ary aoka hofenoina na hofenoina indray amin’ny Fanahy.

[JI]

Fizarana 5

Lesona Famelabelaran-kevitra

91 Ny Fanahy Masina sy ny Irak'Andriamanitra

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny irak'Andriamanitra dia ny hanavotana ny firenena rehetra, ary naniraka ny Fanahiny Izy mba hanafy hery antsika amin'ny fitondrana ny hafatr'i Kristy any amin'ny firenena.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpihaino dia hahatakatra amin'ny fomba tsara kokoa ny irak'Andriamanitra sy ny andraikitry ny Fanahy Masina amin'ny fanatanterahana ozany irak'Andriamanitra izany.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:1-8

Fampidirana

1. Ity lesona ity dia hamaly fanontaniana manan-danja roa:
   a. Inona no irak'Andriamanitra?
   b. Inona no andraikitry ny Fanahy Masina amin'ny fanatanterahana io iraka io?

I. INONA NO TIANTSIKA AMBARA AMIN'NY TENY HOE "IRAK'ANDRIAMANITRA?"

A. Ny irak'Andriamanitra (indraindray antsoina hoe *missio Dei*) dia azo faritana hoe tanjona sy asan'Andriamanitra amin'ny olombelona eto amin'izao tontolo izao.
   1. Ny tanjon'Andriamanitra dia ny hanavotra sy hiantso ny olona avy amin'ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany (jereo Apok 5: 9).
   2. Tafiditra ao anatin'io hafatra io "izao tontolo rehetra izao" sy ny "firenena tsirairay" (Mt. 24:14).
   3. Ny Irak'Andriamanitra dia miroso mankany amin'ny teboka faratampony: "Ny fanjakana amin'izao tontolo izao dia efa lasan'ny ny Tompontsika sy ny Kristiny; ary Izy no hanjaka mandrakizay mandrakizay" (Apok. 11:15).

B. Hatrany am-piandohana, efa drafitr'Andriamanitra ny hanavotra ny firenena rehetra.
   1. Andriamanitra no namorona an'i Adama (sy ny olombelona rehetra) tahaka ny endriny (Ge 1:27); noho izany, Andriamanitra dia tena liana sy tia ny olombelona rehetra therefore (Jn 3:16).
   2. Rehefa nanota i Adama, dia lavo avokoa ny olombelona rehetra (Ge 3:6; Ro 5:12); noho izany, mila Mpanavotra ny olombelona rehetra (2 Ko 5:14-15).

3. Nampanantena Andriamanitra fa hitahy “ny firenena rehetra” amin’ny alalan’ny taranak’i Abrama (Ge 12:3), izany hoe amin’ny alalani Jesosy Mpanavotra (Ga 3:16).
4. Ny Baiboly manontolo dia manambara sy mamolavola io drafitra io.

D. Amin’ny maha “vahoaka misioneran’Andriamanitra”, nantsoina handray anjara ao anatin’ny Irak’Andriamanitra isika (Jn 20:21-22).

II. NY TOETRA MISIONERAN’ANDRIAMANITRA

A. Rehefa mieritreritra iraka isika dia ny iraka lehibe matetika no tonga voalohany ao an-tsaintsika.
   1. Vakio Mt. 28:18-20 jereo koa. Mk 16:15-16; Lk 24:46-49).
   2. Noho ny zava-dehibe ny irak’Andriamanitra, ny fahatakarantsika azy dia tokony ho lalina kokoa.

B. Araka ny toetrany, Andriamanitra dia Andriamanitra misionera, ary satria Andriamanitra misionera Andriamanitra
   1. …Noforonina hitovy endrika Aminy ny olombelona.
   2. …Nomeny ny Baiboly mba hanambara ny tenany amin’ny olombelona.
   3. …Nanangana sy niantso an’Isiraely ho fahazavana ho an’ny firenena Izy.
   4. …Naniraka ny Zananilahy, Jesosy, ho faty noho ny fahotan’ny olona rehetra avy amin’ny firenena rehetra Izy (2 Ko 5:15; 1Jn 4:14).
   5. …Naniraka ny Fiangonany Izy mba ho any amin’izao tontolo izao hitory ny vaovao mahafaly amin’ny firenena rehetra (Jn 20:22).
   6. …Naniraka ny Fanahiny Izy mba hanafy hery ny Fiangonany ho vavolombelona amin’ny firenena rehetra mandra-piverenan’i Kristy indray (Lk 24:46-49)

III. NY FANAHY MASINA DIA FANAHY MISIONERA.

A. Io tsara ho fantatra io dia hitantsika ao anatin’ny Soratra Masina:
   1. Itantsika tao amin’ny asa fanompoan’i Jesosy izany (Lk 4:17-18; 10:38).
   2. Itantsika mazava kokoa ao amin’ny bokin’ny Asan’ny Apostoly izy io (Asa 1:8).

B. Raha tiantsika vahoaka misioneran’Andriamanitra ny hahomby ao anatin’ny fandraisana anjara ao anatin’ny irak’Andriamanitra, isika, sy ny mpikambana ao anatin’ny fiangonantsika dia tsy maintsy tafiana ny herin’n Fanahy.
   1. Ireo Baiko roa farany napetrak’i Jesosy:
      a. Hitory amin’ny firenena rehetra (Asa 1:8b).

b. Hotafiana ny herin'ny Fanahy (Asa 1:8a).

2. Ny andraikitra misionera sahanintsika eo anatrehan'ny Fanahy Masina:
   a. Manao izay hahatakarana mazava ny tanjona misioneran'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8).
   b. Miaina manokana ny herin'ny Fanahy.
   d. Mitory sy mampianatra amim-pahombiazana ny asan'ny Fanahy amin'ny fanafiana hery ny fiangonana hanatanteraka ny irak'Andriamanitra.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Ndeha isika hanokana ny tenantsika mba hotafiana ny herin'ny Fanahy sy hitarika ny fiangonantsika amin'ny fanafiana ny herin'ny Fanahy mba hahombiazantsika amin'ny fampandrosoana ny irak'Andriamantra eo amin'ny toerana misy antsika sy manerana izao tontolo izao.

[DRM]

92 Fiverenana amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anatin'ny fehezanteny tokana: Raha tiantsika ny hahatanteraka ny iraka lehibe, tsy tokony hataontsika tsirambina ny batisa amin'ny Fanahy Masina ary tokony hanomboka hanasongadina izany indray isika mandra-pahafeno ny Fanahy ny mpino tsirairay.

Tanjon'ny toriteny: Hiantso ny fiangonana hiverina sy hanasongadina ity fahatsapana natao tsirambina ity. Ary koa, hiantso azy hahatakatra tsara ny tanjon'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina amin'ny maha fanafiana hery ho vavolombelona misionera azy.

Andalana: Asan'ny Apostoly 1:8

I. NY TANJON'NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Ny Asan'ny Apostoly 1:8 dia manambara mazava fa ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fanahiana hery ny mpino ho vavolombelona mahomby.

B. Ny Asan'ny Apostoly dia mampiseho amintsika ny fiantraikan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina amin'ny asa.

D. Ny fanomezana, ny Fanahy Masina dia azon'ny mpino tsirairay raisina hanafy hery azy amin'ny fijoroany vavolombelona ho an'i Kristy (Asa 2:38-39).

II. OLANA: NATAO TSIRAMBINA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Ny antontan'isa dia manehofa mihena ny fanindriana ny batisa amin'ny Fanahy Masina ao amin'ny Fiangonana Assemblée de Dieu eto Afrika.

B. Tena olana matotra io…

1.…satria ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fanafiana hery amin'ny fanatanterahana ny iraka lehibe.

2.…satria mihavitsy dia vitsy ny vahoakantsika no feno ny Fanahy.

3. Fanontaniana: Ahoana no hahafahantsika hanatratra amim-pahombiazana ny very raha tsy mahomby amin'ny fanasongadinana io fahatsapana io isika?

D. Zavatra maro no mety nahatonga io toe-javatra mampatahotra io:

1. Ny fiovan'ny fifantohantsika avy amin'ny irak'Andriamanitra nankany amin'ny fanambinina.
2. Fanerena haneho endrika evanjelika sy ara-dalàna.

3. Fironana hiantehitra amin'ny ezaka maha olombelona fa tsy amin'ny herin'ny Fanahy.

E. Aoka isika tsy hanao adala tahaka ny Galatiana (Gal 3:1-5).
   1. Raha tsy raharahantsika ny Fanahy Masina, dia tsy miraharaha ny herin'Andriamanitra izay mamonjy izao tontolo izao isika.
   2. Rehefa mijery ny *tanjona* sy ny *olana* isika dia tsy maintsy manomboka manasongadina ny Batisa amin'ny Fanahy Masina indray.

III. ANTSO HANASONGADINA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Tsy maintsy miaina firotsahan'ny Fanahy vaovao isika.
   1. Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy…
      a.…manomboka mikatsaka io fanomezana io ao anatin'ny vavaka.
      b.…manomboka mitory sy mampianatra amin'ny fotoana voafaritra tsara io lohahevitra io.
      d.…mampahery ny olona tsirairay ao amin'ny fiangonantsika handray ny Fanahy.
   2. Tsy haharitra ny fiangonana Pentekôtista raha tsy misy fifohazam-panahy.

B. Ny Soratra Masina manontolo dia miantso antsika hanasongadina indray ny batisa amin'ny Fanahy Masina:
   1. Ny Testamenta Taloha dia nanambara mialoha ny ilàna ny fanafiana ny herin'ny Fanahy sy naminany fa ho an'ny mpino rehetra io fahatsapana io (No 11:25-29; Zak 4:6; Joela 3:1-2).
   2. Ao amin'ny filazantsara, Jesosy dia naneho, nampanantena, ary nandidy ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Mt 12:28; Lk 3:21-22; 4:1-2, 14-19; 24:49; Asa 1:4-8).
   3. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly sy ny Epistily, ny fiangonana voalohany dia niaina sy nanasongadina batisa amin'ny Fanahy Masina ho an'ny rehetra (Asa 2:38-39, 8:15-17, 19:1-6).

D. Misy milaza amin'izao androntsika izao fa ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ho an'ny fiangonana voalohany ihany.
   1. Tsy azon'izy ireo ny tanjon'io fahatsapana io.
   2. Nila ny Fanahy ny fiangonana voalohany hahatonga azy ireo no vavolombelona mahery vaika ho an'i Kristy.
   3. Noho io antony io koa, ilaintsika ny Fanahy.

E. Ny zavatra ilain'izao tontolo izao dia miantso antsika hanasongadina ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

IV. DRAFITRA HANAMPIANA ANTSIKA HIFANTOKA INDRAY AMIN'NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Tsy maintsy *resy lahatra amin'ny ilàna* ny fiverenana amin'ny fanasongadinana amin'ny fotoana voafaritra tsara io fahatsapana nataontsirambina io isika.
B. Tsy maintsy *manokana ny tenantsika* amin'ny fikatsahana tsy miato ny fahafenoan'ny Fanahy ao amin'ny fiainantsika manokana isika.
D. Tsy maintsy *manokana ny tenantsika amin'ny fivavahana* mba hirotsahan'ny Fanahy sy hitomboan'ny vina ho an'ny asa misiona isika.
E. Tsy maintsy *manokana ny tenantsika amin'ny fitoriana sy fampianarana* tsy tapaka mikasika ny Fanahy Masina sy ny Iraka isika.
F. Tsy maintsy *manokana ny tenantsika* ho vavolombelona ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina isika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Aoka isika hanatona ary hikatsaka ny hofenoina indray ny Fanahy.
2. Aoka isika hanokana ny tenantsika amin'ny fanampiana ny mpino handray ny herin'ny Fanahy sy hanomboka ho vavolombelon'i Kristy.

[MT]

93 Ny dikan'ny atao hoe Pentekôtista

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy manokana ny tenantsika hiaina amin'ny maha Pentekôtista marina araka izay asehon'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly isika.

Tanjon'ny toriteny: Ny kristiana dia hanokana ny tenany amin'ny fahatongavana ho Pentekôtista marina, ary hitarika ny hafa hanao tahala izany koa.

Fampidirana

1. Ahoana no fahitanao ny atao hoe Pentekôtisma?
2. Maro samihafa ny fahitan'ny olona ny atao hoe Pentekôtista:
   a. Pentekôtista fitahiana manokana.
   b. Pentekôtista mijery ny lasa.
   d. Pentekôtista fiderana sy fiankohofana.
   d. Pentekôtista taman-trano.
   e. Pentekôtista mpitazana.
   f. Pentekôtista amin'ny ho avy.
   g. pentekôtista tena izy.
3. Ndeha hojerentsika ao amin'ny Asan'ny Apostoly ny famaritana ny tena Pentekôtisma marina.
   a. Ny Asan'ny Apostoly dia tsy boky tantara fotsiny.
   b. Izy io boky taridalana ho an'ny fiainana sy ny fampiharana.
   d. raha faritana ara-Baiboly, ny Pentekôtisma dia *hetsika misionera voatafy ny herin'ny Fanahy natao ho an'ny vahoaka rehetra amin'ny andro farany.*
4. Araka izany, midika zavatra efatra ny maha tena Pentekôtista marina:

Ny maha Pentekôtista marina dia midika fa

I. ISIKA DIA MITORY HAFATRA MITOVY AMIN'IZAO NOTORIAN'NY FIANGONANA AO ASAN'NY APOSTOLY.

A. Ny fon'ny tena Pentekôtisma marina dia hafatra—ny filazantsara.
   1. Izy io dia hafatr'i Jesosy.
   2. Marerika io hafatra io no antsoin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly hoe the *kerygma.*
      a. Amin'ny teny grika dia midika hoe "fanambarana".
      b. Io no votoatin'ny toriteny ao amin'ny Asan'ny Apostoly.

B. Ny fiangonana dia niantso azy io hoe "Filazantsara Feno" (andry efatra:)
   1. Mamonjy i Jesosy.
   2. Manasitrana i Jesosy.
   3. Manao batisa amin'ny Fanahy Masina i Jesosy.

4. Ho avy indray i Jesosy.

D. Mampalahelo, betsaka amin'ireo miantso ny tenany ho Pentekôtista amin'izao androntsika izao no mametraka ny filazantsara ao anaty marimaritra iraisana.

Ny maha Pentekôtista marina dia midika fa

II. ISIKA DIA MIZARA IRAKA MITOVY AMIN'NY AN'NY FIANGONANA AO AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY.

A. Io iraka io dia voalaza mazava tsara ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8: "ho vavolombeloko hatramin'ny faran'ny tany."

B. Finona teno no nohazonin'ny fiangonana Pentekôtista voalohany mafy dia mafy ka nahafahan'izy ireo nitory ny filazantsara hatramin'ny faran'ny tany:
   1. Mety ho tonga amin'ny fotoana rehetra i Jesosy.
   2. Nomena baiko hanatratra ny firenena amin'ny filazantsara isika alohan'ny hiverenany indray.
   3. Ny Pentekosta dia manome antsika ny hery ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa.

Ny maha Pentekôtista marina dia midika fa

III. ISIKA DIA MIAINA FAHATSAPANA MITOVY AMIN'IZAY NIAINAN'NY FIANGONANA AO AMIN'NY BOKIN'NY ASAN'NY APOSTOLY.

A. Ny Pentekôtisma dia fikomiana amin'ny fanarahana foto-pinoana maty.

B. Inona no fahatsapana hitantsika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly?
   1. Ny fahateraham-baovao izay fahatsapana mahery vaika manova fiainana.
   2. Ny fahamasinam-piainana.
   3. Ny fihaonana amin'Andriamanitra.
   4. Ny fahatsapana tena iankinan'ny aina—ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

D. Ahoana no hamaritan'ny Pentekôtista ny batisa amin'ny Fanahy Masina:
   1. Fahatsapana ara-panahy mahery vaika natao ho an'ny mpino rehetra…
   2. …miavaka tanteraka amin'ny famonjena…
   3. …ny tanjony dia fanafiana hery ho amin'ny Iraka…
   4. …ary ny porofony dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

E. Io foto-pampianarana io dia torian'ny fiangonana Pentekôtista manerana izao tontolo izao.

Ny maha Pentekôtista marina dia midika fa

IV. ISIKA DIA MAMPIASA NY FOMBA FIASA NAMPIASAIN'NY FIANGONANA AO AMIN'NY BOKIN'NY ASAN'NY APOSTOLY.

A. Ady hevitra: "Inona no tena nampahomby ny fiangonana voalohany?"

B. Nampiasa ireo fomba fiasa ireto izy ireo:
   1. Fanambarana ny filazantsara voahosotry ny herin'ny Fanahy.
   2. Fanehoana ny herin'Andriamanitra sy ny fanatrehany amin'ny alalan'ny famantarana izay nanaraka azy ireo.
   3. Fananganana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy.

Famarananana sy antso eny amin'ny alitara

1. Tena Pentekôtista marina ve ianao?
2. Maniry ny ho tonga amin'izany ve ianao?
3. Ndeha isika hanokana ny tenantsika mba ho Pentekôtista marina.

[DRM]

94 Pentekosta sy ny taranaka manaraka

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny fahatsapana ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia tsy maintsy ampitaina amin'ny tanira sy ny ankizy.

Tanjon'ny toriteny: Hanentana ny pasitera, ny ray aman-dreny ary ny mpitarika fiangonana hanao izay hahatonga ny taranaka manaraka ho feno ny Fanahy Masina.

Text: Joela 3:1; Asan'ny Apostoly 2:17, 38-39

Fampidirana

1. Ao anaty fifaninanana hazakazaka ifanoloana, ny fanolorana ny tsorakazo no fotoana tena manan-danja indrindra ary mety hanova ny vokatry ny fifaninanana.
2. Ity lesona ity dia momba ny fampitana ny tsorakanon'ny Pentekôsta.

I. FAMPANANTENANA: MITOVY NY HO AN'NY TANORA SY ANTITRA (Joela 3:1; Asan'Apostoly 2:17)

A. Ny faminanian'i Joela sy ny fahatanterahan'izany ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia mampiseho fa ny fanomezana ny Fanahy Masina dia ho an'ny tanora sy ny antitra.
   1. Tafiditra ao anatin'izany ny zanakalahy sy ny zanakavavy, ny zatovo sy ny lahiantitra.
   2. Ny Asan'ny Apostoly 2: 38 – 39 dia mampiseho mazava dingana mankany amin'ny taranaka manaraka.

B. Tian'Andriamanitra handray ny Fanahy Masina ny mpino tsirairay: "No handatsahako ny Fanahiko amin'ny *nofo rehetra* izany hoe *ny olona rehetra*" (Asa 2:17).

D. Nolazain'i Jesosy fa "an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra" (Lk 18:15-16).
   1. raha an'ny ankizy ny fanjakan'Andriamanitra, nahoana ny teny fampanantenan'ny Ray no tsy ho azy ireo?

E. Ny ankizy koa, dia afaka miaina ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
   1. Tokony hampianatra azy ireo ny momba io fahatsapana io isika…
   2. …ary tokony hiara-hivavaka amin'izy ireo mba handraisany ny Fanahy Masina.
   3. Jaona Mpanao batisa dia feno ny Fanahy Masina "hatrany an-kibon-dreniny" (Lk 1:15).
   4. Na dia niavaka aza i Jaona Mpanao batisa, dia tsara ny manamarika fa tsy misy ankizy kely loatra ka tsy azo fenoina ny Fanahy Masina.

II. ANDRAIKITRA: MAMPITA NY PENTEKOSTA AMIN'NY TARANAKA MANARAKA.

A. Ao amin'ny tantaran'ny fiangonana, betsaka ny fahamarinana manan-danja very nandritra ny fotoana naharitra satria tsy nampitaina.
B. Vakio: Deoteronomia 4:9
    1. Raha tsy mitandrina isika dia mety havelantsika "hotehirisintsika ao anatin'ny fontsika" fotsiny ny hery sy ny fahatsapana ny fanatrehan'Andriamanitra.
    2. Ahoana no hahafantsika mampita izay noteheirizintsika ao anatin'ny fontsika?
    3. Ny andraikintsika amin'ny zanantsika dia manomboka amin'ny fihazonana ny firehetan'ny fahatsapantsika miaraka amin'ny Fanahy Masina.
D. Ao amin'ny Deoteronomia 6:1-2, 7: Mosesy dia nanamafy ny maha zava-dehibe ny hampitana amin'ny taranaka manaraka ny fahamarinana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra mba hahatonga ny zanantsika afaka hisitraka ihany koa ny fitahiana sy ny tombontsoa amin'ny fiarahana mandeha amin'Andriamanitra.
    1. Ny tokantrano no toerana tena mahomby indrindra amin'ny fanofanana ny ankizy.
    2. Ny ray aman-dreny no tompon'andraikitra amin'ny fampitana ireo zavatra ireo amin'ny zanany.
E. Isila koa dia tokony hanolotra ilay fanomezana amin'ny ankizy tonga ao amin'ny fiangonantsika kanefa mbola tsy kristiana ny ray aman-dreniny.
    1. Inona no zavatra lehibe afaka hanamarika ny fiainan'ny ankizy mihoatra noho fahatsapana ny hery sy ny fanatrehan'ny Fanahin'Andriamanitra?

III. FAMPITANDREMANA: RAHA TSY FENO NY FANAHY MASINA NY TARANAKA MANARAKA DIA HO FATY NY FIANGONANA PENTEKÔTISTA.

A. Tsy maintsy minia mitarika ny tanora sy ny ankizy ao anatin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina isika.
    1. Resaho ny Mpitsara 2:10-13.
    2. Aza mieritreritra fa ny maha ao am-piangonana ny ankizy sy ny tanora androany dia ampy hahatonga azy ireo hitombo sy hanompo ny Tompo amim-pahatokiana.
B. Raha tiantsika ny hahita ny taranaka manaraka mandray anjara ao anatin'ny irak'Andriamanitra, mil any herin'ny Fanahy Masina izy ireo.
    1. Ny ankizy sy ny tanora dia afaka ho vavolombelona, eny na dia amin'izao fotoana izao aza.

2. Aza adino, ny tanjona voalohan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia hery hiovana ho vavolombelona (Asa 1:8).

IV. DRAFITRA: NY TSY MAINTSY ATAONTSIKA AMPITANA NY PENTEKOSTA AMIN'NY TARANAKA MANARAKA.

A. Tsy maintsy mampianatra ny taranaka manaraka ny momba ny Fanahy Masina isika.
B. Tsy maintsy mivavaka mba handraisan'ny taranaka manaraka ny Fanahy.
D. Tsy maintsy manofana ny ray aman-dreny momba ny fomba hampianarany ny zanany ho feno ny Fanahy.
E. Tsy maintsy manome fahafahana ny taranaka manaraka handray ny Fanahy Masina.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Aoka mba tsy isika anie no tsy hahomby amin'ny fitarihana ny taranaka manaraka ao anatin'ny Pentekosta.
2. Manatonà ary atokany ny tenanao handray anjara amin'ny fampitana ny tsorakazon'ny Pentekosta.

[MT]

95 Ny vehivavy sy ny fifohazam-panahy Pentekosta

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny vehivavy dia tena ilaina ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra dia ny fananganana fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy, ary noho izany tsy maintsy mandray anjara.

Tanjon'ny toriteny: Handrisika ny vehivavy ho feno ny Fanahy ny Fanahy sy handray anjara amin'ny fifohazam-panahy Pentekôtista ao anatin'ny fiangonana.

Fampidirana

Rehefa ny fitondrana ny fifohazam-panahy Pentekôtista no ao anatin'ny fiangonana no resahana dia...

I. TENA MANAN-DANJA NY VEHIVAVY.

A. Ao anatin'ny Soratra Masina, ny vehivavy dia tena manan-danja ao anatin'ny asan'Andriamanitra:
   1. Talohan'ny Pentekosta, nanana ny lanjany izy ireo.
      a. Debora dia sady mpaminanivavy no mpitsara teo amin'Isiraely (Mp. 4:4-15).
      b. Mary dia nitoe-jaza tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina (Lk 1:35).
      d. Elizabeta dia naminany (Lk 1:41-45).
      e. Maria dia naminany (Lk 1:46-55).
      f. Ana dia naminany mikasika an'i Jesosy (Lk 2:36-38).
   2. Nandray ny Fanahy ny vehivavy tamin'ny Pentekôsta (Asa 1:14).
   3. Prisila dia mpanao asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy niaraka tamin'ny vadiny (Asa 18:26).
      a. Izy no nitarika an'i Apolosy tao anatin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
   4. Ny zanakavavin'i Filipo dia mpaminanivavy (Asa 21:9)

B. Ny vehivavy dia nanana ny lanjany tamin'ny fampielezana ny Pentekôtisma nanerana izao tontolo izao.
   1. Ny vehivavy dia nandray anjara tamin'ny fitarihana tany amin'ny lalan'i Azusa.
   2. Imbetsaka ny vehivavy no hita mitarika ny andraikitra maha misionera.
      a. Agnes Osmond no olona voalohany niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra tamin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina tany Topeka.

b. Betsaka ny vehivavy niala tao Azusa tamin'ny naha mpanangana fiangonana, evanjelista, mpitandrina, ary misionera.

3. Tany Burkina Faso, isaky ny sabotsy dia vehivavy 100,000 no nivavaka mba hirotsahan'ny Fanahy Masina.

D. Ny vehivavy dia tena ilaina amin'ny fitondrana ny Pentekosta manerana an'i Afrika.

II. TENA ILAINA NY VEHIVAVY.

A. Vehivavy no mandrafitra ny antsasany mahery amin'ny fiangonana Afrikana.

B. Nomen'Andriamanitra fahasoavana sy talenta manokana izy ireo:
   1. Nomeny toetra tsy mihambahamba izy ireo.
   2. Nomeny fangorahana izy ireo.
   3. Nomeny fahamora-tohina amin'ny Fanahiny izy ireo.

D. Ny vehivavy dia manana fahafahana manokana mizara ny filazantsara.
   1. Afaka mandeha amin'ireo toerana sarotra ka tsy dia azon'ny lehilahy aleha loatra izy ireo.
   2. Afaka mifampiresaka mikasika ireo lohahevitra somary manahirana izy ireo.

III. TSY MAINTSY MANDRAY ANJARA NY VEHIVAVY.

A. Ny vehivavy dia tsy maintsy mahatakatra amin'ny fomba mazava tsara (sy ara-Baiboly) ny momba ny batisa amin'ny Fanahy.
   1. Tamin'ny Pentekosta, ny vehivavy dia…
      a. …nandray baiko mitovy amin'izay noraisin'ny lehilahy: "hiandry ny teny fikasan'ny Ray" (Asa 1:4).
      b. …nandray koa ilay hery nampantenaina (Asa 1:8).
      d. …niaina fahatsapana mitovy (Asa 2:4).
      e. …nandray ny Fanahy ho amin'ny tanjona mitovy, dia ny ho vavolombelon'i Kristy amin'ny very (Asan'ny Apostoly 1:8; 2:18-19).
   2. Na dia mitondra tombontsoa maro eo amin'ny fiainan'ny kristiana aza ny fahafenoan'ny Fanahy Masina, tsy izany no tanjona voalohan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Ny tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia hery hiovana ho vavolombelona.

B. Ny vehivavy dia tsy maintsy manana fahatsapana marina momba ny Fanahy.

1. Manatona miaraka amin'ny fo feno fanirina hanompo an'i Kristy amin'ny fomba tsara kokoa.
2. Avelao any aorianao ny fanirina ho hitan'ny hafa.
3. Aoka ianao hanetry tena eo anatrehan'Andriamanitra ary Izy hanandratra anao (1 Pet 5:6).
4. Fantaro fa Andriamanitra dia hanome anao izay irin'ny fonao.

D. Ahoana no hahafahan'ny vehivavy vehivavy mandray anjara amin'ny fitondrana ny Pentekosta atỳ Afrika?
   1. Mahatakatra ny atao hoe irak'Andriamanitra (Lk 24:46-49).
   2. Mankato ny baikon'i Kristy momba ny fahafenoan'ny Fanahy.
   3. Manararaotra ny fotoana fanararaotra omen'ny Tompo mba hijoroana vavolombelona ho Azy.
      a. Aza matahotra raha miantso anao hitoriteny Andriamanitra fa Izy no hanokatra varavarana ho anao sy hampitao anao.
      b. Andriamanitra dia mety hiantso anao ho amin'ny asa fanompoana fitondrana am-bavaka, na fanompoana hafa.
   4. Aza adinoina, ny rehetra no nantsoina ho vavolombelon'i Kristy.
   5. Ry vehivavin'Andriamanitra, ndeha isika hanandratra ny herin'ny Fanahy Masina sy hanao izay rehetra niantsoan'i Kristy antsika.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Manatona ary aoka ianao hanokana ny tenanao ho fitaovana ampiasain'Andriamanitra hitondra fifohazam-panahy ho an'ny fiangonanao sy Afrika.

[SM]

96 Sekoly Biblika Pentekôtista

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Ny Sekoly Biblikantsika dia tsy maintsy Pentekôtista raha tiantsika hahomby amin'ny fanompoana ny irak'Andriamanitra ny fiangonana.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpitantana sy ny mpampianatra dia hahatakatra ny endriky ny Sekoly Biblika Pentekôtista, ary hikatsaka izay hahatonga ny sekoliny ho Pentekôtista sy misionera marina.

Andalana: Matio 28:19-20, Jaona 14:12, 15-18, 26

Fampidirana

1. Tsy maintsy azontsika antoka fa ny Sekoly Biblikantsika dia tena Pentekôtista marina.
2. Singa fanalahidy efatra hahatonga ny Sekoly Biblika ho tena Pentekôtista marina:

I. NY IRAKY NY SEKOLY BIBLIKA PENTEKÔTISTA

A. Faritantsika ny iraka sy ny tanjontsika mba hananantsika fitaovana hanampy antsika hizotra tsara amin'ny lalana.

B. Ny iraka voalohany sahanin'ny Sekoly Biblika Pentekôtista dia ny hanampy ny fiangonana amin'ny fanantanterahana ny irak'Andriamanitra.

D. Ireto avy no tafiditra ao anatin'ny tanjon'ny Sekoly Biblika:

1. Fihazonana ny fiangonana ho Pentekôtista.
   a. Ny mpanabe Pentekôtista dia "mpiambina ny finoana."
   b. Tsy maintsy manana ny herin'ny Fanahy ny fiangonana mba hahatanterahany ny irak'Andriamanitra.
2. Fanatanterahana ny iaraka lehibe.
   a. Ny fanofanana dia tafiditra ao anatin'ny iraka lehibe (Mt 28:20).
   b. Tsy mianatra manofana "amin'ny fomba Pentekôtista" isika.
3. Fihazonana ny fiangonana ho ara-baiboly.
   a. Ny fahatsapana Pentekôtista sy ny fomba amam-panao dia tsy maintsy miorina mafy amin'ny fandikana tsara ny Soratra Masina.
4. Famokarana mpanompon'ny filazantsara manahaka an'i Kristy.
5. Fampitomboana ny mpiasa ao anatin'ny fijinjana.

II. NY ETHOS AO AMIN'NY SEKOLY BIBLIKA PENTEKOTISTA

A. Ny "Ethos" dia manondro ny toe-tsaina ny kolontsain'ny fiaraha-monina.

B. Ny Sekoly Biblika Pentekôtista dia tsy maintsy mamboly “kolontsainan’ny Fanahy”.
   1. Ny Fanahy dia tsy maintsy manatrika ao anatin’ny efitrano fianarana tsirairay sy ny hetsika.
   2. Tsy vokatry ny kisendrasendra io kolontsaina io, tsy maintsy iniana foronina sy kolokoloina.

D. Ny Sekoly Biblika Pentekôtista dia tsy maintsy “kolontsainan’ny iraka” koa.
   1. Ny famoronana kolontsainan’ny iraka dia mitaky fahatakarana tsara sy fanokanan-tena ho an’ny irak’Andriamanitra.
   2. “Ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy” (Asa 5:32), izany hoe, izay rehetra handray anjara amin’ny Irany.
   3. Raha tsy eon y fanokanan-tena ho an’ny irak’Andriamanitra, ny fanofanantsika dia mijanona ho resaka akademika fotsiny, ary ny antom-pisin’ny Sekolintsika dia fanomezana diplôma sy famokarana mpitondra fivavahana “matihanina” izay tsy dia mahomby loatra amin’ny fananganana ny fanjakan’Andriamanitra fotsiny.

D. Ny mpitarika dia tsy maintsy mamorona sy mihazona ny kolontsainan’ny Fanahy.

III. NY FANDAHARAM-PIANARAN’NY SEKOLY BIBLIKA PENTEKOTISTA

A. Ny Sekoly dia tsy maintsy manana fandaharam-pianarana Pentekôtista.
   1. Ny mandrafitra ny “Fandaharam-pianarana” dia ny zavatra rehetra atao sy ampianarina ao amin’ny Sekoly.
   2. Tsy Pentekôtista ny Fandaharam-pianarana raha tsy mamaha tanteraka ny olana Pentekôtista.

B. Azontsika “avadika Pentekôtista” ny fandaharam-pianarantsika ka amin’ny alalan’ny famahana ireto zavatra manaraka ireto no hanaovana izany:
   1. Ny Fandaharam-pianarana ve manasongadina ny momba ny Fanahy Masina?
   2. Firy ny taranja miresaka manokana mikasika ny Fanahy Masina sy ny asany?
   3. Ny Fandaharam-pianarana ve manofana ny mpanao asa fanompoana ho Pentekôtista marina amin’ny fahatakarana, ny fahatsapana, ary ny fampiharana izany ao amin’ny tontolo tena izy?
   4. Tsy maintsy manetsika ny mpianatra ho amin’ny asa fanompoana fampiharana.

D. Ny tena manan-danja indrindra ao anatin'ny fanofanana Pentekôtista dia ny mpampianatra Pentekôtista.
   1. Ny Fandaharam-pianarana dia mihoatra lavitra noho izay ampianarina avy ao amin'ny boky.
   2. Ny hery mitarika lehibe indrindra ho an'ny mpianatra dia avy amin'ny fiainan'ny mpampianatra.
   3. Ny Sekoly Biblika dia tsy maintsy manana mpampianatra feno ny Fanahy izay mahatakatra tsara ny fomba hampianarana sy hanaovana asa fanompoana feno ny herin'ny Fanahy tahaka ny nataon'i Jesosy.

IV. NY FIAINAM-PANAHIN'NY SEKOLY BIBLIKA

A. Ny Sekoly Biblika Pentekôtista dia tokony ho teoatrana atrehan'ny Fanahy Masina amin'ny fomba miharihary.
B. Ny fotoam-bavaka fanaontsika dia tokony ho feno ny fanatrehan'ny Fanahy ary hifantoka amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra.
   1. Tsy maintsy atao izay hampivelatra ny fanomezam-pahasoavana sy ny fitsipi-pifehezana.
   2. Ny tontolo iainana dia tokony ho feno vavaka.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Ndeha isika hanokana ny tenantsika amin'ny fampivelarana sy fihazonana ny tena Sekoly Biblika Pentekôtista marina.

[JE]

97 Ahoana no hitoriana momba ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka mitory amin-kery sy amim-pahombiazana ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao.

Tanjon'ny Toriteny: Ny mpanao asa fanompoana sy ny mpiasa kristiana dia hahafantatra ny fomba fitoriana amim-pahombiazana ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Fampidirana

1. Tamin'ny Andro Pentekosta, Petera dia nitory ny toriteny voalohany teo amin'ny vanim-potoana kristiana (Asa 2:14-17; 32-33; 37-39; ary ny 47b).
2. Na dia tao anatin'ny fitoriana ny filazantsara aza izy dia niresaka momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
   a. Ny 10 amin'ny andininy 25 (40%n'ny toriteny) dia miresaka mikasika io lohahevitra io.
   b. Mbola nanindry izany koa izy tao amin'ny toriteniny faharoa (Asa 3:19-21).
3. Ity hafatra ity: Ahoana no hitoriana ny Batisa amin'ny Fanahy Masina.

I. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY HITORIANA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Izao no fahamarinana, "izay torianao no ho azonao."
B. Ireto avy no voka-dratsin'ny tsy fahombiazana amin'ny fitoriana ny batisa amin'ny Fanahy Masina:
   1. Tsy feno ny Fanahy ny mpino, noho izany…
      a. …misokatra amin'ny fanafihan'ny fahavalo izy ireo.
      b. …tsy vavolombelona mahomby izy ireo.
   2. Tonga matsatso ny fiainan'ny fiangonana (sira tsy misy tsirony!).
   3. Tsy mandroso ny fanatanterahana ny iraka.
D. Ny anton'izany fanaovana tsirambina izany:
   1. Tsy fahampian'ny fahatakarana sy ny faharesen-dahatra
      a. …amin'ny maha zava-dehibe, ny tanjona, ary ny toetran'ny batisa amin'ny Fanahy.
      b. …amin'ny irak'Andriamanitra sy ny andraikintsika ao anatin'izany.
   2. Olana teolojika sy ara-pahatsapana...
      a. …satria tsy tena mino ny batisa amin'ny Fanahy Masina intsony isika, dia tsy mitory ny momba izany.
      b. …satria tsy mitory ny mikasika izany isika, dia vitsy no feno.

d. …satria vitsy no feno, dia tsy tena mino io fahatsapana io intsony isika.
e. …noho izany, nivily niala tamin'ny fahatsapana sy ny fomba fanao Pentekôtista isika.

3. Tahotra ny tsy fahombiazana: satria ny pasitera matahotra sao tsy ho feno ny olona ka ho menatra, dia aleony tsy mitory mikasika ny batisa amin'ny Fanahy Masina.
4. Tsy fahampian'ny fahaiza-manao.
   a. Ny pasitera dia tsy mbola nianatra mikasika ny fomba fitoriana amim-pahombiazana ity lohahevitra ity sy ny fivavahana miaraka amin'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina.
   b. Noho izany, fadian'izy ireo io lohahevitra io.

E. Ny tombontsoa azo avy amin'ny fitoriana ny batisa amin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny tontolon'ny iraka:
   1. Ny mpino dia hanomboka hahatakatra, hangetaheta, ary ho feno.
   2. Ny fiangonana dia hitombo sy ho matotra.
   3. Ny fiangonana dia ho voatefy hery sy ho voaentana handray anjara ao anatin'ny iraka.

F. Isika dia tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fitoriana ny batisa amin'ny Fanahy Masina (1 Ko 9:16).

II. NY FOMBA HITORIANA AMIM-PAHOMBIAZANA NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA.

A. Tokony ho laharam-pahamehana ao an-tsaintsika ny hahatonga ny vahoakantsika ho feno sy voatafy ny herin'ny Fanahy ka ho vavolombelona.
B. Toetra telo mampiavaka ny toriteny mahomby:
   1. *Fahazavana:* Azavao tsara ny tianao lazaina.
   2. *Finoana:* Aoka ianao hitory miaraka amin'ny finoana fa hiasa Andriamanitra.
   3. *Fifandanjana:* Ampifandanjao ny fasahiana sy ny fanetren-tena.
C. Rehefa mitory ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao, hazony ao an-tsainao ireto tanjona ireto:
   1. Ianao dia miezaka *mamorona fanirina* ho feno ny Fanahy ao am-pon'ny olona ianao (Mt 5:6; Jn 7:37).
   2. Mitory ianao mba *hanaingana ny finoana* ao anatin'ny fon'ny olona ka handraisany ny Fanahy (Jn 7:38; Ga. 3;2, 14).
   3. Ianao dia miezaka manome *fahatakarana mazava* ho an'ny vahoaka.
      a. Momba ilay fahatsapana.
      b. Momba ny fomba fandraisana ny Fanahy.

d. Momba ny zavatra tokony handrasan'izy ireo rehefa mandray ny Fanahy.

E. Momba ny antso eny amin'ny alitara.
   1. Aza adino mihitsy ny manao antso eny amin'ny alitara.
   2. Aoka hifantoka amin'ny lafiny tsara.
   3. Manantenà vokatra.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Andriamanitra dia hampiasa anao hitarika ny olona ao anatin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

[DRM]

98 Mivavaka miaraka amin'ny mpino mba handraisan'izy ireo ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Afaka mivavaka amim-pahombiazana miaraka amin'ny mpino ianao mba handraisany ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

Tanjon'ny toriteny: Hanampy ny mpino vita feno ny Fanahy Masina hahafantatra ny fomba hanampiana ny mpino hafa handray ny Fanahy Masina sy hanainga fanahy azy ireo hivavaka miaraka amin'ny hafa mba handraisany.

I. ZAVATRA TOKONY HEVERINA MIALOHA

A. Iza no afaka fenoina ny Fanahy Masina?
   1. Izay rehetra efa nateraka indray marina.

B. Iza no afaka miara-mivavaka amin'ny hafa mba hahatonga azy ireo ho feno ny Fanahy?
   1. Izay rehetra efa feno ny Fanahy.
   2. Ny zavatra lehibe indrindra takiana dia ny fanirina hahita ny hafa hotahiana sy hampiasain'Andriamanitra.

D. Ny tontolo ara-baiboly hahafahana mandray ny Fanahy Masina:
   1. Ny mpikatsaka dia tokony hahatakatra sy hanokan-tena ho an'ny irak'Andriamanitra (Asa 5:32).
   2. Ny mpikatsaka dia tsy maintsy mangetaheta an'Andriamanitra (Mt 5:6; Jn 7:37).
   3. Ny mpikatsaka dia tsy maintsy mampiasa finoana (Gal 3:5; 14).
   4. Tsy maintsy mivavaka ianao. (Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny Fanahy dia raisina foana ao anatin'ny tontolon'ny vavaka).

II. NY DINGANA: NY FOMBA HIVAVAHANA MIARAKA AMIN'NY OLONA MBA HANDRAISANY NY FANAHY MASINA (Dingana telo:).

A. Dingana 1: Ny fifampiresahana.
   1. Ampaherezo ny mpangataka ka lazao aminy fa tena mety sady mahafaly an'Andriamanitra ny zavatra ataony.
   2. Ampaherezo ny finoan'ny mpangataka. Lazao amony hoe…
      a. "Ity no ho andro lehibe indrindra teo amin'ny fiainanao".
      b. "Andriamanitra dia manana zavatra tena miavaka ho anao."
   3. Rehefa manome toromarika ianao dia ireto tanjona roa ireto no tokony ho ao an-tsainao: hanetsika finoana manantena sy hanolotra fahatakarana mazava.

a. Ny fomba fanetsehana finoana manantena ao anatin'ny fon'ny mpangataka:
    1) Ambarao aminy izay nolazain'i Jesosy: "Mangataha, dia homena ianareo…" (Lk 11:9, 13).
    2) Lazao hoe, "Midika izany fa raha mangataka ianao dia homen'Andriamanitra ny Fanahy Masina" (Lk 11:9-10).
b. Ny fomba fanomezana fahatakarana mazava ny mpangataka:
    1) Lazao amin'ny mpangataka mazava tsara ny zavatra hataonao.
    2) Avelao ny mpangataka hahafantatra mazava tsara ny zavatra tokony hantenainy.
    3) Ohatra amin'ny vavaka: *"Hanap vavaka roa isika. Voalohany, hivavaka isika hangataka an'Andriamanitra hameno antsika amin'ny Fanahy Masina. Rehefa manao izany isika, hamaly Andriamanitra, ary hanome antsika ny Fanahiny. Raha efa izany, hanao dingan'ny finoana isika ary handray ny Fanahy Masina. Hivavaka isika 'Amin'ny anaran'i Jesosy, raisiko ny Fanahy Masina.'Rehefa manao io vavaka io ianao, minoa ao anatin'ny fonao dia ho tsapanao ny Fanahiny Masina mameno anao. Avy eo, hanomboka hiteny amin'ny fiteny ampitenenin'ny Fanahy ianao, izany hoe amin'ny fiteny tsy nianaranao mihitsy."*

B. Dingana 2: Firotsahana ao anatin'ny vavaka.
1. Tariho ny mpangataka hangataka amin'ny finoana (Lk 11:9, 13).
    a. Ohatra amin'ny vavaka: *"Tompo, tonga mba hofenoina ny Fanahy Masina aho…Tsy misy zavatra iriko mihoatra noho izany...Nampanantena ianao fa izay mangataka dia mahazo...Mangataka aho ary manantenafa hahazo...omeo ahy ny Fanahy Masina".*
    b. Avy eo, lazao aminy, *"Aoka ho tsapanao ny fanatrehan'ny Fanahy Masina tonga aminao".*
2. Tariho izy handray amin'ny finoana (Lk 11:10; Mk 11:24).
    a. Lazao Aminy, *"ity dia dingan'ny finoana feno fasahiana".*
    b. *"Tompo, amin'ny anaran'i Jesosy, raisiko ny Fanahy Masina".*
    d. *"Izao ankehitriny izao, raiso amin'ny finoana…Aoka ho tsapanao ao anatinao ao ny fanatrehan'ny Fanahy".*
3. AMpaherezo ny mpangataka hiteny amin'ny finoana (Asa 2:4).

a. Aoka ho tsapanao ao anatinao ao ny fanatrehan'ny Fanahy.
b. Mitenenà avy ao amin'izay hahatsapanao ny fanatrehan'Andriamanitra!

4. Raha mbola ilaina, avereno ny dingana.
   a. Asehoy ny fomba hahafahany mamaly ny Fanahy amin'ny fomba tsara kokoa.

D. Dingana 3: Toromarika aorian'ny vavaka
   1. Raha feno ny Fanahy izy ireo dia resaho aminy ny momba ny…
      a. Tokony hanombohany mijoro vavolombelon'i Kristy avy hatrany.
      b. Tsy maintsy ikolokoloiny ny fiainany vaovao ao amin'ny Fanahy.
   2. Raha tsy feno izy ireo, ampaherezo amin'ny alalan'ny fitenenana hoe:
      a. *"Aza kivy. Tohizo hatrany ny fangatahana, ho feno tsy ho ela ianao. Jesosy no efa nampanantena".*
      b. Angamba mety mbola maniry ny hivavaka indray mandeha izy ireo.

III. ZAVATRA HAFA TOKONY HEVERINA.

A. Ianaro tsara amin'ny alalan'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra, indrindra ny bokin'ny Asan'ny Apostoly izay lazain'ny Baiboly mikasika ny lohahevitra.

B. Aoka tsy ho feno fahalainana ara-panahy rehefa mivavaka miaraka amin'ny olona.

D. Rehefa miara-mivavaka amin'ny olona mba handraisany ny Fanahy, jereo tsara ny haavon'ny firehetam-pon'ny mpangataka. Aoka ianao hijery lafiny tsara sy hampahery mandrakariva kanefa aza manery azy tafahoatra loatra.

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

Tsy misy zavatra mitondra fahafaham-po mihoatra ny manampy ny olona hiaina ny fahatsapana momba ny herin'Andriamanitra.

[DRM]

99 Fananganana fiangonana misionera votafy ny herin'ny Fanahy

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: Tsy maintsy minia manangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy isika.

Tanjon'ny toriteny: Ny mpanangana fiangonana dua hahafantatra ny fomba fananganana fiangonana feno ny Fanahy Masina sy mifantoka amin'ny irak'Andriamanitra.

Fampidirana

1. Kristy dia niantso antsika hanangana fiangonana.
2. Fanontaniana manan-danja: karazana fiangonana manao ahoana no tokony hatsangantsika?
   a. Tokony hanangana fiangonana malemy sy miankin-doha ve isika?
   b. Manoro hevitra antsika aho hanangana "fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy!"
3. Aiza isika no tokony hitady ohatra fakantahaka?
   a. Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

I. OHATRA FAKAN-TAHAKA AO AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY: FIANGONANA MISIONERA VOATAFY NY HERIN'NY FANAHY

A. Ny Asan'ny Apostoly 1:8 no andininy fanalahidy ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.
   1. Io andininy io dia maneho ny toetra roa mampiavaka ireo fiangonana tian'i Jesosy natsangana:
      a. Tsy maintsy voatafy ny herin'ny fanahy izy ireo ("Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo…").
      b. Tsy maintsy mifantoka amin'ny iraka'Andriamanitra izy ireo: ("ary ho vavolombeloko hatramin'ny faran'ny tany").
   2. Rehefa manangana fiangonana isika dia tsy maintsy *minia* manangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy.
      a. Fiangonana izay tsy ela dia afaka hanangana fiangonana misionera hafa voatafy ny herin'ny Fanahy.
      b. Io paikady io dia hamokatra "fitomboan'ny fiangonana an-tsitra-po".

B. Tahaka an'i Paoly, isika koa dia tokony hananfana fiangonana eny amin'ny toerana fanalahidy.
   1. Ohatra: Paoly dia nanagana fiangonana tany Korinto, Atena, ary Efesosy (Asa 17:15; 18:1; 19:1).

2. Kanefa, inona no tombontsoa raha toa ny fiangonana atsangantsika tsy manana hery entina mamokatra fiangonana hafa?

D. Manaraka ny ohatra nomen'ny Baiboly isika raha manangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy.
   1. Jesosy dia nanangana fiangonana tahaka izany (Asa 1:8).
   2. Ny apostoly dia niezaka mafy nanangana fiangonana misionera voatafy ny hrein'ny Fanahy.
      a. Ny olana novahan'ny apostoly tany Samaria (Asa 8:17-18).
      b. Ny paikadin'i Paoly tany Efesosy (Asa 19:1-10).

II. NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FINIAVANA HANANGANA FIANGONANA MISIONERA VOATAFY NY HERIN'NY FANAHY.

A. Diso ny fiheverantsika fa satria isika Fiangonan'Andriamanitra (Assemblée de Dieu), avy hatrany dia fiangonana Pentekôtista izay atsangantsika.
   1. Na, satria ny Fiangonan'Andriamanitra (Assemblée de Dieu) fikambanana misionera, avy hatrany dia fiangonana misionera izay atsangantsika.
   2. Fahadisoana ny fiheverana tahaka izany.

B. Ao anatin'ny fananganana fiangonana vaovao, tsy maintsy "manao fanahy iniana" isika.
   1. Ny fanapahan-kevitra tsirairay dia tsy maintsy voahevitra.
   2. Ny hetsika tsirairay dia atao fanahy iniana.
   3. Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy mikendry ny hamokatra valiny voahevitra tsara: fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy.

III. PAIKADY FANANGANANA FIANGONANA MISIONERA VOATAFY NY HERIN'NY FANAHY.

A. Alaivo sary an-tsaina ny karazana fiangonana tianao hatsangana:
   1. Fiangonana mifantoka amin'ny irak'Andriamanitra.
   2. Fiangonana hanangana fiangonana hafa.
   3. Fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina.

B. Tanteraho ireo dingana miantoka ny fahaterahan'ny fiangonana tahaka izany.
   1. Fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina: (Ady hevitra ao am-pianarana: Anontanio, "Inona no dingana tokony hatao hahatonga ny fiangonana atsangantsika ho voatafy ny herin'ny Fanahy?")
   2. Fiangonana hanangana fiangonana hafa tsy ho ela:

(Ady hevitra ao am-pianarana: Anontanio, “Inona no dingana tokony hatao hahatonga ny fiangonana atsangantsika hanangana fiangonana hafa tsy ho ela?”)

3. Fiangonana mifantoka amin’ny irak’Andriamanitra.: (Ady hevitra ao am-pianarana: Anontanio, “Inona no dingana tokony hatao hahatonga ny fiangonana atsangantsika handray anjara amin’ny fandaharana momba ny iraka ao amin’ny fiangonana eo amin’ny firenena?”)

Famaranana sy antso eny amin’ny alitara

Ndeha isika hivoaka ary hanangana fiangonana misionera votafy ny herin’ny Fanahy an-jatony.

[DRM]

100 Fitarihana ny fiangonam-paritra ao anaty fifohazam-panahy Pentekôtista

Toriteny ao anaty fehezanteny tokana: tena ilaina ny hiainan'ny fiangonana tsirairay ny fifohazam-panahy Pentekôtista sy ny hisahiranany amin'ny fambaboana ny very ho an'i Kristy.

Tanjon'ny toriteny: Hampahery ny pasitera hitarika ny fiangonany ao anatin'ny fifohazam-apany Pentekôtsita sy hanome azy ireo ny drafitra amin'ny fanatanterahana izany.

Fampidirana

1. Ny fiangonana Pentekôtsita dia tsy afaka miaina amin'ny fiangonana Pentekôtista azy marina raha tsy mahatsapa fifohazana miverimberina ara-potoana avy amin'ny Fanahy Masina.
2. Ato amin'ity lesona ity isika dia hiresaka mikasika ny fomba hitondrana fifohazam-panahy Pentekôtista ao anatin'ny fiangonana.

I. INONA NO ATAO HOE FIFOHAZANA?

A. Ny fifohazana dia fanomezana fiainana nohavaozina ho an'ny zavatra maty nae o an-dalam-pahafatesana.

B. Tsy mitovy ny hevitry ny olona mikasika ny atao hoe fifohazana, ireto misy ohatra
   1. Ny fifohazana dia fandihizana, fihirana, fanaovana hiaka ary fientanentanana.
   2. Ny fifohazana dia fitahiana sy fanambinana.
   3. Matetika dia avy amin'ny fahatsapantsika manokana no hamoahantsika ny famaritana.
   4. Kanefa, avy ao anaty Baiboly no tokony hamoahantsika ny famaritana.

D. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia manoritsoritra ny fitrangan'ny fifohazam-panahy voalohany.
   1. Ny Asan'ny Apostoly 1:8 dia maneho singa telo tena ilaina ao anatin'ny fifohazana:
      a. Famonjena amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny finoana an'i Kristy.
      b. Batisa amin'ny Fanahy Masina
      d. Fijoroana vavolombelona mahery vaika.
   2. Ny porofo hafa manaraka ny fifohazam-panahy dia ny fahagagana, ny fanasitranana, ny fientanam-po, fanompoana miaina tsara ary fitomboan'ny fiangonana.

a. Kanefa, ny singa tena ilaina ao anatin'ny fifohazam-panahy dia ny famonjena, ny batisa amin'ny Fanahy Masina, ary ny fijoroana vavolombelona.

3. Haharitra ny tena fifohazam-panahy marina rehefa eo sy miasa tsara ireo singa telo ireo.

II. OHATRA MOMBA NY FIFOHAZAM-PANAHY AO AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY 2

A. Ny Asan'ny Apostoly 2 dia maneho fa feno ny Fanahy ny mpino ary nanomboka nijoro vavolombelona.

B. Ny Asan'ny Apostoly 2:37-47 dia manoritsoritra ny tsingerin'ny fitohizan'ny fifohazam-panahy.

1. Ny andininy 38-41 dia ahitana taratra fa izay voavonjy dia vita batisa tamin'ny Fanahy.

2. Ny fiangonana velona, miaraka amin'ny herin'ny Fanahy dia haneho ny porofon'ny fifohazana amin'ny fomba samihafa (jereo Asa 2:42-47).

D. Mitranga ny fifohazam-panahy Pentekôtista marina rehefa mino ny hafatra momba an'i Jesosy, feno ny Fanahy, ary mandeha mitory ny filazantsara amin'ny hafa ny olona.

III. NY ILANA NY HITOHIZAN'NY FIFOHAZAM-PANAHY

A. Mahakivy ny miasa mandritra ny taona maro kanefa zara raha mahita vokatra na tsy mahita mihitsy.

1. Eo am-panombohana, tena ilaina tokoa ny faharetana sy ny fikirizana.
2. Kanefa, tsy maintsy hazonintsika ao an-tsaina fa Jesosy dia manantena antsika hitondra vokatra (Jn 4:35).
3. Hitranga izany rehefa miaina ao anatin'ny tena fifozam-panahy isika.

B. Ho faty ny fiangonana raha tsy mitohy ny asan'ny Fanahy.

IV. NY ANDRAIKITRY NY MPITARIKA AO ANATIN'NY FIFOHAZAM-PANAHY

A. Ny fiainana sy ny hetsika ataon'ny mpitarika dia tena iankinan'ny aina tokoa ao anatin'ny fitondrana fifohazam-panahy ho an'ny fiangonana.

1. Ny fiangonam-paritra dia haneho ny fiainam-panahin'ny mpitarika.
2. Napetrak'Andriamanitra ao amin'ny fiangonam-paritra Andriamanitra ny mpitarika mba hanangana mpianatra voatafy ny herin'ny Fanahy azony ampiasaina amin'ny fananganana ny Fanjakany (Efe 4:11-12).

B. Ny faratampony amin'ny lisitry zavatra hatao ho fanatanterahana ny olona masina ho amin'ny asa fanompoana dia ny fitarihana azy ireo ho amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy ny fiainana voatafy ny herin'ny Fanahy.

V. TOROHEVITRA AZO AMPIHARINA HO FANETSEHANA NY FIFOHAZAM-PANAHY

A. Ny fifohazam-panahy tany Samaria dia ohatra maneho ireo diangana azo arahana ho fanetsehana ny fifohazam-panahy (Asa 8:1-8,12, 14-17, 25).
   1. Katsaho izay hahatonga anao mpitarika feno ny Fanahy (tahaka an'i Filipo (Asa 6:3-5), Petera (4:8), ary Paoly (9: 17-18; 13:9).
   2. Minoa ary matokia fa mbola afaka mitranga ny fifohazam-panahy.
      a. Atombohy izao ankehitriny izao, na inona na inona toe-javatra misy anao.
      b. Na dia ny fotoan-tsarotra aza dia azon'Andriamanitra ampiasaina hitondra fihozam-panahy, tahaka ny ao amin'ny Asan'ny Apostoly 8:1-4.
   3. Ambarao amim-pasahiana amin'ny very i Kristy (and. 4-5).
      a. Tsy hitranga ny fifohazam-panahy raha amin'ny olo-masina ihany isika no mitoriteny.
   4. Matokia fa Andriamanitra dia hanamarina ny fitoriana an'i Kristy amin'ny alalan'ny famantarana hanaraka izany (and. 6-7).
   5. Asongadino ny ilàna ny batisa amin'ny Fanahy Masina ary omeo fahafahana handray izany ny olona (and 15-17).
   6. Aoka ho fakantahaka amin'ny tena tanjon'ny batisa amin'ny Fanahy Masina amin'ny maha vavolombelona ny tenanao (and. 25).

Famaranana sy antso eny amin'ny alitara

1. Manapaha-hevitra fa ianao dia hiasa hahatonga ny tena fifohazam-panahy Pentekôtista ho tonga ao amin'ny fiangonanao.
2. Ndeha atomboka izao ankehitriny izao ka handroso isika ary hangataka ny Tompo hameno antsika indray amin'ny Fanahy Masina izay hanafy hery antsika hanatanteraka ity asa ity.

[MT]

Fizahana toriteny araka ny toko sy andininy

Testamenta taloha	**Laharan'ny toriteny**
Nomery 11:1-6, 10-17	86
Nomery 11:16-17	56
Nomery 11:24-29	86
Nomery 11:26-29	39
Mpitsara 3:10-11	25
1 Mpanjaka 18:18-40	84
Salamo 85:6	90
Joela 3:1	94
Joela 3:1-2	23, 25, 31
Joela 3:1-3	26
Isaia 10:27	40
Zakaria 4:1-14	57
Testamenta Vaovao	
Matio 12:2-28	38
Matio 28:18-20	47
Matio 28:19-20	96
Marka 16:15-16	47
Lioka 3:16	4, 17
Lioka 11:9-13	6, 16, 69
Lioka 24:46-49	47
Lioka 24:49	3
Lioka 24:45-49	51, 56
Jaona 1:29-34	18
Jaona 4:10-14	32
Jaona 7:37-39	20, 32, 36
Jaona 14:12	48, 96
Jaona 14:15-18	96
Jaona 14:16	70, 72
Jaona 14:12-20	8

Jaona 15:26	70, 96
Jaona 16:7	8
Jaona 16:7-8	70
Jaona 16:7-15	50
Jaona 20:21-22	29, 47
Asan'ny Apostoly 1:1-8	21, 38, 60, 66, 88, 91
Asan'ny Apostoly 1:4-5	5, 12, 25, 27
Asan'ny Apostoly 1:4-8	1, 3, 26, 30, 44, 47, 83
Asan'ny Apostoly 1:8	2, 8, 12, 15, 19, 28, 42, 55, 58, 61, 62, 64, 81, 82, 87, 92
Asan'ny Apostoly 1:1-11	52
Asan'ny Apostoly 1:12-18, 31-33	80
Asan'ny Apostoly 2:1-4	2, 26, 33, 35, 37, 58, 59, 64, 78, 79, 83
Asan'ny Apostoly 2:4	30
Asan'ny Apostoly 2:1-12	10, 55
Asan'ny Apostoly 2:14-18	78
Asan'ny Apostoly 2:17	94
Asan'ny Apostoly 2:17-18	79
Asan'ny Apostoly 2:14-41	49
Asan'ny Apostoly 2:17	43
Asan'ny Apostoly 2:17-18	31, 67
Asan'ny Apostoly 2:33	27
Asan'ny Apostoly 2:38-39	94
Asan'ny Apostoly 2:1-46	53
Asan'ny Apostoly 3:1-10	63
Asan'ny Apostoly 3:19	34
Asan'ny Apostoly 4:23-31	24, 46
Asan'ny Apostoly 5:3-4	50
Asan'ny Apostoly 5:17-20, 29	46
Asan'ny Apostoly 6:1-5a	65
Asan'ny Apostoly 8:1-5	54, 65
Asan'ny Apostoly 8:14-17	3
Asan'ny Apostoly 8:26-29	65, 77
Asan'ny Apostoly 8:39-40	65
Asan'ny Apostoly 10:34-47	22
Asan'ny Apostoly 11:19-21	81
Asan'ny Apostoly 13:1-3	81
Asan'ny Apostoly 13:2	50
Asan'ny Apostoly 19:1-7	3, 14
Asan'ny Apostoly 19:1-12	11

	Laharan'ny toriteny
Asan'ny Apostoly 21:8-9	65, 67
Romana 8:1-17	75
Romana 8:1-39	74
1 Korintiana 1:26-29	45
1 Korintiana 2:1-5	85
1 Korintiana 12:8-11	71
1 Korintiana 14:18	68
2 Korintiana 3:5-6	41
2 Korintiana 3:7-10	7
Galatiana 3:2-3	76
Galatiana 5:25	73, 76
Efesiana 5:15-20	89
Efesiana 5:18	5
2 Timoty 1:6-8,11-12,14	13

Boky hafa momba ny folo taona Pentekosta hita ao amin'ny Acts in Africa Initiative

Power Ministry: How to Minister in the Spirit's Power (2004)
(Misy amin'ny fiteny Frantsay, Portogay, Malagasy, Kinyarwanda, ary Chichewa)

Empowered for Global Mission: A Missionary Look at the Book of Acts (2005)

From Azusa to Africa to the Nations (2005)
(misy amin'ny teny Frantsay, Espaniola, ary Portogay)
Acts: The Spirit of God in Mission (2007)

In Step with the Spirit: Studies in the Spirit-filled Walk (2008)

The Kingdom and the Power: The Kingdom of God: A Pentecostal Interpretation (2009)

Experiencing the Spirit: A Study of the Work of the Spirit in the Life of the Believer (2009)

Teaching in the Spirit (2009)

Power Encounter: Ministering in the Power and Anointing of the Holy Spirit: Revised (2009)
(also available in Kiswahili)

You Can Minister in God's Power: A Guide for Spirit-filled Disciples (2009)

The Spirit of God in Mission: A Vocational Commentary on the Book of Acts (2011)

Proclaiming Pentecost: 100 Sermon Outlines on the Power of the Holy Spirit (2011) (tsy ho ela dia hisy amin'ny fiteny Frantsay, Espaniola, Portogay, ary Swahili)

Globalizing Pentecostal Missions in Africa (2011)

The 1:8 Promise of Jesus: The Key to World Harvest (2012)

Proclaiming Christ to the Nations: 100 Sermon Outlines on Spirit-Empowered Mission (2017)

The New Testament Strategy of the Spirit: An Acts 1:8 Model for 21st Century Church Planting (2017)

Ireo boky rehetra ireo dia azo raisina ao amin'ny

AIA Publications
580 West Central Street
Springfield, MO, 65802, USA
E-mail: ActsinAfrica@agmd.org

© 2021 AIA Publications
A Decade of Pentecost Publication

Manambara ny Pentekosta

"Izaho dia mampahery anao amin'ny foko rehetra hampiasa ity boky vaovao novokarin'ny Folo Taona Pentekosta, *Manambara ny Pentekosta: Drafitra Toriteny 100 mikasika ny Herin'ny Fanahy Masina* ity."

FROM THE PREFACE BY DR. LAZARUS CHAKWERA
CHAIRMAN, AFRICA ASSEMBLIES OF GOD ALLIANCE

Ny Fiangonany dia tian'Andriamanitra ho hery misionera mahery vaika eto an-tany, manatratra ny firenena rehetra miaraka amin'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy izay manova fiainana. Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy Masina tahaka ny tamin'ny fiangonana voalohany izy (Asan'ny Apostoly 1:8). Ity amboaran-toriteny momba ny herin'ny Fanahy Masina, izay miendrika famintinana ity dia notsongaina avy amin'ny vondron'ireo mpanao asa fanompoana Pentekôtista sy misionera manerana an'i Afrika sy Amerika, izay manana firehetam-po ho an'ny maha zava-dehibe ny hiainan'ny fiangonana ny herin'ny Pentekosta. Natao izao toriteny miendrika famintinana izao mba hanampiana ny lehilahy sy vevivavy maniry ny hitrangan'izany.

Acts in Africa Initiative